


NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY MEY 2013

# Liahona



**Lahateny tamin'ny  
Fihaonamben'ny  
Fiangonana**

**Nisy Fiantsoana Fitopololahy  
sy Fiadidian'ny Zatovovavy  
Maneran-tany Vaovao**

**Nisy Fanambarana Fanorenana  
Tempoly Roa Vaovao**



© JOSEPH BRICKEY, TSY AZO ADIKA

### Mitady ny Rano Siloa, nataon'i Joseph Brickey

*Ny Farihin'i Siloa (Siloama) ao Jerosalema dia voavatsy rano amin'ny alalan'ilay loharano iray hita any ivelan'ny rindrin'ny tanàna. Ny rano Siloa hatramin'izay dia marika maneho ny fiarovana sy ny hery fanohanana avy amin'Andriamanitra noho izy io hany toerana ahitana rano mamelombelona ao amin'ilay faritra. Naminany i Isaia araka ny voarakitra ao amin'ny Isaia 8:6–8 fa handà ny Tompo ny fanjakan'i Isiraely ka hifaly amin'ny mpanjaka roa. Nitranga izany. Ity vehivavy ity kosa anefa, dia tsy tahaka ireo olona tamin'ny fotoanandron'i Isaia, fa mitady ilay rano mamelombelon'i Siloa—izay entina hanehoana eto hoe mitady ilay fitiavana sy fiarovana tsy tapaka avy amin'Andriamanitra.*

## FIVORIANA SABOTSY MARAINA

- 4 Tonga soa eto amin' ny Fihaonambe  
*Filoha Thomas S. Monson*
- 6 Fantatro ireo Zavatra ireo  
*Filoha Boyd K. Packer*
- 9 Fototra azo Antoka  
*Eveka Dean M. Davies*
- 12 Izahay dia Zanakavavin' ny  
Ray izay Any an-danitra  
*Elaine S. Dalton*
- 15 Manam-piniavana Hamela  
Heloka Ny Mpamonjy  
*Loholona Craig A. Cardon*
- 18 "Izao no Asako sy Voninahitro"  
*Loholona M. Russell Ballard*
- 22 "Mankanesa aty Amiko"  
*Filoha Henry B. Eyring*

## FIVORIANA SABOTSY TOLAKANDRO

- 26 Fanohanana ireo Mpiandraikitra  
ato amin' ny Fiangonana  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 28 Tatitry ny Departemanta Fanama-  
rinana ny Fampiasam-bolan'ny  
Fiangonana, taona 2012  
*Robert W. Cantwell*
- 28 Tatitra mikasika ny Antontan'isa  
ho an'ny Taona 2012  
*Brook P. Hales*
- 29 Mba Hahazo Fiadanana  
ao An-tokantrano  
*Loholona Richard G. Scott*
- 32 Fiadanana'ny Tena Manokana:  
Valisoa avy amin'ny Fahamarinana  
*Loholona Quentin L. Cook*
- 36 Ny Lalan'ny Tompo  
*Loholona Stanley G. Ellis*
- 39 Mitondra ny Filazantsara  
manerana an'izao tontolo izao  
*Loholona John B. Dickson*
- 41 Mino Isika fa tokony  
ho Madio Fitondran-tena  
*Loholona David A. Bednar*
- 45 Araraoty ilay Onja  
*Loholona Russell M. Nelson*

## FIVORIAMBEN'NY FISORONANA

- 48 Mitsangàna sy Miorena eo amin'ny  
Toerana Masina  
*Nataon'ny Loholona Robert D. Hales*
- 52 Ny Herin'ny Fisoronana ao amin'ny  
Zatovolahy  
*Loholona Tad R. Callister*

- 55 Ny Adidinareo Masina  
dia ny Hanompo  
*David L. Beck*
- 58 Fomba Efatra lantsoana Antsika  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 62 Iray Isika  
*Filoha Henry B. Eyring*
- 66 Avia, lanareo Zanakalahin'Andria-  
manitra Rehetra  
*Filoha Thomas S. Monson*

## FIVORIANA ALAHADY MARAINA

- 70 Ny Fanantenana ny  
Fahazavan'Andriamanitra  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 77 Fahagagana Izany  
*Loholona Neil L. Andersen*
- 81 Ny Teny Lazaintsika  
*Rosemary M. Wixom*
- 83 Ny Fanambadiana:  
Mijere ary Mianàra  
*Loholona L. Whitney Clayton*
- 86 Fahafahana ny Fankatoavana  
ny Lalàna  
*Loholona L. Tom Perry*
- 89 Mitondra Fitahiana  
ny Fankatoavana  
*Filoha Thomas S. Monson*

## FIVORIANA ALAHADY TOLAKANDRO

- 93 "Tompo ô, Mino aho"  
*Loholona Jeffrey R. Holland*
- 96 Ireo Mpanara-dia an'i Kristy  
*Loholona Dallin H. Oaks*
- 99 Ny Ray sy ny Zanaka  
*Loholona Christoffel Golden Jr.*
- 102 Ny Tokantrano: Ny  
Sekolin'ny Fiainana  
*Loholona Enrique R. Falabella*
- 104 Ankasitrahan'ny Tompo  
*Loholona Erich W. Kopischke*
- 107 Ireo Maraina Kanto  
*Loholona Bruce D. Porter*
- 109 Fanavotana  
*Loholona D. Todd  
Christofferson*
- 113 Mandra-pihaonantsika  
Indray  
*Filoha Thomas S. Monson*

## FIVORIAMBEN'NY ZATOVAVAVY MANERAN-TANY

- 115 Ny Toerana Masinareo  
*Ann M. Dibb*
- 118 Mamonjy ireo Taranaka maro ianao  
rehefa Mamonjy Zazavavy Iray  
*Mary N. Cook*
- 121 Aza Miala!  
*Elaine S. Dalton*
- 125 Ilay Dianao Mahafinaritra Mody  
any An-trano  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 72 Ireo Manampahefana Ambony ato  
amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy  
ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany
- 130 Niteny Tamintsika Izy Ireo: Manome  
Anjara Toerana ny Fihaonamben'ny  
Fiangonana eo amin'ny Fiainantsika
- 132 Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandri-  
tra ny Fihaonambe
- 133 Ny Fampianarana ho an'izao  
Androntsika izao
- 133 Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny  
Maneran-tany
- 134 Vaovaom-piangonana



# Famintinana ny Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isan-taona faha-183

## SABOTSY MARAINA, 6 APRILY 2013, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.  
Vavaka Fanombohana: Loholona Randall K. Bennett. Vavaka Famaranana: Jean A. Stevens. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Ry Mpanavotra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy. 9; "In Hymns of Praise," *Hymns*, no. 75; "Peuples du monde, écoutez donc!" *Cantiques* no. 96, narindran'i Wilberg; "Ndao Handroso Hatrany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy. 20; "La Foi," *Chants pour les Enfants*, 50, narindran'i Elliott, tsy navoaka; "Il vit mon Rédempteur," *Cantiques*, no. 135, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

## SABOTSY TOLAKANDRO, 6 APRILY 2013, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.  
Vavaka Fanokafana: Russell T. Osguthorpe.  
Vavaka Famaranana: Loholona J. Devn Cornish. Hira nataon'ny amboarampeo mitambatra avy ao amin'ny Brigham Young University; Ronald Staheli sy Rosalind Hall, mpitarika; Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "O Jésus, quand je pense à toi," *Cantiques*, no. 76, narindran'i Staheli, navoakan'i Jackman; "Moa Nivavaka?" *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 96, narindran'i Johnson, navoakan'i Johnson; "Hosanna Au Grand Roi!" *Cantiques*, no. 34; "Ah, donne moi, Père," *Cantiques*, no. 70, narindran'i Staheli, navoakan'i Jackman.

## SABOTSY HARIVA, 6 APRILY, 2013, FIVORIAMBEN'NY FISORONANA

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.  
Vavaka Fanokafana: Loholona Ronald A. Rasband. Vavaka Famaranana: Larry M. Gibson. Hira nataon'ny amboarampeon'ny fisoronana avy ao amin'ny tsatòkan'ny tanora tokan-tena ao Salt Lake City, Utah; Justin Bills, mpitarika; Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Arise, O God, and Shine," *Hymns*, no. 265, narindran'i Wilberg, navoakan'i Oxford; "Mon Dieu, plus près de toi," *Cantiques*, no. 54, narindran'i Bills, tsy navoaka; "O vaillants guerriers d'Israël," *Cantiques*, no. 169; "Anciens d'Israël," *Cantiques*, no. 202, narindran'i Bills, tsy navoaka.

## FIVORIANA ALAHADY MARAINA, 7 APRILY 2013, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.  
Vavaka Fanokafana: Loholona Steven E. Snow.  
Vavaka Famaranana: Loholona O. Vincent Haleck. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika; Andrew Unsworth sy Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Allons avec foi," *Cantiques*, no. 173; "Let Zion in Her Beauty Rise," *Hymns*, no. 41, narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman; "Viens et suis-moi!" *Cantiques*, no. 61, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Vers Sion, cité promise," *Cantiques*, no. 39; "C'est l'amour," *Chants pour les enfants*, 76, narindran'i Cardon, tsy navoaka; "Venez, venez, sans craindre le devoir," *Cantiques*, no. 18, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

## ALAHADY TOLAKANDRO, 7 APRILY 2013, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.  
Vavaka Fanokafana: Carole M. Stephens.  
Vavaka Famaranana: Elder Larry Y. Wilson.  
Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Linda Margetts sy Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Ndao, ry zanaky ny Tompo," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy. 7, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Raconte-moi les histoires de Jésus," *Chants pour les Enfants*, 36, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Mifalia," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy. 64; "Quand vient l'heure de se quitter," *Cantiques*, no. 91, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

## SABOTSY HARIVA, 30 MARTSA 2013, FIVORIAMBEN'NY ZATOVOVAVY MANERAN-TANY

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Elaine S. Dalton.  
Vavaka Fanokafana: Ella Edgley.  
Vavaka Famaranana: Emily Maxwell. Hira nataon'ny amboarampeon'ny Zatovovavy avy ao amin'ireo tsatòka ao Highland, Utah; Merrilee Webb, mpitarika; Linda Margetts, mpitendry ôrga: "An-tendrombohitra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, no. 59, miaraka amin'ny amin'ny feo lafika "Arise"; "In That Holy Place," DeFord, navoakan'i DeFord; "Ah, donne moi, Père," *Cantiques*, no. 70, narindran'i Goates, tsy navoaka; "Rocher du salut suprême," *Cantiques*, no. 168,

narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman; "Let Zion in Her Beauty Rise," *Hymns*, no. 41, narindran'i Webb, tsy navoaka.

## FOMBA HAHAZOANA IREO LAHATENIN'NY FIHAONAMBE'NY FIANGONANA

Mba hahazoana ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ao amin'ny Internet amin'ny fiteny maro dia tsidiho ny conference.lds.org. Mifidiana fiteny iray avy eo. Amin'ny ankapobeny dia roa volana aorian'ny Fihaonamben'ny Fiangonana no hita any amin'ny foibe fanaparihana ihany koa ny horonam-peon'izy ireo.

## HAFATRA HO AN'NY FAMANGIANA SY FAMPANARANA ISAN-TOKANTRANO

Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, dia mba misafidiana lahateny iray izay tena mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo izay vangiana.

## EO AMIN'NY FONONY

Eo aloha: Sary nalin'i Leslie Nilsson  
Ao ambadika: Sary nalin'i Leslie Nilsson.

## SARY NANDRITRA NY FIHAONAMBE

Ireo sary nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tao Salt Lake City dia nalin'i Cody Bell, Randy Collier, Weston Colton, Scott Davis, Craig Dimond, Lloyd Eldredge, Sarah Jensen, Collin King, Ashlee Larsen, ary Leslie Nilsson; ny tao Arizona, Etazonia dia nalin'i Mindy Sue Evans; ny tao Australie dia nalin'i Colin Ligertwood; ny tao Brasília, Brésil dia nalin'i Tomé Siqueira; ny tao Sobral, Brésil dia nalin'i Francisco Flávio Dias Carneiro; ny tao Californie, Etazonia dia nalin'i Rhonda Harris; ny tao Chili dia nalin'i Oscar Schmittner; ny tao Danemark dia nalin'i Ann-Mari Lindberg; ny tao Equateur dia nalin'i Jimmy Padilla Pin; ny tao El Salvador dia nalin'i Josué Peña; ny tao New York, Etazonia dia nalin'i Mark Weinberg; ny tao Écosse dia nalin'i Sylvia Mary Brown; ary ny tao Afrika Atsimo dia nalin'i Jeremy Rakotomamonjy.



**MEY 2013 BOKY. 13 LAH. 2**

**LIAHONA 10785 654**

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

**Mpanomana ny fanontana:** Craig A. Cardon

**Mpanorohevitra:** Shayne M. Bowen, Bradley D. Foster, Christoffel Golden Jr., Anthony D. Perkins

**Tale mpitantana:** David T. Warner

**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana**

**sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn

**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson

**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr

LaRene Porter Gaunt

**Mpanampy amin'ny Famoahana:** Melissa Zenteno

**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Susan

Barrett, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton,

Mindy Raye Friedman, Lori Fuller, Garrett H. Garff, Jennifer

Grace Jones, Michael R. Morris, Richard M. Romney, Paul

VanDenBerghe

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen

**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson

**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay

P. Andrus, C. Kimball Bott, Thomas Child, Nate Gines, Kerry

Lynn C. Herrin, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren,

Scott M. Mooy, Brad Teare

**Mpampirindra ny mikasika ny Fanana ny Zo:**

Collette Nebeker Aune

**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters

**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Connie Bowthorpe

Bridge, Julie Burdett, Bryan W. Gygi, Denise Kirby, Ginny J.

Nilson, Ty Pilcher, Gayle Tate Rafferty

**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick

**Talen'ny Fanaparihana:** Evan Larsen

**Tompon' andraikitra ny fandikan-teny:**

Rakotondrasoa Ziva Lalarvelo

**Ramandika teny:** Rabemalanto Lucia, Ifano Rasolondraibe,

Ramononjisoa Hanitra, Andriamahenintsoa Tatamo, Hanitriniomy

Cynthia Rakotomalala

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà

dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanaparihana any

amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny

mpitarika ao amin'ny parosy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny

internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity

liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona*,

Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika

hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny

Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana,

Danao, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika,

Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandy, Italiana, Japôney,

Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana,

Malagasy, Marisalzy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana,

Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana,

Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soailly, Soedoa,

Tagalogy, Tahisiana, Tailandy, Tongana, Tseky ary Vietnamiana

(Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena

nanoratana azy.)

© 2013 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana.

Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika

raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano

ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha

misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanoavana

fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny

fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao

adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St.,

Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@

ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**

May 2013 Vol. 13 No. 2. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy

(ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May,

October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-

day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150.

USA subscription price is \$2.00 per year; Canada, \$2.40 plus

applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah.

Sixty days' notice required for change of address. Include address

label from a recent issue; old and new address *must* be included.

Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution

Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-

5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express)

may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication

Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 707.4.12.5).

NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to

Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake

City, UT 84126-0368, USA.



**LISITR'IREO MPANDAHATENY  
MANARAKA NY ABIDIA**

Andersen, Neil L., 77  
Ballard, M. Russell, 18  
Beck, David L., 55  
Bednar, David A., 41  
Callister, Tad R., 52  
Cardon, Craig A., 15  
Christofferson, D. Todd, 109  
Clayton, L. Whitney, 83  
Cook, Mary N., 118  
Cook, Quentin L., 32  
Dalton, Elaine S., 12, 121  
Davies, Dean M., 9  
Dibb, Ann M., 115  
Dickson, John B., 39  
Ellis, Stanley G., 36  
Eyring, Henry B., 22, 62  
Falabella, Enrique R., 102  
Golden, Christoffel, Jr., 99  
Hales, Robert D., 48  
Holland, Jeffrey R., 93  
Kopischke, Erich W., 104  
Monson, Thomas S., 4, 66,  
89, 113  
Nelson, Russell M., 45  
Oaks, Dallin H., 96  
Packer, Boyd K., 6  
Perry, L. Tom, 86  
Porter, Bruce D., 107  
Scott, Richard G., 29  
Uchtdorf, Dieter F., 26, 58,  
70, 125  
Wixom, Rosemary M., 81

**FANOROAM-PEJY ARAKA  
NY LOHAHEVITRA**

Andriamanitra Ray, 36, 99  
Ankizy, 81, 102  
Asa Fampahavitrihana, 55  
Asa Fanompoana, 22, 55,  
58, 109  
Asa fitoriana, 4, 39, 45, 62,  
66, 77  
Bokin'i Môrmôna, 45  
Didy, 86, 89  
Drafitry ny famonjena, 41, 125  
Fahadiavam-pitondrantena,  
6, 41, 121  
Fahafahana misafidy, 86  
Fahafatesana, 118  
Fahafoziana, 104  
Fahamarinana, 89  
Fahamasinana, 115  
Fahatokiana, 52  
Fahoriana, 12, 70,  
107, 118  
Famelan-keloka, 15  
Famerenana amin' ny  
laoniny, 45  
Fanahy Masina, 6, 115  
Fanajana, 83  
Fanambadiana, 83, 102  
Fanambarana, 52  
Fanantenana, 70, 107  
Fanasan'ny Tompo, 9  
Fanasitranana, 58, 70  
Fandalinana ny soratra  
masina, 9  
Fanekehavanana, 104  
Fanetren-tena, 83, 104

Fankasitrahana, 113  
Fankatoavana, 48, 86, 89  
Fenitra, 48  
Fiadanana, 29, 32  
Fiainana Mety Maty, 125  
Fianakaviana, 6, 18, 29, 55,  
83, 102, 118  
Fibebahana, 15, 41, 83, 109  
Fifandraisana, 81  
Fihainoana, 81  
Fijoroana ho vavolombe-  
lona, 18, 66, 93  
Finoana, 83, 93  
Fiomanana, 66  
Firaisan-kina, 62  
Fisiana talohan'ny  
nahaterahana, 125  
Fisoronana, 18, 52, 55, 62  
Fitarihana, 52  
Fitiavana, 66, 83, 125  
Fitombon' ny Fiangonana, 39  
Hitsim-po sy saina, 83  
Jesoa Kristy, 22, 29, 48, 70,  
89, 96, 99, 107, 109  
Maha Mpanara-dia, 58  
Mpaminany, 36  
Soratra Masina, 66, 102  
Sorompanavotana, 12, 109,  
121  
Tantaram-pianakaviana, 118  
Tempoly, 4, 32, 121  
Toetra araka an'Andriama-  
nitra, 12, 18, 58  
Tokantrano, 29, 102  
Vavaka, 9, 113  
Zatovovavy, 12



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

## Tonga soa eto amin'ny Fihaonambe

*Manentana anareo aho mba hihaino sy handray tsara ireo hafatra ho renesinareo. Mivavaka aho mba hanao izany isika.*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, faly tokoa aho miarahaba anareo amin'ity Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isan-taona faha 183 ity.

Tao anatin'ny enim-bolana hatramin'ny nifankahitantsika farany dia nanana fahafahana nanao dia vitsivitsy aho ary nihaona tamin'ny sasany taminareo tany amin'ny faritra misy anareo. Taorian'ny fihaonamben'ny fiangonana ny volana Ôktôbra dia nandeha tany Alemama aho, izay nanao tombontsoa nihaonana tamin'ireo mpikambana ato amintsika tany amin'ny toerana maromaro tao amin'izany firenena izany sy tany amin'ny faritr'i Autriche koa.

Tamin'ny faran'ny volana Ôktôbra dia nitokana ny Tempolin'i Calgary Alberta tany Canada aho, niaraka tamin'ny fanampian'ny Loholona sy Rahavavy M. Russell Ballard, Loholona sy Rahavavy Craig C. Christensen, ary ny Loholona sy Rahavavy William R. Walker. Namerina nitokana ny Tempolin'i Boise Idaho aho ny volana Nôvambra. Niaraka tamiko tamin'izany dia izany koa ary nandray anjara tamin'ny fitokanana ny Loholona sy

Rahavavy David A. Bednar, ny Loholona sy Rahavavy Craig C. Christensen, ary ny Loholona sy Rahavavy William R. Walker.

Tena tsara tokoa ireo lanonana ara-kolotsaina natao niaraka tamin'ireo fitokanana roa ireo. Tsy nanatrika mivantana ny lanonana ara-kolotsaina tany Calgary aho, satria tsingerintaona nahaterahandrahavavy Monson tamin'izany izay feno 85 ka nahatsapa aho fa tokony ho eo anilany. Na izany aza, nanana fahafahana nijery izany lanonana izany tao amin'ny efitrano fandraisam-bahiny izaho sy izy tamin'ny alalan'ny fampitana izany tamin'ny fahitalavitra izay nifandray mivantana tamin'ireo caméras napetraka tany amin'ilay lanonana, ary avy eo nisidina nankany Calgary aho ny ampitso maraina hanao ilay fitokanana. Tany Boise, dia tanora 9.000 avy amin'ny distrika sahanin'ny tempoly no nandray anjara tamin'ny lanonana ara-kolotsaina. Maro loatra ireo tanora nandray anjara hany ka tsy nisy toerana intsony ho an'ireo olona tao amin'ny fianakaviana tao



amin'ilay kianja mitafo nanaovan'izy ireo ny fampisehoana.

Nanao dia tany Tegucipala, Honduras ny Filoha Dieter F. Uchtdorf vao iray volana lasa izay, niaraka tamin'ny Rahavavy Uchtdorf, ny Loholona ary Rahavavy Jeffrey R. Holland, ary ny Loholona sy Rahavavy Gregory A. Schwitzer, nitokana ny tempolintsika vaovao vao vita tany. Nisy lanonana nahafinaritra nataon'ny tanora ny takariva talohan'ny fitokanana.

Misy tempoly hafa efa nambara izay samy ao anatin'ny ambaratonga samihafa, na izany any amin'ny dingan'ny fanombohana na efa eo an-dalam-pitsanganana.



Fifaliana ho ahy ny manambara tempoly roa fanampiny izao maraina izao, izay hatsangana ao anatin'ny volana sy taona vitsivitsy any amin'ireto toerana manaraka ireto: Cedar City, Utah sy Rio de Janeiro, Brésil. Mitohy mandeha haingana ny fananganana tempoly ry rahalahy sy anabavy.

Araka ny efa fantatrarao dia nanambara ny fiovan'ny taona ahafahan'ireo zatovolahy sy zatovovavy manao asa fitoriana amin'ny fotoana feno aho tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra, ka ny zatovolahy izao dia afaka manompo manomboka amin'ny faha 18 taonany ary ny zatovovavy amin'ny faha 19 taonany.

Nahatalanjona sy nantana ny fanahy ny firosahan'ireo zatovontsika. Hatramin'ny 4 Aprily teo—roa andro lasa izay—dia manana misiônera amin'ny fotoana feno miisa 65.634 isika, ary miisa 20.000 ireo nandray ny antsony kanefa mbola tsy niditra ny foibe fanofanana ho misiônera ary 6.000 hafa no eo an-dalampananterahana tafa sy dinika amin'ireo evekany sy filohan'ny tsatôkany. Tsy maintsy nanorina misiôna vaovao miisa 58 isika mba handraisana ireo misiônera nitombo isa ireo.

Mba hanohanana ity hery mitambatry ny asa fitoriana ity, ary satria avy amin'ny sarangam-piainana

tsotsotra ny ankamaroan'ireo misiônerantsika dia manasa anareo aho, mba hitondra anjara biriky amimpalalahan-tanana ao amin'ny Tahirimbola Faobe ho an'ny Asa Fitoriana an'ny Fiangonana.

Ankehitriny ry rahalahy sy anabavy, dia hihaino hafatra tena tsara isika anio sy rahampitso. Ireo izay hiresaka amintsika dia nikatsaka tamim-bavaka mba hahafantatra ny tian'ny Tompo ho rentsika amin'izao fotoana izao.

Manentana anareo aho mba hihaino sy handray tsara ireo hafatra ho renesinareo ireo. Mivavaka aho mba hanao izany isika amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■



**Nataon'ny Filoha Boyd K. Packer**  
 Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fantatro ireo Zavatra ireo

*Ny iray amin'ireo fahamarinana tena sarobidy sy masina azoko atolotra raha ao anatin'ireo zavatra rehetra novakiako sy nampianariko ary nianarako, dia ny fijoroako ho vavolombelona manokana mikasika an'i Jesoa Kristy.*

**F**eno 68 taona aho tamin'ny 1992, rehefa Mpanampy ny Roambinifololahy nandritra ny sivy taona ary mpikambana tao amin'ny Roambinifololahy nandritra ny 22 taona. Nisy nanosika ahy hanomboka hanoratra zavatra iray nantsoiko hoe: "Asa Soratra tsy Vita." Toy izao ny ampahany voalohan'izany asa izany:

*Nisy eritreritra tonga tao amiko  
 indray alina,  
 Eritreritra manan-danja sy lalina.  
 Tonga tamiko izany tamin'ny fotoana  
 naha trotraka mafy ahy,  
 Vizana loatra raha handeha hatory.*

*Nanao zavatra maro be aho androany  
 Ary nieritreritra mikasika ny hoaviko.  
 Toy izao ilay eritreritra:  
 Tsy 68 taona aho fony tanora!*

*Afaka nandeha tsy nandringa aho;  
 Tsy nisy nanaintaina ahy ny soroko.  
 Afaka namaky fehezan-teny iray  
 in-droa aho  
 Ary mamerina milaza izany indray  
 avy eo.*

*Afaka niasa nandritra ny ora maro  
 dia maro aho  
 Ary zara raha nijanona mba  
 haka aina.  
 Ary ireo zavatra izay tsy vitako  
 ankehitriny  
 Dia mora tamiko ny nanao azy  
 tamin'izany fotoana izany.*

*Raha manana fahafahana miverina  
 any amin'ireo taona tany aloha  
 tany aho izao,  
 Raha nanana fahafahana hisafidy  
 ny hanao izany aho,  
 Dia tsy ho atakaloko amin'ny five-  
 renana ho tanora mihitsy izao  
 fahanterako izao,  
 Ho betsaka ireo zavatra tsy ho  
 eo am-pelatanako intsony.*

*Faly ihany aho hoe mandroso,  
 Nahafoy ny fahatanorako  
 na dia mahafinaritra  
 aza izany.  
 Ny zavatra izay tsy ho eo  
 am-pelatanako intsony  
 raha miverina any aho  
 No zavatra azoko an-tsaina.*

Folo taona taty aoriana dia nanapakevitra ny hanampy andalana vitsivitsy ao anatin'izany tononkalo izany aho:

*Folo taona izay no lasa sady  
 haingana  
 Ary lasa tao anatin'izany koa  
 ny fanaintainana maro.  
 Nanala ny fandrinkingako ny  
 valahana vy;  
 Mamindra mahitsy tsara indray aho.*

*Misy takela-by iray hafa mihazona  
 mafy ny taolana eo amin'ny  
 vozona—  
 Tena zavatra noforonina mahatalan-  
 jona izany!  
 Nanampy ahy nandresy ny vokatry  
 ny lefankozatra izany;  
 Niditra tao amin'ny taranaky  
 ny mafy hatoka aho.*

*Hita taratra ireo mariky ny  
 fahanterana.  
 Tsy hihatsara ireo zavatra ireo.  
 Ny hany zavatra mihamatanjaka  
 Ao amiko dia ny fanadinoako.*

*Manontany ahy ianao hoe:  
 "Tadidinao ve aho?"  
 Mazava ho azy fa tsy dia niova  
 loatra ianao.  
 Saingy aza tezitra fotsiny  
 Raha toa tsy tadidiko ny anaranao.*

*Miaiky aho fa nianatra zavatra  
 sasany izay  
 Tsy tiako ho fantatra,  
 Saingy nentin'ny taona ireo fahamari-  
 nana sarobidy ireo  
 Izay mampivoatra ny fanahy.*

*Tao anatin'ireo fitahiana rehetra azo,  
 Ny zavatra tena tsara indrindra teo  
 amin'ny fiainako  
 Dia ny fiarahako tamin'ilay vady  
 malalako sy ny fankaherezana  
 Izay azoko avy aminy.*

*Nanambady soa aman-tsara daholo  
 ny zanakay,  
 Samy manana ny fianakaviany  
 manokana  
 Misy zanaka sy zafikely,  
 Nihalehibe vetivety ery ireto izy.*



*Tsy mbola niova hevitra mihitsy aho  
Mikasika ny fiverenana ho tanora.  
Natao hitombo taona isika satria  
Misy fahalalana tonga miaraka  
amin'izany.*

*Manontany ianao hoe: "Inona  
no hoentin'ny hoavy?  
Izay mety ho anjarako fotsiny?"  
Handroso aho ary tsy hitaraina.  
Anontanio aho rehefa 88 taona!*

Ary tamin'ny herintaona aho dia  
nanampy an'ireto andalana ireto:

*Hitanao fa 88 taona aho ankehitriny.  
Nandeha haingana ireo taona.  
Namindra tsara aho aloha, dia  
nandringa ary nitondra tehina  
avy eo.*

*Ary ela ny ela ka nitaingina seza misy  
kodiara ihany aho izao.*

*Manao torimaso tselika aho  
indraindray,  
Saingy mitoetra tsara ny fisoronana.  
Na dia eo aza ireo zavatra ara-  
batana tsy ananako  
Dia nitombo be ara-panahy aho.*

*Nitety izao tontolo izao  
Mihoatra ny telo tapitrisa  
kilaometatra aho.  
Ary amin'ny alalan'ireo zanabolana,  
Dia mbola tsy tapitra ny diako.*

*Afaka miteny tsy amim-pisalasalana  
aho ankehitriny  
Fa fantatro sy tiako ny Tompo.  
Afaka mijoro ho vavolombelona  
toy ny nataon'ireo olona  
fahiny aho  
Rehefa mitory ny teniny masina.*

*Fantatro fa ny zavatra tsapany tao  
Getsemane  
Dia tsy takatry ny saina.  
Fantatro fa nanao izany rehetra izany  
ho antsika Izy;  
Tsy manana Namana lehibe kokoa  
hafa noho Izy isika.*

*Fantatro fa mbola hiverina Izy  
Miaraka amin'ny hery sy voninahitra.  
Fantatro fa hahita Azy indray aho  
Rehefa tapitra ny fiainako.*

*Handohalika eo anoloan'ny tongony  
maratra aho;  
Hahatsapa ny halehiben'ny Fanahiny  
aho.  
Izao no hambaran'ilay feoko mibitsi-  
bitsika sy mangovigovitra hoe:  
"Ilay Tompoko, ilay Andriamanitra,  
izay fantatro."<sup>1</sup>*

Ary tena fantatro!

Ireo varavarankely any ambadiky  
ny tranonay dia ahafahana mahita  
zaridaina kely misy voninkazo ary  
ala kely manamorona sakelidrano  
kely. Manakaiky ilay zaridaina ny iray  
amin'ireo rindrin'ny trano ary tena  
rakotry ny lierre izay zavamaniry  
mandady izany. Toeram-panorenan'ny  
voronkely akany io lierre io nandritra  
ny taona maro. Ireo akanim-borona ao  
anatin'ireo zavamaniry mandady ireo  
dia voaro amin'ireo fosa, raton laveur  
sy saka mitady remby.

Indray andro nisy tabataba mafy tao  
anatin'ilay lierre. Velona ny hiakiaka  
fiantsoam-bonjy rehefa nisy voron-  
kely miisa 8 na 10 avy teo amin'ireo  
ala kely manodidina tonga hanamafy  
izany hiakiaka fiantsoam-bonjy izany.  
Hitako fotoana fohy taorian'izay ny  
loharanon'ilay tabataba. Nisy bibilava  
nandady tamin'ny faritra ambany ety  
ivelan'ilay lierre ary nihantona teo  
anoloan'ny varavarankely izany ka  
ampy nanipazako azy tany ivelany ny  
halavany nipoitra teo. Nisy zavatra roa  
nibontsina teo afovoan'ny vatan'ilay  
bibilava—porofo mazava izany fa vao  
avy nitelina zana-boronkely roa avy  
tao amin'ilay akanim-borona izy. Tsy  
mbola nahita zavatra toy izany izahay  
tao anatin'ny 50 taona nipetrahana tao  
amin'ny tranonay. Toe-javatra niseho  
indray mandeha teo amin'ny fiainana  
izany—ary izay no nieritreretany azy.

Andro vitsivitsy taty aoriana dia nisy  
tabataba iray hafa indray. Tao anatin'i-  
reo zavamaniry mandady manarona  
ny tafon'ny faritra voafefy misy ny ali-  
kanay izany tamin'ity indray mitoraka  
ity. Nitovy tamin'ilay teo aloha mihitsy  
ny hiakiaka niantso vonjy renay sy ny  
fivondronan'ireo voronkely avy teo  
amin'ny manodidina. Fantatray hoe  
iza ilay mpitady remby. Nihanika teo  
ambonin'ilay tafon'ny faritra voafefy

misy ny alika ny zafikeliko lahy iray  
ary namoaka bibilava iray hafa avy  
tao izay mbola mamikitra mafy ilay  
renin'ny voronkely izay nosamboriny  
avy tao amin'ilay akanim-borona sy  
novonoiny.

Niteny ireery aho hoe: "Fa inona ary  
no mitranga? Misy manafika indray ve  
ny Saha Edena?"

Dia tonga tao an-tsaiko ireo  
fampitandremana nolazain'ny mpa-  
minany. Tsy ho voaro foana amin'ny  
fitarihan'ny fahavalo isika na dia ao  
an-tokantranontsika aza. Mila miaro  
ny voronkelintsika isika.

Miaina ao anatin'ny tontolo tena  
mampidi-doza isika izay ahitana fa  
tandindomin-doza ireo zavatra ara-  
panahy izay tena manan-danja. Ny  
fianakaviana izay rafitra manan-danja  
eto amin'izao fiainana izao sy man-  
drakizay dia tafihan'ny hery hita maso  
na tsy hita. Miasa mafy ilay fahavalo.  
Ny hisian'ny faharavana no tanjony.  
Nahomby izy izay, rehefa afaka nam-  
parefo sy namotika fianakaviana.

Mahafantatra ny lanja ambony  
dia ambony ananan'ny fianakaviana  
ny Olomasin'ny Andro Farany ary  
miezaka miaina amin'ny fomba izay  
tsy ahafahan'ny fahavalo miditra ao an-  
tokantranontsika. Mahazo fiarovana ho  
an'ny tenantsika sy ny zanatsika isika  
ao anatin'ny fanajana ireo fanekempi-  
havanana nataontsika ary ao anatin'ny  
fanatanterahana ireo fihetsika tsotra  
maneho fankatoavana izay takiana  
amin'ireo mpanara-dia an'i Kristy.

Hoy i Isaia hoe: "Ny asan'ny faha-  
marinana ho fiadanana; ary ny vokatry  
ny fahamarinana dia ho fiadanana sy  
fahatokiana mandrakizay."<sup>2</sup>

Io fiadanana io koa dia hampanan-  
tenaina ao anatin'ireo fanambarana  
izay ilazan'ny Tompo hoe: "Raha efa  
niomana ianareo dia tsy hatahotra."<sup>3</sup>

Ilay hery lehiben'ny fisoronana dia  
nomena mba hiarovana ny tokantrano  
sy ireo izay mitoetra ao anatin'izany.  
Ny ray dia manana ny fahefana sy  
ny andraikitra mba hampianatra sy  
hitsodrano ny zanany ary hanome azy  
ireo ny ôrdônansin'ny filazantsara sy  
ny fiarovana hafa rehetra avy amin'ny  
fisoronana izay ilaina. Tokony haneho  
fitiavana sy fahatokiana ary fanajana



ny reny izy mba hahafahan'ny zanaka mahita izany fitiavana izany.

Nahazo fahalalana aho fa hery tena misy ny finoana fa tsy fanambarana ny zavatra inoana fotsiny. Vitsy ny zavatra mahery vaika kokoa noho ny vavaka feno fahatokiana ataon'ny reny marinetra iray.

Mianara mikasika ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ny Sorompnavotan'i Jesoa Kristy ary ampianaro mikasika izany koa ny fianakavianao. Tsy misy asa mandrakizay lehibe kokoa mihoatra noho ny asa atao ao anatin'ny tokantranonao manokana.

Fantatsika fa fanahy zanaky ny ray aman-dreny any an-danitra isika ary tonga eto an-tany mba hahazo vatana sy hosedraina. Manana hery eo anatrehan'ireo olona tsy manana vatana isika izay manana vatana.<sup>4</sup> Manana fahafahana misafidy isika hoe ho lasa inona ary afaka manapaka sy misafidy izay zavatra ataontsika, saingy tsy manana fahafahana hisafidy ny vokany isika. Mitranga ho azy eo izany.

Ny fahafahana misafidy dia fari-tan'ny soratra masina hoe "safidimpitondrantena" izay midika hoe afaka misafidy ny tsara na ny ratsy isika. Mikatsaka ny tsy ampiasantsika araka ny tokony ho izy ny safidimpitondrantenantsika ilay fahavalo.

Mampianatra antsika ny soratra masina fa "[ny olona tsirairay dia afaka] miasa araka ny fotopampianarana sy

ny fitsipika mikasika ny hoavy, araka ny safidimpitondrantena izay efa nomeko azy, ka ny olona tsirairay dia azo ampamoahina ny amin'ny fahotany avy amin'ny andro fitsarana."<sup>5</sup>

Nampianatra i Almà fa "ny Tompo dia tsy afaka hijery ny fahotana amin'ny hamoram-po faran'izay bitika indrindra."<sup>6</sup> Mba hahatakarana izany dia tsy maintsy manavaka ny mpanota amin'ny fahotana isika.

Ohatra rehefa nentin'izy ireo teo anatrehan'ny Mpamonjy ilay vehivavy azo nijangajanga izay mazava ho azy fa meloka dia nalaminy tamin'ny alalan'ny teny dimy fotsiny ilay tojavatra: "Mandehana ary aza manota intsony."<sup>7</sup> Izany no toe-tsaina nentiny nanaovana ny asa fanompoany.

Hatsaran-toetra ny fandeferana saingy rehefa diso tafahoatra izany toy ireo karazana hatsaran-toetra rehetra dia mivadika ho kilema. Mila mitandrina amin'ny "fandriky ny fandeferana" isika mba tsy ho tafalatsaka ao anatin'izany. Ilay fandeferana ataon'ny besinimaro izay vokatry ny fanalefahana ny lalàn'ny tany mba hanaiky ny fanaovana ho ara-dalàna ireo fihetsika maneho fahavetavetana dia tsy mampihena ny voka-dratsy ara-panahy nateraky ny fandikana ny lalàn'Andriamanitra momba ny fahadiovam-pitondrantena.

Teraka niaraka tamin'ilay hazavana'i Kristy isika rehetra, izay manome

fahafahana ny olona tsirairay hamantatra ny ratsy sy ny tsara. Tafiditra ao anatin'ny fisedrana eto an-tany ny fijerena ny fomba ampiasantsika io hazavana io sy ny fihetsika asehontsika eo anatrehan'ireo bitsika manosika mba hiaina amim-pahamarinana.

"Fa indro, omena ny olona tsirairay ny fanahin'i Kristy mba hahazoany manavaka ny tsara amin'ny ratsy; koa asehoko anareo ny fomba hitsarana; fa ny zavatra tsirairay izay manainga hanao ny tsara sy handresy lahatra mba hino an'i Kristy dia alefan'ny hery sy ny fanomezam-pahasoavan'i Kristy; koa dia azonareo fantarina amin'ny fahalalana tanteraka fa avy amin'Andriamanitra izany."<sup>8</sup>

Tokony ho vonona foana ny handray andraikitra eo anatrehan'ny fanentanana sy bitsika avy amin'ny Fanahy Masina isika tsirairay. Manana fomba handrotsahana fahalalana madio ao an-tsaintsika ny Tompo mba hanosika antsika, hitarika antsika, hampianatra antsika ary hampitandrina antsika. Afaka mahafantatra eo noho eo ihany ny zavatra izay tokony ho fantany ny zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra tsirairay. Mianara mandray fanentanam-panahy sy fanambarana ary manaova asa eo anatrehan'izany.

Ny iray amin'ireo fahamarinana tena sarobidy sy masina azoko atolotra raha ao anatin'ireo zavatra rehetra novakiako sy nampianariko ary nianarako, dia ny fijoroako ho vavolombelona manokana mikasika an'i Jesoa Kristy. Velona Izy. Fantatro fa velona Izy. Vavolombelony aho. Ary afaka mijoro ho vavolombelona momba Azy aho. Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Izy. Azoko antoka ny momba izany. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Boyd K. Packer, "Unfinished Composition," 2012.
2. Isaia 32:17.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:30.
4. Jereo ny *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 211.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:78.
6. Almà 45:16.
7. Jaona 8:11.
8. Mòrônia 7:16.



**Nataon'ny Eveka Dean M. Davies**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny  
Fiadidian'ny Eveka Mpiahy

## Fototra azo antoka

*'Ndeha isika hanaiky ny fanasan'ny Tompo hanatona Azy.  
'Ndeha isika hanorina ny fiainantsika eo ambony fototra  
voaro sy azo antoka.*

Tamin'ny 17 Oktôbra 1989, rehefa nitondra fiara handeha hody avy niasa iny aho, dia nanatona ny sampanan'ny Lalana Market sy Beale tao San Francisco, Californie. Tamin'izay fotoana izay aho dia nahatsapa fa nihozongozona ny fiara ary nihevitra hoe: "Vaky angamba ny kodiarako iray." Nahita fiara fitateram-bahoaka tena akaiky ahy aho rehefa nitohy nihozongozona ilay fiara dia hoy aho hoe: "Nodomin'ity fiara fitateram-bahoaka ity aho!" Nihanihonzongozona hatrany ilay fiara, dia hoy indray aho hoe: "Vaky angamba ny kodiarako efatra!" Tsy kodiarana vaky na ilay fiara fitateram-bahoaka anefa izany—fa horohoron-tany goavana iray! Nisy onja toy ny onjan-dranomasina mikodiadia teo amin'ny Lalana Market teo amin'ny arabe, raha nijanona teo amin'ny jiro mena aho. Nahita trano birao avo be iray izay nirona havia sy havanana teo anoloako aho, ary namboka nianjera ny birikin'ilay trano antitra teo an-kaviako raha nitohy nihorohoro ny tany.

Nitranga tao amin'ny Faritr'i San Francisco Bay tamin'ny 5:04 ora hariva tamin'izay andro izay ilay horohoron-tany Loma Prieta ary namela olona betsaka tokony ho 12.000 ho tsy manan-kialofana.

Niteraka fahasimbana lehibe tao amin'ny Faritr'i San Francisco Bay ilay horohoron-tany, indrindra teo amin'ny tany tsy tsy tsara fototra tao San Francisco sy Oakland. Ny distrikan'i Mariana ao San Francisco dia "naorina teo ambony toerana fanariam-pako izay fifangaroan'ny fasika, fotaka, poti-bato sy poti-biriky, . . . ary zavatra hafa izay manana tahan'ny rano ambanin'ny tany avo dia avo. Ny ankamaroan'izy ireo dia poti-bato sy poti-biriky navarina tao amin'ny helo-dranomasin'i



San Francisco taorian'ny horohoron-tanin'i San Francisco tamin'ny 1906, kanefa ny ankabetsahany dia fasika sy poti-javatra."<sup>1</sup>

Nananganana trano fonenana teo amin'ilay toerana fanariam-pako tokony ho tamin'ny 1915. Tamin'ny horohoron-tanin'ny 1989 dia nampianjera trano ireo fotaka, fasika, ary poti-bato na potika biriky izay dibo-drano sy tsy nitambatra tsara naka endrika bainga. Tsy niorina teo ambonin'ny fototra azo antoka ireo trano ireo.

Nisy fiantraikany tamin'ny fiainana maro ny horohoron-tany Loma Prieta tao San Francisco, anisan'izany ny ahy. Ny fandinihana ny zava-nitranga tamin'izany andro izany dia manamafy ato an-tsaiko sy ato am-poko fa mila miorina eo ambonin'ny fototra aza antoka isika mba hahatohitra am-pahombiazana ireo tafiotra, horohoron-tany, ary atambon'ny fiainana.

Nanome fanazavana tsy misy tomika ny amin'ny maha zava-dehibe ny fanorenana ny fiainantsika eo ambony fototra azo antoka, eny dia i Jesoa Kristy izany, ilay mpaminany Nefita Helamàna: "Ary ankehitriny, ry zanako, tsarovy, tsarovy fa eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivo-maheriny ny devoly, eny, ny zana-tsipikany ao amin'ny tadio, eny rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanankery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin'ny hantsan'ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan'ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy" (Helamàna 5:12).

Amin'izao fitomboan'ny tempoly maoderina izao dia tandremana tokoa ny momba ny endrika, ny fomba enti-manangana ary ny fampiasana ireo fitaovana fanorenana. Anaovana fanadihadiana lalina ny tany sy ny atimbolantany eo amin'ny toerana hanorenana tempoly. Atao ny fandalinana ny rivotra, orana, ary ny



fiovaovana eo amin'ny toetrandro eo amin'ilay faritra mba tsy hahatohitra ny tafiotra sy ny toetrandro mahazatra eo amin'ilay faritra fotsiny ihany ny tempoly voatsangana fa ho voaorina sy napetraka hahatohitra ny horohoron-tany tsy ampoizina, ny rivo-doza, ny tondra-drano ary ireo atambo hafa izay mety hitranga. Nalentika lalina any anaty tany ireo betôns na vÿ mijidina maro any amin'ny ankamaroan'ireo tempoly ho fanohanana ny fototry ny tempoly.

Nanomana drafitra, fitaovana ary loharano hafa, toy ireo mpamorona sy mpanangana amin'izao androntsika izao, hampiasaintsika mba hanangana sy handrafetana ny fiainantsika mba ho azo antoka sy tsy voahozongozona ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany. Ny drafitry ny famonjena, ilay drafitra lehiben'ny fahasambarana io drafitra io. Maneho sary mazava sy mora takatra momba ny fiandohana sy ny fiafarana, ary ireo dingana ilaina ilay drafitra, miaraka amin'ireo ôrdônansy izay ilain'ny zanak'Andriamanitra tsirairay hiverenana eo anatrehan'Andriamanitra ary hitoetra miaraka Aminy mandrakizay ilay drafitra.

Anisan'ny "rafitry" ny fiainana ny finoana, fibebahana, batista, ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary

ny faharetana hatramin'ny farany. Manampy antsika hanangana fitsipika manan-danja izay hampifototra ny fiainantsika amin'ny Sorompanavotan'i Kristy ireny. Mamolavola sy mandrindra ny rafitra mpanohana ny fiainan'ny olona iray ireny. Avy eo, toy ny fananan'ny tempoly "fepetra arahana" izay manome torolalana amin'ny antsihiriany momba ny fomba hanangana sy hampirasana ireo fitaovana ilaina, dia tonga "fepetra arahana" izay manampy antsika hampiray sy hamatotra miaraka ny rafitry ny fiainana ny fivavahana, famakiana ny soratra masina, fandraisana ny fanasan'ny Tompo, ary fandraisana ireo ôrdônansin'ny fisoronana ilaina.

Zava-dehibe ny fandanjalanjana ny fampiharana ireny fepetra arahana ireny. Ohatra, amin'ny fanamboarana betôn dia fasika, vatokely, ary rano tsara fatra no ampiasaina mba hahazoana tanjaka mafy tsara. Hahatonga ny betôn ho malemy sy tsy hahavita ny tena asany ny fatra diso na fanesorana ny ampahany amin'ireo fitaovana ireo.

Toy izany koa, mety harefo ny tanjaky ny rafitra ara-panahintsika raha toa ka isika ka tsy mandanjalanja tsara ny fiainantsika isan'andro mba hisian'ny vavaka manokana isan'andro isika sy ny fivokisana amin'ny

soratra masina, ny fanatanjahana isan-kerinandro amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo, ary fandraisana anjara matetika amin'ireo ôrdônansin'ny fisoronana toy ny ôrdônansin'ny tempoly.

I Paoly dia nilaza izany tamin'izao fomba izao tao anatin'ny taratasy iray ho an'ny Efesiana, izay azontsika ampiharina ao anatin'ilay filana fampivoarana voalanjalanja sy araka ny tokony ho izy ny toetrantsika sy ny fanahintsika: "Ao aminy no hirafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ho an'ny Tompo" (Efesiana 2:21).

Anisan'ireo fitsipika fototra tena lehibe sy manan-danja ny finoantsika sy ny toetrantsika ny vavaka. Afaka maneho ny fankasitrahantsika, ny fitiavantsika, ary ny fanolorantenantsika amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny vavaka. Afaka manoa ny sitrapontsika amin'ny an'Andriamanitra isika ary vokatr'izany dia mahazo ilay hery ahafahana mampifanaraka ny fiainantsika amin'ny fampianarany isika. Ny vavaka dia lalana tokony ho azontsika arahina hikatsahana ny fitarihana eo amin'ny fiainantsika, eny hatramin'ny fanambarana.

Nampianatra i Almà hoe: "Milà hevitra amin'ny Tompo amin'ny ataonao rehetra, dia hotarihiny ho amin'ny tsara ianao; eny, rehefa mandry ianao amin'ny alina, mandria ao amin'ny Tompo, mba hahazoany miambina anao ao amin'ny torimasonao; ary rehefa miarina ianao amin'ny maraina, aoka ny fonao ho feno fisaorana an'Andriamanitra; ary raha manao ireo zavatra ireo ianao, dia hasandraotra ianao amin'ny andro farany" (Almà 37:37).

Tokony ho manan-danja sy mandeha araka ny tokony ho izy toy ny miaina sy misakafy ny fizarana ireo eritreritra, fahatsapana, ary fanirian-tsika amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka matotra sy lalina.

Hampatanjaka ny finoantsika sy ny toetrantsika ny fandalinana ny soratra masina isan'andro. Tokony ho ilaina velombelomina sy hatanjahana, tahaka ny filantsika sakafy ho an'ny vatan-tsika ny fanahintsika amin'ny alalan'ny fivokisana amin'ny tenin'i Kristy araka

ny voarakitra ao amin'ireo soratr'ireo mpaminany. Nampianatra i Nefia hoe: "Mivokisa amin'ny tenin'i Kristy; fa indro, hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin'i Kristy" (2 Nefia 32:3).

Na dia tsara aza ny famakiana ny soratra masina, dia tsy ampy hahatakarana ny fahafenoan'ny halehibe sy halalin'ny fampianaran'ny Mpamonjy ny famakiana izany fotsiny. Hitondra fahendrena sy fahalalana mihoatra ny fahatakarantsika ara-nofy ny fandalinana, fisaintsainana ary fampiharana ny tenin'i Kristy izay ampianarina ao amin'ny soratra masina. Izany dia hampatanjaka ny fanolorantenantsika sy hitondra tahiry ara-panahy hanaovantsika ny tsara indrindra amin'ny trangana-javatra rehetra.

Anisan'ny dingana manan-danja indrindra raisintsika hanatanjahana ny fiainantsika sy hifikirantsika mafy hatrany amin'ny fototra iorenan' ny Mpamonjy ny fandraisana am-pahamendrehana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro. Manome fahafahana ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra hanana fahafahana hisaintsaina ny fiainany mialoha ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo, handinihana ireo asa tokony na tsy tokony hatao izay mila hibebahana, ary avy eo handraisana ny mofo sy ny rano ho tandindon'ny fahatsiarovana ny vatana sy ran'i Jesoa Kristy, vavolombelona irain'ny Sorompanavotany. Manavao ireo fanekempihavanana, voadio sy voamasina, ary mandray ilay fampiantenana fa hanana ny Fanahy miaraka amintsika mandrakariva isika raha mandray izany am-pamatorana sy ampanetrentena izany. Ny Fanahy dia miasa toy ny lalotra mampifandray izay tsy manamasina fotsiny ihany fa mitondra ny zava-drehetra amin'ny fahatsiarovantsika ary mijoro ho vavolombelona hatrany hatrany ny amin'i Jesoa Kristy. Mampantanjaka ny fifandraisantsika manokana amin'ilay vato fototra, dia amin'i Jesoa Kristy ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo am-pahamendrehana.

Nampianatra tamim-pitiavana sy fahazavana ireo fotopampianarana,

ireo fitsipika, ary ireo asa ilaina izay hiaro ny fiainantsika sy hampatanjaka ny toetrantsika ny Mpamonjy nandritra ny asa fanompoany. Hoy Izy tamin'ny faran'ny Toriteny teo an-tendrombohitra:

"Koa, na zovy na zovy no mandre izao teniko izao sy mampihatra izany dia hohariko amin' ny lehilahy malina iray izay nanorina ny tranony teo amin' ny vatolampy—

"Ary nirotsaka ny orana, ary tonga ny riaka, ary nifofofy ny rivotra ary namely izany trano izany; ary tsy nianjera izany, satria efa niorina teo amin' ny vatolampy.

"Ary izay rehetra mandre izao teniko izao ary tsy mampihatra izany dia hoharina amin' ny lehilahy adala [izay] nanorina ny tranony teo amin' ny fasika—

"Ary nirotsaka ny orana, ary tonga ny riaka, ary nifofofy ny rivotra ary namely izany trano izany; ary nianjera izany, ary lehibe ny fianjerany" (3 Nefia 14:24–27; jereo ihany koa ny Matio 7:24–27).

Ry rahalahy sy anabavy, tsy misy amintsika hinia hanorina ireo tranontsika, ireo toeram-piasantsika, na ny trano masina fitsaohantsika eo ambony fasika, na poti-bato na potika

biriky, na tsy misy drafitra sy fitaovana mifanaraka amin'izany. 'Ndeha isika hanaiky ny fanasan'ny Mpamonjy hanatona Azy. 'Ndeha isika hanorina ny fiainantsika eo ambony fototra voaro sy azo antoka.

Mijoro ho vavolombelona amimpanetrentena aho fa hampatanjahana isika, hiaina fivoaran'ny tena manokana sy fiovam-po maharitra isika, ho voamana kokoa hanohitra ampahombiazana ireo tafiotra sy atambon'ny fiainana isika; hiaina fifaliana sy fahasambarana nampanantenaina isika; ary hanana fahatokiana fa niorina teo ambony fototra azo antoka ny fiainantsika: fototra izay tsy hianjera na rahoviana na rahoviana amin'ny alalan'ny fanankinana ny fiainantsika amin'i Jesoa Kristy sy amin'ny Sorompanavotany amin'ny alalan'ny fanarahana am-pitandremana ny drafiny ho an'ny fahasambarantsika, miaraka amin'izany ny vavaka, fandalinana isan'andro ny soratra masina, ary ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny "1989 Loma Prieta Earthquake," [wikipedia.org/wiki/1989\\_Loma\\_Prieta\\_earthquake](http://wikipedia.org/wiki/1989_Loma_Prieta_earthquake).





**Nataon'i Elaine S. Dalton**

Filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany Nisaorana Vao Haingana

# Izahay dia Zanakavavin'ny Ray izay Any an-danitra

*Amin'ny maha zanakavavin'Andriamanitra antsika dia miavaka isika tsirairay ary tsy mitovy ny toe-javatra mahazo antsika sy ny zavatra iainantsika. Ary na izany aza dia manan-danja izay ataontsika—satria manan-danja isika.*

I san-kerinandro dia mamerina ny teny filamatry ny Zatovovavy ny zatovovavy rehetra manerana izao ton-tolo izao. Na amin'ny fiteny inona na inona, isak'izay mandre ireto teny ireto aho manao hoe: “Izahay dia zanakavavin'ny Ray izay any an-danitra, izay tia anay ary tianay Izy”<sup>1</sup> dia manamafy amin'ny fanahiko ny Fanahy Masina fa marina izy ireo. Tsy fanamafisana ny maha isika antsika fotsiny izany—hoe iza isika—fa fampahafantarana koa hoe an'iza isika. Zanakavavin'ny olona iray nisandratra isika!

Tany amin'ny firenena rehetra sy ny kaontinanta rehetra dia nihaona tamin'ny zatovovavy mahatoky tena, miteny mazava tsara tsy ankihambahamba, feno hazavana, voadio tamin'ny asa mafy sy ny fitsapana, izay manana finoana madio sy tsotra aho. Tsara toetra izy ireo. Mpitandrina ny fanekempihavanana izy ireo, izay “[m]ijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy

amin'ny zava-drehetra ary amin'ny toerana rehetra.”<sup>2</sup> Fantany hoe iza izy ireo ary manana andraikitra manandanja eo amin'ny fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra izy ireo.

Fony aho tany amin'ny oniversite dia mpikambana tao amin'ny mpanao dihin-drazana maneran-tany tao BYU aho. Indray fahavaratra dia nanana fahafahana miavaka ny hitety ny misiona tao Eorôpa ny andiany nisy ahy. Fotoam-pahavaratra sarotra tamiko izany satria nodimandry tampoka ny raiko volana vitsivitsy talohan'izay. Nahatsiaro ho irery ary nanjary kivy aho tamin'ny fotoana naha tao Écosse anay. Nandihy tao amin'ny trano fian-gonana iray izahay tamin'io takariva io ary taorian'ny fampisehoana nataonay dia nandeha tao amin'ny trano fonenan'ny filohan'ny misiona izay tsy lavitra teo izahay. Rehefa nanohy ny diako nankeny amin'ilay trano aho dia nahita vato nipetraka teo amin'ny zaridaina iray voakarakara tsara teo akaikin'ny vavahady. Mivaky toy izao ny soratra teo aminy: “Na iza na iza ianao dia ataovy tsara ny anjara andraikitrao.” Tamin'izay fotoana izay dia nanohina lalina ny foko ireo teny ireo ary tsapako fa ny herin'ny lanitra no nampitraka ahy sy nanome ahy ireo hafatra ireo. Fantatro fa fantatry ny Ray any an-danitra be fitiavana aho. Tsapako fa tsy irery aho. Nijoro tamin-dranomaso teo amin'izany zaridaina izany aho. “Na iza na iza ianao dia ataovy tsara ny anjara andraikitrao.” Nanavao ny fijeriko izany fehezanteny tsotra izany, fa fantatry ny Ray any an-danitra aho ary nanana drafitra ho



**Sydney, Australie**

an'ny fiainako Izy ary nanampy ahy hahatakatra ilay fanahy izay tsapako fa manan-danja izay ataoko.

Taty aoriana dia fantatro fa nankahery ny mpaminany David O. McKay izany teny izany indray mandeha fony izy misiônera vao herotreronny tany Écosse. Hitany teo amin'ny vato iray teo amin'ny trano iray izany tamin'ny fotoana nahakivy azy nandritra ny fiainany sy ny asa fitoriana nataony, ary nampitraka azy ireo teny ireo. Taona maro taorian'izay, rehefa nianjera ilay trano, dia nataony izay nifanarahana mba hahazoana ilay vato sy hametrahana izany tao amin'ny zaridaina tao amin'ny trano fonenan'ny filohan'ny misiona.<sup>3</sup>

Amin'ny maha zanakavavin'Andriamanitra antsika dia miavaka isika tsirairay ary tsy mitovy ny toejavatra mahazo antsika sy ny zavatra iainantsika. Ary na izany aza dia manan-danja izay ataontsika—satria manan-danja *isika*. Ny fandraisantsika anjara isan'andro amin'ny fanabeazana, ny fampianarana, ary ny fikarakarana ny hafa dia toy ny zavatra efa mahazatra, mihen-danja, sarotra, ary mahamenatra indraindray, kanefa rehefa mahatsiaro izany andalana voalohany amin'ny teny filamatry ny Zatovovavy izany isika hoe—“Izahay dia zanakavavin'ny Ray izay any andanitra”—dia hanova zavatra izany eo amin'ny fifandraisantsika sy ny fihetsika asehontsika.

Nodimandry vao haingana ilay reniko mahafinaritra 92 taona. Nandao ity fiainana an-tany ity izy rehefa niaina—mangingina. Tsy toy izay nomaniny ny niseho tamin'ny fiainana. Ny vadiny, ny raiko izany, dia nodimandry teo amin'ny faha 45 taonany, nandao ny reniko niaraka tamin'ny zanaka telo—izaho sy ny anadahiko roa. Niaina 47 taona tamin'ny naha mananotena azy izy. Namelona ny fianakavianay tamin'ny alalan'ny fampianarana tany an-tsekoly izy ny maraina ary nampianatra pianô ny hariva. Nikarakara ny rainy izay efa antitra izy, ny raibeko izany, izay nifanolobodirindrina taminay. Nataony izay nahavitanay tsirairay fianarana tany amin'ny universite. Raha ny marina dia



nisisika mafy ny amin'izany izy mba ho “mpandray anjara” izahay. Ary tsy nitaraina mihitsy izy. Nitandrina ny fanekempihavanany izy, ary satria nanao izany izy dia niantso ny herin'ny lanitra mba hitahy ny tokantranonay sy handefa fahagagana. Niantehitra tamin'ny herin'ny vavaka sy ny fisoronana ary ny fampanantenan'ny fanekempihavanana izy. Nahatoky izy tamin'ny fanompoany ny Tompo. Nampahatanjaka anay zanany ny fahafoizan-tenany tsy ankiato. Namerimberina matetika taminay tenin'ny soratra masina iray izy dia ny hoe: “Izaho Tompo dia voafatotra rehefa ataonareo izay lazaiko; fa rehefa tsy ataonareo kosa izay lazaiko, dia tsy manana fampanantenana ianareo.”<sup>4</sup> Izany no teny filamatra nohazoniny ary fantany fa marina izany. Takany ny dikan'ny hoe mitandrina ny fanekempihavanana. Tsy nahalala azy mihitsy izao tontolo izao. Tsy nila izany izy. Fantany hoe iza izy ary an'iza izy—zanakavavin'Andriamanitra. Tena azo lazaina fa nanao tsara ny anjarany ny reninay.

Raha niresaka mikasika ireo reny sy vehivavy ny Filoha Gordon B. Hinckley indray mandeha dia hoy izy hoe:

“Tsy tokony hanadino mihitsy ny tanjaky ny vehivavy isika. . . . Ny reny no manana fiantraikany mivantana indrindra eo amin'ny fiainan'ireo zanany. . . . Ny reny no manabe azy ireo sy mitaiza azy ireo amin'ny fomban'ny Tompo. Manan-danja tokoa ny hery mitarika ananan'izy ireo. . . .

“. . . Izy ireo no mpahary ny aina. Izy ireo no mpanabe ny zanaka. Izy

ireo no mpampianatra ny zatovovavy. Izy ireo no namana tena ilaintsika. Mpiara-miasa amintsika izy ireo amin'ny fananganana ny fanjakan'Andriamanitra. Lehibe tokoa ny anjara asan'izy ireo, mahatalanjona ny anjara biriky entin'izy ireo.”<sup>5</sup>

Ahoana ary no fomba hametrahan'ny reny na ny ray ao amin'ny zanakavavy iray ilay fahamarinana tena lehibe sy mandrakizay, dia ny hoe zanakavavin'Andriamanitra izy? Ahoana no fomba hanampiantsika azy hiala ao amin'izao tontolo izao ary hamindra ny tongony ho ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra?

Ao anatin'ny tontolo izay mampihena ny soatoavin'ny fahadiovam-pitondrantena dia mila lehilahy sy vehivavy “[m]ijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra ary amin'ny toerana rehetra” ny zatovovavy. Tsy mbola nanan-danja mihoatra noho ny amin'izao fotoana izao izany teo aloha. Mila reny sy mpanolotsaina izay maneho fiainam-behivavy feno fahadiovana ny zatovovavy. Ry reny, manan-danja lehibe ny fifandraisana amin'ny zanakareo vavy, ary toy izany koa ny ohatra asehonareo. Ny fomba hanajanareo sy itiavanareo ny rainy, ny fisoronany, ary ny anjara asany masina dia ho hita taratra ary angamba hihamafy eo amin'ny fihetsika sy ny fitondrantena asehon'ny zanakareo vavy.

Inona ilay anjara andraikitra tsy maintsy hataontsika “tsara”? Mazava ny ao amin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana hoe:

“Araka ny drafitr’Andriamanitra, ny ray no tokony hitarika ny fianakaviany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ary tompon’andraikitra amin’ny fanomezana izay ilaina eo amin’ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany. Ny reny dia tompon’andraikitra voalohany eo amin’ny fitaizana ny zanany. Manoloana izany andraikitra masina izany, ny ray sy ny reny dia tsy maintsy mifanampy amin’ny maha-mpiara-miasa mitovy lenta azy ireo. . . .

“Mampitandrina izahay fa ireo izay mandika ny fanekempihavanan’ny fahadiovam-pitondrantena, ireo izay mamono ny vadiny sy ny taranany, na ireo izay tsy mahatanteraka ny andraikiny ao amin’ny fianakaviana dia hijoro ho tompon’andraikitra eo anatrehan’Andriamanitra indray andro any.”<sup>6</sup>

Tao anatin’ily fiaraha-monina niaina tao anatin’ny fahalotoam-pitondrantena tamin’ny andron’i Môrmôna dia nalahelo mafy izy satria nendahina tamin’ireo vehivavy ny soa sy ny sarobidy indrindra tambonin’ny zava-drehetra—ny hatsaran-toetrany sy ny fahadiovam-pitondrantenany.<sup>7</sup>

Mbola manavao indray ny fian-tsoana hiverina amin’ny hatsaran-toetra aho. Ny hatsaran-toetra no tanjaka sy herin’ny zanakavavin’Andriamanitra. Mety hanao ahoana ny tany raha toa ny hatsaran-toetra—izay lamin’ny fomba fisainana sy ny fitondrantena mifototra amin’ireo fenitra avon’ny fitsipi-pitondrantena, ka ao anatin’izany ny fahadiovam-pitondrantena<sup>8</sup>—ka averina indray eo amin’ny fiaraha-monina misy antsika ho toy ny soatoavina sarobidy indrindra? Raha mihena ny fahalotoam-pitondrantena, ny pôrnôgrafia, ary ny herisetra, mety hihavitsy ve ny fanambadiana ho rava, ny fiainana simba, ary ny fo maratra? Mety hanome haja sy hanome hery hanaovan-javatra ve ny fampitam-baovao toy izay hanao tsinontsinona sy hanimba ny zanakavavy sarobidin’Andriamanitra? Raha mahatakatra ny maha zava-dehibe ny filazana hoe “Izahay dia zanakavavin’ny Ray izay any an-danitra,” ny olon-drehetra, mety ho toy ny



ahoana no handraisana sy hitondrana ny vehivavy?

Taona maro lasa izay, rehefa natsangana sy akaiky ho vita ity Foiben’ny Fihaonamben’ny Fiangonana ity dia niditra tato amin’ity trano masina ity aho teo amin’ny faritry ny lavarangana nanao satroka sy solomaso fiarovana, ary vonona ny hanadio tamin’ny aspirateur ny karipetra izay napetaky ny vadiko. Fiara kely fanaisorana fako no teo amin’ny toeran’io polpitra io tamin’izany, ary natevina tokoa ny vovoka tato amin’ity trano ity. Rehefa nipetraka teo izany dia nandoto ilay karipetra vaovao. Anjara asako ny nanadio tamin’ny aspirateur. Ka dia nanadio aho ary tsy nitsahatra nanadio. Afaka telo andro taorian’izay dia simba ilay aspirateur keliko!

Ny tolakandro talohan’ny Fihao-namben’ny Fiangonana voalohany tato amin’ity trano tsara tarehy ity dia niantso ahy ny vadiko. Handeha hametaka ny ampahan’ny karipetra farany—tato ambanin’ity polpitra manan-tantara ity izy.

Nanontany izy hoe: “Inona no soratra masina tokony hosoratako ato ambadik’ity karipetra ity?”

Hoy aho hoe: “Môsià 18:9: [m]ijoro[a] ho [vavolombelon]’Andriamanitra amin’ny fotoana rehetra sy amin’ny zava-drehetra ary amin’ny toerana rehetra.”

Ao anatin’ily tontolo ahitana zavatra tena sarotra dia izany no hitako ataon’ireo zatovovavy sy vehivavy ato amin’ity Fiangonana ity. Mpitaona

amin’ny fanaovana ny tsara eo amin’izao tontolo izao izy ireo. Tsara toetra izy ireo ary ohatra fakan-tahaka, marani-tsaina sy tia miara-miasa. Mitondra zavatra hafa izy ireo satria izy ireo *dia* hafa. Manao tsara ny anjara asany izy ireo.

Taona maro lasa izay, rehefa nandio ity karipetra ity aho—niezaka nanao tsara ny anjara asa keliko—dia tsy fantatro hoe hitsangana hanitsaka ity karipetra eto ambanin’ity polpitra ity ny tongotro indray andro any.

Ankehitriny amin’ny maha zanaka-vavin’Andriamanitra ahy, dia mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy. I Jesoa no Kristy. Izy no Mpanavotra antsika. Amin’ny alalan’ny sorompanavotany tsy misy fetra no hiverenako hiara-hiaina Aminy indray andro any—voazaha toetra, madio, ary voafehy ao anatin’ny fianakaviana mandrakizay. Hidera azy mandrakariva aho noho ny tombontsoa manokana amin’ny maha vehivavy, vady, ary reny ahy. Mijoro ho vavolombelona aho fa mpaminanin’Andriamanitra no mitarika antsika dia ny Filoha Thomas S. Monson izany, ary feno fankasitrahana aho noho ireo lehilahy marina izay mitahy ny fiainako amin’ny alalan’ny herin’ny fisoronana ananan’izy ireo. Ary ho feno fankasitrahana lalandava aho noho ny tanjaka azoko avy amin’ny hery manome fahafahana hanao zavatra avy amin’ny Sorompanavotana tsy misy fetra an’ny Mpamonjy eo am-panohizako ny fiezahana “hanao tsara ny anjara andraiki[trô].” Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena.

#### FANAMARIHANA

1. *Mon Progrès Personnel des Jeunes Filles* (booklet, 2009), 3.
2. Môsià 18:9.
3. Jereo ny Matthew O. Richardson, “What E’er Thou Art, Act Well Thy Part”: John Allan’s Albany Crescent Stone,” *Journal of Mormon History*, vol. 33 (Fall 2007), 31–61; Francis M. Gibbons, *David O. McKay: Apostle to the World, Prophet of God* (1986), 45.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10.
5. Gordon B. Hinckley, “Standing Strong and Immovable,” *Réunion de Formation Mondiale des Dirigeants*, 10 Jan. 2004, 21.
6. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
7. Jereo ny Môrônia 9:9.
8. Jereo ny *Mon Progrès Personnel des Jeunes Filles* 70.





**Nataon'ny Loholona Craig A. Cardon**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Manam-piniavana Hamela Heloka Ny Mpamonjy

*Tia antsika ny Tompo ary tiany ny hahatakarantsika  
ny finiaivany hamela heloka.*

**N**andritra ny fotoana nanaovan'ny Mpamonjy antsika ny asa fanompoany tety an-tany dia maro no nanara-dia azy, anisan'izany ireo mpanora-dalàna sy Fariseo, “izay efa niala tamin'ny tanàna rehetra any Galilia sy Jodia, ary . . . Jerosalema.”<sup>1</sup> Nisy lehilahy iray nararin'ny paralyssisa tsy tafarina teo am-pandriany, izay naniry ny ho sitrana ka nentina namakivaky vahoaka maro, saingy tsy afaka ny hitondra azy hanakaiky ny Mpamonjy ireo namany, ka nentin'izy ireo izy niakatra tao an-tampon-trano izay nitoeran'ny Mpamonjy ka nampidininy avy tany. Rehefa nahita izany fanehoana finoana izany ny Mpamonjy, sady nanana tanjona lehibe izay tsy mbola fantatr'ireo mpihaino Azy, dia niteny hoe: “Ralehilahy, voavela ny helokao.”<sup>2</sup>

Tsy maintsy ho nanaitra ilay lehilahy izany—ary na dia tsy milaza na inona na inona momba ny fihetsiny manoloana izany aza ny soratra masina, dia angamba mety ho nieritreritra

izy hoe: Mety ho nanontany tena izy hoe takatry ny Mpamonjy tokoa ve ny antony hahatongavany eo.

Fantatry ny Mpamonjy fa maro ireo olona no nanaraka Azy noho ireo fahagagana lehibe izay nataony. Efa nanova ny rano ho divay Izy,<sup>3</sup> sy nandroaka fanahy ratsy,<sup>4</sup> ary nanasitrana ny zanakalahin'ilay tandapa,<sup>5</sup> sy lehilahy boka iray,<sup>6</sup> ary ny rafozambavin'i Petera,<sup>7</sup> sy ny maro hafa.<sup>8</sup>

Fa tamin'ity lehilahy mararin'ny paralyssisa ity kosa ny Tompo dia nisafidy ny hanome porofon'ny anjara asany tsy manam-paharoa amin'ny maha Mpamonjy izao tontolo izao Azy, teo anatrehan'ireo mpianatra sy ireo izay tsy nino. Raha nandre ny tenin'ny Mpamonjy ireo mpanora-dalàna sy Fariseo dia nanomboka niara-nisaina, nilaza amin'ny tsy fahafantarana fa fitenanana ratsy izany satria Andriamanitra ihany no afaka mamela heloka. Nahafantatra ny eritreriny ny Mpamonjy, ka niteny tamin'izy ireo hoe:


“Nahoana hianareo no mieritreritra ao am-ponareo?”

“Iza moa no moramora kokoa, ny manao hoe va, Voavela ny helokao; sa ny manao hoe, Mitsangàna, ka mandehana?”<sup>9</sup>

Tsy niandry ny valin-tenin'izy ireo ny Mpamonjy, fa nanohy nilaza hoe: “Fa mba ho fantatrarao fa ny Zanak'olona manana fahefana *ety ambonin'ny tany* hamela heloka, [avy eo dia nitodika tany amin'ilay lehilahy mararin'ny paralyssisa Izy] Izaho milaza aminao hoe, Mitsangàna, ary batao ny fandrianao, ary modia any an-tranonao.”<sup>10</sup> Dia nataony izany!

Tamin'ny alàlan'izany fanasitranana ara-nofo mahagaga izany, no nanamafisan'ny Mpamonjy tamintsika rehetra ny amin'ity fahamarinana ara-panahy manan-kery lavitra kokoa ity: ny Zanak'olona dia mamela heloka!

Raha toa ka efa eken'ireo mpino rehetra izany fahamarinana izany, dia tsy ekena mora foana tahaka izany ilay fahamarinana manan-danja miaraka aminy hoe: ny Mpamonjy dia mamela heloka “ety ambonin'ny tany,” fa tsy amin'ny Fitsarana Farany fotsiny ihany. Tsy manao antsika ho afa-tsiny *ao amin'ny* otantsika Izy.<sup>11</sup> Tsy manome lalana antsika hiverina amin'ireo otantsika taloha Izy.<sup>12</sup> Kanefa rehefa mibebaka



sy mankatò ny Filazantsarany isika, dia mamela ny helontsika Izy.<sup>13</sup>

Ao amin'izany famelana heloka izany no ahitantsika ny hery manome fahafahana sy manavotra ao amin'ny Sorompanavotana, izay mihatra amin'ny fomba mirindra sy feno halemem-panahy. Rehefa mampihatra ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo isika, dia *mankahery* antsika ao anatin'ny fotoan-tsarotra lalovantsika ny herin'ny Sorompanavotany izay manome fahafahana,<sup>14</sup> ary ny heriny izay manavotra dia *manamasina* antsika rehefa "[manaisotra] ny maha-nofy ny olona [ao amintsika] isika."<sup>15</sup> Mitondra fanantenana ho an'ny rehetra izany, indrindra ho an'ireo izay mihevitra fa tsy mihatra amin'ny fahalemen'olombelona miverimberina ny finiavan'ny Mpamonjy hanampy sy hamonjy.

Nahafahan'ny Mpamonjy mitondra fahazavan-tsaina ho antsika<sup>16</sup> ilay fanontanian'i Petera indray maka ny amin'ny hoe impiry izy no tokony hamela ny rahalahiny ary nanontany izy avy eo hoe: "Hatramin'ny impito va?" Azo antoka fa mihoatra noho ny ampy izany. Fa ny valintenin'ny Mpamonjy dia manome fahafahana antsika hahatakatra ny *Fony* izay feno famindrampo: "*Tsy* lazaiko aminao hoe, Hatramin'ny impito: fa hatramin'ny impito amby fitopolo."<sup>17</sup>

Tia antsika ny Tompo ary tiany ny hahatakarantsika ny finiavany hamela heloka. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana dia mihoatra ny in-20 ny Tompo no niteny tamin'ireo izay niresahany hoe: "Voavela ny fahotanao," na teny mitovy amin'izany.<sup>18</sup> Tamin'ny antsasany eo ho eo amin'ireo tranga ireo, dia niantefa manokana tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ny tenin'ny Tompo, indraindray niresaka taminy irery, indraindray niaraka tamin'ny olona hafa.<sup>19</sup> Ny voalohany tamin'izany dia noraketina tamin'ny taona 1830, ary ny farany kosa dia tamin'ny taona 1843. Araka izany, tao anatin'ny taona maro ny Tompo dia namerimberina tamin'i Joseph hoe: "Voavela ny fahotanao."

Na dia tsy "meloka amin'ny fahotana lehibe na mamohetrana"<sup>20</sup> aza i Joseph, dia tsara ny hahatsiarovantsika

fa ankoatra ny tranga miavaka vitsy monja, ilay "impito amby fitopolo" an'ny Tompo dia tsy mametra ny famelan-keloka arakaraka ny maha lehibe ny ota.

Raha niresaka tamin'ireo loholona tafavory tao Kirtland ny Tompo, dia niteny hoe: "Tiako ny handresenareo izao tontolo izao; *koa* hanana fangorahana anareo Aho."<sup>21</sup> Fantatry ny Tompo ny fahalementsika sy ny vokatry mandrakizay izay ateraky "izao tontolo izao" amin'ny lehilahy sy vehivavy tsy tonga lafatra.<sup>22</sup> Ny teny hoe *koa* ao amin'io andininy io no filazany fa amin'ny alalan'ny fangorahany ihany no ahafahantsika amin'ny farany "[mandresy izao tontolo izao]." Ahoana no fisehon'io fangorahana io? Hoy Izy tamin'ireo loholona tao Kirtland ireo hoe: "efa navelako ny fahotanareo."<sup>23</sup> *Manam-piniavana hamela heloka ny Mpamonjy.*

Tsy misy tokony hieritritra hoe izany famelan-keloka izany dia azo na dia tsy misy fibebahana aza. Hoy tokoa ny Tompo hoe: "Izaho Tompo dia mamela ny fahotan'ireo izay miaiky ny fahotany eo anoloako sy mangataka famelana," ary avy eo dia nampiany ilay fepetra hoe: "afa tsy ireo izay nanota ho amin'ny fahafatesana."<sup>24</sup> Na dia "tsy afaka hijery ny fahotana amin'ny hamoram-po faran'izay bitika indrindra"<sup>25</sup> aza ny Tompo, dia manavaka ny maha lehibe ny fahotana sasany ihany Izy. Nolazainy fa tsy hisy famelan-keloka ho an'ny "fanevatevana ny Fanahy Masina."<sup>26</sup> Nambarany ny maha zava-dratsy ny famonoana olona<sup>27</sup> ary nantitranteriny ny maha lalina ny fahotana ara-pahadiovam-pitondrantena toy ny fijangajangana.<sup>28</sup> Nampahafantariny fa sarotra ny mahazo ny famelan-keloka avy Aminy raha toa miverimberina manao fahotana ara-pahadiovam-pitondrantena.<sup>29</sup> Ary nilaza Izy fa "izay manota amin'ny hazavana lehibe kokoa dia handray fanamelohana lehibe."<sup>30</sup> Na izany aza anefa, noho ny Famin-drapony lehibe, dia avelany hivoatra tsikelikely isika fa tsy takiany ho tonga lafatra eo no ho eo. Na dia eo aza ny fahotana maro vokatry ny fahalemena eo amin'ny fiainana an-tany, isaky ny mibebaka isika sy mikatsaka

famelan-keloka avy Aminy, dia mamela heloka hatrany hatrany Izy.<sup>31</sup>

Noho izany, isika rehetra, anisan'izany ireo izay miezaka ny hiala amin'ny fahazaran-dratsy mampiankin-doha toy ny fandraisana zavatra voarara na ny fijerena zavatra mamoa fady sy ireo olona izay manodidina azy ireny, dia afaka mahafantatra fa ny Tompo dia halala ny ezaka ankitsim-po izay ataontsika ary hamela heloka am-pitiavana rehefa tanteraka ny fibebahana "Hatramin'ny impito amby fitopolo." Izany anefa tsy midika fa ny olona iray dia afaka *hanao fanahy iniana* hiverina hanota kanefa tsy ho voasazy.<sup>32</sup>

Ny Tompo dia mijery hatrany ny ao am-pontsika,<sup>33</sup> ary ireo finoana diso sy tsara lahatra dia tsy manamarina ny fahotana.<sup>34</sup> Tamin'izao fotoam-pitantanana izao ny Tompo dia nampitandrina ny iray tamin'ireo mpanompony amin'izany hevitra tsara lahatra izany ka niteny hoe: "Aoka [izy] ho menatra ny tariky ny Nikôlaita sy ny fahavetavetany miafina."<sup>35</sup> Ny Nikôlaita dia antokom-pivavahana taloha izay nanambara fa manana alalana hanao fahotana ara-pahadiovam-pitondrantena noho ny famindram-pon'ny Tompo.<sup>36</sup> Tsy ankasitrahan'ny Tompo izany.<sup>37</sup> Tsy mahatonga antsika ho afa-tsiny ny fangorahany sy ny famindram-pony raha toa "tsy afa-po [ny fontsika] . . . ary tsy mankato ny fahamarinana [isika], fa mahita fahafinaretana ao amin'ny tsy fahamarinana."<sup>38</sup> Kanefa kosa, rehefa vitantsika ny zavatra rehetra azontsika atao,<sup>39</sup> dia ny fangorahany sy ny famindram-pony no fomba ahafahantsika mandresy izao tontolo izao "rehefa afaka elaela"<sup>40</sup> amin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotana izay manome fahafahana. Rehefa mikatsaka amim-panetren-tena izany fanomezana sarobidy izany isika, "ny zavatra malemy dia [ataony] tonga matanjaka ho [antsikal]"<sup>41</sup> ary amin'ny alalan'ny *Heriny*, no ahafahantsika manao izay zavatra tsy vitantsika samirery.

Ny Tompo dia mijery ny fahazavana izay noraisintsika,<sup>42</sup> sy ny fanirian'ny fontsika,<sup>43</sup> ary ny asa vitantsika,<sup>44</sup> ary rehefa mibebaka sy mikatsaka famelan-keloka avy Aminy isika, dia mamela heloka Izy.

Rehefa mandinika ny fiainantsika sy ny fiainan'ireo olon-tiantsika sy ireo olom-pantatsika isika, dia tokony hanana finiavana torak'izany koa hamela heloka, na ny tenantsika na ny hafa.<sup>45</sup>

*Ny Torio ny Filazantsarako* dia miresaka ny maha sarotra ny fiavana amin'ny fahazaran-dratsy mampiankin-doha ary mamporisika ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ireo mpikambana "tsy ho tohina na kivy" raha toa ka mbola manana ireo olana ireo ireo naman'ny fiangonana na ireo mpikambana vaovao. Raha ny tokony ho izy, dia toroana hevitra isika mba "haneho fahatokisana an'ilay olona ary tsy hitsara, . . . [mandray] izany ho toy ny toe-javatra mandalo sy azo leferina."<sup>46</sup> Moa ve isika afaka manao latsak'izany amin'ireo zanantsika na fianakaviansika izay manana olana mitovy amin'izany, izay niala kely tamin'ny lalan'ny fahamarinana? Azo antoka fa mendrika ny tsy fiovaovantsika, sy ny faharetantsika, ary ny fitiavantsika izy ireo—ary koa, mendrika ny famelantsika heloka.

Vao tamin'ny fihaonambe manerantany tamin'ny volana Ôktôbra lasa teo ny Filoha Monson no nanoro hevitra hoe:

"Mila mahatadidy isika fa afaka miova ny olona. Afaka miala amin'ireo fahazaran-dratsiny izy ireo. Afaka mibebaka tamin'ny fandikan-dalany izy ireo. . . .

". . . Afaka manampy azy ireo hantresy ny fahalemeny isika. Tokony hampitombo ny fahaizantsika mijery ireo lehilahy tsy amin'ny endriny amin'izao fotoana izao isika fa amin'ny zavatra mety ho vitany."<sup>47</sup>

Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana taloha, mitovy amin'ity fihaonambe atrehantsika ity, dia niteny tamin'ireo mpikambana ny Tompo hoe:

"Lazaiko aminareo marina tokoa, madio ianareo, nefa tsy ny rehetra; . . .

"Fa efa lo *avokoa ny nofo* eo anoloako. . . .

". . . Satria marina tokoa fa meloka eo anoloako ny sasany aminareo, *nefa ho feno famindram-po amin'ny fahalemenareo aho.*"<sup>48</sup>

Tsy miova ny hafany ankehitriny. Fantatry ny Raintsika any an-danitra

ny zavatra atrehantsika, fantany fa manota avokoa isika ary "tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra"<sup>49</sup> ombieny ombieny. Naniraka ny Zanani-lahy Izy, izay "Mahalala ny fahalemen'ny olona ary ny fomba hamonjena ireo izay alaim-panahy."<sup>50</sup> Nampianatra antsika Izy ny "[hivavaka] mandrakariva mba tsy [hidirantsika] amin'ny fakam-panahy."<sup>51</sup> Nasaina isika "[hitalaho] amin' [Andriamanitra] ho *famindrampo*; fa mahery Izy ka mahavonjy."<sup>52</sup> Nandidy antsika ny Mpamonjy hibebaka<sup>53</sup> sy hamela heloka.<sup>54</sup> Ary na dia tsy mora aza ny fibebahana, rehefa miezaka amin'ny fonsika manontolo isika hankatò ny Filazantsarany, dia omeny izao fampanantenana izao: "Lazaiko aminareo marina tokoa, na dia eo aza ny [fahotanareo], *dia feno fangorahana [aminareo] ny kiboko*. Tsy holaviko tanteraka [ianareo]; *ary amin'ny androm-pisafaoahana dia hahatsiaro famindram-po Aho.*"<sup>55</sup> Manam-piniavana hamela heloka ny Mpamonjy.

Isan-kerinandro ny fandaharana mandeha amin'ny haino aman-jery ataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely Môrmôna dia manomboka amin'ny tononkira mankahery ao amin'ny fihirana fantantsika nosoratan'i William W. Phelps hoe "Elevons nos chants sacrés." Ny tonon'ny andininy fahaefatra anefa dia tsy fantantsika tahaka izany:

*Dera ho an'ny Tompo izay masina.*

*Noho ny teniny sarobidy: . . .*

*Mibebaha, Mibebaha;*

*Fa na dia mena tahaka ny jaky aza ny fahotanao,*

*Mibebaha dia ho voavela ny helokao.*<sup>56</sup>

Manasa anareo aho mba hahatsiaro sy hino ny tenin'ny Tompo sy hampihatra ny finoana Azy amin'ny fibebahana.<sup>57</sup> Tiany ianareo. Manam-piniavana hamela heloka Izy. Mijoro ho vavolombelona momba izany aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Lioka 5:17; jereo koa ny Marka 2:2.
2. Lioka 5:20; jereo koa ny Matio 9:2; Marka 2:5.
3. Jereo ny Jaona 2:1-11.
4. Jereo ny Marka 1:21-28; Lioka 4:33-37.
5. Jereo ny Jaona 4:46-54.
6. Jereo ny Matio 8:1-4; Marka 1:40-45; Lioka 5:12-15.
7. Jereo ny Matio 8:14-15; Marka 1:29-31; Lioka 4:38-39.
8. Jereo ny Matio 8:16-17; Marka 1:32-34; Lioka 4:40-41.
9. Lioka 5:22-23; jereo koa ny Matio 9:3-5; Marka 2:6-9.
10. Lioka 5:24; nampiana fanamafisana; jereo koa ny Matio 9:6-7; Marka 2:10-12.
11. Jereo ny 1 Korintiana 6:9-10; Almà 11:34, 37; Helamàna 5:10-11.
12. Jereo ny 2 Petera 2:20; Jakôba 2:10 ao amin'ny Testamenta Vaovao; Fotopampianarana sy Fanekepihanana 82:7.
13. Jereo ny Isaia 1:18; Jeremia 31:34; Lioka 7:36-50; Enôsa 1:5; Almà 24:10; Môrônia 6:8; Fotopampianarana sy Fanekepihanana 1:32; 58:42-43.
14. Jereo ny Jakôba 4:7 ao amin'ny Bokin'i Môrmôna; Almà 14:26; Môrônia 10:7.
15. Môsià 3:19; jereo koa ny 2 Nefia 10:24-25.
16. Jereo ny Almà 32:28, 34.
17. Matio 18:21-22; nampiana fanamafisana; jereo koa ny Lioka 17:1-4.
18. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana 20:5-7; 25:3; 29:3; 31:5; 36:1; 50:36; 60:6-7; 61:2; 62:3; 64:1-4, 5-7, 15-17; 75:6-8; 82:1; 84:60-61; 90:1, 6; 108:1; 110:5; 112:3; 124:74-76, 78; 132:50.
19. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana 20:5-7; 29:3; 60:6-7; 61:2; 62:3; 64:5-7; 84:60-61; 90:1; 110:5; 132:50.
20. Joseph Smith—Tantara 1:28.
21. Fotopampianarana sy Fanekepihanana 64:2; nampiana fanamafisana.
22. Jereo ny 1 Nefia 20:9-11; Fotopampiana-



- rana sy Fanekempihavanana 24:2; 50:41; 63:47; 108:1–8.
23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:3.
  24. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:7.
  25. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:31; jereo koa ny andininy 32–33; Almà 45:16.
  26. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:27; jereo koa ny Matio 12:31; Lioka 12:10.
  27. Jereo ny Eksôdôsy 20:13; Môsià 13:21; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:19; Mosesy 5:31–36.
  28. Jereo ny Almà 39:5; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:24–26.
  29. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:22–26, 75–78, 80–82; 63:13–17; 76:103.
  30. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:3; jereo koa ny Jaona 15:22.
  31. Jereo ny Môrônia 6:8.
  32. Jereo ny Môsià 15:26.
  33. Jereo ny 1 Samoela 16:7; Salamo 24:3–4; Ohabolana 23:7; Matio 15:18–20; Marka 7:20–23; Hebreo 3:12; 3 Nefia 12:19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:8; 64:34.
  34. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:29–30; 121:37.
  35. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 117:11.
  36. Jereo ny Bible Dictionary, “Nicolaitans.”
  37. Jereo ny Apôkalipsy 2:6, 15.
  38. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56:15.
  39. Jereo ny 2 Nefia 25:23; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:4.
  40. Mosesy 7:21.
  41. Etera 12:27.
  42. Jereo ny Jaona 15:22; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:33; 82:3.
  43. Jereo ny Almà 41:5–6; 3 Nefia 9:20; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:9.
  44. Jereo ny 1 Nefia 15:33; Almà 41:3–4; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:9.
  45. Jereo ny Matio 6:14–15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:8–10; 98:39–48.
  46. *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an’ny Asa Fanompoan’ny Misiônèra* (2004), 189.
  47. Thomas S. Monson, “Mijery ny hafa araka izay mety ho ahatongavany,” *Liahona*, Nôv. 2012, 68, 69; nampiana fanamafisana.
  48. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:10–11, 14; nampiana fanamafisana.
  49. Romana 3:23.
  50. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 62:1; jereo koa ny Almà 7:12.
  51. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 61:39; nampiana fanamafisana.
  52. Almà 34:18; nampiana fanamafisana; jereo koa ny 2 Nefia 31:19; Almà 7:14.
  53. Jereo ny Helamàna 13:11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:4, 13–21.
  54. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:8–10.
  55. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:9; nampiana fanamafisana; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:1–7.
  56. “Elevons nos chants sacrés,” *Cantiques*, no. 83.
  57. Jereo ny Almà 34:15–17.



**Nataon’ny Loholona M. Russell Ballard**  
Ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo

## “Izao no Asako sy Voninahitro”

*Andriamanitra dia nanome malalaka ny heriny ho an’ireo izay manaiky sy manaja ny fisoronany, izay mitondra ho amin’ireo fitahian’ny tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay izay efa nampanantenaina.*

Ry Filoha Packer, miandrindra ny famoahana faha 98 ny amin’izany tononkalo mahafinaritra izany izahay rehetra. Tena fampianarana mahafinaritra no azonay avy aminy.

Herinandro vitsivitsy lasa izay, tana-tin’ny alin’ny ririnina mangatsiaka sy maizina, dia nibanjina ny lanitra izaho sy ny vadiko Barbara ka talanjona. Toa namirapiratra sy kanto, mihoatra noho ny mahazatra, ireo kintana antapitrisany. Avy eo aho dia nanokatra ny Voahangy Lafo Vidy ka namaky tamim-pahagagana ny tenin’ny Tompo tamin’i Mosesy: “Ary tontolo tsy hita isa no efa nohariako; ary nohariako koa ho an’ny tanjoko ireny; ary tamin’ny alalan’ny Zanaka no nahariako ireny, izay ny Lahitokako” (Mosesy 1:33).

Amin’izao andro iainantsika izao, dia manamafy ny maha zava-dehibe ny fahitana nananan’i Mosesy ny masolavitra fijerena ny habakabaka izay noforonin’i Hubble manampahaizana amin’ny haikintana. Ireo mpahay siansa an’i Hubble dia nilaza fa ny “Voie Lactée,” izay ny tany misy

antsika sy ny masoandro dia ampahany kely ihany ao amin’io, dia vahindanitra na “galaxie” iray monja ao anatin’ny vahindanitra miisa 200 lavitrisa no ho mihoatra. Amiko dia sarotra takarina izany, ary tsy afaka ny ho azo tanteraka satria goavana sy lehibe ny fahariana nataon’Andriamanitra.

Ry rahalahy sy anabavy, ny hery namoronana ny lanitra sy ny tany dia ny fisoronana. Ireo mpikamban’ny Fiangonana dia mahafantatra fa ny loharanon’izany herin’ny fisoronana izany dia Andriamanitra Tsitoha sy ny Zanany, Jesoa Kristy. Tsy vitan’ny hoe hery nentina nanorenana ny lanitra sy ny tany fotsiny ny fisoronana, fa izany koa no hery nampiasain’ny Mpamonjy nandritra ny asa fanompoany tety antany mba hanaovana fahagagana, mba hitahiana sy hanasitranana ny marary, mba hamelomana indray ireo maty, ary koa, amin’ny maha Zanakalahitokan’ny Raintsika Azy, mba hiaretany ny fanaintainana saro-zakaina tao Getsemane sy Kalvary—amin’izany no nanatanterahany ireo lalàn’ny fahamarinana miaraka amin’ny famindram-po

ary nanaovany Sorompanavotana tsisy fetra sy nandreseny ny fahafatesana ara-nofy tamin'ny alalan'ny Fitsangana amin'ny maty.

Ny fanalahidin'izany fisoronana izany, miaraka amin'ny hery mifanaraka aminy, no nomeny an'i Petera, i Jakôba ary i Jaona sy ireo Apôstôliny hafa, mba hitahiana ny hafa ary mba hamehezana any an-danitra izay nofehezina tety an-tany.

Ny herin'ny fisoronana dia fanomezana masina sy manan-danja avy amin'Andriamanitra. Izany dia tsy mitovy amin'ny fahefan'ny fisoronana, izay fahazoan-dalana ahafahana manao zavatra amin'ny anaran'Andriamanitra. Ny fahazoan-dalana na fanosorana dia omena amin'ny alalan'ny fametrahantanana. Ny herin'ny fisoronana dia tsy misy raha tsy rehefa mendrika ireo izay mampiasa izany ary manao araka ny sitrapon'Andriamanitra. Araka ny nambaran'ny Filoha Spence W. Kimball hoe: “Ny Tompo dia nanome antsika rehetra, amin'ny maha mpihazona ny fisoronana antsika, ny ampahany amin'ny fahefany, saingy tsy afaka ny hampiasa ny herin'ny lanitra isika afa-tsy amin'ny fahamari-nan'ny tenantsika manokana” (“Boys Need Heroes Close By,” *Ensign*, Mey 1976, 45).

Nandritra ilay vanim-potoana mahagagan'ny Famerenana amin'ny laoniny sy ny fanorenana indray ny Fiangonan'i Jesoa Kristy amin'izao fotoana izao, dia tonga tety an-tany i Jaona Mpanao Batisa, Petera, Jakôba, sy Jaona; Mosesy, Elià; sy Elia ary namerina indray tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith ny fanalahidy rehetra sy ny fahefan'ny fisoronana ho an'ny asan'Andriamanitra amin'izao andro farany izao.

Amin'ny alalan'ireo fanalahidy ireo, sy io fahefana io, ary io hery io no handaminana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ankehitriny. I Kristy no lohany ary mitarika ny mpaminany velona, Thomas S. Monson, ary hampian'ireo Apôstôly izay nantsoina sy notendrena ho amin'izany.

Ao amin'ilay drafitra lehiben'ny Raintsika any an-danitra hanomezany ny fisoronana ho an'ny olona,



dia manana andraikitra tokana ireo lehilahy mba hampiasana ny fisoronana, saingy tsy izy ireo no fisoronana. Manana anjara asa mitovy lanja ny lehilahy sy ny vehivavy. Tahaka ny tsy ahafahan'ny vehivavy mitoejaza raha tsy misy lehilahy, dia toy izany koa no tsy ahafahan'ny lehilahy mampiasa feno ny herin'ny fisoronana mba hanorenana fianakaviana mandrakizay raha tsy misy vehivavy. Izany hoe, amin'ny fomba fijery mandrakizay, dia samy ifampizaran'ny mpivady ny hery fiterahana sy ny herin'ny fisoronana. Ary amin'ny maha mpivady ny lehilahy sy ny vehivavy, dia tokony hiezaka ny hanaraka ny Raintsika any an-danitra izy ireo. Ireo toetra marina maha Kristianina, dia ny fitiavana, fanetren-tena, sy faharetana no tokony hifantohan'izy ireo rehefa mikatsaka ny fitahian'ny fisoronana ao amin'ny fiainany sy ho an'ny fianakaviany izy ireo.

Manan-danja lehibe amintsika ny fahatakarana fa nanome fomba ho an'ireo zananilahy sy zananivavy ny Ray any an-danitra mba hahazo ireo fitahiana sy ny fankaherezana avy amin'ny herin'ny fisoronana. Eo anivon'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ireo zanany ara-panahy ilay fanambarana nataony manao hoe: “Fa indro izao no asako sy voninahitro—ny manatantetraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona” (Mosesy 1:39).

Ao amin'ny fanambarana nomena ny Mpaminany Joseph Smith ao amin'ny fizaraha faha 81 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, dia manazava ny Tompo fa ny herin'ny fisoronana dia natao hampiasaina mba “[hamonjena] ny osa, [hanakarana] ny tanana izay miraviravy, ary [hanatanjahana] ny lohalika malemy” (andininy faha 5).

“Ary amin'ny fanaovana ireny zavatra ireny, dia hanao ny soa lehibe indrindra amin'ny mpiara-belona aminao ianao ary hampitombo ny voninahitr'Ilay Tomponao” (F&F 81:4).

Rehefa mieritreritra ilay sarinteny mikasika ny famonjena ny osa, fampiakarana ny tanana izay miraviravy, ary ny fanatanjahana ny lohalika malemy isika, dia mahatsiaro ankizivavikely fito taona anankiray mahafinaritra aho, izay mampiseho an'ny dadabeny ny hazom-boatabia kely iray namboleny ho an'ny asa tany an-tsekoly.

Nazavainy fa avy amin'ny voa kely no ahazoana zavamaniry. Ary raha karakaraina ilay zavamaniry, dia hitombo ho lasa voatabia maro izay samy hanana voany maro.

Hoy izy: “Ary raha ambolena ireo voany rehetra ireo ka lasa voatabia hafa maro, ka ambolena ireo voa rehetra ireo, afaka vanim-potoana vitsivitsy dia hanana voatabia antapitrisany ianao.”

“*Izany rehetra izany,*” hoy izy talanjona, “dia avy amin’ny voa kely iray.”

Fa hoy izy avy eo, “Saika novonoiko ilay zavamaniriko. Navelako tao an’efitra maizina iray ilay izy ary adinoko ny nanondraka azy. Rehefa tsaroako ilay zavamaniry, dia efa nalemy sy toy ny maty ilay izy. Nitomany aho satria tonga tao an-tsaiko ireo voatabia an-tapitrisany izay tsy haniry mandrakizay.”

Faly ery izy avy eo nitantara tamin’ily dadabeny ny momba ilay “fahagagana” izay nitranga.

Nazavainy hoe: “Mety tsy maty ilay zavamaniry hoy i Neny. Mety mila rano sy hazavana fotsiny ilay izy mba hahavelona azy indray.

“Ary marina ny nolazainy. Nasiako rano ilay zavamaniry ary nataoko teo am-baravarankely mba hahazo fahazavana. Dia inona hoy ianao?” hoy izy. “Velona indray ilay izy, ary hitombo ho lasa voatabia an-tapitrisany maro izy amin’izao!”

Ilay hazom-boatabia keliny, feno hery sy fahafahana mbola haniry tsara kanefa nalazo sy nalemy noho ny tsy firaharahiana tsy nahy, dia nankaherezina sy novelomina tamin’ny alalan’ny fanasiana rano sy hazavana nataon’ny tanan’ny ankizivavy kely iray izay feno fitiavana sy fikarakarana.

Ry rahalahy sy anabavy, amin’ny maha zanaka ara-panahin’ny Ray any an-danitra ara-bakiteny antsika, dia manana hery sy fahafahana avy any an-danitra tsy manam-petra isika. Kanefa raha tsy mitandrana isika, dia mety ho lasa tahaka ilay hazom-boatabia malazo. Mety hiala amin’ny fotopampianarana marina sy ny filazantsaran’i Kristy isika ary ho tonga tsy ampy sakafo sy malazo ara-panahy, manala ny tenantsika amin’ny fahazavana avy any an-danitra sy ny rano velona entin’ny fitiavana mandrakizain’ny Mpamonjy ary ny herin’ny fisoronana.

Ireo izay mihazona ny fisoronana kanefa tsy miezaka mandrakariva ny hanaja izany amin’ny fanompoana ny fianakaviansika sy ny hafa dia ho tonga toy ireo izay tsy *mandray* ireo fitahiana mifandraika amin’ny

fisoronana ary azo antoka fa halazo ara-panahy izy ireo, satria nanala ny tenany tsy hahazo ireo sakafo mahavelona, sy ny fahazavana, ary ny herin’Andriamanitra ao amin’ny fiainany—tena tahaka ilay hazom-boatabia izay feno hery sy fahafahana mitombo saingy tsy noraharahiana ka nalazo.

Io herin’ny fisoronana izay namoronana ny tontolo maro, vahindanitra maro, sy izao zavatra ary rehetra izao dia afaka ary tokony hanana toerana ao amin’ny fiainantsika mba hamonjena, hampaherezana, sy hitahiana ireo fianakaviansika, ireo namantsika, sy ireo manodidina antsika—izany hoe: hanao izay zavatra ho nataon’ny Mpamonjy raha toa Izy nanompo teo anivontsika amin’izao fotoana izao.

Ary ny tanjona fototr’io herin’ny fisoronana io dia ny hitahy, hanamasina, sy hanadio antsika mba hahafahantsika hiaina miaraka amin’ireo fianakaviansika eo anatrehan’ireo Ray aman-drenintsika any an-danitra, voafototry ny famehezan’ny fisoronana,



sy mandray anjara amin’ily asa mahatalanjon’Andriamanitra sy Jesoa Kristy amin’ny fanaparitahana mandrakizay *ny fahazavana sy ny voninahitr’* Izy Ireo.

Noho izany tanjona izany, dia nana fahafahana aho, volana vitsivitsy lasa izay, handray anjara amin’ny fanaovana sarimihetsika iray natao ho fanofanana ireo mpitarika izay mitondra ny lohateny hoe *Manamafy orina ny Fianakaviana sy ny Fiangonana amin’ny alalan’ny Fisoronana.*

Io DVD mitondra fanavaozana sy fampianarana io dia voadika amin’ny fiteny miisa 66. Izy io dia mampianatra ny fomba ahafahan’ny fisoronana mitahy, mamelombelona, sy manao izay hahavelom-bolo indray ny fiainantsika, ny fiainan’ny fianakaviansika, ary ny fiainan’ireo mpikamban’ny Fiangonana rehetra.

Izany dia maneho amintsika rehetra—na lehilahy, na vehivavy, na ankizy; na manambady, na mananotena, na token-tena; na inona na inona toerana misy antsika—ny fomba hahatonga antsika ho mpandray ireo fitahian’ny fisoronana. Misy fizarazarana horonantsary maromaro maharitra 8 ka hatramin’ny 12 minitra ao izay manazava ny fanalahidy, ny fahefana, ary ny herin’ny fisoronana, sy ny fomba entiny mankahery ny tsirairay, ny fianakaviana, ary ny Fiangonana.

Misy ampahany miavaka amin’ily sarimihetsika no nitranga tao amin’ily trano kelin’ny mpamaky lay izay an’ny renin’ny renibeko avy amin’ny reniko, Mary Fielding Smith. Vady navelan’i Hyrum izy, izay zokilahin’ny Mpaminany Joseph. Amin’ny maha ray aman-dreny token-tena azy, sy amin’ny alalan’ny finoana mahery vaika nana-nany momba ny fisoronana, dia niantso sy niantehatra tamin’izany hery izany izy mba hitaizana sy hitahiana ireo zanany ao anatin’ny fitiavana sy ny fahazavan’ny filazantsara. Ankehitriny ny taranany, izay ahitana mpitarika sy mpikambana mahafatra-po ao amin’ny Fiangonana an’arivony maro, dia misaotra azy noho ny finoany, ny herim-pony, sy ny ohatra nasehony.

Io fampiofanana vaovao ho an’ny mpitarika io dia azo jerena ao amin’ny

Internet ao amin'ny LDS.org mba ho hita sy hiainan'ny rehetra (www.lids.org). Azo jerena mivantana izany ao amin'ny LDS.org, na ampidirina ao amin'ny solosaina, smartphone, na i-pad.

Ny Fiadidiana Voalohany dia nangataka "ireo fiadidian'ny tsatoka sy episkôpa mba hanokana fivorian'ny filankevitry ny tsatoka na paroasy hijerena ilay DVD [manontolo]. Ireo filankevitry ny tsatoka na paroasy dia tokony hifanakalo hevitra momba ny fomba hampiharana ny fampianarana izay aseho" (Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 1 Feb. 2013).

Ny zavatra voarakitra ao dia hanome fitaomam-panahy sy hamporisika ireo mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny fisoronana, ny Fikambanana Ifanampiana, ny Sekoly Alahady, ny Zatovovavy, ny Zatovolahy (indrindra ireo izay miomana hanao asa fitoriana), ao amin'ny fivorian'ny Kilonga, na mandritra ny fivoriana iarahana rehefa Alahady fahadimy. Noho izany ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitry dia ho afaka ny hamporisika ny tsirairay sy ireo ray aman-dreny mba hampiasa io horonantsary io miaraka amin'ny fianakaviany. Ry rahalahy sy anabavy, io fampiofanana ho an'ny mpitarika io dia ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra. Ry ray aman-dreny, avereno jerena, zarao, ary anaovy fifanakalozan-kevitra miaraka amin'ny zanakareo ny zavatra izay nianaranareo sy tsapanareo, ary avelao izy ireo hijery sy hanao izany miaraka aminareo koa mba ho mafy orina ny fianakavianareo amin'ny alalan'ny fisoronana.

Hoy i Jesoa hoe:

"Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro" (Jaona 7:37).

"Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay" (Jaona 4:14).

"Izaho no fahazavan'izao tontolo izao: izay manaraka ahy . . . hanana ny fahazavan'aina" (Jaona 8:12).

Raha misy aminareo mahatsapa fa



ny finoanareo na ny fijoroanareo ho vavolombelona momba ny drafitry ny Raintsika any an-danitra dia latsaka kokoa noho ny tokony ho izy, dia mifantoha bebe kokoa amin'ny Mpanonjy. Avelao ny Fahazavany sy ny Rano Velony ho aminao sy ny fianakavianao tahaka ilay rano kely sy hazavana izay namelona indray ilay hazom-boatabia nalazo.

Eny ary, nanomboka ny resako tamin'ny fahagagana manoloana ny asa famoronana nataon'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny herin'ny fisoronana aho. Dia mbola manontany tena, toy ny maro aminareo koa araka ny eritreritro, raha toa mety ho takatra rahatrizay ny herin'Andriamanitra entimampianatra sy mitahy antsika. Satria tena lehibe tokoa, mendri-kaja tokoa, feno hery tokoa.

Hoy Joseph Smith hoe: "Ny Fisoronana dia fitsipika tsy manampahataperana, ary nisy niaraka tamin'Andriamanitra hatramin'ny mandrakizay, ary mbola hisy ho

mandrakizay, tsy nisy fiandohan'andro na fiafaran-taona" (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* [2007], 104).

Andriamanitra dia nanome malalaka ny heriny ho an'ireo izay manaiky sy manaja ny fisoronany, izay mitondra ho amin'ireo fitahian'ny tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay izay efa nampanantenaina.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny asan'i Jesoa Kristy dia tanteraka amin'ny alalan'ny fisoronana. Izany no hery namoronan'ny Ray any an-danitra sy ny Zanakalahiny Malalany ity tany ity sy nametrahany ilay drafitra lehiben'ny ny fahasambarana mba ho tombontsoa ho antsika. Enga anie isika mba ho hendry sy hikatsaka ny hankahery ny fiainantsika, ny fiainan'ny fianakaviansika, sy Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny alalan'ny herin'ny fisoronan'Andriamanitra, izany no vavaka ataoko am-panentren-tena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# “Mankanesa aty Amiko”

*Nampiseho antsika ny fomba hanakaikhezana Azy i Kristy tamin'ny alalan'ny teniny sy ny ohatra nomeny.*

Feno fankasitrahana aho miaraka aminareo eto amin'ity fihaonamben'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ity. Fiangonany ity. Mitondra ny Anarany eo amintsika isika rehefa miditra ny fanjakany. Andriamanitra Izy, ilay Mpahary, ary tonga lafatra Izy. Mety maty isika ary iharan'ny fahafatesana sy fahotana. Kanefa noho ny fitiavany antsika sy ny fianakaviansika dia manasa antsika hanakaiky Azy Izy. Indreto ny teniny: “Manakaikheza Ahy dia hanakaiky anareo Aho; tadiavo fatratra Aho dia hahita Ahy ianareo; mangataha dia hahazo ianareo; dondòny dia hovohana ianareo”<sup>1</sup>

Amin'izao vanim-potoan'ny Paska izao dia ampahatsiahivina ny antony hitiavantsika Azy isika, sy ny fampanantenana nataony tamin'ireo mpanara-dia mahatoky Azy ho tonga namana malalany. Nanao izany fampantenana izany ny Mpamonjy ary nilaza tamintsika ny fomba hankanesany aty amintsika ao anatin'ny fanompoantsika Azy. Ohatra iray ny fanambarana nomena an'i Oliver Cowdery rehefa nanompo ny Tompo niaraka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna izy:

“Indro ianao ny Oliver, ary efa niteny taminao Aho noho ny faniriana; koa raketo ao am-ponao ireto teny ireto. Aoka ho mahatoky sy ho mazoto amin'ny fitandremana ny didin'Andriamanitra ianao dia hisakambina anao amin'ny sandrim-pitiavako Aho.”<sup>2</sup>

Niaina ny fifalian'ny fanakaikhezana ny Mpamonjy aho sy ny fanakaikhezany tena matetika ahy amin'ny alalan'ny fankatoavana tsotra ireo didy.

Nanana traikefa toy izany ihany koa ianao. Mety tamin'ny nisafidiana-nao hanatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo izany. Ho ahy dia tamin'ny Sabata iray fony aho tanora izany. Tamin'izany dia nandray ny fanasan'ny Tompo nandritra ny fivoriana natao hariva izahay. Mbola mampanakaiky ahy amin'ny Mpamonjy ny fahatsiarovana andro iray efa mihoatra ny 65 taona lasa izao, rehefa nankatò ny didy hiangona miaraka amin'ny fianakaviako sy ireo Olomasina aho.

Maizina sy nangatsiaka tany ivelany tamin'izay. Tadidiko fa nahatsapa hazavana sy hafanana aho tao anatin'ilay trano fiangonana niaraka tamin'ny fianakaviako tamin'izay hariva izay. Nandray ny fanasan'ny Tompo, izay nokarakarain'ireo mpihazona ny

Fisoronana Aharôna izahay ary nanao fanekempihavanana tamin'ny Rain-tsika any an-danitra ny hahatsiaro mandrakariva ny Zanany sy hitandrina ny didiny.

Nihira ny “Demeure auprès de moi, Seigneur” izahay tamin'ny faran'ilay fivoriana niaraka tamin'ilay toniny tao anatin'ny manao hoe: “Seigneur, reste avec moi ce soir.”<sup>3</sup>

Nahatsapa ny fitiavan'ny Mpamonjy sy ny fanakaikhezany ahy kokoa aho tamin'izay hariva izay. Ary nahatsapa ny fampiononan'ny Fanahy Masina aho.

Te handrehitra indray ireo fahatsapana ny fitiavan'ny Mpamonjy sy ny fanakaikhezany izay tsapako nandritra izany fivoriana fanasan'ny Tompo tamin'ny fahatanorako izany aho. Koa nankatò didy iray hafa aho vao haingana izay. Nandinika ny soratra masina aho. Tao anatin'izany dia nahafantatra aho fa afaka ny hiverina hanana ny Fanahy Masina indray aho hamela ahy hahatsapa ny tsapan'ireo mpianatry ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty rehefa nanaiky ny fanasan'izy ireo handeha any an-tranony sy hitoetra hiaraka amin'izy ireo Izy.

Namaky ny momba ny andro fahatelo taorian'ny Fanomboana sy fandevanana Azy aho. Nisy vehivavy nahatoky sy olona hafa nahita ny vato nakodiadia lavitra ny fasana ary nijery fa tsy tao ny vatany. Tonga hanosotra menaka ny vatany izy ireo noho ny fitiavany Azy.

Nisy anjely roa nijoro teo akaiky teo ka nanontany ny antony nampatahotra azy ireo, nilaza hoe:

“Nahoana no ato amin'ny maty no itadiavanareo ny velona?”

“Tsy ato Izy fa efa nitsangana; tsarovy ny teny izay nataony taminareo, fony Izy mbola tany Galilia,

“Hoe, Ny Zanak' olona tsy maintsy hatolotra eo an-tànan' ny mpanota ka hohomboana amin' ny hazo fijaliana ary hitsangana amin' ny andro fahatelo.”<sup>4</sup>

Manampy ilay torolalana avy tamin'ny iray amin'ireo anjely ny Filazantsaran'i Marka: “Fa mandehana, lazao amin' ny mpianany sy Petera fa mialoha anareo ho any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo.”<sup>5</sup>



Nivory tany Jerosalema ireo Apôstôly sy ireo mpianatra. Tahaka ny mety hiseho raha teo isika, dia natahotra izy ireo sy nanontany tena rehefa nifampiresaka momba ny dikan'ny fahafatesana sy ireo tatitra momba ny fitsanganany tamin'ny maty ho azy ireo.

Nandeha an-tongotra avy any Jerosalema tamin'ny lalan'i Emaosy ny anankiroa tamin'ireo mpianatra tamin'izay tolakandro izay. Niseho teo amin'ilay lalana i Kristy nitsangana tamin'ny maty ary nandeha niaraka tamin'izy ireo. Nanatona azy ireo ilay Tompo.

Mamela antsika handeha hiaraka amin'izy ireo ny bokin'i Lioka:

“Ary raha mbola niresaka sy niaranisaina izy, dia nanatona Jesosy ka niaraka taminy.

“Nefa ny mason' ireo nohazonina mba tsy hahafantarany Azy.

“Ary hoy Izy taminy: Ahoana izao teny resahinareo etỳ am-pandehanana izao? Dia nijanona ireo sady nalahelo tarehy.

“Ary ny anankiray, izay atao hoe Kleopasy, namaly ka nanao taminy hoe: Hianao irery va no vahiny mitotra any Jerosalema tsy mba mahalala izay zavatra tonga tao tamin' izao andro izao?”<sup>6</sup>

Niteny Azy momba ny alahelony izy ireo fa maty i Jesoa rehefa nahatoky izy ireo fa Izy no ho ilay Mpanavotra an'i Isiraely.

Tsy maintsy nisy fanehoampitiavana ny feon'ny Tompo nitsangana tamin'ny maty rehefa niresaka tamin'ireto mpianatra nalahelo sy nidonam-pahoriana ireto.

“Ary hoy Izy taminy: Ry adala sy votsa saina ka tsy mino izay rehetra nolazain' ny mpaminany.

“Moa tsy tokony ho niaritra izany va Kristy ka hiditra any amin' ny voninahiny?

“Dia nanomboka hatramin' i Mosesy sy ny mpaminany rehetra Izy, ka nanambara taminy ny hevitra ny teny milaza Azy ao amin' ny Soratra Masina rehetra.”<sup>7</sup>

Dia tonga ny fotoana iray izay nanohina ny foko hatramin'ny naha zazalahy kely ahy:

“Ary efa mby teo akaikin' ny vohitra izay efa halehan' izy roa



lahy izy, ary Jesosy toa nanao handeha lavitra kokoa.

“Fa ireo nanery Azy ka nanao hoe: Mitoera atỳ aminay; fa efa ho hariva izao, ka lasan-davitra ny andro. Dia niditra hitoetra tao aminy Izy.”<sup>8</sup>

Nanaiky ny fanasan'izy ireo hiditra ny tranon'ireo Mpianany teo akai-kin'ny vohitr'i Emaosy ny Mpamonjy tamin'izay alina izay.

Nipetraka niara-nisakafo tamin'izy ireo Izy. Nandray mofo Izy, nitahy izany, namaky izany, ary nanome izany azy ireo. Nahiratra ny mason'izy ireo ka nahalala Azy. Dia nanjavona tsy hitan'izy ireo Izy. Noraketin'i Lioka ho antsika ireo zavatra tsapan'ireo mpianatra voatahy ireo: “Dia niresaka hoe izy: Tsy nangorakoraka va ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dalana Izy ka namoaka ny hevitra ny Soratra Masina tamintsika?”<sup>9</sup>

Nihazakazaka niverina tany Jerosalema ireo mpianatra anankiroa tamin'izany ora izany ihany hilaza amin'ireo Apôstôly iraika amin'ny folo ny zavaintranga tamin'izy ireo. Niseho indray ny Mpamonjy tamin'izay fotoana izay.

Naveriny indray ireo faminiana mikasika ny asany nanirahana Azy mba hanonitra ny fahotan'ny zanaky

ny Rainy rehetra sy hanapaka ny famatoran'ny fahafatesana.

“Ary hoy Izy taminy: Izany no voasoratra, fa Kristy hiaritra ka hitsangana amin' ny maty amin' ny andro fahatelo; ‘Ary mba hotorina amin' ny anarany ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin' ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema.

“Ary hianareo no vavolombelon' izany.”<sup>10</sup>

Marina na ho antsika na ho an'ireo mpianany tamin'izany ny tenin'ny Mpamonjy. Vavolombelon'izany isika. Ary nazavain'ny mpaminany Almà an-jato taona maro lasa izay teo amin'ny ranon'i Môrmôna ny antso feno voninahitra nekentsika rehefa natao batisa tato amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany isika:

“Ary ny zava-nitranga dia hoy izy taminy: Indro, inty no ranon'i Môrmôna (fa izany no niantsoana azy) ary ankehitriny, satria maniry ianareo ny ho tonga ao amin'ny valan'Andriamanitra sy hantsoina hoe vahoakany ary te hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany;

“Eny, ary te hiara-malahelo amin'izay malahelo; eny, ary hampionona ireo izay mila fampiononana sy hijoro

ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra ary amin'ny toerana rehetra izay mety hisy anareo, na dia hatramin'ny fahafatesana aza, mba hahatonga anareo ho voaisa miaraka amin'ireo ao amin'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany, ka hahazoanareo ny fiainana mandrakizay—

“Ankehitriny, lazaiko aminareo, raha izany no fanirian'ny fonareo, inona no misakana ny tsy hanaovana batisa anareo amin'ny anaran'ny Tompo ho vavolombelona eo anoloany fa efa nanao fanekempihavanana Taminy ianareo, fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny mba hahazoany mampidina bebe kokoa ny Fanahiny aminareo?”

“Ary ankehitriny, nony efa nandre izany teny izany ny vahoaka dia niteha-tanana noho ny fifaliana ary niantso hoe: Izany no fanirian'ny fonay.”<sup>11</sup>

Eo ambanin'ilay fanekempihavanana mba hanampy ireo sahirana sy mba ho vavolombelon'ny Mpamonjy isika mandra-pahafatintsika.

Tsy ho afaka ny hanao izany ampahombiazana isika raha tsy rehefa mahatsapa fitiavana ho an'ny Mpamonjy sy ny fitiavany antsika. Rehefa mahatoky amin'ireo fampanantenana nataontsika isika, dia hahatsapa fa mitombo ny fitiavantsika Azy. Hitombo izany satria tsapantsika ny heriny sy ny fanakaikezany antsika ao amin'ny fanompoantsika Azy.

Nampahatsiahy matetika antsika ny fampanantenan'ny Tompo ho an'ireo mpianany mahatoky ny Filoha Monson: “Ary na zovy na zovy no mandray anareo, dia ho eo koa Aho, fa Izaho handeha eo anoloanareo. Ho eo ankavananareo sy ho eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fanahiko, ary hanodidina anareo ny anjeliko mba hanohana anareo.”<sup>12</sup>

Misy fomba iray hafa nahatsapako sy nahatsapanao Azy nihanakakaiky antsika. Manakakaiky an'ireo izay tiantika ao amin'ny fianakaviansika Izy rehefa manompo am-pahazotoana Azy isika. Isaky ny nantsoina hifindra na handao ny fianakaviako aho tao anatin'ny fanompoana ny Tompo,

dia nanjary hitako fa nitahy ny vady aman-janako ny Tompo. Nanomana mpanompony tia sy fahafahana hampanatona ny fianakaviako Azy Izy.

Nahatsapa fitahiana toy izany ianareo teo amin'ny fiainanareo. Maro aminareo no manana olon-tiana izay diso lalana fa tsy eo amin'ilay lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Manontany tena ianareo hoe inona no zavatra azonareo atao mba hitondrana azy ireo hiverina indray. Afaka miankina amin'ny Tompo ianareo hanakaikezana azy ireny rehefa manompo Azy amim-pinoana.

Tadidinareo ny fampanantenan'ny Tompo tamin'i Joseph Smith sy Sidney Rigdon rehefa lavitra ireo fianakaviany izy ireo teo am-panompoana Azy: “Ry Sidney sy Joseph; salama tsara ny ankohonanareo; eo an-tanako izy ireo ary hataoko aminy izay heveriko ho tsara; fa ato Amiko ny hery rehetra.”<sup>13</sup>

Tahaka an'i Almà sy ny Mpanjaka Môsià, dia misy ireo ray aman-dreny mahatoky izay nanompo tsara ny Tompo hatry ny ela no manana zanaka izay diso lalana na dia eo aza ny fahafoizan-tena atolotr'ireo ray aman-dreniny ho an'ny Tompo. Nanao izay vitany izy ireny nefa toa tsy nisy vokany mivaingana, na dia niaraka tamin'ny fanampiana avy tamin'ny olona be fitiavana sy mahatoky mihi-tsy aza izany.

Nivavaka ho an'ny zanany sy ny zanak'i Môsià i Almà, dia nisy anjely tonga. Hitondra ny mpanompon'ny Tompo hanampy ny olona ao amin'ny fianakavianao ireo vavakao sy ny vavak'ireo izay mampiasa finoana. Hanampy azy ireo hisafidy ny lalana mody any amin'Andriamanitra izy ireo, na dia rehefa enjehin'i Satana sy ny mpanara-dia azy, izay ny handrava ny fianakaviana eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny mandrakizay no tanjon'izy ireo.

Tadidinareo ireo teny nolazain'ilay anjely tamin'i Almà zanany sy ny zanak'i Môsià tao anatin'ny fikomian'izy ireo: “Ary hoy indray ilay anjely: Indro, ny Tompo dia efa nandre ny fivavaky ny olony ary koa ny fivavak'i Almà mpanompony izy rainao; efa nivavaka tamim-pinoana be momba

anao izy hahazoana mitondra anao mankamin'ny fahalalana ny marina; koa noho izany antony izany no efa nahatongavako mba handresy lahatra anao ny amin'ny hery sy fahefan'Andriamanitra, hahazoana mamaly ny fivavaky ny mpanompony arakaraka ny finoany.”<sup>14</sup>

Tsy hoe hahazo ny fitahiana rehetra izay mety irianareo ho an'ny tenanareo sy ny fianakavianareo ny fampantenako ho anareo izay mivavaka sy manompo ny Tompo. Fa afaka mampanantena anareo aho fa hanaikaiky anareo sy hanome anareo sy ny fianakavianareo ny tsara indrindra ny Mpamonjy. Hanana ny fampiononan'ny fitiavany ianareo ary hahatsapa ny fanakaikezany anareo ho valin'ny vavaka nataonareo rehefa maninjitra ny sandrinareo amin'ny fanompoana ny hafa ianareo. Rehefa manakatona ny ferin'ireo sahirana sy manolotra ny fanadiovan'ny Sorompanavotany ho an'ireo malahelo ao amin'ny fahotana ianareo, dia hanohana anareo ny herin'ny Tompo. Miara-mihinjitra amin'ny sandrinareo ny sandriny hanampiana sy hitahiana ny zanaky ny Raintsika any an-danitra, sy ireo ao amin'ny fianakavianareo.

Misy fitsenana manetriketrika nomanina ho antsika. Dia hahita ny fahatontosan'ilay fampanantenan'ny Tompo tiantika isika. Izy no hitsena antsika ao amin'ny fiainana mandrakizay miaraka Aminy sy ny Raintsika any an-danitra. Namaritra izany tamin'izao fomba izao i Jesoa Kristy:

“Katsaho ny hampiroborobo sy ny hampiorina an'i Zionako. Tandremo ny didiko amin'ny zavatra rehetra.

“Ary raha mitandrina ny didiko ianao ary maharitra hatramin'ny farany, dia ho azonao ny fiainana mandrakizay, izay fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezan'Andriamanitra rehetra.”<sup>15</sup>

“Fa ireo izay velona dia handova ny tany, ary ireo izay maty dia hikatsaka amin'ny asany rehetra, ary ny asany hanaraka azy; ary horaisiny ny satroboninahitra ao amin'ny fitoeran'ny Raiko, izay efa nomaniko ho azy.”<sup>16</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho fa afaka manaraka ny fanasan'ny



**Los Angeles, Californie, Etazonia**

Raintsika any an-danitra hoe: “Inty no Zanako Malalako. Henoy Izy!”<sup>17</sup> amin’ny alalan’ny Fanahy isika.

Nampiseho antsika ny fomba hanakaikezana Azy i Kristy tamin’ny alalan’ny teniny sy ny ohatra nomeny. Ny tsirairay amin’ny zanak’Andriamanitra izay nisafidy ny hiditra teo amin’ny vavahadin’ny batista ho ato amin’ny Fiangonany dia hanana fahafahana eto amin’ity fiainana ity hahazo fampianarana momba ny filazantsarany sy haheno avy amin’ireo mpanompo nantsoiny ilay fanasany hoe: “Mankanesa aty amiko.”<sup>18</sup>

Ny mpanompony vita fanekempihavanana tsirairay ao anatin’ny fanjakany eto an-tany, sy any amin’ny tontolon’ny fanahy, dia hahazo fitarihana avy amin’ny Fanahy rehefa mitahy sy manompo ny hafa ho Azy izy ireo. Ary hahatsapa ny fitiavany sy hahita fialiana amin’ny fanakaikezany Azy.

Izaho dia tena vavolombelon’ny Tompo nitsangana tamin’ny maty toy

ireny hoe teo aho tamin’ily hariva niaraka tamin’ireo mpianatra roa tao amin’ily trano teo amin’ny lalan’i Emaosy. Fantatro fa velona Izy tahaka ny nahafantaran’i Joseph Smith izany rehefa nahita ny Ray sy ny Zanaka tao anatin’ily hazavana niseho tao anatin’ny maraina namirapiratra iray tao amin’ny ala kely iray tao Palmyra izy.

Ity no Fiangonana marina an’i Jesoa Kristy. Ao anatin’ny fanalahidin’ny fisoronana hazonin’ny Filoha Thomas S. Monson ihany no misy ny fahefana mba hahafahantsika ho voafehy amin’ny fianakaviana mba hiaina mandrakizay miaraka amin’ny Raintsika any an-danitra sy ny Tompo Jesoa Kristy. Hijoro eo anoloan’ny Mpamonjy hanatrika Azy isika amin’ny andro fitsarana. Ho an’ireo izay nanakaiky Azy tamin’ny fanompoana Azy teto amin’ity fiainana ity izany. Ho fialiana ny hihaino ny teny hoe: “Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky.”<sup>19</sup> Mijoro ho vavolombelona ny

amin’izany aho amin’ny maha vavolombelon’ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika nitsangana tamin’ny maty ahy amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### **FANAMARINANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:63.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:20.
3. “Demeure auprès de moi, Seigneur,” *Cantiques*, no. 93.
4. Lioka 24:5–7.
5. Marka 16:7.
6. Lioka 24:15–18.
7. Lioka 24:25–27.
8. Lioka 24:28–29.
9. Lioka 24:32.
10. Lioka 24:46–48.
11. Môsîà 18:8–11.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 100:1.
14. Môsîà 27:14.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:6–7.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:2.
17. Joseph Smith—Tantara 1:17.
18. Matio 11:28.
19. Matio 25:21.



**Atolotry ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**  
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana

**A**roso amintsika mba ho tohanana i Thomas Spencer Monson amin'ny maha mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy ary Filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; Henry Bennion Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany; ary Dieter Friedrich Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanantsika an'i Boyd Kenneth Packer amin'ny maha Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy, ary ireto manaraka ireto amin'ny maha mpi-kambana azy ireo ao amin'io kôlejy io: Boyd K. Packer, L. Tom Perry,

Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, ary i Neil L. Andersen.

Ireo izay manohana, aoka haneho izany.

Izay manohitra dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny mba hanohanantsika ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana, aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany ihany koa.

Ny Loholona Walter F. González dia nisaorana tamin'ny naha mpikambana azy tao amin'ny Fiadidian'ireo Kôlejin'ny Fitopololahy.

Ireo izay te hiaraka aminay haneho fankasitrahana azy dia iangaviana haneho izany.

Aroso amintsika ny mba hanohanantsika ny Loholona Ulisses Soares ho mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ireo Kôlejin'ny Fitopololahy.

Izay rehetra manohana dia aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy.

Aroso amintsika ny hisaorana ireto manaraka ireto tamin'ny naha Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy ireo, mihatra manomboka ny 1 Mey 2013: Rubén V. Alliaud, Sergio M. Anaya, Nolan D. Archibald, Carlos L. Astorga, Hector Avila, M. Anthony Burns, David Cabrera, Milton Camargo, Robert E. Chambers, Victor Kah Keng Chen, Kuo Chiang Chung, Nelson D. Córdova, Gary L. Crittenden, Edward Dube, Matthew J. Eyring, Sione M. Fineanganofa, Alfredo L. Gessati, James B. Gibson, Jovencio A. Guanzon, Mario E. Guerra, Luis S. Hernandez, Hernan I. Herrera, Javier Ibañez, Paulo H. Itinose, Douglas W. Jessop, Stephen C. Kerr, Joni L. Koch, Faustino López, Richard K. Melchin, Freebody A. Mensah, Benson E. Misalucha, Abelardo Morales, W. T. David Murray, K. Brett Nattress, S. Gifford Nielsen, Satoshi Nishihara,



Michael D. Pickerd, William F. Reynolds, Michael A. Roberts, Fernando A. R. Da Rocha, Manfred Schütze, Terrence C. Smith, Rubén L. Spitale, Joshua Subandriyo, Frank V. Trythall, Miguel R. Valdez, Arnulfo Valenzuela, Carlos A. C. Villanova, Terence M. Vinson, Louis Weidmann, ary i Richard C. Zambrano.

Ireo izay te hiaraka aminay haneho fankasitrahana noho ny asa fanompoana tena tsara nataon'izy ireo dia iangaviana haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana miaraka amin'ny fanehoana fankasitrahana amin-kitsim-po an-dRahavavy isany Elaine S. Dalton sy Mary N. Cook ary Ann M. Dibb tamin'ny naha Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany azy ireo.

Manolotra fisaorana torak'izany ihany koa isika ho an'ireo mpikambana rehetra tao amin'ny filankevi-pitantanana ny Zatovovavy maneran-tany.

Ireo rehetra izay te hiaraka aminay haneho fankasitrahana an'ireo rahavavy ireo noho ny asa fanompoana sy fanoloran-tena niavaka nataon'izy ireo dia iangaviana haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanantsika mba ho mpikambana vaovao ao amin'ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy: Edward Dube, S. Gifford Nielsen, Arnulfo Valenzuela; ary ho mpikambana vaovao ao amin'ny Kôlejy Faharoan'ny Fitopololahy: Timothy J. Dyches, Randy D. Funk, Kevin S. Hamilton, Adrián Ochoa, ary i Terence M. Vinson

Izay rehetra manohana, iangaviana haneho izany.

Ireo izay manohitra, tahaka izany ihany koa.

Noho ny antsony ho mpikambana ao amin'ny Kôlejy Faharoan'ny Fitopololahy dia hisaorantsika ihany koa Rahalahy Adrián Ochoa tamin'ny naha mpanolotsaina faharoa azy tao amin'ny fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany.

Ireo izay maniry ny hanolotra fisaorana dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanantsika ireto manaraka ireto ho Fitopololahin'ny Vondrom-paritra vaovao: Ruben Acosta, Frederick O. Akinbo, Omar A.



Alvarez, Sergio Antunes, Alan C. Batt, Grant C. Bennett, Fernando E. Calderón, Wilson B. Calderón, H. Marcelo Cardus, Yoke Sang (Freddie) Chan, Christopher Charles, Valeri V. Cordón, Paul R. Coward, M. T. Ben Davis, Massimo De Feo, Marion B. De Antuñano, Francisco J. Ruiz de Mendoza, Robert A. Dryden, Robert J. Dudfield, Daniel F. Dunnigan, Jeffrey D. Erekson, E. Xavier Espinoza, Meliula M. Fata, Sam M. Galvez, Claude R. Gamiette, Mervyn C. Giddey, João R. Grahl, David P. Homer, Daniel W. Jones, John A. Koranteng, Steven O. Laing, Axel H. Leimer, Gustavo Lopez, José E. Maravilla, Alfredo Miron, Hugo Montoya, Joaquim J. Moreira, Katsuyuki Otahara, José C. Pineda, Gary S. Price, Miguel A. Reyes, Gary B. Sabin, Alfredo L. Salas, Netzahualcoyotl Salinas, Giro Schmeil, D. Zackary Smith, Michael L. Southward, G. Lawrence Spackman, Vern P. Stanfill, William H. Stoddard, Stephen E. Thompson, George J. Tobias, 'Aisake K. Tukuafu, Jacques A. Van Reenen, Raul E. Vicencio, Raul S. Villanueva, Alan R. Walker, Keith P. Walker, ary i Hoi Seng Leonard Woo.

Ireo izay manohana aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra raha misy.

Aroso amintsika ny mba hanohanantsika an-dRahavavy Bonnie Lee Green Oscarson ho filohan'ny Zatovovavy maneran-tany, miaraka amin'i Carol Louise Foley McConkie ho mpanolotsaina voalohany sy Evelyn Neill Foote Marriott ho mpanolotsaina faharoa.

Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany koa.

Aroso amintsika ny hanohanantsika ireo Manampahefana Ambony hafa sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra hafa ary ireo fiadidian'ny vondrona fanampiny hafa araka izay misy ankehitriny.

Ireo izay manohana dia iangaviana haneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany.

Misaotra ry rahalahy sy rahavavy isany noho ny fanehoana fanohanana nataonareo sy noho ny fionoanareo sy ny vavaka tsy tapaka ataonareo ho anay.

Asainay ireo Manampahefana Ambony sy ny fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany izay vao nantsoina mba haka ny toerany ety ambony lampihazo. ■

# Tatitry ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana taona 2012

## Atolotr' i Robert W. Cantwell

Tale Mpitantana, Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana

*Ho an'ny Fiadidiana Voalohany ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

**R**y Rahalahy malala isany: Araka ny voalazan'ny fanambarana ao amin'ny fizarana faha 120 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fane-kempihavanana, dia ny Filankevitry ny Fitantanana ny Fahafolonkarena no manome lalana ny hampiasana ny volan'ny Fiangonana. Io filankevitra io dia ahitana ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambini-folo ary ny Episkôpà Mpiahy.

Io filankevitra io no manapaka ny teti-bola ho an'ireo departemanta sy tetik'asa samihafa ato amin'ny Fiangonana ary ny vola natokana ho amin'izany ho an'ireo fari-piadidiana ara-pivavahana ato amin'ny Fiangonana. Ireo rafitra ato amin'ny Fiangonana dia mampiasa vola araka ny teti-bola nolania ary araka ireo fitsipika sy fomba fiasan'ny Fiangonana.

Ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana dia nomena fahafahana hanara-maso ireo boky firaketana sy ireo rafitra ilaina hanombantombanana ny fahatomombanan'ny fanaraha-maso ireo vola miditra sy vola ni-voaka ary ny fiarovana ny fananan'ny Fiangonana. Ny Departemantan'ny

Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana dia tsy miankina amin'ireo departemanta sy tetik'asa hafa rehetra ato amin'ny Fiangonana ary ireo olona ao aminy dia ahitana mpitam-bola voamarina izay manana mari-pahaizana ara-panjakana, sy mpanamarim-bola anatiny manana mari-pahaizana ara-panjakana, sy mpanamarina ny rafitra fampitana fampahalalana ary matihanina maro hafa itokisana.

Araka ny fanaraha-maso natao, dia maneho ny heviny ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana fa ny anjara biriky voaray sy ny fandania natao ary ny fananan'ny Fiangonana hatramin'ny antsipiriany tamin'ny taona 2012 dia noraketina sy notantanana araka ny fomba fiasa ara-dalàna eo amin'ny fitantanam-bola sy araka ny teti-bola nolania ary araka ireo fitsipika sy fomba fiasan'ny Fiangonana.

Amim-panajana,  
Ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana

Robert W. Cantwell  
Tale Mpitantana ■



# Tatitra mikasika ny Antontan'isa, taona 2012

## Atolotr'i Brook P. Hales

Mpitantsoratra ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

**M**ba ho fampahalalana ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana dia namoaka izao tatitra momba ny antontan'isa manaraka izao ny Fiadidiana Voalohany, izay mahakasika ny fitombon'ny Fiangonana sy ny toe-javatra misy ao aminy hatramin'ny 31 Desambra 2012.

### Ireo Vondron'ny Fiangonana

|                          |        |
|--------------------------|--------|
| Tsatôka .....            | 3.005  |
| Misiôna .....            | 347    |
| Distrika .....           | 591    |
| Paroasy sy Sampana ..... | 29.014 |

### Ny Mpikamban'ny Fiangonana

|  |            |
|--|------------|
| Totalin'ny isan'ny Mpikambana .....                            | 14.782.473 |
| Zaza Voarakitra Vaovao Fanampiny nandritra ny taona 2012 ..... | 122.273    |
| Olonoa Vao Niova Fo nandritra ny taona 2012 .....              | 272.330    |

### Misiônera

|   |        |
|---|--------|
| Misiônera amin'ny Fotoana Feno .....            | 58.990 |
| Misiônera mpanao Asa Soa an'ny Fiangonana ..... | 22.961 |

### Tempoly

|  |     |
|--|-----|
| Tempoly notokanana nandritra ny taona 2012 (Kansas City Missouri, Manaus Brésil, Brigham City Utah, ary Calgary Alberta) ..... | 4   |
| Tempoly naverina notokanana nandritra ny taona 2012 (Buenos Aires Argentine sy Boise Idaho) .....                              | 2   |
| Tempoly am-perin'asa .....   | 140 |



**Nataon'ny Loholona Richard G. Scott**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mba Hahazo Fiadanana Ao An-tokantrano

*Ny iray amin'ireo fitahiana lehibe azontsika omena an'izao tontolo izao dia ny herin'ny tokantrano iray mifototra amin'i Kristy izay ahitana fa ampianarina ao ny filazantsara, voatandrina ireo fanekempihavanana ary miavosa ny fitiavana.*

**M**aro ireo feo avy eto amin'ity izao tontolo izao izay iainantsika ity no milaza amintsika fa tokony ho mailamailaka isika eo amin'ny fiainana. Misy zavatra bebe kokoa tokony hatao foana sy zavatra bebe kokoa tokony hotanterahana. Kanefa ao anatintsika lalina ao dia misy fitadiavana toeram-pialofana iray izay hibahanan'ny fahatoniana, toerana iray ahafahantsika miala sasatra, maka aina sy manangona hery indray hiomanana amin'ireo zavatra tsy maintsy atrehina amin'ny hoavy.

Ilay toerana tena tsara tokony hisy izany fiadanana izany dia ao an-tokantranontsika, izay toerana nanaovantsika izay vitantsika mba hahatonga an'i Jesoa Kristy Tompo ho ivon'izany.

Ny tokantrano sasany dia manana ray izay mpihazona fisoronana mendrika miaraka amin'ny reny mahatoky sy mahafofy tena iray izany

miara-mitarika amim-pahamarinana. Misy karazana toe-javatra hafa koa any amin'ny tokantrano maro. Na inona na inona toe-javatra iainanao dia afaka mampifototra ny tokantranonao sy ny fiainanao amin'i Jesoa Kristy Tompo ianao satria Izy no loharanon'ny fiadanana marina eto amin'ity fiainana ity.

Ataovy izay ahazoanao antoka fa ny fanapahan-kevitra rehetra raisinao, na ara-nofo izany na ara-panahy, dia mifototra amin'ny hoe inona no tian'ny Tompo hataonao. Misy ny fiadanana sy fahatoniana rehefa Izy no ivon'ny tokantranonao. Misy fahatsapana fahatokiana mameno ny tokantrano ary tsapan'izay rehetra mipetraka ao izany.

Tsy ny ray aman-dreny irery ihany akory no tokony hanatanteraka izany torohevitra izany na dia andraikitr'izy ireo aza ny mitarika. Afaka ny ho tompon'andraikitra amin'ny fampivoarana ny ezaka atao eo amin'ny

fampifotorana ny tokantrano amin'i Kristy ny zanaka. Zava-dehibe ho an'ny ray aman-dreny ny mampianatra ny zanaka hahafantatra ny fiantraikan'ny zavatra ataon'izy ireo amin'ny olona tsirairay izay mipetraka ao amin'ily tokantrano. Ny zanaka izay asaina mahatsapa ho tompon'andraikitra amin'ny zavatra nataony, na mety izany na tsia, dia ho lasa olona azo ianteherana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

Azoko antoka fa fantatrarao ireo fitsipika fototra izay mampifototra ny tokantranonareo amin'ny Mpamonjy. Ilay torohevitra avy amin'ny faminiana mba hanao vavaky ny tena manokana sy vavaky ny mpianakavy, fandalinan'ny tena manokana ny soratra masina sy fandalinan'ny mpianakavy ny soratra masina ary takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro no singa tena ilaina sy singa fototra hanorenana tokantrano mifantoka amin'i Kristy. Ho sarotra ny hahita ilay fiadanana iriana sy tadiavina mafy ary ilay toeram-pialofana amin'izao tontolo izao raha tsy misy ny fanaovana tsy tapaka ireo zavatra ireo.

Aoka ianareo hankatò ireo fampiantarana azo avy amin'ny faminiana izay tian'i Kristy harahinareo. Aza hamaivanina ny fahasambarana ho azonareo amin'ny hoavy amin'ny



**Sydney, Australie**

alalan'ny fanaovana hitsin-dalana, nefa tokony hampihatra ireo fitsipika azo antoky ny filazantsara. Tsarovy fa: ny zavatra kely dia mitondra any amin'ny zavatra lehibe. Mety hiteraka olana lehibe ny tsy fahamalinana sy ny fanaovana tsirambina izay jerena ho toy ny tsy manan-danja. Fa ny tena zava-dehibe, dia hitondra any amin'ny fiainana feno fitahiana maro ny fahazarana tsotra sy tsy tapaka ary tsara.

Manao zavatra maro amim-pahombiazana kokoa noho izay azoko natao tamin'izaho nitovy taona taminareo ianareo ry ankizy ao amin'ny Kilonga sy ianareo zatovolahy sy zatovovavy ao anatin'ny fandaharan'asan'ny zatovo ary ianareo misiônera mahatoky izay manompo ankehitriny. Nasehonareo tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana fa mahery fo sy mankatò ary madio ianareo. Niasa mafy ianareo tany mba hampivelatra ny talentanareo sy ny fahaiza-manaonareo mba hiomananareo amin'ny fiatrehana amin-kerimpo, amim-pahamendrehana, amim-boninahitra ary amim-pahombiazana ny fiainana an-tany.

Vao tsy ela akory izay no nahatongavanareo teto an-tany niaraka tamin'ireo fahaiza-manao lehibe sy fahafahana manao zavatra tsy misy fiafarany ireo. Kanefa tena misy loza eo amin'ny tontolo manodidina anareo. Mety ho voafetra sy ho rava ilay hery anaty anananareo sy ny fahaiza-manaonareo raha toa ianareo ka manaraka ireo zavatra ratsy avy amin'ny devoly manodidina anareo. Kanefa tsy matanjaka noho ny Mpamonjy i Satana. Efa fantatra ny hiafaran'i Satana. Fantany fa resy izy kanefa te hanimba olona maro araka izay tratran'ny heriny izy. Hiezaka ny hanimba ny hatsaran-toetranareo sy ny fahaiza-manaonareo izy amin'ny alalan'ny fanararaotana ny fahalemenareo. Mijanòna any amin'ny faritry ny Tompo ary dia handresy foana ianareo.


Ianareo dia miaina ao anatin'ny tontolo iray izay ahitana fa tena mandeha haingana tokoa ny fivoarana ara-teknôlôjia. Sarotra ho an'ny olona maro mitovy taona amiko ny manaraka an'ireo zavatra maro azo atao. Mety ho lasa fitahiana na ho olana ireo fivoarana

ireo, miankina amin'ny fomba ampiasana ilay teknôlôjia. Rehefa takatra sy ampiasaina ho an'ny tanjona tsara ny teknôlôjia dia tsy ho zavatra mampahotra fa lasa mampivelatra ny fifandraisana ara-panahy aza.

Maro amintsika ohatra no manana fitaovana elekitrônika antsika manokana izay omby ny paosintsika. Mahalana isika vao tsy miaraka aminy. Mety mampiasa izany im-betsaka isika ao anatin'ny iray andro. Indrisy anefa fa mety ho loharanon'ny fahalotoana sy fandandianam-potoana ireny fitaovana ireny. Saingy raha ampiasaina miaraka amin'ny fifehezan-tena izany teknôlôjia izany dia afaka ny ho fitaovana mpiaro amin'ny zavatra tena ratsy foronin'ny fiaraha-monina.

Iza no afaka nahazo an-tsaina tany amin'ireo taona vitsy lasa izay hoe afaka ny ho tafiditra ao am-paosiaino ireo bokin-tsoratra masina rehetra nankatoavin'ny Fiangonana sy ireo hafatra aman-taonany avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana? Tsy hiaro anao ny fananana azy ireo fotsiny ao am-paosiaino saingy ny fandalinanao, ny fisaintsainanao ary ny fihainoanao azy ireo mandritra ny fotoana milamina isan'andro dia hampivelatra ny fifandraisana amin'ny alalan'ny Fanahy.

Aoka ianao ho hendry eo amin'ny fampiasanao ny teknôlôjia. Asio marika ireo soratra masina manan-danja ao anatin'ilay fitaovana ampiasainao ary jereo matetika izy ireo. Raha toa ianareo tanora ka mamerina mamaky andinin-tsoratra masina iray matetika toy ny handefasan'ny sasany aminareo hafatra an-tsoratra, dia



vetivety ianareo dia hahay tsianjery andinin-tsoratra masina an-jatony. Ho tena loharano mahery vaika ahazoana fanentanam-panahy sy fitarihana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ireo andinin-tsoratra masina ireo ao anatin'ny fotoan-tsarotra.

Ny fanaovana izay rehetra vitan-tsika mba hanasana ilay fitarihana malefaka sy mitantana avy amin'ny Fanahy Masina ho ao amin'ny fiainantsika dia zava-dehibe ao anatin'ny ezaka ataontsika mba hampifototra ny tokantranontsika amin'ny Mpamonjy. Ny fandraisana andraikitra amim-pankatoavana mifanaraka amin'ireo bitsika ireo dia mampatanjaka antsika bebe kokoa.

Hisy fiadanana lehibe kokoa ho tonga rehefa atambatrareo amin'ny ezaka ataonareo mba ho mpankato ny fanompoana ny hafa manodidina anareo. Maro dia maro ireo olona izay manana talenta, eritreretiny fa kely, no mampiasa amim-panetrentena sy amim-pahalalahan-tanana azy ireo eo amin'ireo olona manodidina azy ireo. Ny fitiavan-tena no fototry ny faharatsiana lehibe. Ny fanefitr'izany toetra ratsy izany dia hita taratra tsara teo amin'ny fiainan'ny Mpamonjy. Nasehony antsika ny fomba hampifantohana ny fiainantsika amin'ny hafa amin'ny alalan'ny fanaovana asa fanompoana amim-pahalalahan-tanana ho azy ireo.

Nianatra fahamarinana iray aho izay tena niverimberina matetika teo amin'ny fiainako ka lasa fantatro fa lalàna lehibe. Mamaritra ny fomba ifandraisan'ny fankatoavana sy ny asa fanompoana amin'ny herin'Andriamanitra izany. Rehefa mankatò ny didin'ny Tompo isika ary manompo ny zanany amim-pitiavana dia hery avy amin'Andriamanitra no vokany mivoaka ho azy avy amin'izany—hery ahafahana manao zavatra bebe kokoa noho izay azon'ny tenantsika manokana atao. Mivelatra ny fahalalantsika sy ny talentantsika ary ny fahaiza-manaontsika satria mahazo tanjaka sy hery avy amin'ny Tompo isika. Ny heriny dia singa fototry ny fanorenana tokantrano feno fiadanana.

Rehefa hampifototra ny tokantrano amin'ny Mpamonjy ianao dia ho



lasa toeram-pialofana ho azy izany, izay tsy ho an'ny fianakavianao irey ihany fa ho an'ireo namana koa izay miaina ao anatin'ny toe-javatra sarotra kokoa. Ho voasariky ny fahatoniana tsapa ao izy ireo. Raiso ao an-tokantranonao ny namana toy izany. Hivelatra ao anatin'izany tontolo mifototra amin'i Kristy izany izy ireo. Aoka ianao ho naman'ny naman'ny zanakao. Aoka ho ohatra mendrika ho azy ireo ianao.

Ny iray amin'ireo fitahiana lehibe azontsika omena an'izao tontolo izao dia ny herin'ny tokantrano iray mifototra amin'i Kristy izay ahitana fa ampiarinarina ao ny filazantsara, voatandrina ireo fanekempihavanana ary miavosa ny fitiavana.

Taona maro lasa izay, taorian'ny fitsidihana misiona iray, dia niresaka tamiko momba ny elder iray izay nihaona taminy i Jeanene vadiko. Nanontany azy mikasika ny fianakaviany i Jeanene. Taitra i Jeanene raha namaly izy hoe tsy manana fianakavianana. Nazavainy bebe kokoa fa rehefa teraka izy dia nomen'ny reniny ny fitondram-panjakana mba hotezain'izy ireo. Laniny tamin'ny fifindrandrana tokantrano mpitaiza ny fahazazany. Nahazo fitahiana izy fony zatovolahy tamin'ny nahitany ny filazantsara. Nampian'ny fianakavianana be fitiavana iray tao amin'ny paroasy izy mba hanana fahafahana hanao asa fitoriana.

Taty aoriana dia nanontanian'i Jeanene ny vadin'ny filohan'ny misiona mikasika io elder mahafinaritra io. Nahafantatra izy fa io elder io dia nipetraka tao amin'ny trano fonenan'ny filohan'ny misiona volana vitsivitsy lasa izay fa narary. Niara-nanao takarivan'ny mpianakavy tamin'izy ireo izy tamin'izany fotoana izany. Talohan'ny nandehany mba hiverina any amin'ny sahan'ny asa fitoriana indray dia nangataka tamin'ny filohan'ny misiona izy raha afaka mijanona roa na telo andro ao amin'ny tranon'ny filohan'ny misiôna rehefa mifarana ny asa fitoriany. Te handinika ny fandehan'ny fianakavianana iray mifototra amin'i Kristy izy. Te hanana fahafahana hampitovy ny fianakaviany amin'ny azy ireo izy.

Ataovy izay vitanao mba hananana tokantrano toy izany. Tolory tanana



**New York City, New York, Etazonia**

ireo izay miaina ao anatin'ny toe-javatra sarotra. Aoka ianao ho tena namana. Ny karazana finamanana maharitra toy izany dia manampy ny hafa hahazaka olana ary mahatonga ny lalana diavina ho milamina sy mahafinaritra kokoa. Tsy tokony ho loharano ampiasaina mba hahazoana tombontsoa manokana izany fa tokony ho zava-tsarobidy ankasitrahana sy zaraina. Raiso ao an-tokantranonao ireo izay mila ampahatanjahana amin'ny alalan'ny toe-javatra iainana toy izany.

Manolotra hevitra vitsivitsy fahany aho ho an'ireo tia olona iray ao amin'ny fianakaviany izay tsy manao safidy tsara. Mety hanohintohina ny faharetantsika sy ny fiaretantsika izany. Mila matoky ny Tompo sy ny fandaharam-potoany isika fa afaka ny ho tonga ny valiny tsara avy amin'ny vavaka sy ny asa famonjena nataontsika. Manao izay vitantsika isika mba hanompoana, mba hitahiana ary hanekena amim-pietrena ny sitrapon'Andriamanitra ao anatin'ny zavatra rehetra. Mampihatra ny finoana isika ary mahatsiaro fa misy zavatra santsasany izay tsy maintsy apetraka amin'ny Tompo. Manasa antsika Izy mba hametraka ny enta-mavesatsika eo amin'ny tongony. Afaka mahafantatra amin'ny finoana isika fa ilay olon-tianania iray dia tsy very fa karakarain'ny Mpamonjy be fitiavana iray.

Fantaro ny zavatra tsara ao anatin'ny hafa fa tsy ny fahotany. Indraindray dia mety mila fandinihana tsara mba ho diovina ny fahotana iray, saingy mifantoha foana amin'ny toetra tsara ananany.

Rehefa mahatsapa ianao fa tena kely ny fanantenana, dia tsy kely izany io fanantenana io fa rohim-pifandraisana matevina toy ny fitaovam-piarovana izay mampatanjaka sy manondrotra anao. Hanome fampaherezana anao izany ka tsy tokony hatahotra intsony ianao. Miezhaha mba hiaina amim-pahamendrehana ary apetrako amin'ny Tompo ny fahatokiana.

Tsy tokony hiahiahy isika raha toa ka tsy vitantsika miaraka ireo zavatra rehetra nasain'ny Tompo ataontsika. Nilaza Izy fa samy manana ny fotoany ny zava-drehetra. Ho valin'ireo vavaka nataontsika tamin-kitsimpo mba hangatahana fitarihana dia hitarika antsika any amin'ny zavatra tokony hifantohana ao amin'ny ambaratonga tsirairay eo amin'ny fiainantsika Izy. Afaka mianatra, mivelatra ary ho lasa toa Azy isika amin'ny alalan'ny fanaovana dingana matotra iray isaky ny mandeha.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa manome fahatokiantena lehibe amin'ny fahazoana fiadanana sy toeram-pialofana ao an-tokantranontsika ny fananana fiainana feno fankatoavana izay mifototra mafy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Mbola hisy ireo olana sy fahoriana maro, saingy na dia ao anatin'ny fahasaratana aza, dia afaka ny hanana fiadanana anaty sy fifaliana lalina isika. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no loharanon'izany fiadanana miavosa izany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fiadanan'ny Tena Manokana: Valisoa avy amin'ny Fahamarinana

*Na dia eo aza ny fitsapana eo amin'ny fiainana, dia hovaliana soa amin'ny fiadanan'ny tena manokana ny fiainana amim-pahamarinana noho ny Sorompanavotana sy ny fahasovan'ny Mpamonjy.*

**N**ahatonga ahy hisaintsaina momba ny fotopampianarana mikasika ny fiadanana ary indrindra fa ny anjara asan'i Jesoa Kristy amin'ny fanampiana ny tsirairay amintsika hahazo fiadanana maharitra ho an'ny tena manokana ny zavatra niainako vao haingana.

Nampihetsi-po ahy lalina ny zavany niseho roa tao anatin'ireo volana vitsy lasa izay. Voalohany dia nandray fitenenana tamin'ny fandevenana an'i Emilie Parker aho, zaza sarobidy enin-taona izy, izay maty niaraka tamin'ny olona 25 hafa nahitana ankizy kely 19, nandritra ny fitifrana mampivarahontsana tao Newtown ao Connecticut. Nitomany niaraka tamin'ny fianakaviany aho ary nahafantatra fa maro ireo tsy nanana fiadanana. Nahita aho fa nahery sy nanam-pinoana ireo ray aman-dreniny, dia i Robert sy i Alissa Parker.

Faharoa dia nihaona tamin'ny mpikamban'ny Fiangonana mahatoky an'arivony tao Côte d'Ivoire ao Abidjan aho.<sup>1</sup> Nianjadian'ny fahasarotana ara-toekarena, fanonganampanjakana nataon'ny miaramila, ary ady an-trano roa vao haingana izay nifarana tamin'ny 2011 ity firenena ao Afrika Andrefana miteny Frantsay ity. Na izany aza dia nahatsapa fiadanana miavaka aho rehefa niaraka tamin'izy ireo.

Matetika ireo zava-miseho mitranga no manaisotra ny fiadanana ao amin-tsika ary mahatonga antsika hahatsapa ho osa.

Iza no afaka hanadino ny fanafihana mahatsiravina natao tamin'ireo toerana samihafa teto Etazonia tamin'ny 11 Septambra 2001? Ny zavany miseho toy izany dia mampahatsiahy antsika hoe afaka ny ho rava haingana

tokoa ny fahatsapantsika fiadanana sy fiarovana amin'ny loza.

Ny zanakay lahimatoa sy ny vadiny, izay niandry ny zanany voalohany, dia nipetraka tao anatin'ireo vondron-trano fahatelo niala avy teo amin'ny World Trade Center ao New York City rehefa nianjera tao anatin'ny Tour du Nord ny fiaramanidina voalohany. Nandeha tany amin'ny tafon'ny trano fonenany izy ireo ary nihorohoro rehefa nijery ny zavatra noheverin'izy ireo fa karazana loza tsy nampoizina mahatsiravina. Avy eo dia hitan'izy ireo ny fiaramanidina faharoa nianjera tao anatin'ny Tour du Sud. Fantatr'izy ireo avy hatrany fa tsy loza tsy nampoizina izany ary nino izy ireo fa notafihina ny ampahany atsimo-n'i Manhattan. Rehefa nirodana ny Tour du Sud dia voasaron'ny rahom-bovoka izay nirotsaka manerana an'i Manhattan atsimo ny trano lehibe nisy ny trano fonenan'izy ireo.

Noho izy ireo nikorontan-tsaina momba ny zavatra hitany sy niahiahy ny hisian'ny fanafihana hafa dia nandeha tany amin'ny faritra nisy filaminana kokoa izy ireo ary avy eo dia tany amin'ny trano Fiangonan'ny tsatòka ao Manhattan ao Lincoln Center. Rehefa tonga tao izy ireo dia nahita fa mpikambana am-polony tao Manhattan atsimo no nandray fanapahankevitra mitovy amin'ny azy ireo mba hivondrona ao amin'ny foiben'ny tsatòka. Niantso izy ireo mba hampahafantarana anay hoe taiza no nisy azy ireo. Nahatsiaro ho maivamaivana aho fa nieren-doza izy ireo kanefa tsy nahagaga ahy ny toerana nisy azy ireo. Mampianatra ny fanambarana maoderina fa ny tsatòkan'i Ziona dia toerana fiarovana sy "fialofana amin'ny tafio-drivotra sy amin'ny fisafiohana, rehefa haidina tsy misy fangarony amin'ny tany manontolo izany."<sup>2</sup>

Tsy afaka niverina tao amin'ny trano fonenany izy ireo nandritra ny herinandro mahery ary ketraka noho ny nahafatesan'ny olona tsy nanantsiny, saingy tsy nianjadian'ny fahavozana maharitra izy ireo.

Nisy fiantraikany lalina tamiko ny fahasamihafan'ny fotopampianarana teo amin'ny fiadanana araka izao tontolo izao sy fiadanan'ny tena

manokana rehefa nandinika ireo zavani-  
niseho ireo aho.<sup>3</sup>

Tamin'ny nahaterahan'ny Mpamonjy dia nisy anjely maro be nidera an'Andriamanitra ary nilaza hoe "Voinahitra any amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra! Ary *fiadanana* ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany."<sup>4</sup>

Kanefa dia tsikaritra hoe nampalahelo, fa na dia nandritra io fotoana manan-danja mandrakizay taorian'ny nahaterahan'ny Zanakalahin'Andriamanitra io aza, dia nanatanteraka famonoan-jaza tsy nanan-tsiny tao Betlehema i Heroda Mpanjaka.<sup>5</sup>

Iaina amin'ny drafitry ny fahasambarana ny fahafahana misafidy. Mamela ny fitiavana, ny fahafoizana, ny fivoaran'ny tena manokana, ary ny traikefa ilaina amin'ny fivoarantsika mandrakizay hitranga izany. Mamela koa ny fanaintanana sy ny fijaliana rehetra iainantsika mandritra ny fiainana an-tany hitranga io fahafahana misafidy io, eny fa na dia rehefa vokatry ny zavatra tsy takatsika sy ny safidy ratsy manimba ataon'ny hafa aza. Ilay Ady tany An-danitra dia natao mba hiarovana ny fahafahantsika misafidy ny tsara sy ny ratsy ary ilaina amin'ny fahatakarana ny asa fanompoan'ny Mpamonjy tety an-tany.

Araka ny voalaza ao amin'ny Matio toko faha 10 dia nampianatra ny Roambinifololahy ny Mpamonjy ary niaiky fa tsy hahatontosa ny fiadanana maneran-tany mandritra ny fiainana an-tany ny iraka nampanaovina Azy. Nasaina nanonona fiadanana tamin'ireo tokantrano mendrika notsidihan'izy ireo ny Apôstôly saingy nampitandremana fa ho "ao ampovoan'ny amboadia . . . [ary] ho halan'ny olona rehetra . . . noho ny anarako; fa izay maharitra hatramin'ny farany no hovonjena."<sup>6</sup> Misy fanambarana manan-danja iray ao amin'ny andininy 34 manao hoe: "Ary aza ataonareo fa tonga hitondra fiadanana ambonin'ny tany Aho."<sup>7</sup> Mazava fa tsy nisy ny fiadanana manerana ny tany nandritra ny asa fanompoan'i Kristy teto an-tany, ary tsy misy izany amin'izao fotoana izao.

Fitsipika tena manan-danja maro no ampianarina ao amin'ny teny fanoloan'ny Tompo ny Fotopampianarana



sy Fanekempihavanana. Mikasika ireo izay tsy mibebaka, ny Fanahin'i Kristy izay nomena ny olona rehetra tonga eto amin'izao tontolo izao<sup>8</sup> dia "tsy hiezaka hitaona ny olona mandrakariva."<sup>9</sup> "Ny fiadanana [koa] dia esorina eto an-tany."<sup>10</sup> Nanambara ireo mpaminany fa nesorina teto an-tany marina tokoa ny fiadanana.<sup>11</sup> Tsy mbola nafatotra i Losifera ary mampiasa hery eto amin'ity tontolo ity izy.<sup>12</sup>

Ny faniriana marina nananan'ny olona tsara maneran-tany sy ananany foana dia ny mba hisian'ny fiadanana eto an-tany. Tsy tokony hilavo lefona isika amin'ny fanatratrarana izany tanjona izany. Kanefa nampianatra ny Filoha Joseph F. Smith fa "Tsy afaka ny ho tonga eto amin'izao tontolo izao mihitsy izany fanahin'ny fiadanana sy fitiavana izany . . . mandra-pandrain'ny olona ny fahamarinan'Andriamanitra sy ny hafatr'Andriamanitra . . . , ary manaiky ny heriny sy ny fahefany izay masina."<sup>13</sup>

Manantena sy mivavaka mafy ho an'ny fiadanana maneran-tany isika kanefa amin'ny alalan'ny tsirairay sy ny fianakaviana no ahazoantsika ilay karazam-piadanana izay valisoa nampanantenaina noho ny fahamarinana. Fanomezana nampanantenaina avy amin'ny iraka nampanaovina ny Mpamonjy sy ny sorompanavotany io fiadanana io.

Fintinina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana io

fitsipika io manao hoe: "Nefa ianaro fa izay manao ny asan'ny fahamarinana dia handray ny valisoany, dia fiadanana eo amin'ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy."<sup>14</sup>

Nampianatra ny Filoha John Taylor fa tsy mampitsiriritra fotsiny ny fiadanana fa "fanomezana avy amin'Andriamanitra."<sup>15</sup>

Tsy filaminana mandalo fotsiny ilay fiadanana resahako. Fijaliana lalina sy fahafahampo ara-panahy maharitra izany.<sup>16</sup>

Toy izao no namaritan'ny Filoha Heber J. Grant ny fiadanana'ny Mpamonjy: "Hanalefaka ny fijaliantsika ny fiadanany, hampionona ny fonsika maratra, hanaisotra ny fankahalantsika, hampisy fitiavana ny mpiarabelona ao am-pontsika, izay hameno ny fanahintsika amin'ny fitoniana sy ny fahasambarana."<sup>17</sup> Nandritra ny fihaonako tamin'ny ray amandrenin'i Emilie Parker, dia hitako fa nanamaivana ny fijalian'izy ireo ny fiadanana'ny Mpamonjy ary manampy amin'ny fampiononana ny fon'izy ireo maratra. Tena zava-dehibe tokoa ilay hoe namela ilay mpamono olona avy hatrany ny Rahalahy Parker taorian'ny nitifirany olona. Araka ny voalazan'ny Filoha Grant dia afaka "manaisotra ny fankahalantsika" ny fiadanana'ny Mpamonjy. An'ny Tompo ny fitsarana.

Ireo Olomasina tao Côte d'Ivoire dia nahita fiadanana nandritra ny

fotoan'ny ady an-trano tao amin'ny firenen'izy ireo tamin'ny alalan'ny fifantohana tamin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ka nomen'izy ireo lanja manokana ny momba ny tantaram-pianakaviana sy ny asa any amin'ny tempoly ho an'ny razamben'izy ireo.<sup>18</sup>

Maniry fiadanana avokoa isika rehetra. Ny fiadanana dia tsy hoe hierendoza na tsy fisian'ny ady na herisetra na fifanoherana na fifandirana fotsiny ihany. Ny fiadanana dia azo avy amin'ny fahafantarana fa mahafantatra ny Mpamonjy hoe iza isika sy mahafantatra fa mino Azy isika, tia Azy, ary mitandrina ny didiny, indrindra moa na dia miaina ao anatin'ny fitsapana sy ny loza mandrotika aza. Mitondra fampiononana ho an'ny fo ny valintenin'ny Tompo tamin'ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ny Fonjan'i Liberty manao hoe:

“Anaka, fiadanana anie ho an'ny fanahinao; ny fahorianao sy ny fijalianao dia tsy haharitra afa-tsy fotoana fohy;

“Ary rehefa izany, raha iaretanao tsara izany, dia hanandratra anao ho amin'ny avo Andriamanitra.”<sup>19</sup>

Tadidio fa “Andriamanitra tsy mpahary ny fikorontanan-tsaina fa [mpahary] ny fiadanana.”<sup>20</sup> Tsy misy fiadanana ho an'ireo izay mandà an'Andriamanitra. Nandray anjara tao amin'ilay fivoriana tany an-danitra avokoa isika rehetra, izay natao mba hahafahana manao safidy eo amin'ny tsara sy ny ratsy, ary fantatsika fa hisy ny fanaintainana amin'ny fiainana antany ary hisy loza tsy hay lazaina aza noho ny fanararaotana diso tafahoatra ny fahafahana misafidy. Nahatakatra isika fa mety hahatonga antsika ho tezitra izany, hikorontan-tsaina, tsy afaka hiaro tena, ary halemy. Saingy fantatsika ihany koa fa handresy sy hisolo vaika ny tsy rariny eto amin'ny fiainana an-tany ary hitondra fiadanana ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Misy fehezan-teny nosoratan'i Ugo Betti ao anatin'ny tranon-tsary mihantona eo amin'ny rindrin'ny Loholona Marion D. Hanks manao hoe: “Ny mino an'Andriamanitra dia ny mahafantatra fa ho ara-drariny ireo lalàna rehetra, ary hisy trangon-javatra mahafinaritra tsy ampoizina.”<sup>21</sup>

*Inona avy ireo loharanon'ny fiadanana?* Maro ireo mikatsaka fiadanana amin'ny fomban'izao tontolo izao, izay tsy mbola nahomby ary tsy hahomby mihitsy. Tsy azo avy amin'ny fahazoan-karena be, fahefana, na laza ny fiadanana.<sup>22</sup> Tsy azo avy amin'ny fikatsahana fahafinaretana, famalifaliana tena, na fialam-boly ny fiadanana. Tsy misy amin'ireo afaka manome fahasambarana na fiadanana maharitra, na dia ananana betsaka aza.

Mametraka ny fanontaniana mifanaraka amin'izany ny fihirana ankafizin'i Emma Lou Thayne manao hoe: “Aiza no ahitako fiadanana? Aiza ny fampiononana ahy. Rehefa mitsahatra amin'ny fanasitranana ahy ireo loharano hafa?”<sup>23</sup> Ny valiny dia ny Mpamonjy, izay loharano sy mpahary ny fiadanana. Izy no “Printsin'ny Fiadanana.”<sup>24</sup>

*Ahoana no hijanonantsika eo akaikin'ny Mpamonjy?* Ny fanetrentsika tena eo anatrehan'Andriamanitra, ny fivavahana mandrakariva, ny fibebahana amin'ny fahotantsika, ny fiobohana ao amin'ny ranon'ny batisa amin'ny fo torotoro sy ny fanahy manenina, ary ny fahatongavana ho mpanara-dia marina an'i Jesoa Kristy dia ohatra tena tsara amin'ny fahamarinana izay valiana soa amin'ny fiadanana maharitra.<sup>25</sup> Taorian'ny nampitan'ny Mpanjaka Benjamina ny hafany izay nanohina ny fo tokoa momba ny Sorompanavotan'i Kristy dia nianjera tamin'ny tany ny valalabemandy. “Nidina teo aminy ny Fanahin' ny Tompo, ary feno fifaliana izy rehefa nandray ny famelana ny fahotany sy nahazo *fiadanana-tsaina* noho ny finoana fatratra izay nananany tao amin' i Jesoa Kristy.”<sup>26</sup> Ny fibebahana sy ny fiainana amim-pahamarinana dia mampisy *fiadanana-tsaina*, izay ilaina amin'ny fahafahampo.<sup>27</sup> Rehefa nisy ny fandikan-dalàna lehibe natao dia takiana ny fibabohana mba hitondra fiadanana.<sup>28</sup> Angamba tsy misy zavatra azo ampitahaina amin'ny fiadanana azo avy amin'ny fametrahana ny olona iray nampijalian'ny fahotana ny enta-mavesatra ananany eo amin'ny Tompo sy mangataka ny fitahian'ny Sorompanavotana. Hoy ny fihirana

iray be mpitia ao amin'ny Fianganana hoe: “Apetrako eo an-tongony ny enta-mavesatro. Ary manohy ny diako an-kira aho.”<sup>29</sup>

Mifaly ny foko rehefa mahalala fa amin'izao vaninandro iainantsika izao dia zatovolahy sy zatovovavy ary misiônera zokiolona an'aliny no nanaiky ny fiantsoana azy ho solontenan'ny Tompo sy Mpamonjintsika, Jesoa Kristy. Mitondra ny filazantsaran'ny fiadanana naverina amin'ny laoniny eo amin'izao tontolo izao izy ireo, olona iray sy fianakaviana iray isak'izay mandeha—asan'ny fahamarinana mba hitondra fiadanana amin'ireo zanaky ny Ray any an-danitra.

Fialofana izay ahitan'ny mpanara-dia an'i Kristy fiadanana ny Fianganana. Milaza ny tanora sasany eto amin'izao tontolo izao fa olona manana toetra ara-panahy izy ireo fa tsy mpivavaka be. Dingana tsara voalohany ny fahatsapana ho olona manana toetra ara-panahy. Kanefa ao amin'ny Fianganana isika no manana namana manohana, ampiaraina ary voafahana amin'ny teny soan'Andriamanitra. Fa misy zavatra manan-danja kokoa noho izay, dia ny fahefan'ny fisoronana ao amin'ny Fianganana izay hanatanterahana ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina izay mamehy ny fianakaviana sy mahatonga antsika tsirairay avy ho mendrika ny hiverina any amin'Andriamanitra, ilay rain'i Jesoa Kristy ao amin'ny fanjakana selestialy. Mitondra fiadanana ireo ôrdônansy ireo satria fanekempihavanana miaraka amin'ny Tompo izy ireo.

Ny tempoly no toerana hanaovana ny maro amin'ireo ôrdônansy ireo ary loharano ahitana toeram-pialofana feno fiadanana ihany koa hanalavirana an'izao tontolo izao. Ireo izay mitsidika ny tempoly na mijery ireo varavarana misokatra ao amin'ny tempoly dia mahatsapa fiadanana. Ny zavatra iray niainako izay tadidiko tsara dia ny varavarana misokatra sy ny fanokanana ny Tempolin'i Suva Fiji. Nisy korontana ara-pôlitika izay niafara tamin'ny fandrooana sy ny fangalarana tao amin'ny renivohitr'i Suva nataon'ireo mpitokona, ary fakana an-keriny

ny tranon'ny Antenimieram-pirenena ary ny fitanana an-keriny ireo mpanao lalàna. Teo ambanin'ny fitondrana miaramila ilay firenena. Noferan'ny miaramila Fijiana ny fahafahan'ny Fiangonana mamory olona ho an'ny varavarana misokatra ary noferany ho vondrona kely dia kely ny nanatrika ny fanokanana. Tsy nasaina avokoa ireo mpikamban'ny Fiangonana rehe-tra noho ny fiarovana azy ireo tsy ho azon-doza. Io no hany fanokanana tempoly natao tao anatin'ny toe-javatra sarotra hatramin'ny nanokanana ny Tempoly voalohany tao Nauvoo.

Vehivavy mahatehotia Indoa izay taranaka Indiana ny iray tamin'ireo olona nasaina tao amin'ny varavarana misokatra, mpikambana ao amin'ny antenimieram-pirenena izay notanana an-keriny teo aloha saingy navotsotra satria vehivavy izy.

Tao amin'ny efitrano selestialy, lavitry ny korontandrotan'izao tontolo izao, dia nitomany izy rehefa naneho ny fahatsapany fiadanana izay nandrakotra azy. Nahatsapa ny Fanahy Masina nampionona sy nijoro ho vavolombelona mikasika ny fananan'ny tempoly toetra masina izy.

*Ny Mpamonjy no loharanon'ny fiadanana marina.* Na dia eo aza ny fitsapana eo amin'ny fiainana, dia hovaliana soa amin'ny fiadanana'ny tena manokana ny fiainana

amim-pahamarinana noho ny Sorompanavotana sy ny fahasovan'ny Mpamonjy. Tao amin'ilay toerana miafina izay nanaovan'izy ireo ny Fanasan'ny Tompo dia nampanan-tena ny Apôstôliny ny Mpamonjy fa homena “Mpampionona, dia ny Fanahy Masina” izy ireo ary avy eo dia nilaza ireto teny manan-danja ireto: “Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo.”<sup>30</sup> Avy eo taloha kelin'ny nanaovany ilay Vavaka ho an'ny Mpianany dia hoy Izy hoe: “Izany teny izany no efa nolazaiko taminareo mba hanananareo fiadanana amiko. Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao.”<sup>31</sup>

Nanoratra tamin'ny fomba kanto mikasika ity hevitra ity i Eliza R. Snow manao hoe:

*Atrakao ny lohanao amin'ny fiderana an'Andriamanitra;  
Aza avela hitsahatra ny fifalianao,  
Na dia miparitaka eran'izao tontolo izao aza ny fahoriana,  
Hoy i Kristy hoe, “Hanana fiadanana ao Amiko ianao.”*<sup>32</sup>

Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Fihaonambe roa no natao tao Abidjan ny Alahady 10 Febroary 2013; olona 9.693 no nanatrika—619 tamin'izy ireo no tsy mbola mpikamban'ny Fiangonana. Manodidina ny 19.000 no isan'ny mpikambana rehe-tra ao amin'ny Fiangonana ao Côte d'Ivoire.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:6.
3. Misy dikany samihafa ny teny hoe *fiadanana*. Tamin'ny andro Grika fahiny dia nentina nilazana ny fitsaharana, ny fiatoana, na ny tsy fisian'ny ady teo amin'ny hery mifanohitra izany. Manana heviny mahafaoka zavatra beba kokoa ary indraindray dia endrika entina hiarahabana izany teny izany amin'ny Hebreo. Ny fiadanana koa dia “toetran'ny fisiana izay tsy tonga eo amin'ny olona raha tsy araka ireo fepetra apetrak'Andriamanitra ihany.” (Howard W. Hunter, “Where Is Peace?” ao amin'ny Conference Report, Ôkt 1966, 14–17.
4. Lioka 2:14; nampiana fanamafisana.
5. Jereo ny Matio 2:16; jereo koa ny Ross Douthat, “The Loss of the Innocents,” *New York Times*, 16 Des 2012, 12.
6. Matio 10:16, 22.
7. Matio 10:34.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:46.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:33.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:35.
11. Nanambara izany tamin'ny taona 1894 ny Filoha Woodruff ary mbola nanambara izany tamin'ny taona 1896. Jereo ny *The Discourses of Wilford Woodruff*, navoakan'i G. Homer Durham (1946), 251–52; jereo koa ny Marion G. Romney, ao amin'ny Conference Report, Apr. 1967, 79–82.
12. Jereo ny Joseph Fielding Smith, *The Predicted Judgments*, Brigham Young University Speeches of the Year (Mar. 21, 1967.), 5–6. Kanefa araka ny voalazan'ny Loholona Neal A. Maxwell manao hoe “Afaka manana fiadanana anaty isika na dia nesorina teto an-tany aza ny fiadanana . . . [ary] hisamboaravoara ny zava-drehetra” (“Behold, the Enemy Is Combined,” *Ensign*, Mey 1993, 79).
13. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph F. Smith* (1998), 400.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.
15. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: John Taylor* (2001), 151.
16. Nanomboka tamin'ny andron'ny Grika fahiny mandrak'ankehitriny, ireto teny ireto—*fahasambarana*—sy *fahafahampo*—dia novahavahana, nodinihina, ary nalalinina, tsy hoe mikasika ny dika-n'izy ireo fotsiny fa ny fitarihana entin'izy ireo eo amin'ny fiainantsika ihany koa. Jereo ny David Malouf, *The Happy Life: The Search for Contentment in the Modern World* (2011). Jereo koa ny famintinana ny bokin'i Mr. Malouf, ao amin'ny R. Jay Magill, Jr., “How to Live Well,” *Wall Street Journal*, 26–27 Jan. 2013, C6.
17. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Heber J. Grant* (2002), 226.



Copenhagen, Danemark

18. “Ny telo amin’ireo tsatòka dimy ao Côte d’Ivoire dia ao anatin’ireo tsatòka 25 tsara indrindra ao amin’ny Fiangonana amin’ny isan-jaton’ny olon-dehibe [mampiditra] anaram-pianakaviana hanaovana ny ôrdônansin’ny tempoly,” ary ny Tsatòkan’i Cocody Côte d’Ivoire no ambony indrindra (C.Terry Warner and Susan Warner, “Apostle Visits Ivory Coast, Is ‘Impressed with Exceptional Spirit’” *Church News*, 3 Mar. 2013, 4, 14). Rehefa eritreretina fa nisy ny ady an-trano ary adin’ny 12 mandeha fiara fitateram-bahoaka vao tonga any amin’ny tempoly ao Accra, Ghana, dia porofom-pinoana mahatalanjona izany ary niteraka fiadanana’ny tena manokana sy ny fianakaviana.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7–8. Nampianatra ny Filoha Harold B. Lee hoe: “Noho izany dia tsy maintsy diovina isika; tsy maintsy sedraina isika mba hitsapana ny tanjaka sy ny hery ao anatintsika” (*Enseignements des Présidents de l’Eglise: Harold B. Lee* [2000], 208).
20. 1 Korintiana 14:33.
21. Ao amin’ny Marion D. Hanks, “A Loving, Communicating God,” *Ensign*, Nôv. 1992, 63.
22. Jereo ny Jeffrey R. Holland, *For Times of Trouble* (2012), 79. Nampianatra ny Loholona Holland fa, “mety hahakivy kokoa ny olona ny fahantrana tena izy noho ny toe-javatra hafa afa-tsy ny fahotana.” Saingy afaka mampitombo ny fiadanana ny fampiasana ny vola amim-pahamarinana.
23. “Où pourrais-je chercher?” *Cantiques*, no. 68.
24. Isaia 9:6.
25. Nolzain’i John Greenleaf Whittier tamin’ny fomba tsotra izany manao hoe: “Tandremo ny fomba fiainanao. Aza manao zavatra manaisotra ny fiadananao amin’ny alina mandritra ny andro” (“Conduct [From the Mahabharata],” ao amin’ny *The Complete Poetical Works of John Greenleaf Whittier* [1802], 484).
26. Môsîà 4:3; nampiana fanamafisana; jereo koa ny Marion G. Romney, ao amin’ny Conference Report, Apr. 1967, 79–82.
27. Ny eritreritra dia mpitarika amin’ny fitsipi-pitondrantena izay mitondra antsika mankany amin’ny fiadanana. Loharano roa farafahakeliny no mampandeha izany: ny Hazavan’i Kristy, izay fanomezana tena lehibe avy amin’ireo ray aman-dreny ho an’ny zanany, avy any amin’ny Raintsika any an-danitra (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6–13; 93:2) sy ny fanomezan’ny Fanahy Masina (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39:6).
28. “Karazana famelan-keloka roa no takiana mba hitondra fiadanana ho an’ny mpandika lalàna—ny iray dia avy amin’ireo mpitarika ao amin’ny Fiangonan’ny Tompo, ary ny iray dia avy amin’ny Tompo mihitsy. [Jereo ny Môsîà 26:29.]” (*Enseignements des Présidents de l’Eglise: Spencer W. Kimball* [2006], 41).
29. “Oui, tes commandements,” *Cantiques*, no. 66.
30. Jaona 14:26–27.
31. Jaona 16:33.
32. “Quand ton fardeau est lourd,” *Cantiques*, no. 63.



**Nataon’ny Loholona Stanley G. Ellis**  
Ao amin’ny Fitopololahy

# Ny Lalan’ny Tompo

*Ny lalan’ny Tompo dia ny hihainoantsika ireo fampianaran’ny mpitarika antsika, hahatakatra ireo fitsipika marina, ary hifehy ny tenantsika.*

## Fitopololahy

Manompo ao amin’ny Fitopololahy aho. Antsoina ho iraka ny Fitopololahy—hizara ny tenin’ny Tompo rehefa nandray izany avy tamin’ireo apôstôly sy mpaminany ary avy amin’ny Fanahy izahay, sy ho vavolombelona manokan’ny anaran’i Kristy, amin’ny fitoriana ny filazan-tsara manerana izao tontolo izao, amin’ny fanorenana ny Fiangonana, ary amin’ny fitantanana ny raharahany ny Fiangonana (jereo ny F&F 107:25, 34).

## Zazalahy Tantsaha

Lehibe tao amin’ny toeram-piompiana sy fambolena iray tao akaikin’ny Burley, Idaho aho—tena “Zazalahy Tantsaha avy any Idaho!” Tamin’izany aho dia nianatra ny hoe:

1. Miasa—tsy hanangom-bokatra ianao raha tsy mamboly.
2. Miasa amim-pahendrena—hanangom-bokatra bebe kokoa ianao raha manondraka sy manisyzezika.
3. Ny maha zava-dehibe ny fahaizana mikajy fotoana—mety hanimba ny vokatra ny ranomandry lasa aloha loatra raha tsy mamboly amin’ny fotoana tena mety ianao.

4. Manao izay tena ilaina na izay tsy maintsy vitaina na inona mahafinaritra, tiana kokoa, na mety kokoa—mitery ronono ianao rehefa ilain’ny omby izany, fa tsy hoe rehefa te hanao izany ianao.
5. Mahitsy—amin’ny resaka fiompiana biby sy ny milina izay ampiasaina dia tsy manam-potoana amin’ny “fanazavana lava reny” ianao na hiahiahy sao hanafintohina olona. (Raha ity fitsipika ity no resahina, tamin’ireo fanompoako manerana ny Fiangonana dia nanontany matetika aho hoe: “Tianareo hiresaka mahitsy ve aho sa amin’ny fomba malefaka kokoa?” Safidin’ireo Olomasina amin’ny ankapobeny ny ho “mahitsy!” Koa ho mahitsy aho anio.)
6. Farany dia nianatra aho amin’ny maha Zazalahy Tantsaha avy any Idaho ahy, ny hifantoka amin’ireo fitsipika fototra.

Tsy misy zavatra fototra kokoa ho antsika rehetra, sy ny fotopampianarantsika, noho ireo fahamarinana ao amin’ny fanekem-pinoana voalohany: “Mino an’Andriamanitra ilay Ray Mandrakizay isika ary mino an’i Jesoa Kristy Zanany sy ny Fanahy Masina” (Fanekem-pinoana 1:1).

Ankoatra izany, Raintsika any andanitra Izy, izay mahafantatra antsika, tia antsika, ary tiany hiverina any Aminy isika. Mpamonjy sy Mpanavo-*tra antsika* i Jesoa, izay mahatonga *antsika* afaka handresy tsy amin'ahiahy ny fahafatesana ka ho velona indray tamin'ny alalan'ny Sorompnavotana ary ahafahantsika mahazo fisandratana sy fiainana mandrakizay. Mpampionona, mpanambara, mpampianatra, mpijoro ho vavolombelona, ary mpitarika *antsika* ny Fanahy Masina.

Saintsaino izany ry rahalahy sy rahavavy—tsy kamboty ara-panahy isika! Tsy irery isika.

Inona ireo tombontsoan'ny fananana ray aman-dreny—ny hoe tsy kamboty? Afaka mianatra amin'izy ireny isika, mahazo tombony amin'ny traikefany, miala amin'ireo loza miafina izay ampitan-dreman'izy ireo antsika, ary mahatkatra bebe kokoa noho ny zavatra fantatr'izy ireo. Tsy voatery ho very isika, na hikorontan-tsaina na, diso fanantenana, na tsy haingam-piasa. Tena marina izany, indrindra amin'ny Raintsika any an-danitra, izay mpampianatra sy manoro antsika *ilay* tena lalana fa tsy lalana iray ao anatin'ny maro.

### Manana ny Lalana Andriamanitra

Raha ny tena marina, Andriamanitra dia manana ny lalana hiainana,<sup>1</sup> hitiavana,<sup>2</sup> hanampiana,<sup>3</sup> hivavahana,<sup>4</sup> hiresahana,<sup>5</sup> hifaneraserana amin'ny tsirairay,<sup>6</sup> hitarihana,<sup>7</sup> hanambadiana,<sup>8</sup> hanabeazan-janaka,<sup>9</sup> hianarana,<sup>10</sup> hahafantarana ny fahamarinana,<sup>11</sup> hitoriana ny filazantsara,<sup>12</sup> hisafidianana am-pahendrena ny zavatra hohanina,<sup>13</sup> sns.

Miaraka amin'ny soratra masina, dia loharano lehibe ahitantsika ny lalan'ny Tompo ny *Miorim-paka ao amin'ny Finoana, Jeunes Soyez Fort (Ry Tanora Mahereza)*, sy ireo fampianarana hafa an'ireo apôstôly sy mpaminany velona.

1. Ohatra, nampianatra antsika ny Tompo ao amin'ny soratra masina hoe:



**Sydney, Australie**

“Fa ny fihevitra tsy fihevitrareo, ary ny lalanareo kosa tsy mba lalako, hoy Jehovah.

“Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra noho ny tany no hahavon'ny lalako noho ny lalanareo, sy ny fihevitra noho ny fihevitrareo” (Isaia 55:8–9).

2. Anisan'ireo ratsy amin'izao andro izao ny hoe “samy mandeha amin'ny lalany avy ny olona tsirairay” (F&F 1:16). Mampitandrina antsika ny ao amin'ny Ohabolana hoe: “aza manao anao ho hendry” sy hoe “aza miankina amin'ny fahalalanao” (jereo ny Ohabolana 3:5–7).
3. Nampianarina isika fa raha manao zavatra araka ny lalan'ny Tompo dia voafatotra Izy hitahy antsika ary afaka mitaky ny fampanantenany isika; ary raha tsy amin'ny lalany izany dia tsy manana fampanantenana isika (jereo ny F&F 82:10).
4. Nampitaha ny lalany amin'ny lalantsika ny Tompo tamin'ny fampianarany an'i Samoela mpaminany, izay nirahina hitady mpanjaka vaovao: “Fa hoy i Jehovah tamin'i Samoela, aza mijery ny tarehiny na ny hahavon'ny tsanganany; fa efa nolaviko izy: fa tsy mba toy ny fijerin'ny olona no fijerin'i Jehovah: fa ny

olona mijery ny miseho eo ivelany fa Jehovah kosa mijery ny fo” (1 Samoela 16:7)

5. Eny fa na dia mikasika ny faniriana eken'ny rehetra mba hanampy ny ory sy ny mahantra aza, dia manaiky ny safidintsika ny Tompo fa nampitandrina kosa Izy hoe: “Saingy tsy maintsy ilaina ny hanaovana izany amin'ny fombako” (F&F 104:16). Raha tsy izany dia mety handratra azy ireo isika amin'ny fiezahantsika hanampy azy ireo. Nampianatra antsika hamporisika ny fahavitan-tena ny Tompo. Tsy tokony hanolotra na hanome ny zavatra azon'izy ireo atao na tokony hataony ho an'ny tenany isika na manana fahafahana amin'izany aza. Voamarina izany na aiza na aiza, mianatra ny ratsy avy amin'ny fanomezana maimaim-poana tsy misy tambiny izao tontolo izao. Mahalala ny tsara indrindra tokoa Andriamanitra.

‘Ndeha isika handinika ohatra vitsivitsy. Manana ny fomba hanaovany asa fitoriana ny Tompo. Hazavaina ao amin'ny soratra masina sy ny *Torio ny Filazantsarako* izany ary ampiharina araka ny fitarihan'ny Fanahy.

Manana ny fombany, na *ny* fomba hitiavana ny Tompo. Miteny ny olon'izao tontolo izao fa ny tena zava-dehibe dia ny fifankatiavan'ny olon-droa. Mampianatra antsika ny Ray any an-danitra fa manan-danja izany, kanefa mampianatra antsika mihoatra izany Izy: fa misy fomba sy fotoana ahazoan-dàlana hanehoana izany fitiavana izany.

### Mifehy ny tenantsika

Nampianarina ny lalan'ny Tompo hatramin'ny fahatanorany i Joseph Smith. Raha nanontaniana momba ny fitarihany ny Fiangonana izy dia nana-zava fa nampianatra fitsipika marina izy ary nifehy ny tenany ny mpikambana.<sup>14</sup> Ry rahalahy sy anabavy, mbola mampianatra fitsipika marina ireo mpaminantsika sy apôstôlintsika velona. Ny fanontaniana dia hoe: “Mampiasa ireny fitsipika ireny ve isika hifehezantsika ny tenantsika?”

Zavatra iray nampianarina antsika matetika ny hampitombo ny hery anaty ananantsika na aiza misy antsika na iza isika. Indrisy anefa fa voan'ny fakam-panahy isika ny hifindra monina amin'ny toerana vaovao, mieritritra fa hanana namana betsaka kokoa ny zanatsika ka hahazo fandaharana tsaratsara kokoa ho an'ny tanora.

Ry rahalahy sy rahavavy, mieritritra ve isika fa ny tanàna hipetrahan-tsika no tena zava-dehibe indrindra amin'ny famonjena ny zanatsika? Nampianatra antsika matetika ny apôstôly sy ny mpaminany fa manan-danja lavitra kokoa ny zava-mitranga ao anatin'ny tokantrano noho ny zavatra atrehin'ireo zanatsika any ivelany. Manan-danja kokoa ny *fomba* fanabeazantsika ny zanatsika noho ny *toerana* hanabeazantsika azy ireo.

Marina fa misy antony hafa maha-tonga antsika hanapa-kevitra momba ny toerana hipetrahan-tsika, ary anka-sitrahana tokoa fa hitarika antsika ny Tompo raha mikatsaka fanamafisana avy Aminy isika.

Fanontaniana hafa koa ny hoe: “Aiza no ilana antsika?” Nanompo nandritra ny 16 taona tao amin'ny fiadian'ny tsatòkan'ny Houston Texas aho. Betsaka ireo nifindra monina tao amin'ny faritra nisy anay nandritra ireo

taona ireo. Matetika izahay no naharay antso an-tariby milaza ny fifindran'ny olona iray ho ao ary nanontany hoe iza no paroasy tsara indrindra. Indray mandeha monja aho no naharay antso an-tariby izay nanontany ahy hoe: “Iza no paroasy mila fianakaviana tsara? Aiza no ahafahanay manampy?”

Tamin'ny fiandohan'ny Fiangonana, ny Filoha Brigham Young sy ireo hafa dia niantso mpikambana handeha amin'ny toerana iray mba hanangana ny Fiangonana tany. Ny mampihomehy dia misy mpikambana mahatoky hatramin'izao fotoana izao vonona ny handeha na aiza na aiza hanirahan'ny mpaminany azy ireo. Tena manantena tokoa ve isika fa ny Filoha Monson dia hiteny amin'ny tsirairay avy amin'ny 14 tapitrisa no mihoatra amintsika hoe aiza no ilana ny fianakaviansika? Ny lalan'ny Tompo dia ny hihainoantsika ny fampianaran'ireo mpitarika antsika, hahatakarana fitsipika marina, ary hifehezantsika ny tenantsika.

### Manan-danja indrindra

Amin'ny zava-mitranga rehetra ao amin'ny Fiangonana ankehitriny, sy amin'ny fanafaingan'ny Tompo ny asany amin'ny lafiny rehetra, dia mbola manan-danja kokoa aza ny manao ny zavatra rehetra ataontsika amin'ny lalan'ny Tompo!

Indrindra fa ao amin'ny asa famonjena dia mianatra isika fa “tao amin'ny fanomezana ny Zanany no efa nomanin'Andriamanitra ny lalana tena tsara indrindra” (Etera 12:11). Ny fotopampianaran'i Kristy “no lalana; ary tsy misy lalana na anarana hafa nomena ambanin'ny lanitra, izay ahazoana mamonjy ny olona ho ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra” (2 Nefia 31:21).

### Famaranana

Rehefa mahita ireo olona marobe izay miaina ao anatin'ny fisafotofotoan-tsaina eto amin'izao tontolo izao isika, na ratsy kokoa noho izany, izay miaina fiainana feno fahotana, ary mijaly noho ny vokatry ny safidy ratsy, dia mahatonga ahy te hihika tahaka an'i Almà izany hoe:

“Ô, inay anie aho anjely, ary nety nanana ny fanirian' ny foko mba

hahazoako mandeha sy miteny miaraka amin'ny trompetran'Andriamanitra, amin'ny feo mampihorohoro ny tany sy miantsoantso fibebahana amin'ny vahoaka tsirairay!

“Eny, holazaiko ny fanahy tsirairay . . . sy ny drafitry ny fanavotana mba hibebahany sy hanatonany an'Andriamanitsika, mba tsy hisy alahelo intsony eo amin'ny lafiny rehetra amin'ny tany” (Almà 29:1–2).

Mijoro ho vavolombelona indray aho fa manana ny lalany ny Tompo! Mahafantatra antsika ny Raintsika any an-danitra, tia antsika Izy, ary te hanampy antsika. Izy no mahafantatra indrindra ny fomba hanampiana antsika. Tsy kamboty ara-panahy isika!

Ny Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy, no “lalana sy fahamarinana ary fiainana” (Jaona 16:6; jereo koa ny Almà 38:9). Mifototra amin'ny fahamarinana mandrakizay ny lalany ary mitarika antsika amin'ny “fiadanana eo amin'ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy” (F&F 59:23). Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Amena. ■

### FANAMARIHANA

1. Jereo ny 2 Nefia 5:27; Mòsià 4:27; Almà 7:23–25.
2. Jereo ny Eksôdôsy 20:14; Deoterônômia 6:5; Jaona 13:34–35; Rômana 1:24–32; 1 Tesaloniana 4:3; Almà 39:3–5.
3. Jereo ny Mòsià 4:21–27; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 104:15–18.
4. Jereo ny Matio 6:5–13; 2 Nefia 32:8–9; 3 Nefia 18:21; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 10:5.
5. Jereo ny Ohabolana 15:1; Kolosiana 4:6; Jakôba (ao amin'ny Testamenta Vaovao) 5:12; 3 Nefia 11:29–30.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekehavanana 64:10–11; 21:41–46.
7. Jereo ny Matio 25:14–30; Jaona 10:1–14; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 50:26; 107:99–100; 121:34–40.
8. Jereo ny Genesisy 2:24; Jakôba (ao amin'ny Bokin'i Môrmôna) 2:27; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 42:22; 132:19.
9. Jereo ny Mòsià 4:14–15; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 68:25–28.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekehavanana 43:8–9; 88:77–79, 118.
11. Jereo ny Môrônia 7:15–19; 10:3–5; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 9:7–9.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekehavanana 33:8–10; 100:3–8.
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekehavanana 89.
14. Jereo ny *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 284.





**Nataon'ny Loholona John B. Dickson**  
Avy ao amin'ny Fitopololahy

# Mitondra ny Filazantsara Manerana An'izao Tontolo Izao

*Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia nandeha foana nanerana an'izao tontolo izao nitety firenena samihafa, kolotsaina samihafa ary vahoaka samihafa araka ny fandaharam-potoan'ny Tompo ny Fiangonana.*

**T**anteraka soa aman-tsara ny asa fanompoana nataon'ny Mpa-monjy teto an-tany. Tapitra ny fijaliany tao Getsemane sy teo amin'ny hazo fijaliana. Hitantsika avy ao amin'ny Asan'ny Apôstôly toko 1 fa nanao asa fanompoana nandritra ny 40 andro Izy taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty ary “niseho” tamin'ny Apôstôly sy “nilaza ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra” (Asan'ny Apôstôly 1:3).

Nilaza tamin'izy ireo Izy hoe: “Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany” (Asan'ny Apôstôly 1:8).

Fotoana fohy taorian'izay dia, “nakarina Izy . . . ; ary nisy rahona nitondra Azy, ka tsy hitan'ny masonry intsony Izy.

“Ary raha mbola nandinika ny lanitra izy ireo tamin'ny nandehanan'i

Jesosy, indreo, nisy roa lahy teo anilany niakanjo fotsy;

“Izay nanao hoe: Ry lehilahy Galiliana, nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra hianareo? Iny Jesoa izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra” (Asan'ny Apôstôly 1:9–11).

Hiverina indray tokoa ny Mpa-monjy ao anatin'ny Fiaviany Fanindroany, saingy eo anelanelan'izay dia tsy maintsy handeha “any amin'ny fara-vazantany” ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Hitantsika ao amin'ny Matio ilay didy manokana nomena ny Apôstôly mba hitondra ny filazantsara manerana an'izao tontolo izao:

“Ary Jesosy nanatona dia niteny tamin'ny nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany.

“Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina” (Matio 28:18–19).

Tany am-piandohan'ny Fiangonana, tao anatin'ny mitataovovonan'ny fotoana, dia teo anivon'ny mpianakavin'i Isiraely fotsiny no nitondrana ny filazantsara. Dia nahazo fanambarana avy eo i Petera, izay Apôstôly zokiny indrindra fa tonga ny fotoana hitondrana ny filazantsara any ivelan'i Isiraely ary any amin'ireo Jentilisa. Ny toko 10 sy 11 ao amin'ny Asan'ny Apôstôly dia manampy antsika hahatakatra ny dingana sy ny lamina nentina nampahafantarana an'ity filàna manaparitaka ny Fiangonana any amin'ny zanak'Andriamanitra maro kokoa ity tamin'ireo mpitarika mpiahy sy ny mpikambana rehetra.

Tamin'ny alalan'ny fampiasana an'i Kornelio, izay Jentilisy iray ary kapiteny sy lehilahy tsara toetra, no nanampian'ny Tompo an'i Petera hahatakatra fa haely any amin'ny Jentilisa ny filazantsara, izay toe-javatra vaovao sy vahiny ho an'ireo Olomasina tamin'izany andro izany. Tonga tamin'i Petera, ilay Apôstôly zokiny indrindra, ilay fanambarana nitondra izany fanovana izany teo amin'ny raharaham-piangonana. Fantatsika fa nandeha haingana tany amin'ireo firenena Jentilisy ny filazantsara avy eo.

Ohatra iray maneho ny fivelaran'ny Fiangonana tamin'izany fotoana izany ny fiovam-pon'i Paoly izay lasa Apôstôly lehibe ho an'ny Jentilisa. Nahita fahitana izy teny amin'ny lalana nankany Damaskosy, izay nahitany hazavana sy nandrenesany feo, nibebahany tamin'ny fahotany ary dia nantsoin'Andriamanitra izy (jereo ny Asan'ny Apôstôly 22:6–18) ka lasa hery lehibe teo amin'ny fampielezana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Ndeha isika handingana aty amin'ny 1.800 taona aty aoriana izay fotoan'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara na famerenana amin'ny laoniny ny zavatra rehetra mialohan'ny Fiaviana Fanindroany. Mijoro ho vavolombelona aho fa naverina tamin'ny laoniny tamin'ny



alalan'ny Mpaminany Joseph Smith ny Fiangonana ary manohy mandroso hatrany eo ambany fitarihan'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Ilay didy nomena azy ireo mba hitondra ny filazantsara manerana an'izao tontolo izao dia mitovy amin'ilay nomena an'ireo Apôstôly fahiny.

Nanomboka tamin'ilay fotoana nanorenana Ny Fiangonana i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany tamin'ny 1830, dia nandeha foana nanerana an'izao tontolo izao nitety firenena samihafa, kolotsaina samihafa ary vahoaka samihafa araka ny fandaharam-potoan'ny Tompo ny Fiangonana.

Tamin'ny 1978, taorian'ilay lamin'ny fanambarana napetraka tamin'ny alalan'ny Apôstôly zokiny indrindra izay ny Filoha Spencer W. Kimball, dia tonga ny fanambarana iray, tamin'ity fotoana ity mikasika ny fanolorana ireo fitahian'ny fisoronana ho an'ireo lehilahy mendrika rehetra manerantany. Midika izany fa amin'izao androntsika izao ny zanaky ny Ray any an-danitra rehetra dia afaka mahazo ireo fitahian'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Tena toe-javatra tsara ho an'ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany izany ao anatin'ilay fotoana izay manakaiky ny Fiavian'i Kristy Fanindroany.

Hozaraiko ny zavatra nihatra tamiko mifandray amin'izany. Vao voantso ho filohan'ny misiona aho ary nikasa ny hitondra ny fianakavianay ho any Mexique izaho sy Rahavavy Dickson raha nilaza tamiko mikasika ny fahatongavan'izany fanambarana miavaka izany ny Loholona Richard G. Scott, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy tamin'izany fotoana izany. Tsaroako fa latsa-dranomaso aho rehefa notantarainy tamiko ny zavatra nitranga. Tena heniky ny hafaliana aho satria fantatro fa aradrarin'ny izany ary tonga ny fotoana ahafahan'ny olona rehetra manao ôrdônansy sy fanekempihavanana ary mahazo ireo fitahian'ny filazantsara.

Tamin'ny 35 taona lasa latsaka kely izany no nitranga ary tsy nahafantatra mihitsy aho tamin'izany fotoana izany fa handany ny taona maro ao anatin'ny asa fanompoako ao amin'ny Fitopololahy any amin'ny Vondrom-paritry ny Fiangonana any Afrika Andrefana, eo anivon'ny olona be finoana sy mahatoky ary hisy fiantraikany eo amin'ny fiainan'izy ireo ilay fanambarana natao tamin'ny 1978 mikasika ny fisoronana. Nipetraka tany nandritra ny efa-taona izaho sy Rahavavy Dickson ary tena nahafinaritra sy nitondra fiovam-piainana ho anay ny zavatra niainana tany.

Ny Afrikanina Tandrefana, amin'ny maha-vahoaka iray azy dia mino

an'Andriamanitra, tsy menatra mihitsy manambara sy mizara mikasika ny finoany amin'ny hafa ary manana fahaiza-manao goavana eo amin'ny fitarihana. Haingana dia haingana ny fidiran'izy ireo ho mpikamban'ny Fiangonana ary isan-kerinandro eo ho eo dia misy paroasy na sampana roa voatsangana any ho any ao amin'ny vondrom-paritr'i Afrika Andrefana ary saika Afrikana daholo ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana sy any amin'ny vondrona fanampiny.

Tena mba faniriako ny hiarahanareo amin'ireo Olomasina ao amin'ny tempolin'i Aba, Nigéria, na Accra, Ghana, izay hahatsapanareo ny fanoloran-tenan'ireo Olomasina sy hahafantaranareo ireo filohan'ny tempoly izay Afrikana daholo. Tena mba faniriako koa ny hampahafantatra anareo ireo Afrikana Fitopololahin'ny Vondrom-paritra izay miara-mivory amintsika androany ato amin'ny Fobiben'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ary izy ireo dia mpisolo vava, prôfesorora ary mpitantana orinasa na koa mety mahafantatra Afrikana mpitarika ao amin'ny tsatôka sy paroasy sy ny fianakaviany ianareo.

Zavatra masina no iainana rehefa manatrika ny fotoam-pianaran'ny Sekoly Alahady na ny vondrona fanampiny na ny fisoronana izay ahitana ny fanarahana ny fandaharam-pianaran'ny Fiangonana ary hita ao ny fahatakarana sy fampianarana ary fianarana tsara ny filazantsara amin'ny alalan'ny Fanahy.

Ny filazantsara any Afrika dia miantefa amin'ny olona faly izay tsy mba miraharaha loatra ny zavatra ety ivelany, izay misy voka-dratsy eo amin'ny fiainan'olona maro any amin'ny ilambolantany andrefana. Tsy miasa saina loatra ny hanangona fananana tsy misy fiafarany izy ireo.

Lazaina fa ny Afrikana dia zara raha manana ireo zavatra tena tsy manandanja ary tena manana ireo zavatra tena manandanja. Tsy dia liana loatra ny hanana trano goavambe sy fiara tsara tarehy izy ireo saingy tena liana tokoa hahalala ny Ray any an-danitra sy ny zanany Jesoa Kristy ary hanana fianakaviana mandrakizay. Ny vokany

mivoaka ho azy avy amin'ny finoan'izy ireo dia ny fanohanan'Andriamanitra azy ireo amin'ny fomba miavaka.

Raha ny fahafantaranay azy ireo dia tsy mahagaga anay ny hahatonga azy ireo ho ampahany manan-danja ao anatin'ny fampivelarana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy amin'ny andro farany. Satria hitan'i Daniela, mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha tao anatin'ny fahitana ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny andro farany izay “[h]ikodiadia hatrany am-paran'ny tany toy ny vato [iray] izay nendahina hiala tamin'ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana ka hikodiadia, ambara-pamenoany ny tany manontolo” (F&F 65:2), dia tena mety ny hahatonga ireo rahalahintsika sy anabavintsika Afrikana ho ampahany manan-danja ao anatin'ny fanatanterahana izany faminaniana izany ary ireo fanambarana maneho ny hanatantehana izany dia hanaraka ny lamina napetraky ny Tompo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tia ny zanany rehetra ny Raintsika any an-danitra ary i Jesoa no Kristy ary azon'ny rehetra ananana ny filazantsara na ny maty izany na ny velona. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## Mino Isika fa tokony ho Madio Fitondrantena

*Hampitombo ny fifaliansika mandritra ny fiainana an-tany ary mahatonga ny fivoarantsika ho azo tanterahina ao anatin'ny mandrakizay ny fankatoavana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena.*

**N**y hafatra entiko dia mamaly fanontaniana manan-danja izay misy vokany lehibe eo amin'ny ara-panahy: Nahoana no manan-danja tokoa ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena? Mivavaka aho mba hanamarina ny fahamarinan'ireo fitsipika hohamafisiko eto ny Fanahy Masina.

### **Ny Drafitry ny Fahasambaran'ny Ray**

Ny maha zava-dehibe mandrakizay ny fahadiovam-pitondrantena dia tsy afaka ny ho takatra afa-tsy ao anatin'ny fivelaran'ny votoatin-kevitra ny drafitry ny fahasambaran'ny Raintsika any an-danitra ho an'ny zanany ihany. “Ny olombelona rehetra—ny lahy sy ny vavy—dia nohariana araka ny endrik'Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra, ary . . . manana toetra sy anjara araka an'Andriamanitra” (“Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129). Niara-niaina tamin'Andriamanitra tamin'ny naha-zanany

ara-panahy ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra talohan'ny nahatongavana tety an-tany amin'ny maha-mety maty. Ny drafitry ny Ray dia nanome fahafahana ireo zanany lahy sy vavy ara-panahy hahazo vatana, hiaina ny fiainana an-tany, ary hivoatra ho any amin'ny fisandratana faratampony.

### **Ny Maha zava-dehibe ny Vatana**

Ny vatantsika dia manome fahafahana hahazo traikefa lalina sy mahery vaika, izay tsy afaka ny ho azo mihitsy mandritra ny fisiansika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Noho izany, ny fifandraisantsika amin'ny olona hafa, ny hery ananantsika ny hanaiky sy hanao zavatra mifanaraka amin'ny fahamarinana, ary ny fahafahatsika mankatô ireo fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mihamafy amin'ny alalan'ny vatantsika. Mandritra ny fiainana mety maty isika dia miaina halemam-panahy, fitiavana, hatsaram-panahy, fahasambarana, alahelo, fahadisoam-panantenana, fanaintainana, eny fa na dia ireo zava-tsarotra

avy amin'ny sakana ara-batana aza, izay manomana antsika amin'ny mandrakizay. Raha lazaina amin'ny fomba tsotra dia misy ireo lesona tsy maintsy ianarantsika sy ireo traikefa tsy maintsy ananantsika araka izay faritan'ny soratra masina manao hoe "araka ny maha-nofa" (1 Nefia 19:6; Almà 7:12–13).

### Ny Hery Hananana Zanaka

Taorian'ny nahariana ny tany dia napetraka tao amin'ny Saha Edena i Adama. Fa ny zava-dehibe nolazain'Andriamanitra aza dia ny hoe: "tsy tsara raha irery rahilahy" (Mosesy 3:18; jereo koa ny Genesisy 2:18), ary lasa vady sy mpanampy sahaza ho an'i Adama i Eva. Ny fiarahana tsy manan-tsalalan'ny fahafahana ara-panahy, ara-batana, ara-tsaina, ary ara-pihetseham-po an'ny lahy sy ny vavy dia nilaina mba hanatanterahana ny drafitry ny fahasambarana. "Kanefa ao amin'ny Tompo tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy" (1 Korintiana 11:11). Ny lehilahy sy ny vehivavy dia natao mba hianatra avy amin'ny tsirairay, hifankahery, hifampitahy, ary hifameno.

Tendrin'Andriamanitra ny fomba namoronana ny fiainana an-tany. "Ny didy voalohany . . . nomen'Andriamanitra an'i Adama sy i Eva dia momba izay mety haha-ray amandreny azy amin'ny maha-mpivady azy" (*Liahona*, Nôv. 2010, 129). Ny didy ho maro fara sy hihabetsaka ary hameno ny tany dia mbola manankery amin'izao fotoana izao. Noho izany, ny fanambadian'ny lahy sy ny vavy no fomba iray nahazo lalana izay hidiran'ireo fanahy any amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana amin'ny fiainana an-tany. Ny tsy fanaovana ny firaisana ara-nofa mi-hitsy alohan'ny fanambadiana sy ny fijanonana ho mahatoky tanteraka ao anatin'ny fanambadiana dia miaro ny fahasambaran'ny fomba masina io.

Ny hery hanan-janaka dia manandanja ara-panahy. Ny fampiasana io hery io tsy araka ny tokony ho izy dia mikatsaka ny hanimba ny tanjon'ny drafitry ny Ray sy ny fisiansika eto

an-tany. Ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany Lahy Malalany dia mpahary ary nanankina tamintsika tsirairay avy ny ampahany amin'ny fahefan'Izy ireo mamorona. Ny torolalana manokana amin'ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny fahafahana mamorona aina dia zavatra tena ilaina ao amin'ny drafitry ny Ray. Ny zavatra tsapantsika sy ny fomba fampiasantsika io herin'Andriamanitra io dia hamaritry amin'ny ankapobeny ny fahasambarantsika eto amin'ny fiainana an-tany sy ny anjarantsika mandrakizay.

Nanazava ny Loholona Dallin H. Oaks hoe:

"Ny hery hamoronana ny fiainana an-tany no hery avo indrindra nomen'Andriamanitra ireo zanany. Takian'ny didy voalohany ny fampiasana izany, kanefa misy didy iray lehibe hafa izay nomena mba handrara ny fampiasana izany tsy araka ny tokony ho izy. Ny fanantitranterana ataontsika amin'ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena dia mazava amin'ny alalan'ny fahatakarantsika ny tanjon'ny hery entina hananan-janaka ho anisan'ny fanatanterahana ny drafitry Andriamanitra. . . .

"Any ivelan'ny fanambadiana, na toy ny ahoana ny haben'izany na toy ny ahoana, ny fampiasana ny hery entina hananan-janaka dia heloka manimba sy fametavetana ny toetra masina indrindra ananan'ny lehilahy sy ny vehivavy" ("The Great Plan of Happiness," *Ensign*, Nôv. 1993, 74).

### Ny Fitsipiky ny Fahadiovam-pitondrantena

Ny Fianganon'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro farany dia manana fitsipika tokana sy tsy miovaova mikasika ny fahadiovam-pitondrantena manao hoe: ny firaisana ara-nofa dia tsy azo atao raha tsy eo amin'ny lehilahy sy vehivavy ao anatin'ny fanambadiana ihany, izay voalaza ao amin'ny drafitry Andriamanitra. Ny fifandraisana toy izany dia tsy zava-mahaliana tiana hofantarina fotsiny ihany, na filàna tiana omena fahafaham-po, na karazana fandania andro na filamboly atao amin'ny fitiavan-tena. Tsy fifaninanana

ho vitaina izany na zavatra tokony ho atao fotsiny ihany. Izy ireo kosa eo amin'ny fiainana an-tany dia iray amin'ireo fanehoana faratampony ny toetra araka an'Andriamanitra sy ny hery anaty ananantsika ary fomba hanamafisana ny fifamatorana ara-pihetseham-po sy ara-panahy eo amin'ny mpivady. Isika dia olona nomena fitahiana hanao safidy tsara ary voafaritry amin'ny alalan'ny lovantika masina amin'ny mahanan'ny Andriamanitra—fa tsy amin'ny alalan'ny fitondrantena eo amin'ny filàna ara-nofa, ny fihetsika maoderina, na ny filôzofia lahika.

### Ny Olona Araka ny Nofa

Amin'ny ampahany, ny olona araka ny nofo izay noresahan'ny Mpanjaka Benjamina dia velona tokoa ao anatin'ny tsirairay avy amintsika (jereo ny Môsià 3:19). Ny lehilahy na vehivavy araka ny nofo dia tsy mibebaka, olon'ny nofo sy manaram-batana (jereo ny Môsià 16:5; Almà 42:10; Mosesy 5:13), mamela ny zavatra handeha ho azy sy mpanao zavatra diso tafahoatra, ary mpieboebo sy tia tena. Araka ny nampianarin'ny Filoha Spencer W. Kimball, "Ny 'olona araka ny nofo' dia ny 'olon'izao tontolo izao' izay mamela ny firehetam-po toy ny an'ny biby iraisan'ny be sy ny maro hanalokaloka ny fironany ara-panahy" ("Ocean Currents and Family Influences," *Ensign*, Nôv. 1974, 112).

Mifanohitra amin'izany, ny "olon'i Kristy" (Helamàna 3:29) dia ara-panahy ary mifehy ny filana rehetra (jereo ny Almà 38:12), tsy manao zavatra tafahoatra sy mahafehy tena, ary tia miantra sy tia ny hafa. Ny lehilahy sy vehivavin'i Kristy dia mihaino ny tenin'Andriamanitra, manda ny tenany ary mitondra ny hazo fijaliany (jereo ny Matio 16:24; Marka 8:34; Lioka 9:23; F&F 56:2), ary mandroso ao amin'ny lalana ety sy terin'ny fahatokiana, ny fankatoavana, ary ny fanoloran-tena ho an'ny Mpamonjy sy ny filazantsarany.

Koa satria zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika dia nandova hery masina ao anaty avy Aminy. Saingy mitoetra ao anatin'ny

tontolo lavo isika amin'izao fotoana izao. Ireo singa fototra namoronana ny vatantsika dia lavo amin'ny toetrany voajanahary ary iharan'ny fanintonan'ny ota, ny faharatsiana, ary ny fahafatesana hatrany. Vokatrizany, ny Fahalavoan'i Adama sy ny vokatrizany ara-panahy sy arabatana dia misy fiantraikany mivantana amin'ny ankapobeny amin'ny alalan'ny vatantsika. Na izany aza anefa dia mizara roa ny tenantsika, satria ny fanahintsika izay ampahany mandrakizay amintsika dia mitoetra ao amin'ny vatantsika izay iharan'ny Fahalavoana. Nanantitrantitra ny Apôstôly Petera i Jesoa hoe: "Mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manan-kery" (Matio 26:41).

Ny toetra voajanahary marin'ny fitsapana amin'ny fiainana an-tany, noho izany, dia azo fintinina ao amin'ity fanontaniana manaraka ity: Hanao zavatra amin'ny fironan'ny olona araka ny nofo ve aho, na hihaino ny fitaoman'ny Fanahy Masina ve aho ary hanaisotra ny maha olona araka ny nofo ary tonga olomasina amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy Tompo (jereo ny Môsià 3:19)? Izay ilay fizahan-toetra. Ny filana, ny faniriana, ny fironana, ary ny fihetsehampo tsy hay tohaina rehetra an'ny olona araka ny nofo dia azo toherina amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Eto an-tany isika mba hampitombo toetra tahaka ny an'Andriamanitra sy hifehy ny filan'ny nofo rehetra.

### Ny Fikasan'ny Fahavalo

Ny drafitry ny Ray dia natao mba hanome torolalana ho an'ireo zanany, mba hanampiana azy ireo ho faly, ary hitondrana azy ireo hiverina soa aman-tsara any Aminy miaraka amin'ny vatana nitsangana tamin'ny maty sy nasandratra. Maniry antsika ho tafaraka ao amin'ny fahazavana ny Ray any an-danitra ary ho feno fanantenana. Etsy ankilan'izay, i Losifera dia miasa mafy mba hampisafotofoto saina hampahory ny zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ary hanakantsakana ny fivoaran'izy ireo mandrakizay. Ny tanjona fototry ny rain'ny lainga dia ny hahatonga



antsika rehetra ho "fadiranovana tahaka azy" (2 Nefia 2:27). Tian'i Losifera ho irery ao amin'ny haizina sy tsy manana fanantenana isika amin'ny farany.

Miasa tsy misy fitsaharana manao hosoka ireo singa manan-danja indrindra amin'ny drafitry ny Ray i Satana. Tsy manana vatana izy, ary ny fivoarany mandrakizay dia nosakanana. Toy ny renirano mikoriana sakanan'ny toho-drano, ny fivoarana mandrakizain'ny fahavalo dia voasakana satria tsy manana vatana izy. Noho ny fikomiany, i Losifera dia nanda ho an'ny tenany ireo fitahiana sy traikefa rehetra amin'ny fiainana an-tany izay afaka ny hotanterahina amin'ny alalan'ny vatana nofo sy taolana. Tsy afaka mianatra ireo lesona izay tsy azon'iza ianarana afa-tsy izay fanahy manana vatana ihany izy. Mankahala ny fisiana ara-bakiteny sy manerana izao tontolo izao ny fitsanganan'ny olona rehetra amin'ny maty izy. Ny iray amin'ireo hevitra ny teny hoe "*voaozona*" azo heverina ao amin'ny soratra masina dia hita taratra amin'ny tsy fahafahany manohy mivoatra sy tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra.

Satria tena manan-danja amin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray sy ny fivoarantsika ara-panahy ny vatana, dia mikatsaka ny

hanembantsembana ny fivoarantsika i Losifera amin'ny alalan'ny fakana fanahy antsika mba hampiasa ny vatantsika tsy araka ny tokony ho izy. Iray amin'ireo zavatra maneso sy mampihomehy indrindra momba ny mandrakizay ny hoe, ny fahavalo, izay fadiranovana tokoa satria tsy manana vatana, dia maka fanahy antsika hifampizara aminy ny fijaliany amin'ny alalan'ny fampiasana amin'ny fomba tsy mety ny vatantsika. Noho izany, ny fitaovana tsy hananany no tarigetran'ny voalohany amin'ny fikasany mba hitarika antsika any amin'ny fahasimbana ara-panahy.

Ny fandikana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena dia fahotana mampahory sy fampiasana tsy araka ny tokony ho izy ny vatantsika. Ho an'ireo izay mahafantatra sy mahatakatra ny drafitry ny famonjena, ny fandotoana ny vatana dia fikomiana (jereo ny Môsià 2:36-37; F&F 64:34-35) ary fandavana ny maha-isika antsika marina amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra antsika. Rehefa mijery mihoatra ny fiainana an-tany sy mijery ny mandrakizay isika, dia mora ny manavaka fa tsy maharitra ary tsy misy akory ny fiarahana ho toy ny namana mandrakariva mody atolotry ny fahavalo.



### Ireo Fitahiana Avy amin'ny Fahadiovam-pitondrantena

Nananatra an'i Siblôna zanany lahy i Almà mba “hifeheza[ny] ny fila[ny] rehetra mba hahatonga [azy] ho feno fitiavana” (Almà 38:12). Tena manandanja tokoa fa ny fifehezana ny maha olona araka ny nofo ao amintsika tsirairay avy dia mahatonga ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny zanany ho betsaka sy lalina ary maharitra kokoa. Mitombo ny fitiavana rehefa mifehy tena amim-pahitsiana isika ary mihena izany rehefa manaiky ny ho azon'ny fakam-panahy isika.

Nanambara ny Filoha Marion G. Romney hoe:

“Amiko dia tsy misy fitahiana tena irina mafy mihoatra ireo izay nampantantena ho an'ireo madio sy manana hatsaran-toetra. Niresaka mikasika ny valisoa manokana ho an'ny hatsaran-toetra hafa i Jesoa, fa nanokana ny lehibe indrindra, araka ny fahitako azy, ho an'ireo madio am-po, ‘fa izy’ araka ny voalazany ‘no hahita an'Andriamanitra’ (Matio 5:8). Ary tsy hahita an'Andriamanitra fotsiny ihany izy ireo fa hahatsapa ho toy ny maivamaivana eo anatrehan'ny.

“Inty ny . . . fampanantenan'ny Mpamonjy: ‘Aoka handravaka tsy ankijanona ny eritreritrao ny hatsaram-panahy, dia hihamahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan'Andriamanitra’ (F&F 121:45)” (“Trust in the Lord,” *Ensign*, Mey 1979, 42).

Ampanantenaina ihany koa isika fa rehefa manohy ny lalan'ny hatsaram-panahy dia “ny Fanahy Masina no ho naman[tsika] lalandava” (F&F 121:46).

Noho izany, ny fiainana ny lalan'ny fahadiovam-pitondrantena dia manasa ny sasany amin'ireo fitahiana lehibe indrindra tokony ho ho azon'ny lehilahy sy vehivavy eto amin'ny fiainana an-tany—fahatokian-tena ara-panahy araka ny tokony ho izy eo anatrehan'ny fianakaviana, ny namana, ireo mpiara-mivavaka, ary amin'ny farany, eo anatrehan'ny Mpamonjy. Ny faniriana voajanahary ao amintsika mba ho an'ny hafa dia ho tanteraka amim-pahamarinana rehefa mandeha amin'ny hazavana miaraka amin'ny fanantenana isika.

### Ny Fitsipiky ny Fibebehana

Ny sasany aminareo izay mandray ity hafatra ity dia mila mibebaka amin'ny fandikana ny lalan'ny fahadiovam-pitondrantena na fahotana hafa. Ny mpamonjy matetika dia antsoina ho ilay Mpanasitrana Lehibe, ary io anarana fiantsoana io dia sady tandindona manana heviny arabakiteny. Isika rehetra dia niaina ny fanaintainana miaraka amin'ny ratra ara-batana na fery. Rehefa ao anatin'ny fanaintainana isika dia mikatsaka ny ho maivamaivana araka ny mahazatra ary feno fankasitrahana noho ny fanafody sy fitsaboana nanampy tamin'ny fampihenana ny fijaliantika. Raiso ho toy ny fery ara-panahy ny fahotana izay mahatonga fahatsapana ho meloka na, araka izay nofaritan'i Almà tamin'i Kôriantôna zanany lahy hoe “fanenenan'ny fieritreretana” (Almà 42:18). Ny fahatsapana ho meloka ho an'ny fanahintsika dia mitovy amin'ny fanaintainana ho an'ny

vatantsika—fampitandremana ny loza sy fiarovana amin'ny fahavoazana fanampiny. Mikoriana avy amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ny balsaman'ny fampitoniana izay afaka manasitrana ny ferintsika ara-panahy ary manala ny fahatsapana ho meloka. Io balsama io anefa dia tsy afaka ny ho ahosotra afa-tsy amin'ny alalan'ireo fitsipiky ny finoana ny Tompo Jesoa Kristy, ny fibebehana, ary ny fankatoavana mandrakariva. Ny vokatry ny fibebehana marina dia fiadanana-tsaina, fitoniana, ary fanasitrana sy fanavaozana ara-panahy.

Ny eveka na ny filohan'ny sampana misy anareo no mpitsabo mpanampy ara-panahy nahazo lalana hanampy anareo hibebaka sy ho sitrana. Tsarovy anefa, fa ny halehibeny sy ny hamafin'ny fibebehanao dia tsy maintsy mifanandrify amin'ny toetra sy ny halehiben'ny fahotana vitanao—indrindra fa ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izay nanao fanekem-pihavanana masina. Ny fery ara-panahy atahorana dia mitaky fitsaboana maharitra sy fotoana mba ho sitrana tanteraka sy feno.

### Fampanantenana sy Fijoroana ho Vavolombelona

Ny fotopampianarana nolazaiko dia mety ho toy ny antitra sy lany andro ho an'ny olona maro eo amin'ny tontolo izay tsy mitsaha-maneso ny fahamasinan'ny fananan-janaka ary tsy mampihena ny lanjan'ny fiainan'olombelona. Saingy tsy ovaovain'ny zavatra ironan'ny be sy ny maro, ny laza, na ny hevitra ny olona rehetra ny fahamarinan'ny Tompo. Mampantena aho fa hampitombo ny fifaliantika mandritra ny fiainana an-tany ary mahatonga ny fivoarantsika ho azo tanterahina ao anatin'ny mandrakizay ny fankatoavana ny lalan'ny fahadiovam-pitondrantena. Ny fahadiovam-pitondrantena sy ny hatsaran-toetra dia “soa sy sarobidy indrindra tambonin'ny zava-drehetra”, sy efa toy izany hatramin'izay, ary mbola ho toy izany hatrany (Môrônia 9:9). Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anarana masin'ny Tompo Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Russell M. Nelson**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## Araraoty ilay Onja

*Misaotra an'Andriamanitra sy i Jesoa Kristy Zanany lahy aho noho ny Famerenana amin'ny laoniny sy ny hery ao amin'izany izay manosika onjam-pahamarinana sy fahitsiana mahatalanjona izay manenika ny tany.*


Ry rahalahy sy anabavy malala isany, miombon-kevitra amin'ny Filoha Thomas S. Monson sy ireo hafa aho midera an'ireo izay namaly ny fangatahan'ny mpaminany misiônera mendrika maromaro kokoa. Ankehitriny dia misy onjam-pientanentanana tsy misy ohatr'izany mikasika ny asa fitoriana, izay miparitaka manerana ny tany. Hatramin'ilay fanambarana manan-tantara nataon'ny Filoha Monson tamin'ny Ôktôbra farany teo dia elder sy rahavavy ary mpivady zokiolona an'arivony no voantso ary mbola maro noho izany no eo ampiomanana.<sup>1</sup> Ankehitriny dia anontanian'ny olona izahay hoe: “Hataonareo inona daholo izao ireo misiônera ireo?” Tsotra ny valiny. Ny efa nataon'ny misiônera hatramin'izay no hataon'izy ireo. Hitory filazantsara izy ireo! Hitahy ireo zanak'Andriamanitra Tsitoha!

Maro aminareo ry zatovolahy sy zatovovavy isany no hanararaotra izany onja izany raha miezaka ny ho mendrika ny antso ho misiônera. Hitanao toy ny fipariahan'ny fahamarinana sy ny fahitsiana izany. Hitanao ny fahafahanao mandray anjara tanteraka amin'izany fipariahana izany.

Ianareo ry zatovo, ekeo ary araho ilay fandaharam-pampianarana

vaovao ho anareo, ary mifampianara ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy. Izao no fotoana hiomananareo hampianatra ny hafa mikasika ny fahatsaran'Andriamanitra.

Ry zatovolahy sy zatovovavy isany, manan-danja mandrakariva ny fianarana ataonareo—aminay sy aminareo ary amin'Andriamanitra. Raha azo atao, ary raha tianao ny hianatra any amin'ny oniversite *aorian'* ny asa fitoriana, dia mamporisika anao izahay hisoratra anarana amin'izay toeram-pampianarana nosafidianao *alohan'*ny



hanombohan'ny asa fitoriana. Maro ny toeram-pampianarana ambony no manaiky ny hanemorana 18 ka hatramin'ny 30 volana ny fotoana tena hidirana miantra ho an'ny olona iray handeha hitory filazantsara. Izany dia hahafahanao manompo ka tsy hiahiahy ny amin'izay toerana hanombohanao ny fianarana ambony horantovinao. Tena feno fankasitrahana izahay ho an'ireo lehiben'ny toeram-pampianarana izay manao izay ahafahana manatanteraka izany!

Ianareo ray aman-dreny sy mpampianatra ary ny hafa, araraoty ilay onja eo am-panomananao ny taranaka vao misondrotra mba ho mendrika hanao asa fitoriana. Mandritra izany fotoana izany dia hanintona ny sain'ireo namana sy mpiray vodirindrina aminao ny fiainanao mendrika halain-tahaka. Mivonôna hamaly ireo izay manontany ny antony mahatonga anao hanana fiainana toy izany. Mivonôna hanome ny antony mahatonga ilay fanantenana sy fifaliana izay hitany eny aminao.<sup>2</sup> Rehefa mipetraka ny fanontaniana toy izany dia azonao atao ny mamaly hoe: “Anontanio ireo misiônera! Afaka manampy antsika izy ireny! Ary raha tianao dia ho eo anilanao aho rehefa hamaly sy hampianatra anao ireo misiônera.”

Ianareo ry olon-dehibe, araraoty ilay onja amin'ny alalan'ny fanampiana eo amin'ny fiomanan'ireo izay ho misiônera eo amin'ny ara-panahy sy ara-batana ary ara-bola. Zary ho lasa mandeha ho azy aminao ny manangom-bola ho amin'izany. Ianareo ry mpivady zokinjokiny, miomana ho an'ny fotoana ahafahanao mandeha manao asa fitoriana ianareo. Ho velom-pankasitrahana indrindra izahay noho ny fanompoanareo. Mandra-pahatongan'izany dia angamba azonao atao ny mampiasa ny volanao hanohanana ny asa fitoriana amin'ny alalan'ny fandrotsahana ao amin'ny Kitapom-bola Faobe ho an'ny Asa Fitoriana, araka ny sosokevitra naverin'ny Filoha Monson naroso aninkeheo maraina.<sup>3</sup>

Mitombo ny isan'ireo lehilahy voafantina sy ny vady andefimandrin'izy ireo izay manararaotra ilay onja rehefa voantso izy ireo hiahy misionan'ny



Fiangonana. Ao anatin'izany asa fanompoana izany dia hanefy ny hoavin'ireo taranaka amin'izao fotoana izao sy mbola ho avy izy ireo. Ireo filohan'ny misiona no mihazona ny fanalahidin'ny maha tompon'andraikitra amin'ny fahatomombanan'ireo misiõnerany sy ny fiarovana azy ireo ary ny fahombiazan'izy ireo. Rehefa avy nifanakalo hevitra tamin'ireo filohan'ny tsatòka sy distrika ao amin'ny misionany ny filohan'ny misiona tsirairay dia manendry ireo misiõnera hanompo any amin'ny tsatòka sy paroasy ary sampana manokana.

Manararaotra ilay onja koa ireo filohan'ny tsatòka sy ireo eveka rehefa mandany fotoana misimisy kokoa hatrany hanaovana tafa sy dinika amin'ireo izay mety ho lasa misiõnera. Ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana ireo no mihazona ny fanalahidin'ny maha tompon'andraikitra amin'ny asa fitoriana ao amin'ny vondrona misy azy ary manentana ireo mpikambana izy ireo handray anjara.

Ireo rahalahy sy rahavavy ao amin'ny filankevitry ny paroasy tsirairay dia manomboka manararaotra ilay onja. Ao amin'io filankevitry io ny tompon'andraikitra mitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy.<sup>4</sup> Te hiresaka manokana aminareo aho ry tompon'andraikitra mitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy. Nantsoin'ny evekanao ianao hitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy. Ary tena mahomby tokoa ny sasany aminareo hany ka nisy mpanampy ihany koa nantsoina hanampy anareo.

Miaraka amin'ireo hafa ao amin'ny filankevitry ny paroasy ianao dia mamanatra ireo mpikambana malaina, sy ireo fianakaviana izay ny ampahany ihany no mpikambana ary ireo manodidina izay liana. Mihaona matetika amin'ireo misiõnera voatendry ianao. Manoro hevitra sy manampy ireo misiõnera ianao. Iangaviana ianao hanampy azy ireo hameno ilay bokikely fandrindram-potoana isan'andron'izy ireo amin'ny alalan'ny fotoana voafantina sy manandanja ahafahana mampianatra. Izany no andraikitrao. Tena miankina be dia be amin'ny anjaranao ny fahombiazan'ity asa ity. Raha araraotinao amim-pinoana sy amim-pientanentanana ilay onja dia hanao izany koa ny hafa. Ianao, amin'ny maha tompon'andraikitra mitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy anao, *no* rohy mampifandray ireo mpikambana sy ireo misiõnera eo amin'ity asa masina hanavotana ireo zanak'Andriamanitra ity.<sup>5</sup>

Ireo namantsika sy mpiray vodirindrina amintsika izay liana koa dia afaka manararaotra ilay onja. Amporisihanay izy ireo mihazona izay rehetra tsara sy marina rehetra eo amin'ny fiainany. Ary manasa azy ireo handray misimisy kokoa isika, indrindra indrindra ilay fahamarinana feno voninahitra hoe amin'ny alalan'ny drafitra mandrakizay an'Andriamanitra dia afaka ny ho tafarakana mandrakizay ny fianakaviana.<sup>6</sup>

Mahatalanjona io onjan'ny fahamarinana sy fahitsiana io! *Tsy* noforonin'olombelona izy io! Fa avy amin'ny Tompo izay nilaza hoe: “Hohafaingany niko amin'ny fotoany ny asako.”<sup>7</sup> Io onja io dia mahazo vahana noho ny fanambarana iray nataon'Andriamanitra 193 taona lasa izay. Nahitana teny enina monja izany: “Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!”<sup>8</sup> Io fanambarana izay notononin'Andriamanitra io dia nampahafantatra an'i Joseph Smith tanora tamin'i Jesoa Kristy Tompo. Ireo teny ireo no nanomboka ny Famerenana ny Filazantsarany tamin'ny Laoniny. Nahoana? Satria Andriamanitra feno fitiavana Andriamanitra! Tiany ireo Zanany hahafantatra Azy sy i Jesoa Kristy, izay nirahiny!<sup>9</sup> Ary tiany ireo Zanany hahazo tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay!<sup>10</sup>

Ho an'izany tanjona be voninahitra izany no hampianaran'ireo misiõnerantsika mikasika ny Famerenana amin'ny laoniny. Fantatr'izy ireo fa tany amin'ny 2.000 taona lasa tany ho any dia nanorina ny Fiangonany ny Tompo. Taorian'ny nanomboana Azy tamin'ny hazo fijaliana sy ny fahafatesan'ireo Apôstôliny dia novain'ny olona ny Fiangonany sy ny fotopampianarany. Avy eo taorian'ny haizina ara-panahy nandritra ny taranaka maro sy araka ny faminanian'ireo mpaminany teo aloha,<sup>11</sup> dia naverin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy tamin'ny laoniny ny Fiangonana sy ny fampianarany ary ny fahefan'ny fisoronana ao aminy. Noho io Famerenana amin'ny laoniny io dia miverina misy ho an'ny olona rehetra indray ny fahalalana sy ireo ôrdônansy fototra ho an'ny famonjena sy ny fisandratana.<sup>12</sup> Any aoriana dia io fisandratana io no hahafahan'ny tsirairay hiara-hitoetra amin'ny fianakaviansika eo anatrehan'Andriamanitra sy i Jesoa Kristy mandrakizay!

Tsy afaka ny hiresaka momba ny Famerenana amin'ny laoniny aho ka hoe tsy hientanentana. Io tranga teo amin'ny tantara io dia tena manaitra tokoa! Tsy mampino! Mahatalanjona! Tahaka ny ahoana izany hoe iraky ny lanitra no tonga hanome fahefana sy hery ho an'ity asa ity?

Niseho im-betsaka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ny Raintsika Mandrakizay sy i Jesoa Kristy.<sup>13</sup> Teo ambany fitarihan' Izy Ireo no nahatongavan'ny iraka maro hafa avy any andanitra, ka samy nanana tanjona iray mazava tsara ny tsirairay. Ohatra hoe:

- Nanambara ny Bokin'i Môrmôna ny anjely Môrônia.<sup>14</sup>
- Namerina ny Fisoronana Aharôna tamin'ny laoniny i Jaona Mpanao Batisa.<sup>15</sup>
- Namerina ny Fisoronana Melkizedeka tamin'ny laoniny i Petera, sy i Jakôba ary i Jaona.<sup>16</sup>
- Nanolotra fanalahidy i Mosesy ho fanangonana an'i Isiraely.<sup>17</sup>
- Nanolotra fanalahidy i Elià hahazoana fahalalana mikasika an'i Abrahama.<sup>18</sup>



- Naverin'i Elia tamin'ny laoniny ny fanalahidin'ny fahefana hamehy.<sup>19</sup>

Ankoatra izany ny Famerenana tamin'ny laoniny dia nanampy fahalalana izay efa nananan'ireo Olomasina fahiny. Nanome boky soratra masina vaovao ny Tompo. Ho fanampin'ny Baiboly Masina dia nampiany Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy. Izy io dia firaketana ireo faminiana sy asa fanompoana nataon'ny Tompo efa nitsangana tamin'ny maty tamin'ireo vahoaka tany Amerika fahiny. Voazava ao ilay drafitra lehiben'ny fahasambarana<sup>20</sup>—dia ny drafitry ny famonjena.<sup>21</sup> Mirindra tanteraka amin'ny Baiboly ny Bokin'i Môrmôna. Ireo rakitsoratra masina ireo dia samy manambara ny fahamarinan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny lanjan'ny Sorompanavotany.<sup>22</sup>

Ny Famerenana amin'ny laoniny dia mahatanteraka faminiana maro hita ao amin'ny Baiboly. Ohatra, i Isaia dia naminany fa ny tranon'ny Tompo dia haorina eny an-tampon'ny tendrombohitra.<sup>23</sup> Ny fifindra-monina nataon'ireo mpamaky lay Môrmôna nankany amin'ireo tendrombohitra tany andrefan'i Amerika dia tranganjavatra manan-danja maneho fahafoizana sy finoana izay manatanteraka faminiana. I Isaia dia nanambara mialoha ihany koa fa Andriamanitra dia hanao “zava-mahagaga

sy mahatalanjona.”<sup>24</sup> Eo andalam-pahatanterahana izany ankehitriny amin'ny alalan'ny asa masina ataon'ny tafik'ireo misiônerantsika mitombo isa.

Naverina tamin'ny laoniny ireo fampianarana ao amin'ny Testamenta Taloha mikasika ny fahafolonkarena.<sup>25</sup> Vokat'izany dia mpandao fahafolonkarena maro kokoa no voatahy noho ny fankatoavan'izy ireo. Voazava ireo resaka mahakasika an'i Melkizedeka noho ireo soratra masin'ny Famerenana amin'ny laoniny.<sup>26</sup> Ireo faminiana milaza fa ho tonga iray eo an-tanan'Andriamanitra ny tapakazon'i Josefa (ny Bokin'i Môrmôna) sy ny tapa-kazon'i Joda (ny Baiboly) dia efa tanteraka ankehitriny.<sup>27</sup>

Ny Famerenana amin'ny laoniny dia manazava ihany koa ny soratra masina ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ny teny voalaza ao mikasika ny batisa ho an'ny maty dia takatra kokoa ankehitriny.<sup>28</sup> Tanterahana amin'ny fomba iso-loana tena ankehitriny ireo ôrdônansy ho an'ireo razambentsika efa maty any amin'ny tempoly 141 manerana an'izao tontolo izao! Tsy misy fomba hafa ankoatra izany hanolorana ny famonjena ho an'ireo razantsika izay maty ka tsy nahazo fahalalana mikasika ny filazantsara!<sup>29</sup> Ny fahitan'i Jaona Mpanambara mikasika ilay “anjely iray [hafa] nidina eo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay ho toriana amin'izay monina ambonin'ny

tany,” dia nanambara mialoha ny iraka nampanaovina ny anjely Môrmôna sy ny Bokin'i Môrmôna.<sup>30</sup>

Ny Bokin'i Môrmôna no ampahany manan-danja indrindra amin'ny Famerenana amin'ny laoniny. Izy io dia nosoratana sy notehirizina ary nampitaina teo ambany fitarihan'ny Tompo. Nadika “tamin'ny alalan'ny fanomezampahasoavan'Andriamanitra sy ny heriny”<sup>31</sup> izany. Ny bokin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia ahitana fanambarana maro fanampiny nomena ny Mpaminany Joseph Smith. Tamin'ny alalany no nahazoantsika pejin-tsoratra masina maro kokoa noho izay azontsika tamin'izay mety mpaminany hafa. Tao anatin'ny fotoana iray izay tsy maintsy ho feno fandinihana no nanambarany tamin'ireo Olomasina tao Nauvoo, Illinois hoe: “Tsy nilaza tamina-reo mihitsy aho hoe tonga lafatra aho; saingy tsy misy fahadisoana ao amin'ireo fanambarana izay nampianariko.”<sup>32</sup>

Mpikambana sy misiônera no mioraka manasa ny rehetra hianatra mikasika an'Andriamanitra sy Jesoa Kristy ary mikasika ny filazantsarany. Ny olona tsirairay izay mitady dia tokony hikatsaka amin'ny fomba matotra sy hivavaka am-piniavana sy amin-kitsim-po mba hahazoana antoka fa marina ireo zavatra ireo. Hiseho mazava ny fahamarinana amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.<sup>33</sup>

Misaotra an'Andriamanitra sy i Jesoa Kristy Zanany lahy aho noho ny Famerenana amin'ny laoniny sy ny hery ao amin'izany izay manosika onjam-pahamarinana sy fahitsiana mahatalanjona izay manenika ny tany. Enga anie isika hanararaotra io onja io sy hanatanteraka ny didin'ny Tompo hoe hitondra ny filazantsara “amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra,”<sup>34</sup> izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Thomas S. Monson, “Tonga soa eto amin'ny Fihaonambe,” *Liahona*, Nôv. 2012, 4–5.
2. Jereo ny 1 Petera 3:15.
3. Jereo ny Thomas S. Monson, “Fihaonambe indray Izaô,” *Liahona*, Mey 2011, 6.
4. Jereo ny *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), 5.1.
5. Feno fankasitrahana izahay noho ireo



- Olomasina izay miezaka hanokan-tena. Miezaka ho masina kokoa izy ireny. Katsahan'izy ireo "aloha ny hanorina ny fanjakan'Andriamanitra sy ny hampitoetra ny fahamarinany" (Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 6:38).
6. Jereo ny "Ensemble à tout jamais," *Cantiques*, no. 192. Ahitana fanazavana fanampiny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:7, 19.
  7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:73.
  8. Joseph Smith—Tantara 1:17.
  9. Jereo ny Jaona 17:3.
  10. Jereo ny Mosesy 1:39.
  11. Jereo ny Matio 17:11; Asan'ny Apôstôly 3:20–21; Efesiana 1:10; 2 Nefia 30:8; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:40, 45.
  12. Jereo ny 3 Nefia 27:13–14, 21; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 39:6; Fanekem-pinoana 1:4.
  13. Jereo ny Karl R. Anderson, *The Savior in Kirtland* (2012), 228–43.
  14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:5; jereo ihany koa ny Joseph Smith—Tantara 1:33.
  15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13.
  16. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:2–3; 27:12; 128:20; jereo ihany koa ny Larry C. Porter, "Dating the Restoration of the Melchizedek Priesthood," *Ensign*, Jiona 1979, 4–10.
  17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:11.
  18. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:12.
  19. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:13–16.
  20. Jereo ny Almà 42, indrindra ny andininy faha 8.
  21. Jereo ohatra, ny Almà 12:28–30.
  22. Jereo ohatra ny 1 Korintiana 15:22; Almà 34:9.
  23. Jereo ny Isaia 2:2.
  24. Isaia 29:14.
  25. Jereo ny Genesisy 14:18–20; Malakia 3:8–10; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119–20.
  26. Jereo ny Genesisy 14:18; Salamo 110:4; jereo ihany koa ny Almà 13:14–18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:14–22.
  27. Jereo ny Ezekielia 37:16, 19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 27:5.
  28. Jereo ny 1 Korintiana 15:29; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128.
  29. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 137:7; 138:31–34.
  30. Apôkalypsy 14:6; jereo ihany koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:36–39.
  31. Pejjin-dohatenin'ny Bokin'i Môrôna, nosoratan'i Môrônia; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 135:3.
  32. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 522.
  33. Jereo ny Môrônia 10:4–5.
  34. Apôkalypsy 14:6; jereo ihany koa ny 1 Nefia 19:17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:37.



**Nataon'ny Loholona Robert D. Hales**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## Mitsangàna sy Miorena eo amin'ny Toerana Masina

*Mitsangana eo amin'ny toerana masina isika, rehefa mitsangana sy miorina amin'ny fankatoavana ny fotopampianaran'ny Andriamanintsika, satria masina ny fotopampianarany ary tsy hiova.*

Ry rahalahy, voninahitra ho ahy ny miaraka amin'ireo mpihazona ny fisoronana ao amin'ny fanjakam-pisoronan'Andriamanitra. Miaina amin'ny andro farany isika izao, amin'ny "fotoana tandindomin-doza."<sup>1</sup> Amin'ny maha mpihazona ny fisoronana antsika, dia manana andraikitra isika ny hijoro sy hiorina miaraka amin'ny ampingan'ny finoana manoloana ny fanafihana mahery vaika ataon'ny fahavalo. Ohatra eo amin'izao tontolo izao isika, ary miaro ireo zo sy fahafahana izay nomen'Andriamanitra antsika sady tsy azo alaina amintsika. Miaro ny tokantranontsika sy ny fianakaviansika isika.

Fony aho tany amin'ny kilasy voalohan'ny ambaratonga faharoa, dia nody aho rehefa avy nandray anjara tamin'ny lalao baseball voalohany natao tany amin'ny tanàna hafa natrehan'ny ekipan'ny sekoliko. Tsapan'ny

raiko fa naheno sy nahita fiteny sy fihetsika izay tsy mifanaraka amin'ny fenitry ny filazantsara aho nandritra ny fodiana teny ambonin'ny fiara fitaterana iombonana. Izy moa dia mpanakanto matihanina, ka nipetraka izy ary nanao sary miaramila mpiady iray—izay afaka ny hiaro lapa sy fanjakana maro.

Sady namaky ny soratra masina teo am-panaovana ilay sary izy, ary izay no nianarako ny fomba hahaton-gavana ho mpihazona ny fisoronana mahatoky—hiaro sy hiady ho an'ny fanjakan'Andriamanitra. Ny tenin'ny Apôstôly Paoly no fitarihana ho ahy:

"Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly, ary rehefa mahavita izany rehetra izany, dia mba hijoro.

"Mitsangàna noho izany, misi-kina fahamarinana ny valahanareo,

sy mitafy ny rariny ho fiarovan-tratra ianareo;

“ary ny tongotrareo mikiraro ny fahavononam-panahy avy amin’ny filazantsaran’ny fihavanana;

“Ary ho fanampin’izany rehetra izany, dia mitana ny finoana ho apinga ianareo, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipika mirehitra rehetra izay alefan’ilay ratsy.

“Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-doha, sy ny tenin’Andriamanitra ho sabatry ny Fanahy.”<sup>2</sup>

Ry rahalahy isany, raha mahatoky amin’ny fisoronana isika, dia homena antsika izany fiadiana izany izay fanoomezana avy amin’Andriamanitra. Mila izany fiadiana izany isika!

Ry zatovolahy isany, ny rainareo sy raibenareo dia tsy mbola niatrika mihitsy ireo fakam-panahy izay atrehanareo matetika. Miaina amin’ny andro farany ianareo izao. Raha te hanana olana ny rainareo dia nila nanao ezaka lehibe izy vao tonga tamin’izany. Tsy toy izany intsony amin’izao! Ankehitriny dia ny fakam-panahy no mitady anareo! Mba tsarovy izany! I Satana dia milofo mitady anareo, ary “mamitsaka eo am-baravarana ny ota.”<sup>3</sup> Ahoana no fomba handresenareo ny hafetseny tena mahery vaika? Tafio avokoa ny fiadian’Andriamanitra.

Mamelà ahy ianareo hampianatra anareo avy amin’ny traikefa iray hafa teo amin’ny fiainako:

Tamin’ny volana Janoary 1982 aho dia nandray fitenenana nandritra ny fivoriana fampaherezam-panahy tao BYU tany Provo, Utah. Nanasa ireo mpianatra aho mba haka sary ant-saina hoe raha teo amin’ilay polpitra ny Fiangonana, dia izao tontolo izao kosa dia iray metatra latsaka miala avy teo. Izany dia naneho ny “elanelana tena kely izay manasaraka ny toerana misy ny fenitr’izao tontolo izao sy ny toerana misy ny fenitry ny Fiangonana” fony aho tany amin’ny oniver-site. Tamin’izany, rehefa nijoro teo anoloan’ireo mpianatra aho 30 taona taty aoriana, dia nanainga ny tanako toy ny tamin’izany fotoana izany aho ka nanazava hoe: “Efa nihataka lavitra niala tamin’ny fenitry ny Fiangonana ny fenitr’izao tontolo izao. [efa tena



lasa any lavitra be any; tsy tazana avy eto intsony];. . . Ny zavatra tokony ho tadidiansika sy ny zanatsika ary ny zafikelintsika dia ny hoe hijanona ho tsy miova hatrany ny Fiangonana, [mbola eto foana, kanefa] izao tontolo izao dia mbola hiova foana—[lasa] mihalehibe hatrany ilay elanelana nisy. . . . Noho izany, mitandrema fatratra. Raha toa tsarainareo avy amin’izay toerana misy izao tontolo izao ny fihe-tsikareo sy ny fitsipiky ny Fiangonana, dia ho hitanareo fa tsy eo amin’ny toerana tokony hisy anareo ianareo.”<sup>4</sup>

Tamin’izany fotoana izany aho dia tsy afaka naka sary ant-saina ny halavirana sy ny hafaingan’ny fomba izay hialan’izao tontolo izao amin’ny fotopampianarana, sy ny fitsipika ary ny didy nomen’Andriamanitra, sarotra ny nahatakatra izany. Ny fenitr’i Kristy sy ny Fiangonany anefa dia tsy niova. Araka ny nambarany, “Ny fahamarinana dia *mitoetra* mandrakizay mandrakizay.”<sup>5</sup> Rehefa mahatakatra sy manaiky izany isika, dia vonona ny hiatrika ny fanerena avy amin’ny fiaraha-monina, sy ny fanarabiana, eny

ny fanavakavahana mihitsy aza avy amin’izao tontolo izao sy ireo olona sasany izay mitonona ho namantsika.

Ny ankamaroantsika dia mahafan-tatra olona iray izay hilaza hoe, “Raha te ho namako ianao, dia tsy maintsy manaiky ny soatoavina arahiko.” Ny tena namana dia tsy mitaky antsika ny hisafidy na ny filazantsara na ny finamanana aminy. Hindrana ny tenin’i Paoly aho hamaliana izany, “Ireny koa dia halaviro.”<sup>6</sup> Ny tena namana mahatoky dia mankahery antsika mba hijanonantsika eo amin’ilay lalana ety sy tery.

Miaro antsika sy manomana antsika mba hanao ny asan’Andriamanitra eto amin’izao tontolo izao ny fijanonantsika amin’ny lalan’ireo fanekempihavanana sy didy ary ôrdônansy. Rehefa mankatò ny Tenin’ny Fahendrena isika, dia voaaro amin’ny fiankinandoha amin’ny zavatra toy ny alikôla, sy ny zava-mahadomelina, ary ny paraky sy sigara ny fahafahantsika misafidy. Rehefa mandoa ny fahafo-lonkarena isika, mandalina ny sora-tra masina, mandray ny batisa sy ny

fanomezana ny Fanahy Masina, miaina amin'ny fomba ahafahantsika manana hatrany ny Fanahy Masina, mandray amim-pahamendrehana ny fana-san'ny Tompo, mankatò ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena, miomana sy mandray ny Fisoronana Melkize-deka, ary manao fanekempihavanana masina any amin'ny tempoly, dia ho vonona ny hanompo.

Any amin'ny tempoly isika dia mio-mana ny hiaina ny lalàn'ny fanokanana ary mampanantena ny hiaina izany. Ireo zatovolaha manana fahafahana hanao izany dia manomboka miaina io lalàna io amin'ny fiomanana hanao asa fitoriana—manome ny ampahafolon'ireo taona voalohany niainany amin'ny fanompoana ny Tompo amin'ny fotoana feno. Izany fahafoizan-tena izany dia mankahery azy ireo mba handroso amin'ny fanekempihavanana ambony indrindra eo amin'ny fiainana—ho an'ny maro izany dia ny ho fehezina any amin'ny tempoly ary manangana fianakaviana mandrakizay.

Rehefa mibosesika hatrany amin'ilay lalana ety sy tery isika, dia manorina hery ara-panahy izay mitombo hatrany—hery amin'ny fampiasana ny fahafahantsika misafidy hanao araka ny safidintsika. Na ho an'ireo zatovolaha na ho an'ireo zatovovavy, io fitomboana io dia mahazo fanampiana rehefa mianatra fotopampianarana izy ireo ary mizara ny fijoroany ho vavolombelona amin'ny alalan'ilay fandaharam-pianarana vaovao ao amin'ny Internet, *Viens, et Suis Moi*.

Ankoatr'izany, ampiasao ny fahafahanareo misafidy mba hampivoaranao ny tenanareo manokana. Rehefa mahita ny fanomezam-pahasoavana sy ny talenta anananareo ianareo, dia tsarovy fa ireo ray aman-dreny sy ireo mpitarika dia mety hanampy anareo, kanefa tsy maintsy mamela ny Fanahy hitarika anareo ianareo. Misafidiana ary manaova araka ny safidinareo. Manàna fahazotoana avy ao anaty. Manaova drafitra ho an'ny fiainanareo, anisan'izany ny fianarana na ny fiofanana arak'asa. Trandraho ireo zavatra mahaliana anareo sy ireo fahaizamanao anananareo. Miasà ary manàna fizakan-tena. Mametraha tanjona,

reseho ny fahadisoana, mahazoa traikefa, ary vitao izay atombokareo.

Mandritra ny fandrosoanao amin'ilay lalana, dia ataovy azo antoka fa mandray anjara amin'ny fiarahamiantan'ny fianakaviana, sy ny kôlejy, sy ny kilasy ary ny atrik'asa ifampizaran'ny zatovolaha sy zatovovavy ianareo. Miaraha manao fialam-boly mahasoana. Amin'ny alalan'ireo traikefa ireo no ahatonga anareo hanao sy hankasitraka ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy ananan'ny tsirairay sy ireo toetoetra mandrakizain'ny zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra izay mifameno.

Ambonin'izany rehetra izany, dia manàna finoana an'ny Mpamonjy! Aza matahotra! Rehefa miaina ny filazantsara amim-pahazotoana isika, dia tonga mahery ao amin'ny Tompo. Rehefa manana izany hery izany isika dia afaka mandà ny antikristy izay milaza hoe, “Mihinàna, misotroa ary mifalia,” fa Andriamanitra “hanome rariny [anao amin'ny fanaovana] fahotana madinidinika; . . . tsy misy faharatsiana amin'izany . . . , fa ho faty isika rahampitso.”<sup>7</sup> Amin'ny herin'ny Tompo isika dia afaka hanohitra izay mety ho fotokevitra na foto-pinoana izay mandà ny Mpamonjy sady mifanohitra amin'ilay



drafitry ny fahasambarana lehibe sy mandrakizay ho an'ireo zanak'Andriamanitra rehetra.

Tsy afaka miady varotra ny fepe-tran'izany drafitra mandrakizay izany isika. Tadiodio i Nehemia izay nasaina nanangana mända mba hiarovana an'i Jerosalema. Nisy ireo olona sasany izay nikasa ny hampidina azy avy teo amin'ny toerany, saingy nandà i Nehemia. Tsy hoe tsy manam-pandeferana amin'ny hafa izy tsy akory; fa nazavainy tsotra hoe, “Asa lehibe no ataoko, ka tsy afa-midina aho: nahoana no hilaozako midina any aminareo ny asa ka hatsahatra . . . ?”<sup>8</sup>

Indraindray dia isika no atao fotodresaka ary voatery hanaiky ny esoeso noho ny fifikirantsika amin'ireo fitsipik'Andriamanitra sy ny fanaovana ny asany. Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy mila matahotra isika raha toa ny fiainantsika ka mifototra amin'ny fotopampianarany. Mety ho tsy azon'ny olona ny fiainantsika, sy mahazo fanakianana avy amin'ny olona isika, ary mety ho voaendrikendrika mihitsy aza, saingy tsy irery mihitsy isika. Ny Mpamonjy antsika dia “natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona.”<sup>9</sup> Tombontsoa masina ho antsika ny mijoro miaraka Aminy!

Somary mampihomehy, fa indraindray ny hoe mitsangana sy miorina dia midika hoe miala sy manalavitra mihitsy aza ny zavatr'izao tontolo izao. Ny Mpamonjy dia nanambara hoe “Mankanesa ato ivohoko, ry Satana.”<sup>10</sup> I Josefa avy any Egipta dia nandositra niala ny fakam-panahin'ny vadin'i Potifara,<sup>11</sup> ary Lehia dia nandao an'i Jerosalema ka nitondra ny fianakaviany nankany an-tany foana.<sup>12</sup>

Manàna antoka fa ireo mpaminany rehetra talohantsika dia nitsangana sy niorina tamin'ny andron'izy ireo:

I Nefia dia nanatanteraka ilay asa hafa kely nampanaovin'ny Tompo na dia teo aza ny fampijalian'i Satana sy ny fanenjehan'i Lamana sy Lemoela rahalahiny.<sup>13</sup>

Nijoro ho vavolombelon'i Kristy i Abinadia manoloana ny tsy finoan'ny hafa azy, sy ny fihomehezan'ny hafa azy, ary ny fahafatesana izay azo antoka fa ho tonga aminy.<sup>14</sup>

Ireo zatovolahy miaramila 2.000 dia niaro ireo fianakaviany tamin'ireo izay nanao ho tsinontsinona ireo soatoavin'ny filazantsara.<sup>15</sup>

I Môrônia dia nanangana ny fanevan'ny fahafahana mba hitandroana ny fianakaviana sy ny fahafahana arapivavahan'ny vahoakany.<sup>16</sup>

Nitsangana teo ambony rindrina sy naminany ny amin'ny fiavian'i Kristy i Samoela, na dia nisy vato sy zana-tsipika aza natoraka azy.<sup>17</sup>

Ny Mpaminany Joseph Smith dia namerina ny filazantsaran'ny Mpamonjy tamin'ny laoniny, ary namehy ny tenivavolombelony tamin'ny rany.<sup>18</sup>

Ary ireo mpamaky lay Môrmôna dia nitsangana sy niorina na dia manoloana ny fahoriana sy ny fijaliana aza, nanaraka ny mpaminany tamin'ny dia lehibe sy ny fifindra-monina nankany Andrefana.

Ireo mpanompo sy Olomasina tsaran'Andriamanitra ireo dia afaka nitsangana sy niorina satria nitsangana niaraka tamin'ny Mpamonjy izy ireo. Jereo ny fomba nitsanganan'ny Mpamonjy sy niorenany:

Fony izy zatovolahy, dia nanomboka nikarakara ny raharahan'ny Rainy tamim-pahatokisana i Jesoa, nitory ny filazantsara tamin'ireo olona manam-pahalalana tao amin'ny tempoly.<sup>19</sup> Nandritra ny fotoana rehetra nanompoany, dia nanatanteraka ny asan'ny fisoronana Izy—nampianatra, nanasitrana, nanompo, ary nitahy sy nankahery ny hafa. Tamin'ny fotoana nampety izany, dia nijoro tamim-pahasahiana nanohitra ny ratsy Izy, nanadio ny tempoly.<sup>20</sup> Ary nijoro ho an'ny fahamarinana ihany koa Izy—na tamin'ny teny na tamin'ny fahanginana feno fahamendrehana. Rehefa noendrikendrehan'ny mpisoronabe teo anoloan'i Kaifasy i Jesoa, dia tamim-pahendrena sy tamin-kerimpo no nandavany ny hamaly ny tsy fahamarinana ka nijanonany nangina tamim-piadanana.<sup>21</sup>

Tao amin'ny zaridainan'i Getsemane, dia tsy nitakemotra ny tsy hisotro ilay kapoaka mangidin'ny Sorompanavotana ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika.<sup>22</sup> Ary teo amin'ny hazo fijaliana Izy dia nijaly indray



mba hanatanterahana ny sitrapon'ny Rainy, mandra-pahafahany niteny tamin'ny farany hoe: “Vita.”<sup>23</sup> Naharitra hatramin'ny farany Izy. Ho valin'ny fankatoavana tonga lafatra nasehon'ny Mpamonjy teo amin'ny fijoroana sy fiorenana, dia nanambara ny Ray any an-danitra hoe: “Indro ny Zanako Malalako izay ao Aminy no tena ifaliako, izay tao Aminy no efa nankalazako ny anarako.”<sup>24</sup>

Ry rahalahiko malala isany ao amin'ny fisoronana, na tanora na antitra, ndeha isika hanome voninahitra ny anaran'Andriamanitra amin'ny fitsanganantsika sy fiorenantsika miaraka amin'ny Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy. Mijoro ho vavolombelona manokana aho fa velona Izy ary isika dia “nantsoina tamin'ny antso masina”<sup>25</sup> mba handray anjara amin'ny Asany. “Koa mitsangàna eo amin'ny toerana masina ianareo, ary aoka tsy hoesorina.”<sup>26</sup> Mitsangana eo amin'ny toerana masina isika, rehefa mitsangana sy miorina amin'ny fankatoavana ny fotopampianaran'ny Andriamanintsika, satria masina ny fotopampianarany ary tsy hiova manaraka ny rivotra ara-tsôsialy sy ara-pôlitika amin'izao androntsika izao. Manambara aho, toy ny nataon'ny Apôstôly Paoly hoe “Miambena hianareo, tomoera tsara

amin'ny finoana, aoka hitomban-dahy, [ary] mahereza.”<sup>27</sup> Izany no vavaka amin-kitsimpo ataoko ho anareo, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. 2 Timoty 3:1.
2. Efesiana 6:13–17; nampiana fanamafisana.
3. Mosesy 5:23.
4. Robert D. Hales, “This Is the Way; and There Is None Other Way,” in *Brigham Young University 1981–82 Speeches* (1982), 3–4; azo jerena ao amin'ny [speeches.byu.edu](http://speeches.byu.edu).
5. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 1:39; nampiana fanamafisana.
6. 2 Timoty 3:5.
7. 2 Nefia 28:8.
8. Nehemia 6:3.
9. Isaia 53:3; Môsià 14:3.
10. Lioka 4:8.
11. Jereo ny Genesisy 39:7–12.
12. Jereo ny 1 Nefia 2.
13. Jereo, ohatra ny, 1 Nefia 18.
14. Jereo ny Môsià 11–17.
15. Jereo ny Almà 53, 56–58.
16. Jereo ny Almà 46:11–13.
17. Jereo ny Helamàna 13–16.
18. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 135.
19. Jereo ny Lioka 2:46–49.
20. Jereo ny Matio 21:12–13.
21. Jereo ny Matio 26:57, 59–63.
22. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 19:16–19.
23. Jaona 19:30.
24. 3 Nefia 11:7.
25. Almà 13:3; jereo koa ny 2 Timoty 1:9.
26. Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 87:8.
27. 1 Korintiana 16:13.



**Nataon'ny Loholona Tad R. Callister**  
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Ny Herin'ny Fisoronana ao amin'ny Zatovolahy


*Mitovy hery tahaka ny fisoronana ao amin'ny lehilahy lehibe ny fisoronana ao amin'ny zazalahy rehefa ampiasaina am-pahamarinana.*

Fito ambin'ny folo taona i George F. Richards, rain'ny raibeko, tamin'ny taona 1878. Tahaka ny zava-nitranga matetika tamin'izany fotoana izany dia efa notendrena ho loholona izy. Nitaraina ho narary mafy ny reniny indray Alahady. Noho ny tsy naha-teo ny rainy dia nasainy ny eveka sy ireo olona vitsivitsy hafa mba hanome tsodrano azy, kanefa tsy nampitsahatra ny fanaintainany izany. Vokat'izany dia niantso an'i George zanany lahy izy ary nangataka azy mba hametra-tanana aminy. Toy izao no nosoratany tao amin'ny diariny: "Tanatin'ny ranomasoko noho ny fijalialian'ny reniko sy ny andraikitra nape-traka tamiko mba hametra-tanana, izay tsy mbola nataoko hatrizay, dia nandeha tany amin'ny efitrano iray hafa aho ka nitoloko sy nivavaka."

Rehefa tony avy teo izy dia nametraka ny tanany tamin'ny reniny ary nanome azy tsodrano tena tsotra. Noraketiny taty aoriana hoe: "Nijanona ny fitarainan-dreniko ary nitsahatra ny fijalialiany raha mbola teo ambony lohany ny tanako." Nosoratany tao amin'ny diariny avy eo ity fanamarihana mazava noho ny zava-nitranga izy.

Nilaza izy fa nahatsapa hatrany fa ny antony tsy nahasitranan'ny reniny avy tamin'ny tsodranon'ny eveka dia tsy hoe satria tsy nankasitranan'ny Tompo ny tsodrano nomen'ny eveka fa satria natokan'ny Tompo ho an'ny zazalahy kely ity fitahiana ity, mba hampianarana azy lesona fa mitovy hery tahaka ny fisoronana ao amin'ny lehilahy lehibe ny fisoronana ao amin'ny zazalahy rehefa ampiasaina am-pahamarinana.

Anio hariva dia te hiresaka mikasika izany hery izany aho. Na dia ireo filohan'ny kôlejin'ny diakona aza no hiresahako, ireo fitsipika izay horesahana eto dia manan-kery ho an'ireo tanora mpihazona Fisoronana Aharôna rehetra sy ireo mpitarika azy ireo, isan'izany ireo filohan'ny kôlejin'ny mpampianatra sy ireo mpanampin'ny



**Fainam-panahy sy Fitantanana**

filohan'ny kôlejin'ny mpisorona.

Fony aho filohan'ny misiona dia nahatsikaritra fa nisy fivoarana lehibe ara-panahy sy eo amin'ny fahaiza-mitarika eo amin'ireo zatovolahy mandritra ireo taona anaovany asa fitoriana. Raha azontsika refesina ireo toetra sy fahaiza-manao azo nandritra ny taonan'ny Fisoronana Aharôna sy ny nanaovana asa fitoriana ireo dia angamba ho toy ity tsipika manga hitanareo eo amin'ity kisary ity. Mino aho fa farafahakeliny misy zavatra telo manan-danja izay mahatonga fivoarana goavana toy izany mandritra ny fanaovana asa fitoriana: (1) mametra-pahatokiana amin'ireo zatovolahy ireo mihoatra noho ny taloha isika, (2) miandrindra zavatra ambony nefa feno fitiavana amin'izy ireo isika, ary (3) manofana sy mamerina manofana azy ireo isika mba hahafahany manatanteraka ireo zavatra andrandraina ireo amin'ny fomba tsara indrindra.

Mety hanontany ianareo hoe:

"Nahoana no tsy azo ampiarina amin'ireo filohan'ny kôlejin'ny diakona ireo fitsipika ireo?" Raha natao izany dia mety ho nanomboka aloha kokoa ary hitovy kokoa amin'ilay tsipika maitso eo amin'io kisary io izany fivoarana izany. Haka fotoana kely aho hiresahana momba ny fomba azo hampiharana izany amin'ny filohan'ny kôlejin'ny diakona iray.

Voalohany—fahatokiana. Azontsika anankinana andraikitra lehibe ireo filohan'ny kôlejin'ny diakona ao amintsika. Ny Tompo dia azo antoka fa mahatoky—araka ny porofoiny tamin'ny fanomezany fanalahidy azy ireo, izay midika ho zo hiahy sy hitarika ny asa eo amin'ny kôlejiny. Ho porofon'izany fahatokiana izany dia miantso ireo filohan'ny kôlejin'ny diakona amin'ny alalan'ny fanambarana isika, fa tsy hoe izay ela tao amin'ny kôlejy akory na noho ny antony hafa mitovitovy amin'izany. Manana zo hahafantatra, ary tokony hahafantatra ny mpitarika tsirairay ato amin'ity Fianganona ity, isan'izany ireo filohan'ny kôlejin'ny diakona fa izy ireo dia nantsoina araka ny fanambarana. Hanampy azy hahafantatra izany fahazoana antoka izany fa sady mahatoky azy no manohana azy Andriamanitra.

Ny toetra faharoa sy fahatelo dia mifandray akaiky—zavatra ambony andrandraina sy fiofanana mifandraika amin'izany hanatontosana azy ireo. Nianatra lesona iray lehibe aho tany amin'ny sahan'ny misiona: amin'ny ankapobeny dia mitombo na mi-hena arakaraka ny haavon'ny zavatra takian'ny filohan'ny misiona amin'ireo misiônera ny ezaka ataon'izy ireo, ary toy izany koa ny amin'ireo filohan'ny kôlejin'ny diakona. Raha toa ka ny mitarika fivorian'ny kôlejy sy manatrika ny fivorian'ny kômity misahana ny zatovo ao amin'ny episkôpà ihany no takiana amin'izy ireo dia izay ihany no ho ataony. Nefa afaka manolotra fomba fijery mivelatra kokoa ho azy ireo ianareo mpitarika—dia ny fomba fijerin'ny Tompo. Nahoana no zava-dehibe ny fananana fomba fijery mivelatra? Satria avy amin'ny fomba fijery lehibe kokoa no hiavian'ny fahazotoana lehibe kokoa.

Ny zo handray fanambarana dia tsy misaraka amin'ny antso tsirairay ato am-piangonana. Noho izany dia mila mahafantatra ireo filohan'ny kôlejin'ny diakona ireo fa manan-jo izy ireo handray fanambarana amin'ny fisafidianana ireo mpanolotsainy, zo handray fanambarana mikasika ny tetika hamonjena ireo namana very ary zo handray fanambarana amin'ny fanofanana ireo ao amin'ny kôlejiny mikasika ny adidin'izy ireo.

Ny mpitarika hendry dia ham-pianatra ny filohan'ny kôlejin'ny diakona ireo fitsipika izay hanampy azy handray fanambarana. Azony ampianarina azy ilay fampanantenana tsy misy ahiahy avy amin'ny Tompo manao hoe: “Raha mangataka ianao dia handray fanambarana miampy fanambarana” (F&F 42:61). Manome fanambarana tsy am-pihambahambana ny Tompo. Moa tsy nampahatsiahy an'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ve Izy hoe: “Isaky ny avy nanontany ianao dia efa nandray toromarika avy amin'ny Fanahiko” (F&F 6:14)? Ary ho toy izany koa ny aminareo ry filohan'ny kôlejin'ny diakona. Tia anareo ny Tompo ary tiany ny hanambara ny fahalalany sy ny sitrapony aminareo. Azonareo alaina an'eritreritra ve hoe



misy olana tsy vitan'ny Tompo ny mamaha azy? Tsy ho azoko an-tsaina mihitsy izany. Afaka manampy anareo hamaha ny olana rehetra anananareo amin'ny maha filohan'ny kôlejinareo anareo Izy raha toa ka mikatsaka fotsiny ny fanampiana ianareo.

Afaka mampianatra io filohan'ny kôlejin'ny diakona io ianareo ry mpitarika mahafinaritra hoe tsy mahasolo ny asa mafy sy ny ezaky ny tena manokana ny fanambarana. Nanontany an'ny Filoha Harold B. Lee ny Filoha Henry B. Eyring indray mandeha hoe: “Ahoana no fomba ahazoako fanambarana?” Hoy ny navalin'ny Filoha Lee hoe: “Raha te hahazo fanambarana ianao dia ataovy ny asa takiana amin'izany.”<sup>1</sup> Afaka miresaka amin'ny filohan'ny kôlejin'ny diakona mahakasika ireo asa ara-panahy takiana sasantsasany izay azony atao amin'ny fiomanana hisafidy ny mpanolotsainy ireo mpitarika feno fahendrena. Mety ilainy ny fametrahana sy famaliana fanontaniana toy ny hoe: Iza no ho ohatra tsara izay afaka hanampy ireo zatovolahy hafa?

Ary farany, io mpitarika feno fahendrena io dia afaka mampianatra azy ny fomba hamantarana ny fanambarana sy hanaovana asa araka izany rehefa tonga izany. Miaina ao anatin'ny tontolo feno zavatra atao sy atao am-pihazakazahana isika ary ireo jiro manjelanjelatra sy tabataba dia raisina ho zava-mahazatra. Kanefa mila mahafantatra ity zatovolahy ity fa tsy fomban'ny Tompo izany fa an'izao tontolo

izao. Ny Tompo dia teraka tao amin'ny tranon'omby tsy fantatry ny besinimaro. Tao amin'ny saha mangina iray no nanatanterahany ny asa fanavotana manetriketrika indrindra sy miavaka indrindra natao hatrizay hatrizay, ary tao amin'ny alakely mihataka no nandraisin'i Joseph ny Fahitana Voalohany. Tonga amin'ny alalan'ny feo tony sy malefaka ny valim-bavaka avy amin'Andriamanitra—fahatsapana fiadanana na fanohanana, fientanana hanao ny tsara, hizara fahazavana—indrindray toy ny voa kely ao an'eritreritra izay ho lasa hazo lehibe midoroboka raha toa ka hajaina sy kolokoloina. Ireo zavatra tsapa na eritreritra ireo indrindray dia mety afaka mihitsy hahatonga anareo filohan'ny kôlejin'ny diakona hisafidy mpanolotsaina iray na hanome andraikitra ho an'ny zatovolahy iray izay malaindaina amin'io fotoana io.

Taona maro lasa izay tamin'izaho tao amin'ny fiadidian'ny tsatôka dia nahatsiaro nahazo fitaomana izahay hiantso lehilahy tsara toetra iray ho mpitambokin'ny tsatôka. Niatrika fanamby izy teo amin'ny fanatrehana tsy tapaka ny fiangonana tamin'izany fotoana izany. Fantatray anefa, na dia izany aza, fa raha manaiky izany antso izany izy dia hahavita asa tsara tokoa.

Natolotray azy ilay antso, kanefa hoy ny navalin'ny: “Tsia, tsy mino aho hoe vitako izany.”

Nandray fahatsapana aho avy eo. Hoy aho: “Raha izany dia tsy hanana mpitambokin'ny tsatôka izany ny tsatôkan'i Glendale.”

Taitra tamin'izany izy ka namaly hoe: “Inona koa izany? Tsy maintsy manana mpitambokin'ny tsatòka ianareo.”

Hoy aho hoe: “Tianao ve ny hian-soanay olona hafa amin'izao fotoana izao hanompo ho mpitambokin'ny tsatòka nefa ny Tompo mitarika anay hiantso anao?”

“Eny ary e!” hoy izy, “Aleo fa ha-taoko izany.”

Ary dia nataony izany. Tsy lehilahy maro fotsiny ihany fa zatovolahy maro ihany koa no hanaiky ny antso iray rehefa mahafantatra izy ireo fa miantso azy ireo ny Tompo ary mila azy ireo.

Azonao ampahafantarina ity filohan'ny kôlejin'ny diakona ity koa fa ny zavatra andrasan'ny Tompo aminy dia ny hamonjy ireo fanahy very, na ireo malaindaina izany na ireo tsy mpikambana. Nanambara ny iraka nampanaovina Azy araka izao teny izao ny Tompo: “Fa tonga ny Zanak'olona hamonjy ny very” (Matio 18:11). Raha toa ka lohalaharana amin'ny Mpamonjy ny hamonjy ireo very, raha toa ka lohalaharana ho an'ny Filoha Thomas S. Monson ny hanao izany, araka ny hasehony eo amin'ny fiainany manontolo, moa ve tsy tokony ho lohalaharana ho an'ny mpitarika tsirairay, ho an'ny filohan'ny kôlejin'ny diakona tsirairay ato am-piangonana koa izany? Ny tena ifantohan'ny fitarihantsika, amin'ny maha ivon'ny asa fanompoantsika dia tokony ho ny fahazotoana handeha amim-pahavitrihana, tsy misy fitsaharana hamonjy ireo very ary hitondra azy ireo hiverina hazoto indray.

Toy izao no nolazain'ny zatovolahy iray izay notsidihan'ireo zatovolahy ao amin'ny kôlejiny: “Tena tsy nam-poizina ny zava-nitranga androany tamin'ny . . . fahatongavan'ny zatovolahy 30 tao an-tranoko. . . . Manentana ahy ho any am-piangonana izany.” Ahoana no tsy hahavoasintona ny tanora amin'ny fanehoam-pitiavana sy fiahiana toy izany?

Mahafaly ahy hatrany ny mandre ireo tantara maro an'ireo filohan'ny kôlejin'ny diakona izay nandray ilay fomba fijery ary mampianatra tsin-draindray ny ampahany na ny lesona manontolo ao amin'ireo fivorian'ny



kôlejiny. Nanatrika kilasin'ny kôlejin'ny diakona aho herinandro vitsivitsy lasa izay. Nizara lesona naharitra teo amin'ny 25 minitra teo ho eo mahakasika ny Sorompanavotana ny zatovolahy 12 taona iray. Natombony tamin'ny fametrahana fanontaniana ireo diakona namany izany amin'ny hoe inona no fahazoan'izy ireo ny Sorompanavotana. Avy eo dia nizara soratra masina mafonja izy ary nametraka fanontaniana mitaky fandalinana, izay voavalin'izy ireo tsara. Na dia izany aza, rehefa hitany fa mbola nisy ny fotoana kanefa ny lesona ampianarina efa tapitra dia nisy nanosika azy, ary angamba hevitra avy tamin-drainy, hangataka ireo mpitarika izay nanotrona teo hizara ny fanontaniana mikasika ny Sorompanavotana izay napetraka tamin'izy ireo tany amin'ny misiona sy ny valintenin'izy ireo tamin'izany. Avy eo dia nofananany tamin'ny fijoroany ho vavolombelona izany. Talanjona aho teo ampiahainoana azy. Nieritreritra aho hoe: “Tsy tsaroako nanolotra ampahandesona manan-danja toy izany aho fony aho zatovo tao amin'ny Fisoronana Aharôna.” Afaka mampivelatra ny fomba fijery sy ny fahatakarana ho an'ireo zatovolahy ireo isika ary hanao izany izy ireo.

Ny fomba tsara indrindra hanampianareo mpitarika ireo filohan'ny kôlejin'ny diakona ireo dia ny mamela

azy ireo hitarika ary ny manao izay tsy ifantohan'ny sain'ireo zatovolahy aminareo. Ny fomba tsara indrindra hanandrianareo ny antsonareo dia tsy ny fanomezanareo azy ireo lesona tsara be fa ny manampy azy ireo hanolotra lesona tsara iray; tsy ny fanavotanareo olona iray fa ny fanampianareo azy ireo hanao toy izany.

Misy fomba fiteny fahiny manao hoe: aza mitsahatra raha tsy efa trananao ny tanjonao. Arak'izany koa ry olon-dehibe mpitarika no tiako hilazana hoe aza manaiky hisaorana amin'ny antso maha mpitarika anao raha tsy tontosanao ny tokony hataonao. Ampianaro foana ireo zatovontsika amin'ny zava-drehetra; ampianaro azy ireo ny fomba fanomana fandaharam-potoana, ny fomba fitarihana fivoriana amim-panajana sy amin-katsaram-panahy, ny fomba fanavotana ireo very, ny fomba fanomana sy fizarana lesona notarihin'ny fanahy ary ny fomba handraisana fanambarana. Toy izao no handrefesana ny fahombiazanareo—amin'ny fahaiza-mitarika sy ny ara-panahy novolenareo ao am-po sy ao an-tsain'ireo zatovolahy ireo.

Raha manandriana ny antsonareo ianareo ry filohan'ny kôlejin'ny diakona dia ho fitaovana eo ampelantanan'Andriamanitra ianareo dieny izao fotoana izao, satria ny fisoronana ao amin'ireo zatovolahy dia mahery vaika mitovy amin'ny an'ireo lehilahy rehefa mampiasa izany am-pahamarinana izy ireo. Ary amin'izay rehefa tonga mpitory ny filazantsara sy mpitarika ato amin'ny Fiangonana amin'ny hoavy ianareo dia hahafantatra ny fomba handraisana fanambarana, hanavotana ireo very, ary ny fomba hampianarana ny foto-pampianaran'ny fanjakana amin-kery sy amin'ny fahefana. Dia ho tonga zatovolahin'ny fizokiana mendri-kaja ianareo avy eo. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, ilay tena Mpamonjy sy Mpanavotra an'izao tontolo izao, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Ao amin'ny Henry B. Eyring, “Waiting upon the Lord,” ao amin'ny *Brigham Young University 1990–91 Devotional and Fireside Speeches* (1991), 17.





**Nataon'i David L. Beck**  
Filohan'ny Zatovolahy Maneran-tany

# Ny Adidinareo Masina dia ny Hanompo

*Nandray ny hery, sy ny fahefana, ary ny adidy masina ny hanompo ianareo tamin'ny fotoana nanomezana anareo ny fisoronana.*

## Ny fifaliana avy amin'ny Fanompoana

Ry zatovolahin'ny Fisoronana Aharôna, zanakalahy tian'Andriamanitra ianareo, ary nanome asa lehibe hataonareo Izy. Mila manatontosa ny adidinareo masina hanompo ny hafa ianareo hanatanterahana izany.<sup>1</sup>

Fantatrareo ve ny dikan'izany hoe manompo? Eritrereto izany fanontaniana izany rehefa hiteny anareo momba ny zazavavy iray antsoina hoe Chy Johnson aho.

Niharan'ny fanambaniana tsy ampiheverena mahatsiravina i Chy rehefa nanomboka nianatra tany amin'ny lisea tamin'ny taona lasa. Norabirabiana, natositosika, nohanihaniana izy rehefa niditra ny kilasy—nisy aza tamin'ireo ankizy no nitoraka fako tany aminy. Mety efa nahita olona norabirabiana tahaka izany ihany koa ianao tany an-tsekolinao.

Fotoanan'ny maha irery sy fahatahorana ny fotoana maha-zatovo ho an'ny olona maro. Tsy voatery ho toy izany anefa. Soa ihany ho an'i Chy fa nisy zatovolahy, izay nahatakatra ny dikan'ny hoe manompo tao amin'ny sekoliny.

Nangataka ireo mpampianatra tao an-tsekoly hanampy amin'ny

fampitsaharana ny fanambaniana ny renin'i Chy, kanefa nitohy hatrany izany. Koa dia nangataka an'i Carson Jones, izay mpihazona ny Fisoronana Aharôna sy quart-arrière ao amin'ny ekipa mpilalao Football Amerikana izy mba hikoroka ilay manao fanarabirabiana.

Nanaiky ny hanampy i Carson, kanefa fantany tao am-pony fa afaka manao mihoatra ny mamantatra ireo mpanarabiraby izy. Nibitsika tao

am-pony ny Fanahy fa mila manampy an'i Chy hahatsapa hoe tiana izy.


Nangataka ny sasany tamin'ireo mpiara-milalao aminy i Carson mba hanampy an'i Chy. Nanasa azy hiara-hipetraka amin'izy ireo nandritra ny sakafo atoandro izy ireo. Niara-nandeha taminy ho any amin'ny efitrano fianarany izy ireo ary nanao izay tsy nampiahiahy azy. Tsy mahagaga fa tsy nisy nanarabiraby intsony izy satria nanana ireo mpilalao football ho namany akaiky.

Vanim-potoana nampiantanentana tokoa izany ho an'ny ekipan'ny football. Kanefa na dia teo aza ny hafaliana vokatry ny tsy faharesena mihitsy dia tsy nanadino ny momba an'i Chy ireo zatovolahy ireo. Nanasa azy hiaraka amin'ny ekipa teo ambony kianja izy ireo taorian'ireo lalao. Nahatsapa ho nisy mpitia sy nankamamiana izy. Nahatsapa fa voaro izy. Faly izy.

Nitohy hatramin'ny fandresena tamin'ny fifaninanana teo anivon'ny faritany ilay ekipan'ny football. Nisy zava-nitranga manan-danja kokoa noho ny hatrany amin'ny fahazoana football anefa tao an-tsekoly. Nandrisika ny mpianatra hafa hanaiky ny hafa bebe kokoa sy ho mora alaina ho namana ny ohatra nomen'ireto zatovolahy ireto. Mandray tsara ny hafa amin'ny hatsaram-panahy bebe kokoa sy amim-panajana izy ireo ankehitriny.

Naheno ny zavatra nataon'ireto zatovolahy ireto ny fampahalalam-baovao nasiônaly ka nizara ny





sy hanavotana fanahy ianareo.

I Jesoa Kristy no ohatra fakan-tahakareo. “Tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo”<sup>7</sup> Izy. Midika fitiavana sy fikarakarana ny hafa ny fanompoana. Midika fanampiana azy ireo amin’ny filàna ara-nofo sy ara-panahy izany. Raha tsorina, izany dia midika hoe fanaovana izay mety hataon’ny Mpamonjy raha teo Izy.

### Ny fianakavianao

Manomboha ao amin’ny tokantranonao. Ao no toerana ahafahanao manao fanompoana betsaka indrindra.<sup>8</sup>

Te hanandrana traikefa mahaliana iray ve ianao? Rehefa mangataka anareo hanampy azy hanao zavatra ao an-trano ny reninareo amin’ny manaraka dia mitenena zavatra toy izao, “Misaotra ry Neny niantso ahy. Te hanampy aho.” Dia jereo ny fihetseham-pony. Ny sasany aminareo angamba mila mamerina mitadidy ny fahaiza-mamonjy aina voalohany alohan’ny hanandramanareo ity. Mety hampivadi-po azy ianareo. Aorian’ny famelomanareo ny ainy dia hahita fivoarana eo amin’ny fifandraisanareo aminy sy fitomboan’ny Fanahy ao an-tranonareo ianareo.

Fomba iray ihany hanompoana ao amin’ny fianakavianareo izany, misy maro hafa koa. Manompo ianareo rehefa miteny teny mahafinaritra amin’ny olona ao amin’ny fianakavianareo. Manompo ianareo rehefa mitondra ny mpiray tampo aminareo ho toy ny namanareo tsara indrindra.

Ny tena manan-danja kokoa aza angamba dia hoe, manompo ianareo rehefa manampy ny rainareo amin’ireo adidiny amin’ny maha mpitarika ara-panahy azy ao an-tokantrano. Omeo ny fanohananao manontolo sy famporisihanao ny takarivan’ny mpianakavy, vavaky ny mpianakavy, ary ny fandalinana ny soratra masina ataon’ny mpianakavy. Ataovy ny anjaranao mba hahazoana antoka fa ao an-tokantranonao ny Fanahy. Hampa-tanjaka ny ray ao an-tokantranonao izany amin’ny andraikiny ary hanomana anao ho ray indray andro any. Raha toa ka tsy manana ray ianao ao an-tokantranonao dia tena ilaina bebe

tantaran’izy ireo nanerana ny firenena. Nanentana ny fanahin’ireo olon-kafa an’arivony hanao zavatra mitovy amin’izany ny fanompoana ny olona iray.

Miantso ireto zatovolaha ireto ho “anjely misaron-tava” ny renin’i Chy. Haingana ery i Carson sy ireo namany milaza fa voatahy mihoatra lavitra noho ny nitahian’izy ireo ny fiainan’i Chy ny azy ireo. Izany no mitranga rehefa manokana ny tenanareo amin’ny fanompoana ny hafa ianareo—manao soa ny tenanareo ianareo.<sup>2</sup> Miova sy mitombo amin’ny fomba tsy tontosa raha amin’ny fomba hafa ianareo. Niaina ny fifaliana avy amin’ny fanompoana ireto zatovolaha ireto ary manohy mikatsaka fahafahana hitahy ny hafa. Tsindrin-daona izy ireo hampivelatra ny fanompoan’izy ireo amin’ireo volana manaraka izay hahatonga azy ireo ho misiônera manompo amin’ny fotoana feno.<sup>3</sup>

### Filàna iray sy Adidy iray

Misy Chy Johnson an’arivony manerana izao tontolo izao—olona izay

mila mahatsapa ny fitiavan’ny Rain’izy ireo. Any amin’ireo sekolinareo izy ireny, any amin’ny kôlejinareo, ary eny ao amin’ny fianakavianareo. Misy ireo tonga avy hatrany ao an-tsaina. Manana filàna tsy miharihary ireo hafa. Saika ny olona rehetra fantatrareo dia afaka ny ho voatahy amin’ny fomba fanompoanareo. Miantehitra aminareo ny Tompo hanampy azy ireny.

Tsy voatery ho mpihazakazaka malaza ianao vao hanompo ny hafa. Nandray ilay hery, ilay fahefana ary ilay adidy masina ny hanompo ianareo tamin’ny fotoana nanomezana anareo ny fisoronana. Nampianatra ny Filoha James E. Faust hoe: “Ny Fisoronana dia fahefana nanomezana anareo ny fisoronana lehilahy *hanompo* amin’ny anaran’Andriamanitra.”<sup>4</sup> Mihazona ny fanalahidin’ny fanompoan’ny anjely ny Fisoronana Aharôna.<sup>5</sup>

Hitarika anareo ny Ray any andanitra rehefa tia ny zanany ianareo ary hanampy anareo ny anjely.<sup>6</sup> Homena ny hery hitahiana fiainana

kokoa ny adidinao amin'ny fanompoana ny fianakavianao.

### Ny Kôlejinao

Manana adidy ihany koa ianao hanompo ao amin'ny kôlejinao.

Miparitaka erak'izao tontolo izao ny fisoronana. Betsaka aminareo no noho ny hatramin'izay teo amin'ny Filoha Monson mba hanatanteraka ny famonjena. Maro kokoa ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna mazoto ankehitriny mihoatra ny hatrizay tantaran'ny Fiangonana izay. Kanefa mbola misy ihany ireo malaindaina izay mila anao.

Tamin'ny Jona lasa teo, rehefa naorina ny sampan'i Bangalore, Inde, dia zatovolahy vao notendrena ho diakona iray ihany no tao amin'ny fivorian'ny fisoronana. I Gladwin no anarany.

Nanomboka niantso ireo zatovolahy malaindaina i Gladwin, niaraka tamin'ny Filohan'ny Zatovolahy sy ny Filohan'ny Sampana, ary namangy azy ireny tany an-tranony. Nanomboka nandeha tany am-piangonana indray ny zatovolahy faharoa, Samuel, tsy ela akory taorian'izay.

Miantso ireo tsy namonjy ny fivorian'ny kôlejy i Gladwin sy i Samuel isan-kerinandro ary nizara tamin'izy ireo ny zavatra nianarany. Niantso na namangy azy ireo nandritra ny andro fitsingerenan'ny taona nahaterahan'izy ireo ihany koa ry zareo. Tonga naman'izy ireo tsirairay ireo zatovolahy malaindaina ary nanomboka nanaiky ireo fanasana hamonjy ireo hetsiky ny kôlejy, hamonjy ireo fivorian'ny kôlejy, ary nanao ny asa fanompoan'izy ireo manokana taty aoriana. Mazoto ao am-piangonana daholo ireo zatovolahy rehetra ao amin'ny sampana ankehitriny.

Mampianatra ny soratra masina fa natao hipetraka ao amin'ny filankevitra sy hanorina—na hifankahery<sup>9</sup> ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna. Mankahery ianao rehefa mampianatra ireo fahamarinan'ny filazantsara, mizara ireo traikefa ara-panahy, ary mijoro ho vavolombelona. Mankahery ny fifandraisana toy ireny ao amin'ny fivorian'ny kôlejy ny fandaharam-pianaran'ny tanora,

kanefa afaka mitranga ihany izany rehefa mahatsapa fa tiana sy hajaina ny mpikamban'ny kôlejy rehetra. Tsy manan-toerana ao amin'ny fivorian'ny kôlejy ny esoeso sy ny hanihany—in-drindra rehefa zaraina mivantambatanana ireo fahatsapana ireo. Tokony hanao izay hahazoana antoka ny fiadidian'ny kôlejy fa toerana milamina sy azon'ny tsirairay handraisana anjara ireo fivorian'ny kôlejy.

Nampitandrina ny Apôstôly Paoly hoe: “Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto, fa izay tsara ho fampandrosoana, araka izay tokony hanaovana, mba hahazoan' ny mihaino fahasoavana.”<sup>10</sup>

Tsy mampiasa fiteny tsy maotina sy fitenin-jatovo na rahoviana na rahoviana ireo mpihazona ny Fisoronana. Tsy manambany na mandratra ny hafa na rahoviana na rahoviana izy ireo. Manandratra sy mampatanjaka ireo hafa hatrany izy ireo. Fomba tsotra kanefa feno hery hanompoana izany.

### Amin'ny Fotoana Rehetra

Tsy voafetra amin'ny ôrdônansy sy famangiana isan-tokantrano na vinavinam-panompoana tsindraindray ny asa fanompoana. Lehilahin'ny fisoronana hatrany isika—tsy amin'ny Alahady fotsiny ary tsy rehefa manao lobaka fotsy sy karavato fotsiny ihany. Manana adidy hanompo amin'ny toerana rehetra izay misy antsika isika.



Tsy zavatra fanaontsika fotsiny ihany ny fanompoana—fa mamaritra ny maha izy antsika izany.

Manompoa isan'andro. Feno zavatra atao manodidina anareo. Tadiavo ireny. Hangataho ny Tompo mba hanampy anao ahafantatra azy ireny. Hahita ianareo fa ny ankamaroan-javatra dia avy amin'ny asa kely sy matotra izay manampy ny hafa ho tonga mpanara-dia an'i Jesoa Kristy.<sup>11</sup>

Hahafantatra eritreritra sy fahatsapana mibitsika anareo hanompo ianareo rehefa miezaka ny ho mendrika ny Fanahy. Handray izany bebe kokoa ianareo rehefa miasa araka ireny bitsika ireny ary hitombo sy hivelatra ny fahafahanareo sy fahaizanareo hanompo.

Ry zandriko malala, mijoro ho vavolombelona aho fa nomena ny fahefana sy herin'ny Fisoronana Aharôna tena lehibe ianareo hanompoana amin'ny anaran'Andriamanitra.

Mijoro ho vavolombelona aho fa raha manampy ny hafa ianareo, dia ho fitaovana eo an-tanany hanaovana izany. Ho tsara kokoa sy hisy dikany kokoa ny fiainanareo. Hahita tanjaka lehibe kokoa hanoherana ny ratsy ianareo. Hahita tena fifaliana—izay tsy fantatr'ireo afa-tsy ny tena mpanara-dia an'i Jesoa Kristy.

Enga anie ianareo hiaina ny fifaliana avy amin'ny fanatanterahana ny adidinareo masina mba hanompo. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 84:111.
2. Jereo ny Marka 8:35.
3. Jereo ny Trent Toone, “Kindness of Arizona High School QB Carson Jones and Teammates Has Gone Viral,” *Deseret News*, 9 Nôv. 2012, [deseretnews.com/article/865566351/Kindness-of-Arizona-high-school-QB-Carson-Jones-and-teammates-has-gone-viral.html](http://deseretnews.com/article/865566351/Kindness-of-Arizona-high-school-QB-Carson-Jones-and-teammates-has-gone-viral.html)
4. James E. Faust, “Message to my Grandsons,” *Liahona*, Mey 2007, 54; nampiana fanamafisana.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 13:1.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 84:88.
7. Jereo ny Matio 20:27–28.
8. Jereo ny *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), 2.4.5.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 107:85.
10. Efesiana 4:29.
11. Jereo ny *Manuel 2*, 3.2.3.



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fomba Efatra Iantsoana Antsika

*Te hanolotra fomba iantsoana efatra [aho] . . . izay mety hanampy antsika hahatakatra ny anjara toerantsika tsirairay eo amin'ny drafitra mandrakizay an'Andriamanitra sy ny mety hahatongavantsika amin'ny maha mpihazona fisoronana antsika.*

Ry rahalahiko malala sy namako tiako isany, maha feno fankasitrahana sy fifaliana ny foko ny miaraka aminareo. Midera anareo aho ry raim-pianakaviana sy ry dadabe izay nitondra ny zanakareo sy ny zafikelinareo lahy. Miarahaba anareo aho ry zatovolahy izay nisafidy ny ho eto anio. Ity no toerana tena tokony hisy anareo. Manantena aho fa tsapanareo ny firahalahiana izay mampiray antsika, ary mivavaka aho mba hahatsiarovanareo ho tamana sy hahatsiarovanareo fanohanana sy finamanana eto anivon'ireo rahalahinareo.

Isika lehilahy indraindray dia mamaritra ny tenantsika amin'ny alalan'ny fomba iantsoana antsika. Maro amintsika no manana fomba maro iantsoana antsika, ary ny tsirairay amin'izy ireny dia milaza zavatra manan-danja mikasika ny maha isika antsika. Ohatra, ny fomba iantsoana sasany dia mamaritra ny anjara toerantsika ao anatin'ny fianakaviana, toy ny hoe *zanakalahy, na rahalahy, na vady* na *ray*. Ny fomba iantsoana

hafa dia mamaritra ny anton'asantsika eo amin'izao tontolo izao, toy ny hoe *dokotera, na miaramila* na *mpanamory fiaramanidina*. Ary ny sasany dia mamaritra ny antso hazonintsika ato amin'ny Fiangonana.

Anio aho dia te hanolotra fomba iantsoana efatra izay inoako fa azo ampiharina amin'ny mpihazona fisoronana rehetra maneran-tany—fomba iantsoana izay mety hanampy antsika hahatakatra ny anjara toerantsika tsirairay eo amin'ny drafitra mandrakizay an'Andriamanitra sy ny mety hahatongavantsika amin'ny maha mpihazona fisoronana antsika ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

## Zanaky ny Ray any An-danitra

Fomba iantsoana iray izay mamaritra antsika rehetra, amin'ny lafiny faran'izay fototra indrindra, ny hoe *zanaky ny Ray any An-danitra*. Na iza isika na iza eo amin'ny fiainana ary na inona na inona ataontsika dia tsy tokony hadinointsika mihitsy hoe

fanahy zanak'Andriamanitra arabakiteny isika. Zanany isika talohan'ny nahatongavana teto amin'ity tany ity, ary mbola ho Zanany mandrakizay. Io fahamarinana fototra io dia tokony hanova ny fomba fiheverantsika ny tenantsika, sy ireo rahalahy sy anabavintsika, ary ny fiainana mihitsy.

Mampalahelo anefa fa tsy misy amintsika izay tena miaina araka io fomba iantsoana antsika io, “fa samy efa nanota [isika] rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra.”<sup>1</sup>

Mety mahakivy indraindray ny mahafantatra ny dikan'ny hoe zanakalahin'Andriamanitra ianao kanefa tsy mahavita azy araka izany. Tia manararaotra izany fahatsapana izany ny devoly. Aleon'i Satana ianao mamaritra ny tenanao amin'ny alalan'ny fahotanao toy izay amin'ny alalan'ny hery anaty izay mety hahatongavanao ho tahaka an'Andriamanitra. Ry rahalahy isany, aza mihaino azy.

Samy efa nahita zaza miana-mandeha isika rehetra. Mandroso kely izy aloha dia mivembena. Ary mianjera. Moa ve itezerantsika izany andrana izany? Mazava ho azy fa tsia. Ray toy ny ahoana no hanasazy zaza iray noho ny fianjerany? Amporisihana izy, sy tehafana ary deraina, satria isaky ny mandingana kely indray mandeha ilay zaza dia miha mitovy amin'ireo ray aman-dreniny.

Ankehitriny ry rahalahy isany, raha ampitahaina amin'ny fahatanterahan'Andriamanitra isika dia tsy mihoatra lavitra noho ny zazakely miambakavaka sy tsy mahatoky tena. Saingy tian'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana isika ho tonga tahaka Azy bebe kokoa, ary izany koa ry rahalahy malala isany, no tokony ho tanjontsika mandrakizay koa. Takatr'Andriamanitra tsara raha hoe tsy ao anatin'ny indray mipi-maso isika no tonga amin'izany fa amin'ny alalan'ny dingana iray isaky ny mandeha.

Izaho tsy mino Andriamanitra iray izay mametraka lalàna sy didy mba hiandrasana kendry tohana antsika fotsiny hoe ho lavo mba hahafahana manasazy antsika avy eo. Ny inoako dia Ray any An-danitra iray izay tia sy

feno fiahiana ary mifaly amin'ny ezaka rehetra izay ataontsika hivoarana sy hahatongavana ho tahaka Azy. Na dia rehefa solafaka aza isika, dia mitaona antsika Izy mba tsy ho kivy—tsy hilavo lefona na hitsoaka adidy na oviana na oviana—fa ny hahazo hery, sy hanam-pinoana ary hanandrana hatrany.


Mitantana ireo zanany ny Rain-tsika any An-danitra ary matetika dia mandefa fanampiana tsy hita maso ho an'ireo izay maniry hanara-dia ny Mpamonjy.

### **Mpianatr'i Jesoa Kristy**

Ary izany no mitondra antsika amin'ilay fomba fiantsoana manaraka izay iraisantsika rehetra: ireo rehetra izay miezaka amin-kitsim-po hanara-dia an'i Kristy dia antsoina hoe *Mpianany*. Na dia miaiky aza isika fa samy tsy misy tanteraka, dia tsy manao izany ho fialan-tsiny isika mba hanamaivana ny zavatra andrandraintsika, na hiainana lavitry ny tombontsoa tokony ho azontsika, na hanemoana ny andron'ny fibebahantsika, na handavana tsy hivoatra ho tonga mpanara-dia tsara kokoa, lafatra kokoa, voadio kokoa, an'ilay Mpampianatra sy Mpanjakantsika.

Tsarovy fa Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia tsy naorina ho an'ny lehilahy sy vehivavy tonga lafatra na tsy iharan'ny fakam-panahin'ny fiainana an-tany fa naorina kosa ho an'ny olona izay tsy misy hafa amiko sy aminao. Ary naorina teo ambonin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Jesoa Kristy Tompo,<sup>2</sup> izay amin'ny alalan'ny Sorompanavotany no ahafahantsika ho voadio sy ho tonga “mpiray fanjakana amin'ny . . . ankohonan'Andriamanitra.”<sup>3</sup>

Raha tsy misy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia ho toy ny lalana tsy mitondra na mankaiza na mankaiza ny fiainana, tsy misy fanantenana na hoavy. Noho ny Sorompanavotana dia lasa dia mampisandratra sy mitaona fanahy ny fiainana, izay hitomboana sy hivoarana ary mitondra manka-min'ny fiainana mandrakizay eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra.



Fa na dia natao hanampiana antsika rehetra ho tonga tahaka an'i Kristy bebe kokoa aza ny Sorompanavotana, dia tsy natao hahatonga antsika rehetra hitovy daholo. Indraindray dia afangarontsika ny fahasamihafantoetra sy ny fahotana. Indraindray aza isika dia manao mihitsy ilay hadisoana hoe mihevitra fa tsy mahafaly an'Andriamanitra ny olona iray matoa tsy mitovy amintsika. Izany fomba fisainana izany dia mahatonga ny olona sasany hihevitra fa ny Fiangonana dia te hamolavola ny mpikambana rehetra ho lasitra iray—hoe ny tsirairay dia tokony hitovy amin'ny hafa rehetra ny endriny sy ny heviny ary ny fitondran-tenany. Hifanohitra amin'ny fahendren'Andriamanitra izany, izay nahary ny olona rehetra samy hafa amin'ny rahalahiny, ny zanakalahy rehetra samy hafa amin-drainy. Na dia ny kambana tsy misy hafa aza dia tsy mitovy eo amin'ny maha izy azy sy ny mampivavaka azy ara-panahy.

Izany dia mifanohitra koa amin'ny tanjon'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy, izay manaiky sy miaro ny fahafahana misafidy—sy ireo vokany tsy hita

sesehena rehetra—izay ananan'ny zanak'Andriamanitra tsirairay. Amin'ny maha mpianatr'i Jesoa Kristy antsika dia iray isika eo amin'ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ny filazan-tsara naverina tamin'ny laoniny sy eo amin'ny fanolorantenantsika hitandrina ny didin'Andriamanitra. Saingy samy hafa isika eo amin'ny zavatra tiantsika mikasika ny kolotsaina sy ny ara-tsôsialy ary ny pôlitika.

Mihamatanjaka ny Fiangonana rehefa manararaotra izany fahasamihafana izany isika ary mifamporisika mba hikorokoro sy hampiasa ny talentantsika mba hampivoarana sy hanatanjahana ireo mpianatra namantsika.

Ry rahalahy isany, ny maha mpianatra dia lalana iray mandritra ny androm-piainana hanarahana ny Mpamonjintsika. Eny an-dalana miainga avy ao Betlehema mankany Golgota dia hanana fotoana maro isika ahafahana miala amin'ilay dia ataontsika. Indraindray ilay lalana dia toa mitaky mihoatra noho izay nantenaintsika. Kanefa amin'ny maha lehilahin'ny fisoronana antsika dia tsy maintsy manana ny herim-po ilaina isika hanarahana ny Mpanavotra antsika, na dia amin'ny fotoana hoe toa mavesatra loatra tsy hay ho zakaina aza ny hazofijaliantsika.

Isaky ny mandingana isika eo ampanarahana ny Zanak'Andriamanitra, dia mety hahatsiaro ho mbola tsy tanteraka. Fa tokony ho mpianatra mafy orina sy tsy miovaova isika. Tokony tsy hilavo lefona isika. Hitandrina amim-pahatokiana ireo fanekempihavanana nataontsika. Ary hijery manoloana hatrany mitodika any amin'ilay Mpisolovava sy Mpanavotra antsika eo am-pandehanantsika mankany Aminy, indray mandingana tsy tonga lafatra isaky ny mandeha.

### **Mpanasitrana Fanahy**

Ry rahalahy isany, raha te hanara-dia an'i Jesoa Kristy Tompo isika dia tsy maintsy manaiky tanteraka ny fomba iray fahatelo iantsoana antsika, dia ny hoe: *mpanasitrana fanahy*. Isika izay notendrena ato amin'ny fisoronan'Andriamanitra dia voantso hanasitrana ny hafa.<sup>4</sup>

Anjara asantsika ny manorina, manamboatra, mampatanjaka, mankahery, ary manasitrana. Ny nampan-draiketina antsika dia ny manaraka ny ohatry ny Mpamonjy sy ny manolotanana ireo izay mijaly. “[M]iara malahelo amin’izay malahelo [isika] . . . ary [m]ampionona ireo izay mila fampiononana.”<sup>5</sup> Mifehy ny ratran’ireo izay ory isika na ara-batana na ara-panahy. “[Mamonjy] ny osa [isika], [mampiakatra] ny tanana miraviravy ary [manatanjaka] ny lohalika malemy.”<sup>6</sup>

Amin’ny maha mpampianatra isan-tokantrano antsika dia mpanasitrana isika. Amin’ny maha-mpitarika antsika dia mpanasitrana isika. Amin’ny maha ray, sy zanakalahy, sy rahalahy, ary vady antsika dia tokony ho mpanasitrana manolo-tena sy mahafatra-po isika. Amin’ny tanana ilany isika mitondra tavoahangy kely misy menaka voahasina ho fitsofan-drano ireo marary; amin’ny ilany kosa isika mitondra mofo hamahanana ireo noana; ary ao am-pontsika isika mitondra ilay tenin’Andriamanitra mitondra fiadanana, “izay manasitrana ny fanahy maratra.”<sup>7</sup>

Ny ho mpanasitrana no andraikitsika voalohany sy manan-danja indrindra amin’ny maha mpihazona fisoronana antsika—ary samy iharan’izany ny mpihazona fisoronana na Aharôna izany na Melkizedeka. Mitahy ny fiainan’ny olona ny filazantsaran’i Jesoa Kristy naverina tamin’ny laoniny, tsy hoe rehefa mino izany fotsiny isika—fa indrindra indrindra rehefa miaina izany. Mahazo hery ny tsirairay ary mafy orina ny fianakaviana rehefa mampihatra ireo fitsipiky ny filazantsara. Tsy ny milaza izay tokony holazaina fotsiny no tombontsoantsika sy andraikitsika, fa ny manao ihany koa izay tokony hatao.

Ny Mpamonjy no manatanteraka fahagagana. Izy no Mpanasitrana lehibe. Izy no ohatra arahintsika, sy fahazavantsika na dia amin’ny fotoan-tsarotra indrindra aza, ary atorony antsika ny lalana marina.

Tokony hanaraka Azy isika. Tokony hanatanteraka ny anjara asantsika ary ho tonga mpanasitrana amin’ny alalan’ny fanompoana an’Andriamanitra sy ireo mpiara-belona amintsika.

### Mpandova ny Fiainana Mandrakizay

Ny fomba iantsoana fahefatra izay iraisantsika dia mamerina antsika any amin’ily fomba iantsoana voalohany ao amin’ny lisitra antsika. Amin’ny maha zanaky ny Raintsika any Andanitra antsika dia *mpandova* izay rehetra Ananany isika.

“Ny Fanahy dia miara-milaza amin’ny fanahintsika fa zanak’Andriamanitra isika.

“Ary raha zanaka, dia mpandova; sady mpandova an’Andriamanitra no mpiray lova amin’i Kristy koa, raha miara-miaritra aminy isika mba hiaramanamboninahitra aminy koa.”<sup>8</sup>

Diniho izany, ry rahalahiko malala isany. Mpiray lova amin’i Kristy isika!

Koa misy dikany inona izany hoe maro amintsika no mandany betsaka tokoa amin’ny fotoantsika sy ny saintsika, sy ny fananantsika ary ny herintsika hikatsahana voninahitra na fananana araka izao tontolo izao na fahafinaretana azo avy amin’ny fitaovana elektrônika hiaka farany sy raitra indrindra?

Napetraky ny Tompo tamintsika ilay fampanantenana masina hoe “na zovy na zovy no mahatoky ka mahazo ireo fisoronana roa . . . ireo, sy milofo amin’ny antso ananany, . . . dia [h]andray Ahy, hoy ny Tompo; . . . ary izay mandray Ahy dia mandray ny Raiko;

. . . koa izay rehetra ananan’ny Raiko dia homena azy.”<sup>9</sup>

Tsy takatry ny saiko ny zavatra rehetra fonosan’izany fampanantenana izany. Fa ny fantatro dia mahatalanjona izany, masina, mandrakizay, ary mendrika ny hanaovana ny ezaka rehetra vitantsika eo amin’ny fiainana.

Raha mahafantatra izany dia nahoana no tsy hirotsaka amim-piniavana sy amim-pifaliana ao amin’ny fanompoana ny Tompo sy ny mpiara-belona amintsika ary hanatanteraka ny andraikitsika ao amin’ny fisoronan’Andriamanitra?

Tena asa lehibe indrindra izany, izay hitondra fanamby ho antsika amin’ny lafiny rehetra ary hitaky ny hampiasantsika ny fahaizantsika rehetra. Moa ve tiantsika ny hahazo fitahiana sy fitarihana avy any andanitra ary ny ho vavolombelon’ireo fitaoman’ny Fanahy Masina manoro ny lalana hiverenantsika any? Koa dia tokony hanomboka hiasa isika ary hanao ny ezaka rehetra ho amin’ity asa lehibe ity, ity foto-kevitra izay lehibe lavitra noho isika ity!

Ny fanompoana an’Andriamanitra sy ny mpiara-belona dia hitondra fanamby amintsika ary hanova antsika ho tonga lehibe kokoa noho izay mety ho heverintsika ho azo tratararina.



Angamba ianao mety hihevitra ho tsy ilaina—na tsy raharahiana na tsy ankasitrahana, na hoe tsinontsinona.

Tena malahelo aho raha misy mpihazona fisoronana mahatsiaro tena ho toy izany. Azo antoka fa tsy hoe tsy raharahian'ny Rainao any Andanitra ianao na hoe tsy ilainy. Tiany ianao. Ary ambarako aminao amimpahatokiana tanteraka fa ilain'ny Fiangonanao ianao.

Tsy fantatrao va fa “ny adala amin'izao tontolo izao no nofinidin'Andriamanitra hampahamenatra ny hendry; ary ny malemy amin'izao tontolo izao no nofinidin'Andriamanitra hampahamenatra ny mahery?”<sup>10</sup>

Marina angamba fa hoe malemy isika. Mety tsy hendry na mahery angamba isika. Fa rehefa miasa amin'ny alalantsika Andriamanitra, dia tsy misy olona na zavatra afaka manohitra antsika.<sup>11</sup>

Izany no antony ilàna anao. Manana anjara biriky manokana hatolotra ianao, ary afaka manitatra izany anjara biriky izany Andriamanitra amin'ny fomba mahery. Ny fahafahanao mandray anjara dia tsy miankina amin'ny antsonao ao am-piangonana. Tsy voafetra ny fahafahanao manompo. Raha toa ianao ka miandry eny an-tsisiny, dia manainga anao aho hirotsaka an-tsehatra.

Aza miandry antso iray manokana izay vao hirotsaka tanteraka amin'ny fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra. Amin'ny maha mpihazona fisoronana anao dia efa voantso ho amin'ny asa ianao. Halalino isan'andro ny tenin'Andriamanitra, mivavaha isan'andro amin'ny Ray any An-danitra, raiketo ho ao amin'ny fiainanao ireo fitsipiky ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, misaora an'Andriamanitra, ary mangataha fitarihana. Avy eo dia iaino izay nianaranao, ao amin'ny ankohonanao aloha, fa amin'ny toe-javatra rehetra mitranga amin'ny fiainanao ihany koa.

Ao amin'ilay symphonie noforonin'ilay Mpanakanto lehibe dia manana ny anjaranao manokana ianao ho tendrena—sy ireo naotinao manokana ho hiraina. Na dia tsy ataonao aza ireny dia azo antoka fa mbola hitohy ihany ilay symphonie. Fa



raha mihetsika ianao ka mitambatra amin'ny amboaram-peo ary mamela ny herin'Andriamanitra hiasa amin'ny alalanao, dia ho hitanao hivoaha “ny varavaran'ny lanitra,” ary “hampidina [. . .] fitahiana manana amby ampy ho [anao]” Izy.<sup>12</sup> Tanteraho ny tena hery anaty anananao amin'ny maha zanakalahin'Andriamanitra anao, ary dia ho tonga hery fitaomana amin'ny tsara ianao ao amin'ny fianakavianao, sy ny ankohonanao, sy ny fiaraha-monina misy anao, ny firenena, ary eny, ao amin'izao tontolo izao.

Ary ao amin'izany drafitra izany, rehefa “[m]ahavery ny ain[ao]” ianao eo amin'ny fanompoana ny hafa<sup>13</sup> dia hitombo ianao ary hivoatra ambara-pahatratranao “ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy.”<sup>14</sup> Amin'izay fotoana izay ianao dia ho vonona handova, miaraka amin'i Kristy, izay rehetra ananan'ny Rainao.

### **Manan-danja amin'Andriamanitra ianao**

Ry rahalahiko malala isany, ry namako isany, manan-danja ianareo. Tiana ianareo. Ilaina ianareo. Marina

ity asa ity. Tena an'Andriamanitra marina io fisoronana izay entinareo io.

Mivavaka aho, eo amimpandinihanareo ireo fomba maro iantsoana ny mpihazona fisoronana iray mendrika, mba hahitanareo fanampiana avy amin'Andriamanitra, izay manampy anareo hatrany hivoatra mankany amin'ilay lova lehibe izay natokan'ny Rainareo any Andanitra ho anareo. Izany tsodrano sy fijoroana ho vavolombelona izany no apetrako aminareo amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

### **FANAMARIHANA**

1. Romana 3:23.
2. Jereo ny Helamàna 5:12.
3. Efesiana 2:19.
4. Jereo ny “Seigneur, Je te suivrai,” *Cantiques*, no. 141.
5. Môsià 18:9.
6. Fotopampianarana sy Fanekepihanana 81:5.
7. Jakôba 2:8 ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.
8. Romana 8:16–17.
9. Fotopampianarana sy Fanekepihanana 84:33, 35, 37–38.
10. 1 Korintiana 1:27.
11. Jereo ny Romana 8:31.
12. Malakia 3:10.
13. Matio 16:25.
14. Efesiana 4:13.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Iray Isika

*Mivavaka aho hoe na aiza na aiza misy anareo ary na inona na inona andraikitrareo ao amin'ny fisoronan'Andriamanitra, dia hiray hina isika ao anatin'ilay asa hitondrana ny filazantsara manerana an'izao tontolo izao.*

**N**ataon'ny Tompo mazava tsara raha vao nanomboka ity fotoampitantana farany ity fa natao hitondra ny filazantsara manerana an'izao tontolo izao isika. Lazainy amin'ny mpihazona ny fisoronana maro ankehitriny ny zavatra nolazainy tamin'ireo mpihazona ny fisoronana vitsivitsy tamin'ny 1831. Nantsoina isika hiasa amim-piraisankina ao anatin'ilay fijinjany fanahy mandra-piveriny indray, na firy taona isika na firy taona, na inona na inona fahaiza-manao ananantsika na antsompiangonana sahanintsika, ary na aiza na aiza misy antsika. Hoy izy tamin'ireo mpiasa voalohany tao amin'ny tanim-boaloboka hoe:

“Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo, omeko anareo ny didy, ka ny olona tsirairay, na loholona, na mpisorona, na mpampianatra, na mpikambana, dia samy handeha amin'ny heriny, amin'ny asan'ny tanany, mba hanomanana sy hanatontosa ireo zavatra izay nodidiako.

“Aoka ny fitorianareo ho feo fampitandremana ny olona tsirairay ny namany amin'ny fahamorana sy amin'ny halemem-panahy.

“Ary mivoaha avy eo anivon'ny olon-dratsy. Vonjeo ny tenanareo.

Madiova ianareo izay mitondra ny fanaky ny Tompo.”<sup>1</sup>

Hitanareo izao ry mpikambana ao amin'ny Fisoronana Aharôna fa mahakasika anareo koa ilay didin'ny Tompo. Noho ny fahafantaranareo fa manomana lalana foana mba hitandremana ny didiny ny Tompo, dia afaka manantena ianareo fa hanao izany ho anareo tsirairay avy Izy.

Mamela ahy ianareo hilaza aminareo ny fomba nanaovany izany ho an'ny zatovolahy iray izay mihazona ny anjara fanompoan'ny mpisorona ao amin'ny Fisoronana Aharôna ankehitriny. 16 taona izy. Mipetraka any amin'ny firenena iray izy ka vao herintaona lasa izay no nahatongavan'ny misiônera voalohany tany. Nasaina niasa tany amin'ny tanàna roa izy ireo fa tsy tany amin'ilay tanàna nipetrahan'ity zatovolahy ity.

Fony mbola zaza izy dia nentin'ny ray aman-dreniny nipetraka tany Utah mba hahitana fiarovana. Nampianaran'ny misiônera ary nataon'izy ireo batisa ilay fianakaviana. Tsy natao batisa tao amin'ny Fiangonana izy satria mbola tsy feno valo taona.

Maty ao anatin'ny loza tampoka iray ny ray aman-dreniny. Noho izany dia nentin'ny reniben'ny nody tany

amin'ny izy, tany am-pitan'ny ranomasimbe, niverina tany amin'ilay tanàna nahaterahany.

Raha nandeha teny an-dalana izy ny volana Martsa vao tamin'ny herintaona dia nahatsapa fa tokony hiresaka amin'ny vehivavy iray izay tsy fantany akory. Niresaka taminy tamin'izay teny Anglisy hany tadidiny izy. Mpitsabo mpanampy ilay vehivavy izay nalefan'ny filohan'ny misiona tao amin'ny tanànany mba hitady trano sy toeram-pitsaboana ho an'ireo misiônera izay hiasa atsy ho atsy ao amin'io toerana io. Lasa mpinamana izy ireo rehefa niresaka. Nolazainy tamin'ireo misiônera ny momba ilay zatovolahy rehefa niverina tany amin'ny foiben'ny misiona izy.

Tonga tany tamin'ny Septambra 2012 ireo elder voalohany. Ilay zatovolahy kamboty no nataon'izy ireo batisa voalohany tao amin'Ny Fiangonana Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Feno efa-bolana tamin'ny volana Martsa teo tamin'ity taona ity ny naha mpikambana azy. Voatendry ho mpisorona ao amin'ny Fisoronana Aharôna izy ary afaka manao batisa ilay olona faharoa hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana noho izany. Izy no mpamaky lain'ny fisoronana voalohany nanangona ireo zanaky ny Ray any an-danitra hafa mba hiaraka aminy hanorina ny Fiangonana ao amin'ilay tanàna izay misy mponina eo amin'ny 130.000 eo ho eo.

Nitombo be ho enina ny mpikamban'ny Fiangonana tao amin'izany tanàna izany ny Alahadin'ny Paska, 31 Martsa 2013. Izy irery no hany mpikambana avy eo an-toerana nanatrika ny fivoriana tamin'izay Alahady izay. Naratra ny lohaliny ny andro talohan'izany, saingy nanapa-kevitra fa tsy maintsy ho any izy. Nivavaka izy mba ho afaka ny handeha an-tongotra any am-piangonana. Ary dia tonga tany izy. Nizara ny fanasan'ny Tompo tamin'ny elder tanora miisa efatra izy sy misiônera mpivady zokiolona iray—izay no fitambaran'ny mpiangona tao.

Toy ny tsy dia mahataitra loatra izany tantara izany raha tsy hoe hitanao ao anatin'izany ilay lamin'ny tanan'Andriamanitra manorina ny fanjakany. Efa hitako imbetsaka izany.



Hitako izany tany Nouveau-Mexique fony mbola zatovolahy. Nilaza tamintsika ireo mpaminany tao anatin'ny taranaka maro nifandimby fa tokony hanampy ny misiônera isika hitady sy hampianatra ireo mahitsy fo ary hitia ireo izay miditra ao amin'ny fanjakany avy eo.

Hitako manokana ny zavatra azon'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana sy mpikambana mahatoky atao. Lasa miaramila tao amin'ny Tafika Ana Habakabak'i Etazonia aho tamin'ny 1955. Nomen'ilay evekako tany amin'ny toerana nipetra hako tsodrano aho talohan'ny kelin'ny handehana tany amin'ilay toerana hiasako voalohany izay tany Albuquerque, Nouveau-Mexique.

Nilaza izy tao anatin'ny tsodranony fa ny fotoana hiasako ao amin'ny tafika ana habakabaka dia hiompana amin'ny asa fitoriana. Nandeha tany am-piangonana tao amin'ny Paroasy Voalohan'i Albuquerque aho ny

Alahady voalohako tany. Nisy lehilahy iray nanatona ahy dia nampahafantatra ny tenany ho filohan'ny distrika ary nilaza tamiko fa hiantso ahy ho misiôneran'ny distrika izy.

Nolazaiko tamin'ny fa hanatrika fiofanana mandritra ny herinandro vitsivitsy fotsiny aho ary halefa hiasa any amin'ny faritra hafa eto amin'izao tontolo izao. Hoy izy hoe: "Tsy fantatro aloha ny momba izay fa tokony hiantso anao hanompo izahay." Teny antenantenan'ilay fanofanana miaramila natrehako, tampoampoka teo, dia voafidy tao anatin'ireo miaramila an-jatony maro nofanina aho mba hisolo toerana any amin'ny foibe ny miaramila iray izay nodimandry tampoka.

Noho izany dia nijanona tao nandritra ny roa taona aho nanatanteraka ny antsoko. Nampianatra ny filazan-tsaran'i Jesoa Kristy tamin'ireo olona nentin'ny mpikambana tany aminay aho ny ankamaroan'ireo hariva ary isaky ny faran'ny herinandro.

Izaho sy ireo mpiara-mitory tamiko dia nandany teo amin'ny 40 ora mahery teo isam-bolana nanaovana asa fitoriana ary tsy mba nandondona varavarana izahay na indray mandeha aza mba hahitana olona hampianarina. Notoloran'ny mpikambana asa maro izahay ka matetika nampianatra fianakaviana roa ao anatin'ny hariva iray. Hitako manokana ny hery sy ny fitahiana ao anatin'ilay antso miverimberina nataon'ireo mpaminany ho an'ny mpikambana tsirairay mba ho misiônera.

Ny Alahady farany talohan'ny nandaozako an'i Albuquerque, dia naorina tao amin'izany tanàna izany ny tsatoka voalohany. Misy tempoly masina iray any izao, tranon'ny Tompo iray, ao anatin'ilay tanàna izay nivorianay taloha tao amin'ilay hany trano fiangonana tany niaraka tamin'ireo Olomasina izay nitondra namana tany aminay mba ho ampianarina sy hahatsapa ny fijoroan'ny Fanahy ho vavolombelona. Nahatsapa ho voarary tsara sy toy ny tompon-trano ireo namana ireo tao amin'ilay Fiangonana marin'ny Tompo.

Hitako indray izany taty aoriana tany Nouvelle-Angleterre rehefa nianatra aho. Voantso ho mpanolotsain'ny filohan'ny distrika nanana ny maha izy azy iray aho izay nisy fotoana tsy niraharaha ny Fiangonana saingy avy eo lasa lehilahy manana hery arapanahy lehibe. Tian'ilay mpampianatra isan-tokantranony io lehilahy io ka tsy noraharahiany izay fifohany sigara fa nojereny kosa ny zavatra afaka ny ho hitan'Andriamanitra ao aminy. Nitondra fiara nitety havoana sy morontsiraka izaho sy ilay filohan'ny distrika mba hamangy ireo sampana kely nisy tany Massachusetts sy Rhode Island mba hanorina sy hitahy ny fanjakan'Andriamanitra.

Tao anatin'ireo taona maro nia-rahako nanompo tamin'io mpitarika nanana ny maha izy azy io dia nahita olona nahasarika ireo namany tany am-piangonana izahay noho ny ohatra nasehon'izy ireo sy ny fanasana ataon'izy ireo mba hihaino ny misiônera. Toy ny niadana sy narefo ny fahitako ny fivoaran'ireo sampana ireo. Saingy ny Alahady hialako tao, izay dimy





**Los Angeles, Californie, Etazonia**

taona taty aoriana, dia nisy Apôstôly roa tonga mba hanova ny distrikanay ho tsatôka tao amin'ny trano fiangonana Longfellow Park tany Cambridge.

Niverina tany mba hitarika fihao-namben'ny tsatôka iray aho taona maro lasa taty aoriana. Nentin'ny filohan'ny tsatôka hijery havoana vatoana iray tany Belmont aho. Nolazainy tamiko fa ho toerana tsara hanorenana tempolin'Andriamanitra anankiray izany. Misy anankiray mitsangana ao ankehitriny. Rehefa mandinika izany aho dia tsaroako ireo mpikambana feno fanetrentena nipetraka teo akaikiko tany amin'ireo sampana kely sy ireo mpifanolobodirindrina nasain'izy ireo ary ireo misiônera nampianatra azy ireo.

Misy diakona vaovao iray ato amin'ity fivoriana ity androany hariva. Niaraka taminy aho tamin'ilay Alahadin'ny Paska izay nanaovan'ilay mpi-sorona noresahako tany aloha tany dia an-tongotra mba hanatrika ilay fivoriany ahitana mpikambana iray. Miramirana ilay diakona rehefa nilaza ny rainy fa hiaraka aminy hanatrika ity fivorian'ny fisoronana ity izy androany hariva. Misiônera nanana ny maha izy azy izany raim-pianakaviana izany tao amin'ilay misiôna izay efa naha filohan'ny misiôna ny rainy. Hitako ilay *Missionary Handbook* (Boky Torolalana ho an'ny Misiônera) taona 1937 izay an'ny rain'ny raiben'ny Nitondra olona maro tao amin'ny Fiangonana tao anatin'ny taranaka maro nifandimby ny fianakaviany.

Dia niresaka tamin'ny evekan'io diakona io aho mba hahafantatra izay toe-javatra mety hantenain'ilay

zavolahy ao anatin'ny fanatanterahana ny andraikitra ny fisoronana mba hanangona fanahy ho an'ny Tompo. Tamim-pientanentanana no namaritany ilay eveka ny fomba fanarahan'ny tompon'andraikitra mitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy ny fivoaran'ireo naman'ny fiangonana. Mahazo izany fampahalalana izany amin'ny alalan'ny fifandraisana tsy tapaka amin'ireo misiônera izy.

Resahan'ny eveka sy ny filankevitry ny paroasy ny mikasika ireo naman'ny fiangonana mivoatra tsirairay. Manapakevitra mikasika ny zavatra azony atao ho an'ny olona tsirairay sy ny fianakaviany izy ireo mba hanampiana azy ireo ho lasa namana alohan'ny batisa ary mba hampandraisana anjara azy ireo ao amin'ireo fiaraha-mientana sy hikolokoloana ireo izay vita batisa. Nilaza izy fa indraindray misimisy ireo olona nanome fotoana mba hampianarin'ny misiônera ka dia misaraka izy ireo ary mitondra mpihazona ny Fisoronana Aharôna mba ho mpiaramitry amin'izy ireo.

Ny drafitra ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy dia ahitana ireo tanjon'ireo kôlejy mba hanasa ireo olona fantany hihaona amin'ny misiônera. Na ny fiadidian'ny kôlejin'ny diakona aza dia asaina mba hametraka tanjona sy drafitra mba hitondran'ireo mpikambana ao amin'ny kôlejiny ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ireo olona izay fantany.

Ilay diakona any amin'ny paroasy matanjaka sy ilay mpi-sorona vaovao—ilay vao niova fo—any amin'ilay vondron'ny mpikambana kely iray dia toy

ny zara raha manan-javatra iraisana eo amin'ny izy samy izy na eo aminao izao. Ary mety tsy mahita zavatra itozivana be loatra ianao ao anatin'ny zavatra iainanao amin'ny fanorenana ny Fiangonana sy ireo fahagagana hitako tany Nouveau-Mexique sy Nouvelle-Angleterre.

Kanefa misy fomba iray izay maha iray antsika ao anatin'ny fanatanterahantsika ny andraikitsika ao amin'ny fisoronana. Manamasina ny tenantsika isika ary manatanteraka ny andraikitsika manokana mifanandrify amin'ilay didy mba hitondra ny filazantsara any amin'ireo zanaky ny Raintsika any an-danitra rehetra.

Mitovy ny zavatra iainantsika ao anatin'ilay fomba entin'ny Tompo hanorenana ny fanjakany eto an-tany. Mbola misy fahamarinana manandanja lehibe iray nampianarin'ireo mpaminany mikasika ny fomba tokony hanatanterahantsika ny andraikitra ny fisoronana eo amin'ny fanaovana asa fitoriana ao amin'ny Fiangonany, miaraka amin'ireo fitaovana sy lamina tena tsara izay nomena antsika.

Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny 1959, dia nampianarin'ny Filoha David O. McKay izany fitsipika izany toy ny nataon'ireo mpaminany nanomboka tamin'ny androny ary tafiditra ao koa ny Filoha Thomas S. Monson. Notantarain'ny Filoha McKay tany amin'ny ampahany faran'ny lahateniny fa tamin'ny 1923 tany amin'ny misiona Britanika dia nisy torolalana ankapobeny nalefa ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana. Notenenina izy ireo mba tsy handany vola amin'ny fanentanana mba hanova ny tsy fitiavan'ny olona ny Fiangonana. Nolazain'ny Filoha McKay fa ny fanapahan-kevitra dia hoe: “Omeo ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana ilay andraikitra hoe rehefa migadona ny taona 1923 dia ho misiônera ny mpikambana tsirairay. Misiônera ny mpikambana tsirairay! Azonao entina any am-piangonana ny reninao na mety ny rainao, na mety ny mpiara-miasa aminao ao amin'ny toeram-piasanao. Hisy olona handre ilay vaovao mahafaly avy aminao.”

Dia notohizan'ny Filoha McKay izany hoe: "Ary izay no hafatra androany. Ny mpikambana tsirairay—Iray tapitrisa sy dimy hetsy—dia—*misiônera!*"<sup>2</sup>

Taitra aho rehefa nambara tamin'ny taona 2002 fa ho andraikitra ny eveka ny asa fitoriana. Efa nihazona izany andraikitra izany aho. Toy ny efa manao asa maro mihoatra noho izay vitany izy ireo eo amin'ny fanompoana ny mpikambana sy ny fitantanana ireo rafitra ao amin'ny paroasy.

Nisy eveka iray fantatro izay tsy nandray izany ho toy ny andraikitra fanampiny fa toy ny fahafahana mam-pivondrona ny paroasy iray hanao asa lehibe izay ahitana fa lasa misiônera ny mpikambana tsirairay. Nantsoiny ny tompon'andraikitra mitarika ny asa fitoriana. Nihaona tamin'ireo misiônera mihitsy izy isaky ny Sabotsy mba hahafantarany mikasika ny asan'izy ireo sy mba hampaherezana azy ireo ary mba hahafantarana ny fivoaran'ireo naman'ny Fiangonana. Ny filankevitry ny paroasy dia nahita fomba mba hampiasan'ireo rafitra sy kôlejy ny fanaovana asa fanompoana ho toy ny fanomanana ny mpikambana ho misiônera. Ary amin'ny maha-mpitsara amin'i Isiraely azy dia nanampy ny tanora izy hahatsapa ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotana mba hihazonana azy ireo ho madio.

Vao haingana aho no nanontany azy ny antony nampitombo haingana be ny

olona vita batisa tao amin'ny paroasiny sy ny nampitombo ny isan'ny tanora vonona sy mazoto hitondra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy any amin'izao tontolo izao. Nolazainy fa toa tsy avy amin'ny asa nataon'olona izany fa ny fanambaran'izy rehetra ho iray ilay fientanentanany mitondra olona ato amin'ny fianakavian'ny Olomasina no nitondra fifaliana toy izany ho azy ireo.

Tonga avy amin'ny zavatra ankoatra ny fientanentanana izany ho an'ny sasany. Tahaka ny zanakalahin'i Môsià ohatra, nahatsapa ny voka-dratsy nateraky ny fahotana izy ireo ary ilay fanasitranana mahagaga avy amin'ny Sorompanavotana ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra. Noho ny fitiavana sy ny fankasitrahana ny fanomezana azony avy amin'ny Mpamonjy dia naniry ny hanampy araka izay vitany ny olona tsirairay izy mba hanalavitra ny alahelo avy amin'ny fahotana sy hahatsapa ny fifaliana avy amin'ny famelan-keloka ary hivondrona miaraka amin'izy ireo mba ho voaro ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

Ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavany ny namany ary ny mpifanolo-bodirindrina aminy no nampiray hina azy ireo hanompo ny olona. Nanana faniriana ny hitondra ny filazantsara tany amin'ny olona tsirairay tany amin'ny faritra nisy azy teto amin'izao tontolo izao izy ireo. Ary nanomana ny zanany izy ireo mba ho mendrika ny ho antsoin'ny Tompo hampianatra,

hijoro ho vavolombelona ary hanompo any amin'ny faritra hafa ao amin'ny tanim-boalobony.

Na any amin'ilay paroasy lehibe izay hanatanterahan'ilay diakona vaovao ny andraikiny hizara ny filazantsara sy hanorina ny fanjakana izany na any amin'ilay vondrona kely lavitra izay hanompoan'ilay mpisorona vaovao, dia ho iray izy ireo noho ny tanjona tratariny. Ho entanin'ny fitiavan'Andriamanitra ilay diakona mba hanatona namana iray izay mbola tsy mpikambana. Hampandraisany anjara ao anatin'ny asa fanompoana na fiaraha-mientana sasantsasany ao amin'ny Fiangonana ilay namany ary avy eo hanolorany fanasana mba ho ampianarin'ny misiônera izy sy ny fianakaviany. Ho an'ireo izay vao vita batisa dia izy no karazana namana hilain'izy ireo.

Hanasa olon-kafa hiaraka aminy any amin'ilay vondrona kelin'ny Olomasina ilay mpisorona, izay toerana nahatsapany ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fiadanana masina avy amin'ny Sorompanavotana.

Raha mahatoky foana izy ao amin'ny andraikitra ny fisoronana sahaniny dia hahita ilay vondrona ho sampana izy, dia hisy tsatòkan'i Ziona ho tonga ao amin'ilay tanànanany. Hisy paroasy ahitana eveka mikarakara any. Mety ny iray amin'ireo zanany lahy na zafikeliny lahy no hitondra ny mpampon'Andriamanitra any amin'ny havoana iray tsy lavitra indray andro any ary hilaza hoe: "Ho toerana tsara hanorenana tempoly eto."

Mivavaka aho hoe na aiza na aiza misy anareo ary na inona na inona andraikitrareo ao amin'ny fisoronan'Andriamanitra, dia hiray hina isika ao anatin'ilay asa hitondrana ny filazantsara manerana an'izao tontolo izao ary hamporisika ny olona izay tiantsika isika mba hadio amin'ny fahotana sy ho faly miaraka amintsika ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy izay tompon'ity Fiangonana ity, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 38:40–42.
2. David O. McKay, ao amin'ny Conference Report, Apr. 1959, 122.





Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Avia, Ianareo Zanakalahin'Andriama- nitra Rehetra

*Enga anie isika tsirairay handalina amim-pahazotoana ny soratra masina, hanao drafitra arahina tanjona ho an'ny fiainana, hampianatra ny fahamarinana miaraka amin'ny fijoroana ho vavolombelona, ary hanompo ny Tompo amim-pitiavana*

Indroa isan-taona ity Foiben'ny Fihao-namben'ny Fiangonana mahafinaritra ity no toa miteny amintsika, amin'ilay feony mandresy lahatra manao hoe: “Avia, ianareo zanakalahin'Andriama-nitra rehetra izay nandray ny fisoronana.”<sup>1</sup> Misy fahatsapana miavaka izay manenika ity fivoriamben'ny fisoronana ato amin'ny Fiangonana ity.

Anio alina dia mpihazona fisoronana an'alin-kisa manerana izao tontolo izao no manompo ny Tompo amin'ny maha misiônerany azy ireo. Araka ny nolazaiko tamin'ny hafatro aninkeheo maraina dia manana misiônera 65.000 izao isika eny amin'ny sahan'ny misiona, ary misy an'arivony maro no miandry ny hiditra ny foibe fanofanana ny misiônera na efa eo andalam-piandrasana ny valin'ny taratasy fangatahana ho misiônera. Tianay ary derainay ireo izay manampiniavana sy ireo izay efa tsindriandaona ny hanompo.

Ny soratra masina dia tsy ahitana fanambarana manan-danja kokoa, sy andraikitra mamatotra kokoa, ary torolalana mivantana kokoa noho ilay didy nomen'ny Tompo efa nitsangana tamin'ny maty tamin'Izy niseho tamin'ireo mpianany iraikambinifolo tany Galilia. Hoy Izy:

“Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

“Sady mpianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.”<sup>2</sup>

Io didy masina io, miaraka amin'ny fampanantenana feno voninahitra miaraka aminy, no teny filamatsika ankehitriny toy ny tamin'ny fotoana niainan'i Jesoa tety an-tany. Ny asa fitoriana dia rafitra iray hamantarana

Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Efa toy izany foana hatramin'izay; ary mbola ho toy izany hatrany. Araka ny voalazan'ny Mpaminany Joseph Smith hoe: “Rehefa nodinihana ny zava-drehetra, dia ny mitory ny Filazantsara no acidy manan-danja indrindra.”<sup>3</sup>

Ato anatin'ny roa taona monja dia hahavita ny asany daholo ireo misiônera amin'ny fotoana feno izay manompo ankehitriny ato amin'ity tafik'Andriamanitra ity, ary ho tafaverina any an-tokantrano misy azy eo anivon'ireo malalany. Ho an'ireo lehilahy, ny handimby azy ireo dia hita eto androany alina eo anivon'ny Fisoronana Aharôna an'ny Fiangonana. Ry zatovolahy isany, vonona hamaly ny antso ve ianareo? Vonona ny hiasa ve ianareo? Vonona hanompo ve ianareo?

Amin'ny fomba fijery tsara indrindra ny asa fitoriana dia mitaky fanitsiana hentitra eo amin'ny fomba fiainana. Mitaky asa betsaka sy fanoloran-tena lehibe, fahafoizan-tena hanadinoana ny tena sy vavaka feno hafanam-po. Ho vokany, ny asa fanompoana feno fanoloran-tena hitoriana dia ahazoana tombony, dia fifaliana mandrakizay, izay mitohy mandritra ny androm-piainana sy hatrany amin'ny mandrakizay.

Ny fanamby ho antsika dia ny ho mpanompo mahasoaka kokoa ao amin'ny tanimboaloboky ny Tompo. Mihatra amintsika rehetra izany, na firy taona na firy taona, ary tsy natokana ho an'ireo izay miomana ny ho misiônera amin'ny fotoana feno fotsiny ihany, satria miantefa amintsika rehetra ilay didy hoe hizara ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Te handroso fomba iray aho hiantohana ny fahombiazantsika: voalohany, **halalino amim-pahazotoana ny soratra masina**; faharoa, **manaova drafitra arahina tanjona ho an'ny fiainanao** (ary azoko ampiana hoe asio drafitra ny fiainanao na firy taona ianao na firy taona); fahatelo, **ampianaro miaraka amin'ny fijoroana ho vavolombelona ny fahamarinana**; ary fahaefatra, **manompoa ny Tompo amim-pitiavana**.

Andeha ho dinihantsika ireo ampahany tsirairay ao amin'io fomba io.

Voalohany, **halalino amim-pahazotoana ny soratra masina.**

Ny soratra masina dia mijoro ho vavolombelon'Andriamanitra ary ahitana ny tenin'ny fiainana mandrakizay.

Ny ifantohan'ireo fandaharam-pampianaran'ny Fiangonana dia ny soratra masina, norafetina sy narindra tamin'ny alalan'ny ezaka fandrindrana. Amporisihana ihany koa isika handalina ny soratra masina isan'andro na samirery na miaraka amin'ny fianakaviansika.

Soratra masina iray ihany no hatolotro, izay ahitana fampiharana mivantana eo amin'ny fiainantsika. Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ao amin'ny Almà 17, dia hitantsika ny fitantarana ny fifalian'i Almà raha nahita indray ireo zanakalahin'i Môsià izy ary namarika ny fanolorantenan'izy ireo tamin'ny filazantsara. Milaza amin-tsika ny rakitsoratra hoe: "Nihanahery tamin' ny fahalalana ny marina izy ireo; fa izy ireo dia olon' ny fahalalana tsy misy tomika ary efa nodinihiny tamim-pahazotoana tokoa ny soratra masina hahazoany mahalala ny tenin'Andriamanitra.

"Nefa tsy izay ihany; efa nanokantena ho amin' ny fivavahana fatratra sy ny fifadian-kanina izy ireo; noho izany dia nananany ny fanahin' ny faminiana sy ny fanahin' ny fanambarana, ary rehefa nampianatra izy ireo dia nampianatra tamin' ny hery sy ny fahefan' Andriamanitra."<sup>4</sup>

Ry rahalahy isany, **Halalino amim-pahazotoana ny soratra masina.**

Faharoa eo amin'ny raikipohy: **manaova drafitra arahina tanjona ho an'ny fiainanao.**

Angamba tsy mbola nisy taranaka tanora izay niatrika fanapahan-kevitra misy fiantraikany lavitra tahaka ireo tanora ankehitriny. Tsy maintsy asiana fiomanana ho an'ny fianarana, sy ny misiona ary ny fanambadiana. Ho an'ny sasany dia ampidirina ao koa ny fanompoam-pirenena any amin'ny tafika.

Manomboka aloha be ny fiomanana ho an'ny misiona. Ambonin'ny



fiomanana ara-panahy dia hanome fahafahana ny zananilahy ny ray aman-dreny hendry hanaovany tahiry ho an'ny asa fitoriana hataony. Azo amporisihana ihany koa izy rehefa mandeha ny taona mba hianatra teny vahiny iray, mba ho azo ampiasaina, raha ilaina, ny fahaizany teny vahiny. Farany dia tonga ilay andro lehibe izay hiantsoan'ny eveka sy ny filohan'ny tsatòka azy hitafa sy hidinika. Tom-bantombanana ny fahamendrehana; ary dia fenoina ny fangatahana ham-pandrosoana azy ho misiônera.

Tsy misy fotoana hafa mahatsindrian-daona kokoa ny fianakaviana manontolo noho ilay mitazana sy miandry ny mpizara taratasy sy ilay taratasy misy ny adiresin'ny mpandefa hoe *47 East South Temple, Salt Lake City, Utah*. Tonga ilay taratasy;

fitaintainana tsy misy ohatr'izany; vakiana ilay antso. Matetika dia lavitry ny toerana onenana ny faritra voatendry hiasana. Na aiza na aiza anefa ilay toerana dia mitovy foana ny valintenin'ilay misiônera vonona sy mpankatò: "Handeha aho hanompo."

Manomboka ny fiomanana hanainga. Ry zatovolahy isany, antenaiko fa ankasitrahamanareo ny fahafoizantena izay ataon'ireo ray aman-dreny am-piniavana tokoa mba hanompoana anareo. Hanohana anareo ny asan'izy ireo, hankahery anareo ny finoan'izy ireo, hiaro anareo ny fivavak'izy ireo. Raharahan'ny mpianakavy ny asa fitoriana. Na dia sarahin'ny kaontinanta na ranomasimbe maro aza dia toy ny iray ihany ny fo.

Ry rahalahy isany, rehefa manomana ny fiainanao miaraka amin'ny

tanjona ianao dia tsarovy fa ny fahafahana mitory filazantsara dia tsy voafetrany fotoan'ny antso ôfisialy. Ho anareo izay manao fanompoana any amin'ny tafika dia mety hahasoa ary tokony hahasoa izany fotoana izany. Isan-taona ireo zatovolahintsika any amin'ny tafika dia mitondra fanahy maro ho ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanajana ny fisoronany, sy ny fanarahana ireo didin'Andriamanitra, ary ny fampianarana ny tenin'ny Tompo amin'ny hafa.

Aza tsinontsinoavina ny tombontsoa hahafahanao ho tonga misiônera rehefa mandranto fianarana ianao. Hodinihin'ny olona ny ohatra asehonao amin'ny maha Olomasin'ny Andro Farany anao, ka ho tsaraina ary matetika halain-tahaka.

Ry rahalahy, na firy taona ianareo na firy, na **manao ahoana toe-javatra iainanareo na manao ahoana, mitaona anareo aho hanao drafitra arahina tanjona ho an'ny fiainanareo.**

Ny zavatra fahatelo eo amin'ny raikipohy dia hoe: **ampianaro miaraka amin'ny fijoroana ho vavolombelona ny fahamarinana.**

Ankatoavy ny torohevitra ny Apôtôly Petera izay nitaona hoe: “Aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo.”<sup>5</sup> Asandrato ny feonareo ary mijoroa ho vavolombelon'ny tena toetoetran'Andriamanitra. Ambarao ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny Bokin'i Môrmôna. Ampahafantaro ireo fahamarinana be voninahitra sy kanto hita ao amin'ny drafitry ny famonjena.

Fony aho filohan'ny misiona tany Kanadà 50 taona mahery lasa izay, dia nisy misiônera vao erotrerony iray izay avy amin'ny tanàna kely iray tany amin'ny tontolo ambanivohitra, ary talanjona tamin'ny haben'i Toronto. Fohy izy raha ny halavany fa lava raha ny fijoroany ho vavolombelona. Tsy ela taorian'ny nahatongavany dia niaraka tamin'ny mpiara-mitory taminy izy nankany an-tranon'i Elmer Pollard, tany Oshawa, Ontario, Kanadà. Nalahelo an'ireto tovolahy izay



niteny trano nandritra ny rivo-mahery miaro oram-panala ireto Andriamatoa Pollard, ka nanasa ireto misiônera handroso ao an-tranony. Natolotr'ireto misiônera taminy ny hafatra nentin'izy ireo. Tsy nahatsapa ny fanahy izy. Afaka kelikely dia nangatahiny izy ireo handeha ary tsy hiverina intsony. Ny teny farany nataony tamin'ireo misiônera raha iny handao ny tokonambaravarana iny izy ireo dia nifangaro fanarabiana: “Tsy afaka miteny amiko ianareo hoe tena mino marina tokoa fa mpaminanin'Andriamanitra i Joseph Smith!”

Nikatona ilay varavarana. Nandeha nidina tamin'ilay lalana ireto misiônera. Nilaza tamin'ny namany ilay tovolahy tambanivohitra hoe: “Elder, tsy namaly an'Andriamatoa Pollard isika. Nilaza izy hoe tsy mino isika fa mpaminany marina i Joseph Smith. Andao hiverina ary hijoro ho vavolombelona aminy.” Tamin'ny voalohany dia nisalasala ilay misiônera efa nanana traikefa kokoa, fa nony farany dia nanaiky hanaraka ny mpiara-mitory aminy izy. Tamin-tahotra no nanatona n'izy ireo ilay varavarana izay vao avy nandroahana azy ireo. Nandondôna izy ireo, ka nifanatrika tamin'Andriamatoa Pollard, niandry nandritra ny fotoana nampitebiteby, ary avy teo, nahazo hery avy tamin'ny Fanahy ilay misiônera tsy nanana traikefa ka niteny hoe: “Andriamatoa Pollard, hoy

ianao hoe tsy tena mino izahay hoe mpaminany marina i Joseph Smith. Mijoro ho vavolombelona ainao aho fa *tena mpaminany* i Joseph. *Tena* nandika ny Bokin'i Môrmôna izy. Nahita an'Andriamanitra Ray izy sy Jesoa Kristy Zanany. Fantatro izany.”

Fotoana elaela taty aoriana dia nitsangana Andriamatoa Pollard, izay efa lasa Rahalahy Pollard, nandritra ny fivorian'ny fisoronana ary nanambara hoe: “Tsy nahita tory aho io alina io. Mbola naheno foana tato an-tsofiko ireo teny hoe: ‘Tena mpaminanin'Andriamanitra i Joseph Smith. Fantatro izany. Fantatro izany. Fantatro izany.’ Ny ampitson'io aho dia niantso ireo misiônera ary nangataka azy ireo hiverina. Ny hafatr'izy ireo, miaraka amin'ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona, dia nanova ny fiainako sy ny fiainan'ny fianakaviako.” Ry rahalahy isany, **ampianaro miaraka amin'ny fijoroana ho vavolombelona ny fahamarinana.**

Ny raikipohy farany dia ny **fanompoana ny Tompo amim-pitiavana.** Tsy misy azo asolo ny fitiavana. Ireo misiônera mahomby dia tia ny mpiara-mitory aminy, sy ireo mpitarika ao amin'ny misiona ary ireo olona sarobidy izay ampianarin'izy ireo. Ao amin'ny fizarana fahefatra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia napetraky ny Tompo ny fepetra takiana ho an'ny asa fanompoana. Andeha isika tsy hijery afa-tsy andininy vitsivitsy:

“Ô ianareo izay mirotsaka amin' ny fanompoana an' Andriamanitra, ataovy izay hanompoanareo Azy amin' ny fo, ny hery, ny saina, ary ny tanjakareo rehetra, mba hahazoanareo mijoro tsisy tsiny eo anoloan' Andriamanitra amin' ny andro farany. . . .

“Ary ny finoana, ny fanantenana, ny fiantrana ary ny fitiavana mbamin' ny maso tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra no mahalany azy ho amin' ny asa.

“Tsarovy ny finoana, ny fahatsaran-toetra, ny fahalalana, ny fahononam-po, ny faharetana, ny fifankatiavan' ny mpirahalaha, ny toetra araka an' Andriamanitra, ny fiantrana, ny fanetren-tena ary ny zotom-po.”<sup>6</sup>

Rariny loatra ianareo izay maheno ahy raha mety hanontany tena hoe “Moa ve aho androany nitombo finoana, sy hatsaran-toetra, sy fahalalana, sy toetra araka an’Andriamanitra, ary fitiavana?”

Amin’ny alalan’ny fanoloran-tenanao ao an-trano sy any ivelany, dia mety ireo fanahy izay nampiana ho voavonjy ireo no mety ihany koa ho ireo fanahy izay tianao indrindra.

Taona maro lasa izay dia niditra tao amin’ny biraoko i Craig Sudbury sy i Pearl reniny, izay namako akaiky, talohan’ny fotoana hanaingan’i Craig ho any amin’ny Misionan’i Melbourne Australie. Niavaka be ny tsy nahateo an’i Fred Sudbury, rain’i Craig. Dimy amby roapolo taona talohan’io dia nanambady an’ny renin’i Craig i Fred izay tsy mba tia ny Fiangonana tahaka azy, ary marina tokoa fa tsy mpikambana.

Noborahin’i Craig tamiko ny fitiavany lalina sy maharitra an’ireo ray aman-dreniny, ary ny fanantenany fa indray andro any, hisy fomba hahafahan’ny rainy ho voakasiky ny Fanahy sy hanokatra ny fony ho an’ny filazantsaran’i Jesoa Kristy. Nivavaka aho mba hahazo fitaomam-panahy mikasika ny fomba ahafahan’izany faniriana izany ho tanteraka. Tonga ilay fitaomam-panahy ary dia hoy aho tamin’i Craig hoe: “Manompoa ny Tompo amin’ny fonao rehetra. Aoka

ianao ho mpankatò amin’ny antsonao masina. Manorata taratasy ho an’ny ray aman-dreninao isan-kerinandro; ary indraindray manorata ho an’i Dada manokana, ary ampahafantaro azy hoe hatraiza ny fitiavanao azy, ary lazao azy ny antony maha velompankasitrahana anao noho ny maha zananilahy anao.” Nisaotra ahy izy dia nivoaka ny birao niaraka tamin’ny reniny.

Efa tsy nahita ny renin’i Craig nandritra ny 18 volana teo ho eo aho, kanjo tonga tao amin’ny biraoko izy ary sady nitomany no nilaza tamiko, nanao hoe: “Efa saika ho roa taona izao no nandehanan’i Craig nanao asa fitoriana. Tsy tapaka mihitsy izy nanoratra taty aminay isan-kerinandro. Vao tsy ela izay i Fred vadiko no sambany nitsangana nandritra ny fivoriana fijoroana ho vavolombelona ary nanaitra ahy ary nanohina ny rehetra nanatrika teo raha nanambara fa nanapa-kevitra izy ny ho tonga mpikamban’ny Fiangonana. Nilaza izy fa handeha ho any Australie izaho sy izy hijery an’i Craig amin’ny fahavitan’ny asa fitoriany mba hahafahan’i Fred ho tonga amin’ily batisa farany ataon’i Craig amin’ny maha misiõnera amin’ny fotoana feno azy.”

Tsy mbola nisy misiõnera faly kokoa noho i Craig Sudbury raha nanampy ny rainy izy, tany Australie lavitra tany, handroso tao amin’ny rano hatreo am-balahana, ary nanangana ny sandriny havanana toy ny sokera,

ka namerina ireto teny masina ireto: “Frederick Charles Sudbury, rehefa nomen’i Jesoa Kristy fahefana aho, izaho dia manao batisa anao amin’ny anaran’ny Ray, sy ny an’ny Zanaka, ary ny an’ny Fanahy Masina.”

Azon’ny fitiavana ny fandreseny. **Manompoa ny Tompo amim-pitiavana.**

Ry rahalahy isany, enga anie isika tsirairay **handalina amim-pahazotoana ny soratra masina, hanao drafitra arahina tanjona ho an’ny fiainana, hampianatra ny fahamarinana miaraka amin’ny fijoroana ho vavolombelona, ary hanompo ny Tompo amim-pitiavana.**

Ilay Mpiandry ondry tonga lafatra ho an’ny fanahintsika, ilay misiõnera izay nanavotra ny zanak’olombelona, dia nanolotra antsika ny fanomezantoky masina avy Aminy:

“Raha toa aza ka miasa amin’ny andronareo rehetra ianareo hitory fibebahana amin’ity vahoaka ity ary mitondra olona iray monja ho Ahy, akory ny halehiben’ny fifalianareo miaraka aminy ao amin’ny fanjakan’ny Raiko!

“Ary ankehitriny, raha lehibe ny fifalianareo miaraka amin’ny fanahy iray izay nentinareo ho Ahy ho ao amin’ny fanjakan’ny Raiko, akory ny ho halehiben’ny fifalianareo raha mitondra fanahy maro ho Ahy!”<sup>7</sup>

Momba Ilay niteny ireo teny ireo no hanambarako ny fijoroako ho vavolombelona hoe: Izy no Zanakalahin’Andriamanitra, Mpanavotra sy Mpamonjy antsika.

Mivavaka aho mba hahafahantsika mamaly hatrany ny fanasany hoe: “Manaraha ahy hianao.”<sup>8</sup> Amin’ny Anarany masina—dia ny anaran’i Jesoa Kristy Tompo—amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. “Que tous les fils de Dieu,” *Cantiques*, no. 204.
2. Matio 28:19–20.
3. *Enseignements des Présidents de l’Eglise: Joseph Smith* (2007), 330.
4. Almà 17:2–3.
5. 1 Petera 3:15.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:2, 5–6.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:15–16.
8. Jaona 21:22.





**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ny Fanantenana ny Fahaza- van'Andriamanitra

*Rehefa mikatsaka ny hampitombo ny fitiavantsika an'Andriamanitra isika sy miezaka ny ho tia ny namantsika dia hanodidina sy hankahery antsika ny fahazavan'ny filazantsara.*

## Fidirana ho amin'ny Fahazavana

Manana hosodoko ankamamiako izay aho ao amin'ny biraoko izay nomena ny anarana hoe *Fidirana ho amin'ny Fahazavana*. Namako iray izay no namorona izany, ilay mpahaikanto Danoa Johan Benthin, izay filohan'ny tsatòka voalohany tao Copenhagen, Danemark.

Maneho efitrano maizina iray ilay hosodoko ary misy varavarana misokatra mampiditra hazavana mamiratra. Mahaliana ahy ny hoe tsy manazava ilay efitrano manontolo ilay hazavana avy eo amin'ilay varavarana—ilay faritra manatrika ny varavarana raha iny vao hiditra iny ihany no mazava.

Ny haizina sy ny hazavana ao amin'io hosodoko io amiko dia fanoharana ny fiainana. Ampahany amin'ny toe-tenantsika amin'ny maha-olona mety maty ny mahatsapa

indraindray fa toy ny hoe hodidinin'ny haizina isika. Mety nodimandry ny olon-tiantsika iray, na mety nania ny zanaka iray, na mety naharay valin'ny famantarana aretina mampikorontantsaina isika, na mety manana olana eo amin'ny asa isika ary mety vesaran'ny ahiahy sy ny tahotra; na mety mahatsapa ho irery na tsy tiana.

Kanefa na dia mety mahatsiaro ho very eo anivon'ireo toe-javatra iainantsika ankehitriny aza isika dia nampantena ny fanantenana ny hazavany Andriamanitra—Nampanantena ny hanazava ny lalana eo alohantsika Izy sy ny haneho antsika ny lalana hivoahana ao amin'ny haizina.

## Efitrano Rakotry ny Haizina

Te hiresaka aminareo momba ny vehivavy iray nihalehibe tao anatin'ny efitrano rakotry ny haizina aho—Andeha ho antsoiko hoe i Jane izy.

Nanomboka tamin'ny fotoana naha telo taona an'i Jane dia nokapohina sy nambaniana ary nampiharana herisetra foana izy. Nampitahorina sy noesoina izy. Isa-maraina izy dia nifoha tsy nahafantatra raha mbola ho velona mandra-pahatongan'ny ampitso. Ireo olona tokony hiaro azy no nampijaly azy na namela ny hitohizan'ny herisetra natao tamin'ny.

Nianatra nampitsahatra ny fahatsapany zavatra i Jane mba hiarovany ny tenany. Tsy nanana fanantenana ny ho avotra izy, ka dia nanamafy ny fony izy mba hiarovany tena tamin'ny zavatra nahatsiravina niainany. Tsy nisy hazavana tao amin'ny tontolo niainany, noho izany dia nionona tamin'ny haizina izy. Tamin'ny tsy fahafahana mahatsapa, izay tsy afaka ny ho tonga amin'ny tena raha tsy noho ny fifandraisana maharitra sy tsy misy fiafarany tamin'ny faharatsiana, dia nekeny ny hoe mety ho faty izy na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona.

Avy eo dia nahafantatra Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany i Jane tamin'izy 18 taona. Nilentika tao am-pony ny fifaliana sy ny fanantenana avy amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny ary nanaiky ny fanasana azy ho atao batisa izy. Sambany tamin'izay no nidiran'ny hazavana teo amin'ny fiainany ary nahitany lalana mazava teo anoloany. Nandao ny haizin'ny tontolony izy ary nanapa-kevitra ny handeha hianatra tany amin'ny toerana lavitra dia lavitra ny toerana nisy ilay mpampijaly azy. Nahatsapa ho afaka tamin'ny tontolon'ny haizina sy ny faharatsiana ihany izy tamin'ny farany—afaka mankafy amin-kalalahana ny fiadanana mamy sy ny fanasitrana mahagaga avy amin'ny Mpamonjy.

Kanefa, taona maro taty aoriana, rehefa maty ilay nanao herisetra tamin'ny dia niverina nikorotan-tsaina indray i Jane noho ireo zava-niseho tamin'ny fahatanorany. Nitady hanimba ilay hazavana mahagaga hitany tao amin'ny filazantsara ny alahelo sy ny hatezerana lalina. Fantany fa raha mamela izany haizina izany izy ho lasa zavatra hifantohany dia hahazo ny fandresena farany ilay mpampijaly azy.





# Manampahafana Ambony ato amin' Nty Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

## NY FIADIDIANA VOALOHANY



Henry B. Eyring  
Mpanolotsaina Voalohany



Thomas S. Monson  
Filoha



Dieter F. Uchtdorf  
Mpanolotsaina Faharao

## NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



Boyd K. Packer



L. Tom Perry



Russell M. Nelson



Dallin H. Oaks



M. Russell Ballard



Richard G. Scott



Robert D. Hales



Jeffrey R. Holland



David A. Bednar



Quentin L. Cook



D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen

## NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY



Ronald A. Rasband



L. Whitney Clayton



Donald L. Hallstrom



Tod R. Callister



Richard J. Maynes



Craig C. Christensen



Ulisses Soares

**NY KÔLEJY VOALOHANY AO AMIN'NY FITOPOLOLAHY**

(manaraka ny abidia)



Marcos A. Adjakinis



Jose L. Alonso



Carlos H. Amado



Ion S. Ardern



Mervyn B. Arnold



David S. Baxter



Shayne M. Bowen



Craig A. Cardon



Yoon Hwan Choi



Don R. Clarke



Carl B. Cook



Lawrence E. Condrige



Claudio R. M. Costa



Leonard R. Curtis Jr.



Benjamin De Hoyos



John B. Dickson



Edward Duble



Kevin R. Duncan



Larry J. Echo Hawk



Stanley G. Ellis



David F. Evans



Enrique R. Fabrella



Eduardo Gavaret



Robert C. Gay



Carlos A. Goody



Christofal Golden Jr.



Gerri W. Gong



Walter F. Gonzalez



C. Scott Grow



James J. Hamula



Daniel L. Johnson




Paul V. Johnson



Patrick Kearon



Paul E. Koelliker



Erich W. Kopschke



Marcus B. Nash




S. Gifford Nielsen



Brent H. Nielson



Allan F. Parker



Kevin W. Pearson



Anthony D. Perkins



Paul B. Pieper




Rafael E. Pino




Bruce D. Porter



Dale G. Reiland



Michael T. Ringwood




Lynn G. Robbins



Joseph W. Sitari



Steven E. Snow



Michael John U. Teh



Gregory A. Schwitzer



Terence M. Vinson



Kent D. Watson



Kent F. Richards



Larry Y. Wilson



Wilford W. Andersen



Koichi Aoyagi



Randall K. Bennett



Bruce A. Carlson




J. Devin Cornish



Timothy J. Dyches




Bradley D. Foster



Randy D. Funk



O. Vincent Haleck



Kevin S. Hamilton



Larry R. Lawrence



Per G. Malm



James B. Martino



Jaro Mazzagari



Adrián Ochoa



Kent F. Richards



Gregory A. Schwitzer



Terence M. Vinson



Kent D. Watson



Kent F. Richards

**NY EPISKÔPÀ MPIAHY**



Gérald Caussé  
Mpanolaisina Voalohany



Gary E. Stevenson  
Eveka Mpiahy



Dean M. Davies  
Mpanolaisina Faharao



Don R. Clarke



Yoon Hwan Choi



Craig A. Cardon



Wilford W. Andersen




Koichi Aoyagi



Bruce A. Carlson



Stanley G. Ellis



Timothy J. Dyches



Bradley D. Foster



Randy D. Funk



O. Vincent Haleck



Per G. Malm



James J. Hamula




C. Scott Grow




Walter F. Gonzalez



Larry R. Lawrence



Per G. Malm



James B. Martino




Kevin W. Pearson



Allan F. Parker




Brent H. Nielson



Allan F. Parker



Kevin W. Pearson



Michael John U. Teh



Steven E. Snow



Joseph W. Sitari



Lynn G. Robbins



Joseph W. Sitari




Michael John U. Teh



Gregory A. Schwitzer



Jorge E. Zaballo



Kazuhiko Yamashita



Scott D. Whiting



F. Michael Watson




William R. Walker




W. Christopher Watfield



Francisco J. Vinas



Armijo Valenzuela



Juan A. Urceta



W. Craig Zwick



Claudio D. Zivic



***Mivory hanatrika ny Fihao-  
namben'ny Fiangonana fanao  
isan-taona faha 183 ireo Oloma-  
sin'ny Andro Farany manerana  
izao tontolo izao. Aseho sary  
manaraka ny fihodim-paman-  
taranandro avy eny amin'ny  
farany ambony havia ireo mpi-  
kamban'ny Fiangonana sy ireo  
misiônera any Guayaquil, Equa-  
teur; Pretoria, Afrika Atsimo;  
Santiago, Chile; Copenhagen,  
Danemark; New York City, New  
York, Etazonia; Brasilia, Brésil;  
ary Edimbourg, Écosse.***

Nitady torohevitra sy fanampiana avy amin'ny mpitsabo izy ary nanomboka nahafantatra fa ny lalana tsara indrindra ho azy hahafahany ho sitrana dia ny mahatakatra sy ny manaiky fa misy ny haizina—fa tsy ny hifantoka foana amin'izany. Satria misy koa ny hazavana, araka izay fantany ankehitriny—ary izay no nofidiany hifantohana.

Noho ireo zava-tsarotra niainany tany amin'ny lasa dia mety ho mora foana ho an'i Jane ny hanana faniriana hamaly faty, na ho feno hatezerana, na ho mahery setra. Saingy tsy nanao izany izy. Nanohitra ny fakam-panahy hanaparitaka ny haizina izy tamin'ny fanoharana ny fahatezerana, na ny faniriana hanisy ratsy, na ny fiahiahiana lava ny hafa. Fa nifantoka tamin'ny fanantenana kosa izy fa afaka ny ho sitrana noho ny fanampian'Andriamanitra. Nisafidy ny ho loharanom-pahazavana izy ary hanokana ny fiainany amin'ny fanampiana ny hafa. Nanampy azy izany hanadino ny lasa sy hisantatra ny hoavy feno voninahitra sy mamirapiratra.

Lasa mpampianatra izy, ary amin'izao fotoana izao, taona am-polony maromaro taty aoriana, dia nisy fiantraikany teo amin'ny fiainan'ny ankizy an-jatony ny fitiavany, nanampy azy ireo hahafantatra fa sarobidy izy ireo, fa manan-danja izy ireo. Lasa mpiaro tsy nitandro hasasarana ireo osa sy niharam-boina ary kivy izy. Nampivoatra sy nampatanjaka ary nanazava ny saina amam-panahin'ireo rehetra nanodidina azy izy.

Nianatra i Jane fa tonga ny hazavana rehefa miala ao amin'ny haizina isika ary mizotra mankany amin'ny fanantenana hazavana mamiratra kokoa. Tsy ny fiainany ihany no novainy rehefa nampihatra finoana sy fanantenana ary fiantrana izy, fa nitahy mandrakizay ihany koa ny fiainan'ny olona maro dia maro.

### **Ny Fahazavana Miraikitra amin'ny Fahazavana**

Mety misy ny sasany aminareo mahatsapa fa mihamahazo laka eo aminareo ny haizina. Mety mahatsapa ho vesaran'ny tebiteby, na ny tahotra na ny ahiahy ianareo. Mamerina milaza

fahamarinana mahatalanjona sy azo antoka aminareo sy amintsika rehetra aho: Tena misy ny fahazavan'Andriamanitra. Afaka mahazo izany ny rehetra! Manome aina ny zava-drehetra izany.<sup>1</sup> Manana hery izany hanalefahana ny fanaintainan'ny ratra lalina indrindra. Afaka manasitrana ny fanirery sy ny aretin'ny fanahintsika izany. Afaka mamboly ny voan'ny fanantenana mamiratra kokoa izany na dia ao anatin'ny fahadisoam-panantenana aza. Afaka manome hazavana izany na dia ao anatin'ny fahoriana lalina indrindra aza. Afaka manazava ny lalana eo alohantsika izany ary mitarika antsika ao anatin'ny ali-mikitra mba ho any amin'ny fanantenan'ny maraina vao.

Izany no “Fanahin'i Jesoa Kristy” izay manome “fahazavana ho an'ny olona rehetra izay tonga eo amin'izao tontolo izao.”<sup>2</sup>

Na izany aza dia ankavitsiana no ahatongavan'ny fahazavana ara-panahy eo amin'ireo izay mijanona fotsiny ao amin'ny haizina miandry olona iray handrehitra ny jiro. Mitaky antsika hanao asa amim-pinoana ny fanokafana ny masontsika mba hahitana ny Fahazavan'i Kristy. Tsy azo fantarina amin'ny maso araka ny nofo ny fahazavana ara-panahy. I Jesoa Kristy mihitsy no nampianatra hoe “Izaho no fahazavana izay mamirapiratra ao amin'ny haizina, ary ny haizina tsy mahazo izany.”<sup>3</sup> Satria “ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany.”<sup>4</sup>

Noho izany, amin'ny fomba ahoana no hanokafantsika ny masontsika mba hahita ny fahazavan'Andriamanitra?

### **Voalohany dia atombohy amin'ny toe-javatra misy anao amin'izao fotoana izao.**

Moa ve tsy mahafinaritra ny mahafantatra fa tsy voatery ho tonga lafatra isika vao hahazo ireo fitahiana sy fanomezana avy amin'ny Raintsika any an-danitra? Tsy voatery hiandry ny ho tonga lafatra isika vao handray ireo fitahian'Andriamanitra. Raha ny marina dia manomboka misokatra ny lanitra ary manomboka mirotsaka eo amintsika ireo fitahiana rehefa manao

ireo dingana voalohany mankany amin'ny fahazavana isika.

Ny toerana misy anao amin'izao fotoana izao no toerana tsara indrindra hanombohana. Tsy maninona na mihevi-tena ho tsy mendrika ianao na mahatsiaro-tena ho tavela any aoriana raha mitaha amin'ny hafa. Amin'ny fotoana izay anombohanao hitady ny Rainao any an-danitra iny indrindra, no hanomboka hamoha sy hamelona ny fanahinao ary hahatonga azy ho vanona ny fahazavan'ny Ray.<sup>5</sup> Mety tsy hisava ao anatin'ny indray mipi-maso ny haizina, kanefa ho avy ny fahazavana tahaka ny maha azo antoka fa mifarana ny alina rehefa tonga ny maraina.

### **Faharoa, atodiho amin'ny Tompo ny fonao.**

Ambarao amin'ny alalan'ny vavaka ny fahatsapana lalina indrindra ao anatin'ao, ary hazavao amin'ny Rainao any an-danitra ny zavatra tsapanao. Ekeo ny fahadisoanao. Lazao ny fahatsapana sy ny faniriana lalina ary manehoa fankasitrahana. Ampahafantaro Azy ny fitsapana atrehinao. Mitalahoa Aminy amin'ny anaran'i Kristy mba hahazo hery sy fanampiana. Mangataha mba hisokafan'ny sofinao handrenesanao ny feony. Mangataha mba hisokafan'ny masonao hahitanao ny fahazavany.

### **Fahatelo, mandehana ao amin'ny fahazavana.**

Fantatry ny Rainao any an-danitra fa hanao fahadisoana ianao. Fantany fa ho solafaka ianao—mety ho imbe-tsaka. Mampalahelo Azy izany, kanefa tiany ianao. Tsy maniry ny hanimba ny fanantenanao sy ny faniriana hivoatra Izy. Mifanohitra amin'izany aza, maniry Izy ny mba hitsangananao sy hahatongavanao ho ilay olona natao hahatongavanao.

Noho io tanjona io dia nandefa ny Zanany Lahy teto amin'ity tany ity Izy hanazava ny lalana sy haneho amintsika ny fomba handikantsika tsy ho azon-doza ireo vato fahatafintohinana eny amin'ny lalantsika. Nomeny ny filazantsara isika, izay mampianatra ny fomban'ny mpanara-dia. Mampianatra antsika ny zavatra tsy maintsy fantatsika sy ataontsika ary ahatongavantsika izany mba handeha ao amin'ny fahazavany, manaraka ny



dian'ny Zanany Lahy Malalany, ilay Mpamonjintsika.

### **Mandresy ny Haizina ny Fahazavana**

Eny, hanao fahadisoana isika.

Eny, hivembena isika.

Fa rehefa mikatsaka ny hampitombo ny fitiavantsika an'Andriamanitra isika sy miezaka ny ho tia ny namantsika dia hanodidina sy hankahery antsika ny fahazavan'ny filazan-tsara. Azo antoka fa hisava ny haizina satria tsy afaka ny hisy izy rehefa eo ny fahazavana. Rehefa manakaiky an'Andriamanitra isika dia hanakaiky antsika Izy.<sup>6</sup> Ary isan'andro dia hitombo ao anatintsika ny fanantenana ny fahazavan'Andriamanitra, "mihamamiratra hatrany hatrany mandrapitataovovonan'ny andro."<sup>7</sup>

Ho an'ireo rehetra izay mahatsiaro ho mandeha ao amin'ny haizina dia manasa anareo aho hiantehitra amin'ity fampanantenana azo antoka no-lazain'ny Mpamonjy ny olon-drehetra ity manao hoe: "Izaho no fahazavan'izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina."<sup>8</sup>

### **Fahazavana any Afrika**

Taona maro lasa izay dia niaina zavatra mendrika ny hotsaroana izaho sy i Harriet vadiko, izay nahitanay ny fahatanterahan'io fampanantenana io.

Tany Afrika Andrefana izahay, faritra kanto eto amin'izao tontolo izao izay hitomboan'ny Fiangonana ary ahitana mpikambana mahafinaritra. Kanefa dia miaina fahasaratana maro koa i Afrika Andrefana. Nampalahelo ahy indrindra indrindra ny fahantrana izay hitako. Maro be ireo tsy an'asa tao amin'ireo tanàna, ary miady mafy foana ireo fianakaviana mba hamatsiana ireo zavatra ilainy andavanandro sy tsy ho azon-doza. Nandratra ny foko ny mahalala fa maro amin'ireo mpikambana sarobidintsika ao amin'ny Fiangonana no miaina ao anatin'ny tsy fahampiana toy izany. Fa nahafantatra ihany koa aho fa mifanampy ireo mpikambana tsara ireo mba hanamaivana ny entamavesatr'izy ireo.

Tonga tany amin'ny iray amin'ireo trano fiangonantsika nanakaiky ny tanàn-dehibe iray ihany izahay tamin'ny farany. Kanefa raha noheverinay fa hahita olona nitambesaran'ny haizina sy rakotr'izany izahay, dia olona faly mamirapiratra hazavana kosa no hitanay! Tafapaka taty aminay ny fifaliana tsapan'izy ireo noho ny filazantsara ary nankahery ny fanahinay. Nampietry ny fonay ny fitiavana nasehon'izy ireo. Tena avy amin'ny fo ny tsikin'izy ireo ary nisarika anay hitsiky.

Tsaroako aho nanontany tena tamin'izany fotoana izany raha nety nisy vahoaka faly kokoa noho izany teto

amin'ity planeta ity. Na dia nohodidin'ny zava-tsarotra sy fitsapana aza ireo Olomasina malala ireo dia feno hazavana!

Nanomboka ny fivoriana ary nanomboka niteny aho. Afaka fotoana vitsy anefa dia tapaka ny herinaratra tao amin'ilay trano, ary tao anatin'ny haizina tanteraka izahay.

Nandritra ny fotoana kely dia zara raha nahita olona teo anivon'ireo olona nanatrika aho, saingy afaka nahita sy nahatsapa ny tsiky mahafinaritr'ireo Olomasina. Tena tiako tokoa ny niaraka tamin'ireo olona mahavariana ireo!

Nitohy ny haizina tao amin'ilay trano fivavahana, ka noho izany dia nipetraka teo anilan'ny vadiko aho ary niandry ny hiverenan'ny herinaratra. Teo am-piandrasanay dia nisy zavatra mahagaga nitranga.

Nisy feo vitsivitsy nanomboka nihira ny iray amin'ireo hira momba ny Famerenana tamin'ny laoniny. Avy eo dia nisy hafa nanampy. Dia mbola niampy ihany. Vetivety teo dia nameno ilay trano fivavahana ny feon'ny amboarampeo iray izay mamy sy nambabo fo.

Tsy nila fihirana ireo mpikamban'ny Fiangonana ireo; hain'izy ireo tsianjery ny tonon'ny hira rehetra nirain'izy ireo. Ary nihira hira maro tamin-kery sy fihetseham-po izay nahakasika ny foko izy ireo.

Taty aoriana dia niverina ny jiro, ary nandrakotra ny efitrano tamin'ny hazavana. Nifampijery izaho sy i Harriet, feno ranomaso ny takolakay.

Tao anatin'ny haizina lehibe, dia nofenoin'ireto Olomasina mahafinaritra ireto fahazavana ilay trano Fiangonana sy ny fanahinay.

Zavatra niainana nampiontam-po tokoa izany ho anay—fotoana iray izay tsy ho hadinonay sy i Harriet mihitsy.

### **Mankanesa ao amin'ny Fahazavana**

Ekena fa indraindray dia toy ny voakasiky ny haizina, na rakotra mihitsy aza ny fiainantsika. Indraindray dia ho toy ny mangeja sy mahakivy ary mampatahotra ny alina manodidina antsika.

Malahelo ny foko noho ireo alahelo maro atrehin'ny sasany aminareo, noho ny fanirery maharary sy ireo tahotra mandreraka mety iainanareo.

Na izany aza dia mijoro ho vavolombelona aho fa ao amin'i Jesoa Kristy no ananantsika fanantenana velona! Izy no fidirana tena izy sy madio ary mahery mankao amin'ny hazavan'Andriamanitra.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy afaka mahomby ny haizina rehefa miaraka amin'i Kristy. Ny haizina tsy handresy ny fahazavan'i Kristy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy afaka ny hisy eo anatrehan'ny hazavana mampiraty ny Zanakalahin'ilay Andriamanitra velona ny haizina!

Manasa anareo tsirairay aho hanokatra ny fonareo Aminy. Katsaho amin'ny fandalinana sy ny vavaka Izy. Tongava ao amin'ny Fiangonany, Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Mianara Aminy sy ny filazantsarany, mandraisa anjara amim-pahazotoana, mifanampia ary manompoa ny Andriamanitsika amim-pifaliana.

Ry rahalahy sy rahavavy isany, na dia aorian'ny alina maizin-kitroka aza dia hitarika anareo ho any amin'ny maraina mihamazava sy mamy ary mampiratra izay hiposaka tokoa ao antinareo ny Mpamonjy izao tontolo izao.

Rehefa mizotra mankany amin'ny fanantenana ny fahazavan'Andriamanitra ianareo dia hahita ny fangorahana sy ny fitiavana ary ny hatsaram-pon'ny Ray any an-danitra be fitiavana izay, “tsy misy maizina akory [ao aminy].”<sup>9</sup> Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:11-13.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:45-46.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:21.
4. 1 Korintiana 2:14.
5. Jereo ny Almà 34:31.
6. Jereo ny Jakôba 4:8(ao amin'ny Testamenta Vaovao); Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:63.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.
8. Jaona 8:12.
9. 1 Jaona 1:5.



**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## Fahagagana izany

*Raha toa ka tsy misiônnera manompo amin'ny fotoana feno ianao miaraka amin'ilay mari-pamantarana mipaingotra eo amin'ny palitaonao, fotoana hanoratanao anankiray ao amin'ny fonao izao—soratana, araka ny nolazain'i Paoly, “tsy tamin'ny ranomainty anefa, fa amin'ny Fanahin'Andriamanitra velona.”*

Feno fahagagana ny fiainana antanin'i Jesoa Kristy: reny virijiny, kintana vaovao, anjely niseho tamin'ny mpiandry ondry, ny jamba nahiratra, ny nalemy afaka nan-deha, anjely tao Getsemane sy tany amin'ilay fasana, ary ny fahagagana lehibe indrindra amin'ny rehetra—dia ny fitsanganany tamin'ny maty am-boninahitra.

Azonao alaina sary an-tsaina ve ny iraikambinifolo lahy teo antendrombohitra teo akaikin'i Galilia aho, rehefa nanatona azy ireo ny Tompo nitsangana tamin'ny maty ka niteny hoe: “Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina?”<sup>1</sup> “Mandehana any amin'izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra.”<sup>2</sup>

“Ny firenena rehetra”? “Amin'izao tontolo izao”? Amin'ny olombelona rehetra? Ho tanteraka ve izany? Na dia nankahery azy ireo aza i Jesoa, dia mety ho nanontany tena ihany izy ireo raha toa ka hisy fahagagana hiaraka

amin'izy ireo eo am-panaparitahana ny filazantsara.<sup>3</sup>

Nandresy ny ahiahy ny finoana, ary nanandratra ny feony i Petera, nilaza hoe:

“Izay rehetra monina eto Jerosalema, . . . henoy ny teniko: . . .

“ . . . Jesosy avy any Nazareta, . . . [izay] nohomboanareo sy novonoinareo tamin'ny tanan'ny olona tsy tan-dalàna: . . .

“Izany Jesosy izany . . . dia efa natsangan'Andriamanitra, ary vavolombelon'izany izahay rehetra.”<sup>4</sup>

Tena feno fisehoan-javatra arapanahy tsy azo lavina tamin'izany andro izany, ary fanahy 3.000 no vita batisa. Nanaraka ny finoan'ireo mpino ireo mari-pamantarana sy fahagagana, araka ny nampanantenain'i Jesoa.

Raha naverina tamin'ny laoniny teto an-tany ny Fiangonan'i Jesoa Kristy 183 taona izay, dia nanakoako tamin'ny asa nomen'ny Tompo ny vondrona mpianatra keliny ireo teny nolazainy an-jato taonany lasa: “Ary hiantefa amin'ny olon-drehetra.”<sup>5</sup> “Satria marina tokoa fa tsy maintsy miala avy eo amin'ity toerana ity ny feo ka

mankany amin' izao tontolo izao ary hatrany amin' ny faran' ny tany.”<sup>6</sup>

“Amin'ny olombelona rehetra”? “Amin'izao tontolo izao”? “Amin'ny faran'ny tany”? Ho tanteraka ve izany?

Nankahery ny Olomasin'ny Andro Farany ny Tompo,<sup>7</sup> kanefa afaka nahafantatra mialoha ny vokatra sy ny hoavin'ity asa mahatalanjona ity tokoa ve izy ireo? Mety nanontany tena izy ireo raha toa ka tena hisy fahagagana hiaraka amin'izy ireo eo am-panaparitahana ny filazantsara.

Nandresy ny ahiahy indray ny finoana, ary an'arivony no vita batisa. Tany Angletera, ny Loholona Wilford Woodruff dia nahita mpiray tanàna iray manontolo izay niandry ny fahatongavany. Tonga tamin'izy ireo ny Fanahin'ny Tompo, ary nanao batisa mpitory teny 45 sy mpikambana an-jatony maro izy nandritra ny volana voalohany tao amin'ny toeram-piompian'i Benbow.<sup>8</sup>

Mitovy amin'izany ny androntsika. Fony misiônera izahay sy ny Loholona David A. Bednar 40 taona lasa eo ho eo izay (mampanantena anareo aho fa tsy izahay no misiônera niverina antitra indrindra mipetraka eto amin'ny seza menamena), dia nisy misiônera 16.000 tamin'izany. Araka ny tatitra nomen'ny Filoha Thomas S. Monson omaly dia manana misiônera 65.000—betsaka noho ny hatrizay, isika ankehitriny. Nisy tsatôka 562 tamin'izany. Mihoatra ny 3.000 izany ankehitriny. Tany amin'ny firenena 59 ireo paroasintsika sy ireo sampana tamin'izany fotoana izany. Manana vondrona mpiangona 189 ao anatin'ireo firenena sy faritr'izao tontolo izao miisa 224 isika. Vitsy an'isa isika, araka ny naminanian'i Nefia.<sup>9</sup> Kanefa ihany koa, izaho sy ianao dia vavolombelon'ny teny faminanian'i Daniela: ilay “vato . . . voaendaka . . . nefa tsy nendahan-tanana . . . izay [mamenol] ny tany rehetra.”<sup>10</sup>

Fotoam-pahagagana miavaka izao vaninandrontsika izao. Enim-bolana lasa izay no nanambaran'ny Filoha Monson ny fiovany taonan'ireo zatovolahy sy zatovovavy te hanao asa fitoriana, nisy fanehoan-javatra ara-panahy tsy azo lavina tamin'izany.

Nandresy ny ahiahy ny finoana ka niroso ireo zatovolahy sy zatovovavy. Ny Alakamisy manaraka ny fihonambe, dia nasaina nanolotra antso ho an'ireo hanao asa fitoriana tamin'ny Fiadidiana Voalohany aho. Gaga aho nahita ireo taratasin'ireo lehilahy 18 taona sy vehivavy 19 taona izay efa nandamina ny draftir'izy ireo, nijery ny mpitsabo azy ireo, nanao tafa sy dinika amin'ny eveka sy filohan'ny tsatôkan'izy ireo, ary nandefa ny taratasy filatsahana ho misiônera—izany rehetra izany tao anatin'ny 5 andro. An'arivony maro no nanampy azy ireo. Fahagagana izany.

Feno fankasitrahana isika amin'ny finoan'ireo rahavavy izay manome hery, amin'ny isan'ireo misiônera avy amin'ny firenena manerana izao tontolo izao izay mitombo hatrany, ary ny isan'ireo mpivady vonona hanompo izay tsy mitsaha-mitombo. Misiona valo amby dimampolo vaovao no nambara, ary ankoatra ny foibe fanofanana ny misiônera feno be ao Provo dia hisy foibe fanofanana misiônera vaovao ihany koa any Mexico City.

Niteny ny Filoha Monson hoe: “Tena mandray am-pahamatorana ny didin'ny Mpamonjy isika . . . ‘Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.’”<sup>11</sup> “Ity tanjona ity . . . dia hitohy hatrany hanova sy hitahy olona . . . Tsy hisy . . . hery . . . eto amin'izao tontolo izao afaka hanakana ny asan'Andriamanitra.”<sup>12</sup>

Vavolombelon'ny fahagagan'ny Tompo isika ankehitriny amin'ny fiparitahan'ny filazantsarany manerana izao tontolo izao.

Ry rahalahy sy rahavavy, tahaka ny hanentanany Tompo ny fanahin'ireo misiônera betsaka kokoa mba hanompo dia mamoha ny saina sy manokatra ny fon'ny olon-tsara sy marin-toetra ihany koa Izy handray ny misiônerany. Efa fantatrao izy ireny na mbola ho fantatrao. Ao amin'ny fianakavianao izy ireny ary mipetraka ao amin'ny fiaraha-moninao. Mandalo eo amin'ny lalanao izy ireny, mipetraka eo akaikinao any am-pianarana,

ary mifanerasera aminao amin'ny Internet. Ianao koa dia ampahany manan-danja ao anatin'izao fahagagana miseho izao.

Raha toa ka tsy misiônera manompo amin'ny fotoana feno ianao miaraka amin'ily mari-pamantarana mipaingotra eo amin'ny palitaonao, fotoana hanoratanao anankiray ao amin'ny fonao izao—soratana, araka ny nolazain'i Paoly, “tsy tamin'ny ranomainty anefa, fa amin'ny Fanahin'Andriamanitra velona.”<sup>13</sup> Ary ianareo misiônera efa niverina, tadiavo ny mari-pamantarana ny misiônera izay anareo taloha. Aza anaovana izany, fa apetraho eo amin'ny toerana azonareo ahitana izany. Tsy mbola nila anareo tahaka ny amin'izao ny Tompo mba ho fitaovana eo an-tanany. Misy anjara tokony hataontsika rehetra amin'ity fahagagana ity.

Nieritritra ny fomba hizarany ny filazantsara ny mpikamban'ny Fiangonana marina rehetra. Misy ireo izay mora aminy ny mizara ny filazantsara, ary afaka mianatra betsaka amin'izy ireo isika.<sup>14</sup> Misy ireo izay sahirana sy manontany tena hoe ahoana no hanaovana tsaratsara kokoa, manantena fa handao antsika ilay fahatsapana fahamelohana izay tsapantsika matetika.

Mitondra antsika rehetra handohalika ny faniriana hizara ny filazantsara, ary tokony izany no izy, satria mila ny fanampian'ny Tompo isika.

Nanasa antsika ny Filoha Monson mba hivavaka “ho an'ireo faritra izay mbola voafetra ny fahafahantsika manao zavatra any ary, mbola tsy azo atao ny mizara ny filazantsara ampahalalahana.”<sup>15</sup> Hanohy hanokatra varavarana ho antsika ny Tompo rehefa mivavaka lalina sy ampiraisam-po amin'ny Raintsika any an-danitra isika.

Mivavaka ihany koa isika amin'ny fahafahantsika manokana hizara ny filazantsara. Hoy ny Apôstôly Petera: “Aoka ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany . . . amin'ny antony [ho] fanantenana ao anatinareo.”<sup>16</sup>

Tsy mahagaga raha mihavitsy ireo olona mamonjy ny trano fiangonan'izy





**Nisafidy ny hanaraka ny Mpamonjy, Jesoa Kristy ireto mpivady avy any Mozambika ireto, rehefa natao fanambadiana ny Zoma ary natao batisa niaraka tamin'ireo zanany efa lehibe ny Sabotsy.**

ireo noho ny fifanjevoana<sup>17</sup> sy ny fisafotofotoana<sup>18</sup> eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Na dia betsaka aza ireo izay te hanakaiky bebe kokoa an'Andriamanitra sy te hahatakatra bebe kokoa ny tanjon'ny fiainana, dia manana fanontaniana tsy voavaly izy ireny. Betsaka ireo manana fo misokatra ho amin'ny fahamarinana, kanefa araka ny nofaritan'ny mpaminany Amosa, “[m]ivezivezy izy ireo [m]itady ny tenin'i Jehovah, nefa tsy [afaka] mahita [izany].”<sup>19</sup> Afaka manampy amin'ny famaliana ny fanontanian'izy ireo ianao. Afaka manampy ny finoan'izy ireo an'i Kristy ianao amin'ny fiainanao isan'andro.<sup>20</sup>

Hoy ny Tompo: “Aingao ambony ny fahazavanareo mba hamirapiratra eo amin'izao tontolo izao. Izaho no fahazavana izay haingainareo ambony.”<sup>21</sup>

Mampanantena anareo aho, fa raha mivavaka mba hahafantatra ireo izay hofohahana ianao, dia hisy endrika sy anarana tonga ao an-tsainao. Omena anao amin'ilay fotoana tena ilana izany ny teny hotenenina.<sup>22</sup> Hisokatra ho anareo ireo fahafahana. Handresy

ny ahiahy ny finoana, ary hanome anareo amin'ny fahagagana ho anareo manokana ny Tompo.

Nampianatra antsika hizara ny filazantsara ny Mpamonjy. Tiako ny tantaran'i Andrea, izao nanontany hoe: “Mpampianatra ô, aiza Hianao no mitoetra?”<sup>23</sup> Afaka namaly ny amin'ny toerana nipetrahany i Jesoa. Kanefa, hoy Izy tamin'i Andrea, “Avia ary ho hitanareo.”<sup>24</sup> Tiako ny mieri-teritra hoe niteny izao ny Mpamonjy, “Avia ary ho hitanareo, tsy ny fitoerako fotsiny ihany fa ny fomba fiainako ihany koa. Avia ary ho hitanareo hoe iza aho. Avia ary hotsapanareo ny Fanahy.” Tsy fantatsika avokoa ny momba izany andro izany, kanefa fantatsika fa izao no nanambaran' i Simona rehefa hitany ny rahalahiny Andrea, “Nahita ny Mesia izahay.”<sup>25</sup>

Ho an'ireo izay liana amin'ny reresantsika dia afaka manaraka ny ohatry ny Mpamonjy isika amin'ny fanasana azy ireo “hanatona ka hahita.” Misy ireo hanaiky ny fanasantsika, ary tsy hanaiky ny sasany. Samy mahalala olona iray nasaina imbetsaka talohan'ny naneken'ny fanasantsika

“hanatona ary hahita” isika rehetra. ‘Ndeha ihany koa hieritriteritra ireo niaraka tamintsika taloha kanefa tsy dia hitantsika intsony ankehitriny, hanasa azy ireny hiverina ka hahita indray.

Manaja ny safidin'ny tsirairay sy ny fandaminany ny fotoana isika. Hoy ny Tompo, “Aoka ny olona tsirairay hifidy ho an'ny tenany.”<sup>26</sup> Tsy tokony hampihena ny finamanantsika sy ny fifankatiavantsika ny tsy fahalianan'ny ny olona iray. Hahatsapa ny fankasitrahana'ny Tompo ianao na misy manaiky na tsia ny fanasana ny hafa “hanatona ary hahita”, ary miaraka amin'izany fankasitrahana izany dia hisy ny fitomboan'ny fatran'ny finoana hoentinao izarana foana ny momba ireo zavatra inoanao.

Ho an'ireo mpampiasa ny Internet, sy ireo finday, dia misy ireo fomba vao-vao hafa hanasana ny hafa “hanatona ary hahita.” ‘Ndeha hataontsika hizarana ny finoantsika bebe kokoa izany isan'andro. Manolotra fomba ahafahana manao izany daholo ny LDS.org, Mormon.org, Facebook, Twitter.

Mba hizarana ny filazantsara, dia

nanomboka blogs maromaro ireo tanora tao Boston.<sup>27</sup> Nanomboka ny fianarany tamin'ny alalan'ny Internet ireo izay niditra ho mpikamban'ny Fiangonana, narahany ny fampianaran'ny misiônera izany. Izany toe-javatra izany dia nanampy ireo tanora ihany koa izany hanana finoana amin'ny firesahana momba ny filazantsara amin'ny olona lehibe kokoa. Nanambara ny iray tamin'izy ireo hoe: "Tsy asa fitoriana fotsiny izy ity. Fa asa fitoriana mampiala voly."<sup>28</sup>

Miara-manao ity asa ity isika. Manao drafitra sy mivavaka ary mifanampy amin'ireo mpikamban'ny paroasy sy ireo misiônera namana isika. Aoka ianareo hieritritra sy hivavaka hatrany ho an'ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno. Omeo fahatokisana izy ireo eo anatrehan'ireo fianakaviana sy namanareo. Matoky azy ireo ny Tompo ary niantso azy ireo hampianatra sy hitahy ireo izay mikatsaka Azy.

Nizara ity zava-niseho ity ny Filoha Paulo Kretly avy ao amin'ny Misiônan'ny Mozambika Maputo: "Mahazatra ny mpifankatia aty Mozambika ny miara-mipetraka [tsy vita fanambadiana] noho ny fomba amam-panao Afrikanina izay mangataka fanomezana lafo be omena ny fianakavian'ny vehivavy rehefa hanambady, fanomezana izay tsy takatry ny ankamaroan'ny mpifankatia."<sup>29</sup>

Ireo mpikambana sy ireo misiônera dia nieritritra sy nivavaka mikasika ny fomba hanampiana.

Ny fanamafisana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena ary ny maha zava-dehibe ny fanambadiana sy ny fianakaviana mandrakizay no valim-bavak'izy ireo. Ary mampianatra ireo mpifankatia momba ny hafaliana azo avy amin'ny fanarahana an'i Jesoa Kristy tokana ihany izy ireo sady manampy azy ireo hibe-baka sy hifanam-bady ara-dalàna.

Sarin'ny mpifankatia avy amin'ny tanàna roa samihafa any Mozambika ity. Nifanam-bady izy ireo ny Zoma, natao batisa niaraka tamin'ireo zanany efa lehibe ny Sabotsy.<sup>30</sup> Nasaina "hanatona ary hahita" ny namana sy ny fianakaviana, ka an-jatony no "nanatona ary nahita."

Hoy ny rahavavy iray taorian'ny batisa, "Nila nisafidy na hanaraka ny fombafomban'ny rainay izahay na hanaraka an'i Jesoa Kristy. Nisafidy ny hanaraka an'i Kristy izahay."<sup>31</sup>

Tsy voatery mipetraka any Mozambika isika, kanefa afaka mizara ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny amin'ny fombanao manokana, amin'ny kolotsainao manokana ianao.

Mivavaha amin'ny Rainao any andanitra. Asa masiny ity. Hitarika anao amin'ny zavatra ataonao Izy. Hanokatra varavarana Izy, hanaisotra ireo vato misakana, ary hanampy anao handresy ireo sakana. Nanambara ny Tompo hoe, "Hiantefa amin'ny olondrehetra ny feo fampitandremana, amin'ny alalan'ny vavan'ny mpianatro, . . . ary tsy hisy hahasakana azy ireny."<sup>32</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny feon'ny Tompo dia handeha hatrany am-paran'ny tany ny feon'ny Tompo, mba handre izay rehetra te handre."<sup>33</sup> Fahagagana izany. Fahagagana izany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, Amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Matio 28:19.
2. Marka 16:15.
3. Jereo ny Matio 28:20; Marka 16:17-18.
4. Asan'ny Apôstôly 2:14, 22-23, 32.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:4.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:64.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:5.
8. Jereo ny *Enseignement des Présidents de l'Église* (2004), 89-92.
9. Jereo ny 1 Nefia 14:12.
10. Daniela 2:34-35.
11. Thomas S. Monson, "Tongasoa eto amin'ny Fihaonambe," *Liahona*, Mey 2009, 5.
12. Thomas S. Monson, "Tafahaona indray isika izao," *Liahona*, Mey 2012, 4.
13. 2 Korintiana 3:3.
14. Jereo ny Clayton M. Christensen, *The Power of Everyday Missionaries: The What and How of Sharing the Gospel* (2013).
15. Thomas S. Monson, "Tongasoa eto amin'ny Fihaonambe," *Liahona*, Nôv. 2009, 6.
16. 1 Petera 3:15.
17. Manaraka fahamarinana hatry ny ela be izay novaina na tsy norarahiana izy ireo; jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:16; jereo ihany koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:8.
18. Jereo ny Fotopampianarana sy

Fanekempihavanana 45:26; 88:91.

19. Amosa 8:12.

20. Niteny ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Manana fahamarinana ve ny Presbiteriana? Eny. Manana fahamarinana ve ny Batista, ny Metôdista, sy ny sisa? Eny. . . . Tokony hanangona ireo fitsipika tsara sy marina an'izao tontolo izao isika ary hirakitra izany." (*Histoire de l'Église*, 5:517). "Tsy mangataka an'iza na iza hanany ny tsara ananan'izy ireo isika . . . ; mangataka azy ireo hanatona sy haka bebe kokoa fotsiny ihany isika. Ahoana moa raha hanaiky sy hanaraka tanteraka ity Filazantsara ity izao tontolo izao? Dia hahita maso izy ireo amin'izany, ary harotsaka amin'izy ireo ireo fitahian'Andriamanitra, izay fanirian'ny foko manontolo" (*Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* [2007], 155). Niteny ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Mamela ahy ianareo hilaza fa mankasitraka ny fahamarinana ao amin'ireo fiangonana rehetra sy ny tsara ataon'izy ireo isika. Eny, tenenintsika ny olona hoe: ento miaraka aminao ny tsara rehetra anananao, ary aoka izahay hijery izay azonay atao hanampiana izany. Izany no toe-tsaina amam-panahy hitondrana asa ity. Izany no manan-danja indrindra ao amin'ny asa fitoriana ataontsika" ("Tenin'ny Mpaminany Velona," *Liahona*, Apr. 1999, 19). "Tokony ho vahoaka mahate ho tia isika. Tokony hahita ny tsara amin'ny olondrehetra isika. Tsy fombantsika ny manakiana ireo fiangonana hafa. Mitory sy mampianatra amin'ny fomba tsara sy mendrika isika. Afaka miteny ireo avy amin'ny finoana hafa isika hoe, 'ento miaraka aminao ny tsara rehetra anananao, ary aoka izahay hijery izay azonay atao hanampiana izany.' Izany no no zava-dehibe ao anatin'ilay fandaharan'asa fitoriana goavana ataontsika ary misy vokany izany" ("Messages of Inspiration avy amin'ny Filoha Hinckley," *Church News*, Nôv. 7, 1998, 2; jereo ny ldschurchnews.com).
21. 3 Nefia 18:24.
22. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:85; 100:6.
23. Jaona 1:38.
24. Jaona 1:39.
25. Jaona 1:41.
26. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 37:4.
27. Jereo, ohatra ny youngandmormon.com.
28. Resaka an-tariby niaraka tamin'i Jackson Haight tamin'ny 22 Martsa 2013.
29. Taratasy manokana nalefa email avy tamin'ny Filoha Paulo V. Kretly, 6 Martsa, 2013.
30. Sary avy tamin'ny Filoha Paulo V. Kretly. Avy any Maputo ny vondrona voalohany; nivady tamin'ny 30 Nôvambra 2012 izy ireo, ary vita batisa tamin'ny 1 Desambra 2012. Avy any Beira ny vondrona faharoa; nivady tamin'ny 1 Martsa 2013 izy ireo ary vita batisa tamin'ny 2 Martsa 2013.
31. Taratasy manokana nalefa email avy tamin'ny Filoha Paulo V. Kretly, 6 Martsa, 2013.
32. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:4-5.
33. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:11.



**Nataon'i Rosemary M. Wixom**  
Filohan'ny Kilonga Maneran-tany

# Ny Teny Lazaintsika

*Ny fomba firesahantsika amin'ireo zanatsika sy ny teny ampiasaintsika dia afaka mamporisika sy mankahery azy ireo ary manamafy orina ny finoany hijanona eo amin'ny lalana miverina any amin'ny Ray any an-danitra.*

**H**enon'ny raim-pianakaviana iray vao herotreronny fa nodimandry ny mpampianatra azy, izay nahatalanjona azy tokoa, tao amin'ny kilasy T2. Ho fahatsiarovana azy dia nanoratra izy hoe: "Amin'ireo fahatsapana sy zavatra niainana rehetra tsaroako, ny fahatsapana mibahana indrindra ao an-tsaiko dia ny 'fiadanam-piainana.' Mety nampianatra ahy fanononan-teny sy fitsipika ary kajy izy, fa ny manandanja lavitra noho izany dia ny nampianarany ahy hitia ny maha ankizy ahy. Tsy naninona tao amin'ny kilasiny ny fahadisoan'ny fanononana teny indraindray; 'ataontsika izay hahazana izany' hoy izy. Tsy olana ny nanapari-taka ranon-javatra na nandrovitra na nandoto. 'Hokarakaraintsika izany ary hodiiovintsika izany,' hoy izy namaly. Tsy naninona ny nanandrana, ny nanao fanamby tamin'ny tenanay, ny nanonofy ary ny nankafy ireo fahafinaretana azo avy amin'ireo zavatra tsy manandanja izay ny ankizy ihany no mahita fifaliana avy amin'izany."

Ny iray amin'ireo hery fandresendahatra lehibe indrindra afaka ny ho ananan'ny olona iray eto amin'ity izao tontolo izao ity dia ny fandresendahatra ny ankizy iray. Mirona amin'izay maharesy lahatra azy any amin'ny

fiandohan'ny fiainan'izy ireo ny finoan'ny ankizy sy ny lanjan'izy ireo manokana. Ireo rehetra mandre ahy miteny dia manana hery hampitombo ny fahatokian-tenan'ny zaza iray sy hampitombo ny finoan'ny zaza iray ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny teny lazain'izy ireo.

Hitantsika ao amin'ny Helamàna toko 5 ny hoe: "Ary ankehitriny, ry zanako, tsarovy, tsarovy fa eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo."<sup>1</sup>

Ireo no *teny* nampianarin'i Helamàna ireo zanany lahy. Ary izao no tohiny hoe: "Ary izy ireo dia nahatsiaro ny *teniny*; ary . . . nandeha izy ireo . . . mba hampianatra ny tenin'Andriamanitra [t]lany anivon'ny [vahoaka] . . . rehetra."<sup>2</sup>

Na dia nenjehina sy naiditra amponja aza ny zanakalahin'i Helamàna dia tsy nandiso fanantenana azy ireo mihitsy ireo teny reny ireo. Narovana izy ireo ary nohodidinin'ny andry afo. Avy eo dia nisy feo tonga, nilaza tamin'ireo nisambotra azy ireo hoe:

"Mibebaha ianareo ary aza mikatsaka intsony ny hamongotra ny mpanompoko. . . .

" . . . tsy ny feon'ny kotro-baratra izany, na ny feon'ny tabataba lehibe mirohondrohona, fa indro kosa izany dia feo malefaka sy tony tanteraka miova tsy ny bitsika iray, ary izany dia nandoaka na dia hatrany amin'ny aty fanahy aza."<sup>3</sup>

Afaka mianatra avy amin'izany feo avy any an-danitra izany isika. Tsy mafy ilay izy, tsy nibedy, na nanambany. Feo tony feno halefahana tantaraka ilay izy, izay nanome torolalana mafonja sady nanome fanantenana.

Ny fomba firesahantsika amin'ireo zanatsika sy ny teny ampiasaintsika dia afaka mamporisika sy mankahery azy ireo ary manamafy orina ny finoany hijanona eo amin'ny lalana miverina any amin'ny Ray any an-danitra. Tonga eto an-tany amin'ny fahavononana hihaino izy ireo.

Nisy ohatra iray niseho momba ny ankizy iray nihaino tao amin'ny toeram-pivarotan-damba iray. Feno mpiantsena ilay toeram-pivarotana rehefa nahatsikaritra ny rehetra fa raiki-tahotra ny reny iray satria very ny zanany lahy kely. Niantso ny anarany izy tamin'ny voalohany. Hoy izy hoe: "Connor a!" rehefa nikoropadropaka nitety ny tao anatin'ilay tsena izy. Rehefa nandeha ny fotoana dia nihamafy sy niharomotra ny feony. Fotoana fohy taorian'izay dia nampahafantarina ireo tompon'andraikitra ny filaminana ary ireo rehetra tao amin'ilay toeram-pivarotana dia nandray anjara tamin'ny fitadiavana ilay zaza. Minitra maro no lasa ary tsy nahitana fahombiazana ny fitadiavana azy. Azontsika an-tsaina fa niharomotra ny renin'i Connor rehefa nandeha ny fotoana ary namerimberina nivazavaza niantso ny anarany.

Rehefa avy nivavaka mangina ny mpiantsena iray dia nieritreritra fa mety natahotra i Connor rehefa nahare ny reniny nivazavaza niantso ny anarany. Nolazainy tamin'ny vehivavy iray hafa nandray anjara tamin'ny fikarohana izany ary nanao drafitra hain-gana izy ireo. Niaraka nandeha tany anelanelan'ireo latabatra nisy lamba izy ireo ary namerimberina moramora ireto teny ireto hoe: "Connor a! raha mahare ny feoko ianao dia mitenena hoe: 'inty aho'" Rehefa nandeha



ilain'ny zanatsika dia mety ho ny tsy fampiasana matetika ireo fitaovana elektrônika. Very ireo fotoana sarobidy ahafahana mifandray sy miresaka amin'ny zanatsika rehefa variana amin'ny fialam-boly isika. Nahoana moa raha mifidy fotoana hitsaharana amin'ny fampiasana teknôlojia ary miverina mifandray amin'ny tsirairay? Vonoy fotsiny ireo fitaovana elektrônika rehetra. Rehefa manao izany ianareo dia mety ho toy ny mangina ny tokantranonareo amin'ny voalohany. Mety hahatsapa aza ianareo hoe tsy mahita zavatra atao na holazaina. Fa rehefa mifantoka tanteraka amin'ireo zanakareo ianareo dia hanomboka ny fifampiresahana ary afaka ny hankafy ny fifampihainoana ianareo.

### **Manorata mba Handresena Lahatra ny Zanatsika**

Afaka ny hanana hery handresendahatra ireo zanatsika ihany koa isika amin'ny alalan'ny teny soratantsika ho azy ireo. Nanoratra i Nefia hoe: “Fa miasa araka ny zotom-po isika mba handresy lahatra ny zanatsika . . . hinoany an'i Kristy sy hihavanany amin'Andriamanitra.”<sup>6</sup>

Nizara ny zavatra niainan'i Jay Hess ny Filoha Thomas S. Monson. Miamamila mpanamory fiaramanidina izy izay voatifitra ary nianjera tao Vietnam Avaratra tao anatin'ny taona 60. “Tsy nahafantatra ny fianakaviany na velona izy na maty nandritra ny roa taona. Taty aoriana dia namela azy hanoratra ho an'ny fianakaviany ireo nisambotra azy tao Hanoi saingy nametra ny zavatra nosoratany ho ao anatin'ny teny latsaky ny 25.” Nanontany ny Filoha Monson hoe: “Inona no holazaintsika sy ianao amin'ny fianakaviansika raha tao anatin'ny toe-javatra mitovy amin'izany—tsy nahita azy ireo efa roa taona mahery ary tsy mahafantatra raha mbola hahita azy ireo indray? Noho izy te hanome zavatra azon'ny fianakaviany fantarina fa avy aminy ary noho ny faniriany hanome torohevitra manan-danja ho azy ireo koa, dia nanoratra [ireto teny manaraka ireto] Rahalahy Hess hoe: ‘Ireto zavatra ireto dia manan-danja: fanambadiana any amin'ny tempoly,

tsimoramora nankeny amin'ny faran'ilay toeram-pivarotana izy ireo sady namerimberina izany fehezan-teny izany, dia indro tokoa fa nahare feo saron-kenatra sy moramora izy ireo izay niteny hoe: “inty aho.” Niafina tao anelanelan'ireo horonan-damba tao ambany latabatra i Connor. Feo tony feno halefahana tanteraka no namporisika an'i Connor hamaly.

### **Mivavaha mba Hahafantatra izay Ilain'ny Ankizy Iray**

Mba hiresahana amin'ny fon'ny ankizy iray dia tsy maintsy mahafantatra ny zavatra ilain'ilay ankizy isika. Mety hanana ny hery enti-mikasika ny fon'izy ireo ny teny ambarantsika raha mivavaka mba hahafantatra ireo zavatra ilaina ireo isika. Mihatsara ny asa ataontsika rehefa mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina isika. Hoy ny Tompo hoe:

“Teneno ny eritreritra izay hape-trako ao am-ponareo, . . .

“Fa homena anareo amin'izany ora izany indrindra, eny amin'izany fotoana izany indrindra izay holazainareo.”<sup>4</sup>

### **Mitsahara amin'ny Fampiasana ireo Fitaovana Elektrônika ary Mihainoa Am-pitiavana**

Mampalahelo fa ireo fialam-bolin'ity izao tontolo izao ity dia manakana ny maro amin'ireo ankizy tsy haheno ireo teny fampaherezana izay afaka manefy ny fomba fijerin'izy ireo ny tenany.

Ny Dokotera Neal Halfon, izay mpitsabo mitantana ny Ivontoeran'ny UCLA, izay manana tanjona hoe Ankizy, Fianakaviana ary Fiaraha-monina Salama kokoa dia niresaka mikasika ny “fanaovan'ireo ray aman-dreny izay eritreretiny fa tena mahaso nefa manao tsinontsinona ny zanaka raha ny marina.” Ahitana zaza 18 volana iray sy ireo ray aman-dreniny ny ohatra iray amin'izany:

“Toy ny faly ny zanakalahin'izy ireo, mazoto sy tia manao zavatra, hita mazava fa mankafy ny fotoana sy ny pizza miaraka amin'ireo ray aman-dreniny. . . . Taorian'ny sakafo dia nitsangana i Neny mba hiantena ary nasainy nokarakarin'i Dada ilay zaza.’

“Nanomboka namaky ireo hafatra an-tsoratra tao amin'ny finday i Dada raha toa kosa ka niezaka mafy ny hanao izay hifantohan'ilay rainy aminy ilay zazalahy kely tamin'ny alalan'ny fanipazana potika pizza. Avy eo dia niverina nampifantoka ny sainy taminy indray ilay dada, nanatrika ny zanany sy nilalao niaraka taminy. Fotoana fohy taorian'izay nefa dia nosoloiny fijerena horonan-tsary tamin'ny finday niaraka tamin'ilay zazalahy kely izany filalaovana izany mandra-piverin'ny vadiny.

“. . . Nahatsikaritra ny [Dokotera] Halfon fa toy ny lasa tsy afa-po ilay zaza, nihena ny fifandraisana teo amin'ny ray sy ny zanaka.”<sup>5</sup>

Ny valin'ny vavaka ataontsika mikasika ny fomba hanomezana izay

fanaovana asa fitoriana, oniversite. Mandrosoa hatrany, mametraha tanjona, manorata tantara, makà sary in-droa isan-taona.”<sup>7</sup>

Inona no teny hosoratanao ho an’ny zanakao raha nanana teny 25 ianao na latsak’izay?

Ilay raim-pianakaviana vao hero-trerony noresahako teo aloha, izay nanoratra mikasika ny fahatsiarovany ny mpampianatra azy tao amin’ny kilasy T2 dia mitaiza zazavavy kely tsara tarehy ankehitriny. Tsapany ilay fahatokian’Andriamanitra izay napetraka tamin’ny. Hanao ahoana ny hoaviny rehefa mihalehibe izy? Inona no holazain’ily raim-pianakaviana mba hientika lalina ao am-pony? Inona no teny hamporisika ilay zaza, hankahery azy, ary hanampy azy hijanona ao amin’ily lalana? Mety hanova zavatra ve ny fakan’ily raim-pianakaviana fotoana hibitsihana amin’ily zaza hoe: “Zanak’Andriamanitra ianao”? Hotsaroan’ily zaza ve indray andro any fa matetika ny rainy no nanonona ireo teny manao hoe: “Tiako daholo ny momba anao rehetra”?

Moa ve tsy izany no nolazain’ny Raintsika any an-danitra tamin’ny Zanany Lahy sy tamintsika rehetra rehefa niteny Izy hoe: “Inty no Zanak Malalako” ary avy eo nampiany hoe: “izay sitrako”<sup>8</sup>

Enga anie ny teny izay lazaintsika sy soratantsika amin’ireo zanatsika mba hahitana taratra ny fitiavan’ny Raintsika any an-danitra ny Zanany Lahy, Jesoa Kristy sy ny fitiavany antsika. Ary engasika ka hijanona mba hihaino satria ny zaza dia tena mahay milaza zava-dehibe sy mahatalanjona ho setrin’izany. Izany dia ataoko amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Helamàna 5:12.
2. Helamàna 5:14; nampiana fanamafisana.
3. Helamàna 5:29–30.
4. Fotopampianarana sy Fanekepihanana 100:5–6.
5. Lois M. Collins, “Baby’s Development Potentially Harmed by Parents Texting,” *Deseret News*, 4 Jona 2012, <http://www.deseretnews.com/article/865556895/Babys-development-potentially-harmed-by-parents-texting.html>.
6. 2 Nefia 25:23.
7. Thomas S. Monson, “Finding Joy in the Journey,” *Liahona*, Nôv. 2008, 86.
8. Matio 3:17.



**Nataon’ny Loholona L. Whitney Clayton**  
Ao amin’ny Fiadidian’ny Fitopololaha

## Ny Fanambadiana: Mijere ary mianàra

*Omena ireo rehetra izay manaraka ny lamin’ny fiainana izay manorina fifandraisana feno fahasambarana sy masina eo amin’ny mpivady ireo fampanantenan’ny Tompo.*

Indray takariva taona maro lasa izay dia namangy ny tokantranon’ny iray amin’ireo zanakay lahy sy ny vady aman-janany mba hiara-misakafo amin’izy ireo izaho sy ny vadiko. Fotoana iray mahazatra izany ho an’ny fianakaviana iray manana zanaka mbola kely: nisy ny kotaba be ary fahafinaretana be koa. Mbola tavela teo amin’ny latabatra izaho sy i Anna, zafikelivavinay efa-taona, fotoana fohy taorian’ny sakafo hariva. Nony nahita izy fa nifantoka tamin’ny tanteraka aho dia nitsangana teo amin’ny seza lava iray izy ary nibanjina ahy. Rehefa azony antoka fa nijery azy aho dia nandidy ahy tamim-pahamatorana izy ny “hijery sy hianatra.” Avy eo dia nandihy sy nihira ho ahy izy.

Fahendrena avy amin’ny vavan’ny ankizy ny fampianaran’i Anna mba “hijery sy hianatra.” *Afaka* mianatra zavatra betsaka amin’ny alalan’ny fijerena isika ary avy eo dia mieritritra ny zavatra hita sy tsapa. Eo ampieritretana izany dia mamela ahy ianareo hizara aminareo fitsipika vitsy tsikaritro tamin’ny alalan’ny fijerako ary ny fianarako avy amin’ny fanambadiana mahatalanjona sy mahatoky.

Manorina fanambadiana matanjaka sy mahafapo ireo fitsipika ireo, izay afaka miaraka tsara amin’ireo fitsipiky ny lanitra. Manasa anareo aho mba hijery sy hianatra miaraka amiko.

Voalohany dia tsikaritro fa samy mandray ny fifandraisan’izy ireo ho toy ny vatosoa tsy voavidim-bola sy harena tsy hay sandaina ireo mpivady ao anatin’ny fanambadiana feno fifaliana indrindra. Samy nandao ny rainy sy ny reniny izy ireo ary niaranipetraka mba hanorina fanambadiana izay hiroborobo mandrakizay. Takatr’izy ireo fa mandeha amin’ny lalana voatendrin’Andriamanitra izy ireo. Fantany fa tsy misy karazana fifandraisana hafa afaka mitondra fifaliana lehibe toy izany, sy hiteraka zavatra tsara betsaka toy izany, na mamokatra fahatsaran’ny tena manokana lehibe toy izany. Mijere ary mianàra: mandray ny fanambadiany ho toy ny tsy voavidim-bola ny mpivady tena tsara.

Manaraka izany ny finoana. Miorina eo amin’ny fototry ny finoana ny Tompo Jesoa Kristy sy ny fankatoavana ny fampianarany ireo fanambadiana mandrakizay mahomby.<sup>1</sup> Tsikaritro fa ireo mpivady izay nahatonga ny



fanambadian'izy ireo ho tsy voavidy vola dia mampihatra ny lamin'ny finoana: manatrika ny fivoriana fana-san'ny Tompo sy fivoriana hafa izy ireo isan-kerinandro, manao takarivan'ny mpianakavy, mivavaka sy mandalina miaraka ary samirery ny soratra masina, ary mandoa fahafolon-karena feno. Ny hankatò sy ho tsara no katsahin'izy ireo miaraka. Tsy raisin'izy ireo ho toy ny latatra feno sakafo maro isan-karazany ireo didy, izay tsy hakana sy hisafidianana afa-tsy izay zavatra atolotra tena manintona ihany.

Fototry ny hatsaran-toetra rehetra izay mampatanjaka ny fanambadiana ny finoana. Mampatanjaka ny fanambadiana ny fampatanjahana ny finoana. Mitombo ny finoana rehefa mitandrina ny didy isika, ary toa izany koa ny firindrana sy fifaliana ao amin'ny fanambadiana. Noho izany dia zava-dehibe fototra amin'ny fanorenana fanambadiana mandrakizay mafy orina ny fitandremana ny didy. Mijere ary mianàra: ny finoana an'i Jesoa Kristy no fototry ny fanambadiana sambatra mandrakizay.

Ny fahatelo dia ny fibebahana. Nianatra aho fa ny fanambadiana sambatra dia miantehitra amin'ny fanomezan'ny fibebahana. Singa ilaina amin'ny fifandraisana tsara eo amin'ny mpivady izany. Ny mpivady izay manao fandinihan-tena marina matetika sy manao haingana ireo dingana ilaina amin'ny fibebahana dia manatsara ny fahatsapana ny hosotra manasitrana eo amin'ny fanambadian'izy ireo. Manampy amin'ny famerenana sy

fihazonana ny firindrana sy ny fiadanana ny fibebahana.

Ny fanetren-tena no ampahany manan-danja indrindra amin'ny fibebahana. Ny olona manetry tena dia tsy mikatsaka ny ho azy, tsy tia tena. Tsy misisika amin'ny fombany ihany na milaza azy ho mendrika kokoa noho ny hafa. Ny olona manetry tena kosa dia mamaly mora<sup>2</sup> sy mihaino amin'ny hatsaram-panahy mba hahatakatra, fa tsy be fitakiana. Ny olona manetry tena dia mahafantatra fa tsy misy olona afaka manova olona hafa, fa raha miaraka amin'ny finoana sy ny ezaka ary fanampian'Andriamanitra *isika*, dia afaka miaina ny fiovam-pontsika mahery vaika.<sup>3</sup> Ny fiainana fiovam-po mahery vaika dia mahatonga antsika hitondra ny hafa, indrindra fa ny vadiantsika amin'ny fahalempanahy.<sup>4</sup> Ny fanetren-tena dia midika hoe samy mikatsaka ny hitahy, hanampy, ary hifankahery ireo mpivady ary mametraka ny iray ho lohalaharana amin'ny fanapahan-kevitra rehetra. Mijere ary mianàra: manorina fanambadiana sambatra ny fibebahana sy ny fanetren-tena.

Ny fahaefatra dia ny fanajana. Tsikaritro fa mifampitondra toy ny mpiara-miasa mira lenta ny mpivady ao anatin'ny fanambadiana mahatalanjona sy sambatra. Ny fomba amampanao avy any amin'ny toeran-kafa na tamin'ny fotoana hafa izay nanjakazakan'ny lehilahy tamin'ny vehivavy na nitondran'izy ireo ny vehivavy ho toy ny mpiara-miasa ambany ao anatin'ny fanambadiana dia tsy mifanaraka

amin'ny lalàn'Andriamanitra ary tokony hosoloina amin'ireo fitsipika sy lamina maneho fitondrantena araka ny tokony ho izy.

Mandray fanapahan-kevitra niaranekena ireo mpivady ao anatin'ny fanambadiana tena tsara, izay handraisan'ny tsirairay amin'ny mpivady anjara feno sy hanana zo mira lenta hilaza ny heviny sy hanampy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.<sup>5</sup> Voalohany dia mifantoka amin'ny tokantrano sy ny fifanampiana eo amin'ireo andraikitra ifampizarany izy ireo.<sup>6</sup> Mifototra amin'ny fiaraha-miasa fa tsy fifanarahana ny fanambadian'izy ireo. Ny ora fisakafoanany sy ny fiarahan'ny mpianakavy aorian'izay dia lasa ampahany manan-danja indrindra amin'ny andron'izy ireo sy ny tanjon'ireo ezaka tsara indrindra nataon'izy ireo. Mamono ireo fitaovana elektrônika izy ireo ary mamela ny fialamboliny manokana mba hanampy amin'ireo adidy ao antokantrano. Miara-mamaky boky araka izay azo atao miaraka amin'ireo zanany isan-kalina izy ireo ary samy mandray anjara amin'ny fampatoriana ireo zaza-kely ao am-pandriana. Miara-mandeha matory izy ireo. Raha mamela izany ny toe-javatra sy ny adidy dia miara-miasa amin'ny fanaovana ireo asa tena manan-danja izay misy ireo mpivady—ny asa ataontsika ao an-tokantrano.


Rehefa misy ny fanajana dia misy koa ny mangarahara, izay singa fototry ny fanambadiana sambatra. Tsy misy tsiambaratelo mikasika ireo zavatra manan-danja ao amin'ny fanambadiana izay mifototra amin'ny fifanajana sy ny mangarahara. Miara-mandray ny fanapahan-kevitra rehetra momba ny fitantanam-bola ny mpivady ary samy afaka mahalala ny mombamomba izany avokoa ny roa tonta.

Endriky ny fanajana ny fahitsim-po sy saina. Nampianatra ireo mpaminany fa ny mpivady mahomby dia “mahitsy fo sy saina” eo amin'izy samy izy.<sup>7</sup> Ataon'izy ireo izay hijanonana ho mendrika tanteraka eo amin'ny fampiasany ny sary sy feo eo amin'ny fiaraha-monina. Tsy mamela ny hisian'ny tsiambaratelo eo amin'ny traikafa amin'ny fampiasana ny Internet izy ireo. Mifampizara amin-kalalahana

mot de passe na teny fidirana ao amin'ny tambajotram-pifandraisan'izy ireo amin'ny fiaraha-monina izy ireo. Tsy mijery ireo mombamomba ny olona hafa ao amin'ny Internet, na iza na iza, izy ireo izay mety hanimba ny fitokisan'ny vadin'izy ireo. Tsy milaza na manao zavatra manakaiky ny tsy fahamendrehana mihitsy izy ireo, na ao amin'ny Internet izany na ara-batana. Mijere ary mianàra: ny fanambadiana tena tsara dia tena feno fanajana, mangarahara, ary amin-kitsim-po sy saina.

Ny fahadimy dia ny fitiavana. Ny fanambadiana sambatra indrindra hitako dia ahitana taratra ny fankatoavana ny iray amin'ireo didy mahafaly indrindra—dia ny hoe “hiara-monina amim-pitiavana” isika.<sup>8</sup> Rehefa niresaka tamin'ireo lehilahy ny Tompo dia nandidy hoe: “Ianao dia ho tia ny andefimandrinao amin' ny fonao manontolo, ka hifikitra aminy fa tsy amin' ny olona hafa.”<sup>9</sup> Mampianatra ny boky torolalan'ny Fiangonana iray hoe: “Ny teny hoe *mifikitra* dia midika hoe mahafoty tena tanteraka sy mahatoky amin'ny olona iray. Ireo olon-droa mpivady dia mifikitra amin'Andriamanitra sy eo amin'izy samy izy amin'ny fifanomboana sy ny fifankatiavana ary amin'ny alalan'ny fitandremana ireo fanekempihavanana amin'ny fahatokiana tanteraka eo amin'izy samy izy amin'Andriamanitra.” . . . [Samy] “mandao ny fiainany tokan-tena [ireo mpivady] ary manorina ny fanambadiany ho laharam-pahamehana [ho azy ireo]. . . . Tsy mamela na iza na iza na tombontsoa hafa hanana toerana ambony kokoa . . . noho ny fitandremana ireo fanekempihavanana nataon'izy ireo tamin'Andriamanitra sy teo amin'izy samy izy.”<sup>10</sup> Mijere ary mianàra: mifankatia amin'ny fahafoizantena tanteraka ny mpivady mahomby.

Ao ireo izay tsy manana fanambadiana sambatra araka izay niriany, ao koa ireo tsy mbola nanambady mihitsy, nisara-panambadiana, reny tsy manambady, na tsy afaka manambady noho ny antony samihafa. Mety ho feno fahasarotana sy ratram-po ireo toe-java-misy ireo, kanefa tsy tokony ho mandrakizay izany. Ho anareo izay ao anatin'ny toejavatra toy izany izay, na izany aza, dia



“[m]azoto [m]anao ny zava-drehetra izay tratry ny heri[nareo]”<sup>11</sup> mba hitandrintena, dia enga anie ka hanome fitahiana lehibe ho anareo ny lanitra. Katsaho ny fenitra hanorenana fanambadiana mandrakizay, ao anatin'izany ny fiezahana na fiomanana mba ho vady mendrika. Tandrovny ireo didy, matokia ny Tompo sy ny fitiavany tonga lafatra ho anareo. Ho voarainareo daholo ireo fampanantenana mahakasika ny fanambadiana indray andro any.<sup>12</sup>

Ny iray amin'ireo andininy mamy indrindra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia milaza tsotra toy izao hoe: “Dia naka vady izy ary nampakarina ho vady sy notahiana araka ny hamaroan'ny fampanantenana izay efa nataon'ny Tompo taminy.”<sup>13</sup> Omena ireo rehetra izay manaraka ny lamin'ny fiainana izay manorina fifandraisana feno fahasambarana sy masina eo amin'ny mpivady ireo fampanantenan'ny Tompo. Tonga toy ireo vokatra mahafaly indrindra sy noviniana amin'ny fiainana amim-pahatokiana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ireo fitahiana ireo.

Feno fankasitrahana aho noho i Kathy, vadiko mahafinaritra, ilay hany tiako eo amin'ny fiainako.

Fanomezana avy amin'Andriamanitra ho antsika ny fanambadiana; ary fanomezana avy amintsika ho Azy ny hatsaran'ny fanambadiantsika. Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny drafitra mahatalanjon'ny Raintsika any an-danitra be fitiavana, izay mahatonga ny fanambadiana ho mandrakizay sy mahatalanjona. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo Iza,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
2. Jereo ny Ohabolana 15:1.
3. Jereo ny Almà 5:11–12, 26–31.
4. Jereo ny Môrônia 7:43–48; 8:25–26.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:27–31.
6. Jereo ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo Iza,” 129.
7. Jereo ny Thomas S. Monson, “Ny Herin'ny Fisoronana,” *Liahona*, Mey 2011, 68; Gordon B. Hinckley, “Life's Obligations,” *Liahona*, Mey 1999, 4.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:45.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:22.
10. *Boky Torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 1.3.1.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123:17.
12. Jereo ny *Boky Torolalana 2*, 1.3.3.
13. 4 Nefia 1:11.



**Nataon'ny Loholona L. Tom Perry**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fahafahana ny Fankatoavana ny Lalàna

*Mahazo ny fahafahany misafidy toy ny fanomezana avy amin'Andriamanitra ny olona, saingy ny fahafahan'izy ireo, ary vokatr'izany, ny fahasambaran'izy ireo mandrakizay dia azo avy amin'ny fankatoavana ireo lalàna.*

**N**ahazo fanomezana miavaka aho ny krismasy lasa teo izay nitondra fahatsiarovana maro niaraka taminy. Nomen'ny zana-kavavin'ny anabaviko ahy ilay izy. Niaraka tamin'ireo zavatra navelako tao amin'ny tranon'ny fianakaviako taloha izany rehefa nifindra trano aho taorian'ny nanambadiako. Ity boky kely volon-tsôkôla ety an-tanako ity ilay fanomezana. Boky nomena ireo mpanompo tanindrazana Olomasin'ny Andro Farany nirotsaka tao amin'ny tafika nandritra ny Ady Lehibe Faharoa izy ity. Ny tenako manokana dia nandray ilay boky ho toy ny fanomezana avy amin'ny Filoha Heber J. Grant sy ireo mpanolotsaina azy, J. Reuben Clark Jr. sy David O. McKay.

Nanoratra tao amin'ny fiandohan'ily boky ireo mpaminanin'Andriamanitra telo ireo hoe: “Tsy mamela anay hifandray tsy tapaka aminareo ireo zava-misy eo amin'ny tafika, na mivantana izany na amin'ny alalan'ny

solontena. Ny zavatra tsara indrindra manaraka ataonay dia ny manome anareo ny ampahan'ny fanambarana maoderina toy ity sy ny fanazavana ny fitsipiky ny Filazantsara izay hitondra fanantenana sy finoana vaovao ho anareo, na aiza na aiza no misy anareo, ary koa fampiononana sy fiadanam-panahy.”<sup>1</sup>

Ao anatin'ny ady iray hafa isika amin'izao fotoana izao. Tsy ady amin'ny fitaovam-piadiana izy ity. Ady amin'ny eritreritra sy ny teny ary ny zavatra atao izany. Ady amin'ny fahotana izany ary tena mila ampahatsiahivina ireo didy mihoatra ny teo aloha isika. Toa lasa fenitra arahana ny firehan-kevitra lahika ary maro amin'ireo zavatra inoana sy zavatra atao ao anatin'izany no manohitra mivantana ireo izay napetraky ny Tompo mba ho tombontsoan'ireo zanany.

Misy “Fanamarihana fanomanana” ho an'ireo Lehilahy Miaramila mitondra ny lohateny hoe: “Fahafahana ny

Fankatoavana ny Lalàna” ao anatin'ily boky kely volon-tsôkôla, ary manaraka izany avy hatrany ilay taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany. Mampitaha ny lalàna miaramila, izay “natao hahatsara ireo rehetra manao fanompoana miaramila” sy ny lalàna'Andriamanitra izany.

Izao no voalaza ao hoe “Eto amin'izao tontolo izao koa, izay tantanan'Andriamanitra, dia misy lalàna—ho an'izao tontolo izao sy lalàna . . . mandrakizay—miaraka amin'ny fitahiana sy sazy tsy azo ovaina.”

Mifantoka amin'ny fankatoavana ny lalàna'Andriamanitra ireo teny farany amin'ily fanamarihana manao hoe: “Raha te hiverina hiaraka tsy misy nenina amin'ireo olona tianao ianao . . . raha tena te ho lehilahy sy te hiaina amim-pahasambaran'iana—dia tandremo ny lalàna'Andriamanitra. Rehefa manao izany ianao dia afaka mampitombo ireo fahafahana tsy voavidy vola izay ezahanao arovana, fiarovana iray hafa izay mety hianteheran'ny hafa, fahafahana amin'ny ota; satria tena 'fahafahana ny fankatoavana ny lalàna.’”<sup>2</sup>

Nahoana no nisy dikany lehibe tamiko ilay fehezan-teny hoe “fahafahana ny fankatoavana lalàna” tamin'izany fotoana izany? Nahoana no misy dikany lehibe ho antsika rehetra izany ankehitriny?

Angamba noho isika manana fahalalana avy amin'ny fanambarana mikasika ny tantarantsika talohan'ny nahaterahana izany. Mahafantatra isika fa rehefa nanolotra ny drafiny Andriamanitra ilay Ray Mandrakizay tany am-piandohana—dia tian'i Satana ny hanova izany drafitra izany. Nilaza izy fa hanavotra ny olon-drehetra. Tsy hisy olona iray ho very ary natoky tena i Satana fa afaka hanatontosa ny drafitra nataony. Saingy nisy tambiny tsy azo nekena ilay izy—ny fanimbana ny fahafahan'ny olona misafidy, izay fanomezana nomen'Andriamanitra hatrizay (jereo ny Mosesy 4:1–3). Hoy ny Filoha Harold B. Lee mikasika io fanomezana io hoe “Manarakaraka ny fiainana dia ny fahafahana misafidy malalaka no fanomezana lehibe indrindra nomen'Andriamanitra ny olombelona.”<sup>3</sup> Noho izany dia tsy zavatra tsy misy lanjany ho an'i Satana ny





tsy firaharahiany ny fahafahan'ny olona misafidy. Raha ny marina dia io no lasa olana fototra nanaovana ilay Ady tany an-danitra. Fandresena ho an'ny fahafahan'ny olona misafidy ilay fandresena tamin'ny Ady tany An-danitra.

Tsy vita hatreo anefa ny amin'i Satana. Ny drafitra nomaniny ho solon'izay—ilay drafitra notanterahany nanomboka tamin'ny andron'i Adama sy Eva—dia ny haka fanahy ny lehilahy sy ny vehivavy, mba hanaporifo tokoa fa tsy mendrika io fanomezan'ny fahafahana misafidy avy amin'Andriamanitra io isika. Manana antony maro hanaovany ny zavatra ataony i Satana. Angamba ny fahavononana hamaly faty no antony mahery vaika indrindra, fa tiany ho ory tahaka azy koa ny lehilahy sy ny vehivavy. Tsy tokony hisy mihitsy amintsika hanamaivana ny fahavononan'i Satana hahomby. Ny anjara asany ao amin'ny Drafitr'Andriamanitra mandrakizay dia ny hanisy “fifanoherana amin'ny zava-drehetra” (2 Nefia 2:11) sy hizaha toetra ny fahafahantsika misafidy. Fizahan-toetra ny fahafahantsika misafidy ny safidy tsirairay ataontsika sy ianao—na mifidy ny hankatò isika na ny tsy hankatò ny didin'Andriamanitra, raha ny marina dia fisafidianana ny “fahafahana sy ny fiainana mandrakizay” sy ny “fahababoana sy fahafatesana” izany.

Ampianarina mazava tsara ao amin'ny toko faharoan'ny 2 Nefia ity fotopampianarana fototra ity manao hoe: “Noho izany dia afaka ny olona araka ny nofo; ary omena azy ny

zavatra rehetra izay ilain'ny olona. Ary afaka izy na hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'Ilay Mpanalalana lehiben'ny olondrehetra na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana araka ny fambaboana sy ny fahefan'ny devoly; satria katsahiny ny hahatonga ny olondrehetra ho ory tahaka azy” (2 Nefia 2:27).

Niady foana tamin'ny fomba maro ity tontolo ity. Mino aho fa niahiahy tamin'ny ady lehibe kokoa noho ny Ady Lehibe II ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny fotoana nandefasan'izy ireo ny bokikeliko volon-tsôkôla. Mino koa aho fa izy ireo dia nanantena fa ho ampingan'ny finoana hanoherana an'i Satana sy ny miaramilany ao anatin'ity ady lehibe kokoa ity—ilay ady amin'ny fahotana—ary ho toy ny fampahatsiahivana ho ahy mba hiaina ireo didin'Andriamanitra.

Fomba iray handrefesantsika ny tenantsika sy hampitahana antsika amin'ireo taranaka teo aloha ny fampiasana ny iray amin'ireo faneva fantatry ny olona—ny Didy Folo. Faritra nekena sy maharitra indrindra mampisaraka ny tsara sy ny ratsy ny Didy Folo hatrizay ho an'ny maro amin'ireo tontolo mandroso, indrindra fa ny tonolon'ny fivavahana Jiosy-Kristianina.

Raha ny fijeriko azy dia efatra amin'ireo Didy Folo no hajaina tsara amin'izao fotoana izao mihoatra ny teo aloha. Raha ao anatin'ny kolontsaina mankahala sy manameloka ny famonoana olona sy ny fangalarana sy ny fandaingana isika, ary mbola mino

foana ny andraikitra ny zanaka amin'ireo ray aman-dreniny.

Kanefa tsinontsinoavintsika amimpahazarana ireo didy enina hafa eo amin'ny sehatry ny fiaraha-monina lehibe kokoa:

- Raha toa ka tena ilaina ireo lazaina fa lohalaharan'izao tontolo izao dia tena manana “Andriamani-kafa” apetratsika alohan'ilay tena Andriamanitra isika.
- Tompointsika ireo olo-malaza, ny fomba fiainana, ny harena, ary indraindray dia tompointsika tokoa ireo sary sokitra na zavatra.
- Mampiasa ny anaran'Andriamanitra amin'ireo karazam-pomba maniratsira rehetra isika, anisan'izany ny hiakam-pahatairantsika sy ny fitenenan-dratsy ataontsika.
- Ampiasantsika amin'ireo lalao lehibe indrindra ataontsika ny andro Sabata, ny fialam-boly tiantsika indrindra, ny fiantsenana be indrindra ataontsika, ary saika ho ny zavatra rehetra afa-tsy ny fitsaohana.
- Raisintsika ho toy ny fandaniana andro sy fialam-boly ny firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana.
- Ary lasa fomba fiainana matetika ny fitsiriritana. (Jereo ny Eksodosy 20:3–17.)

Nampitandrina hatrany hatrany amin'ny fandikana ny roa amin'ireo didy lehibe indrindra ireo mpaminany tao anatin'ny fotoampitantana rehetra—ireo izay miresaka momba ny



famonoana olona sy ny fijangajangana. Mahita fototra iraisana aho ho an'ireo didy roa manan-danja lehibe ireo—ny finoana fa ny fiainana dia tombontsoa manokana avy amin'Andriamanitra ary ny vatantsika izay tempolin'ny fiainana eto an-tany dia tokony hoforonina ao anatin'ny fifandraisana izay nape-trak'Andriamanitra. Ny fanoloan'ny olona ny lalàn'Andriamanitra amin'ny lalan'izy ireo mikasika ny fahariana na fanaisorana aina no ohatra faratampony indrindra amin'ny fianara-kendry sy ny halalin'ny fahotana.

Ny fiantraikany fototra avy amin'ireo fihetsika tsy manisny lanja ny fahasinan'ny fanambadiana ireo dia ny fiantraikany eo amin'ny fianakaviana—mihasimba amin'ny hafainganam-pandeha mampatahotra ny tanjaky ny fianakaviana. Miteraka fahasimbana manerana ny fiaraha-monina ity fahasimbana ity. Mahita antony sy vokany mivantana aho. Rehefa milavo lefona amin'ny fanoloran-tena sy ny fahato-kiansika amin'ny vadintsika isika dia manaisotra ny dity mampitambatra ny fiaraha-monintsika.

Fomba iray tena ilaina hiheverana ireo didy ny hoe torohevitra avy amin'ny Ray any an-danitra be fitiavana sy mahalala ny zava-drehetra izy ireo. Ny fahasambarantsika mandrakizay no tanjony ary ireo didiny no fanoroan-dalana nomeny antsika mba hiverenana any Aminy, izay hany lalana hahatonga antsika ho sambatra mandrakizay. Hatraiza ny lanjan'ny tokantrano sy ny fianakaviana ho an'ny fahasambarantsika mandrakizay? Iza

no voalaza ao amin'ny pejy faha 141 ao amin'ny bokikeliko volon-tsôkôla hoe: Ny lanitra ho antsika dia mihoatra kely kokoa noho ny fanitarana ny fiainan-tokantranontsika any amin'ny mandrakizay<sup>4</sup>

Vao haingana no namafisina tamin'ny fanazavana sy tamin-kery lehibe ny fotopampianaran'ny fianakaviana sy ny tokantrano ao amin'ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao.” Nanambara ny toetra voajanahary mandrakizain'ny fianakaviana izany ary avy eo dia nazava ny fifandraisan'izany amin'ny fitsaohana any amin'ny tempoly. Manambara ilay lalàna ifotoran'ny fahasambarana mandrakizain'ny fianakaviana koa ilay fanambarana, anisan'izany ny hoe “Ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana.”<sup>5</sup>

Mampahafantatra ireo mpaminaniny Andriamanitra fa misy ireo fitsipi-pitondrantena. Ho fahotana foana ny fahotana. Manaisotra foana ireo fitahian'Andriamanitra antsika ny tsy fankatoavana. Miova tsy ankiato sy haingana tokoa izao tontolo izao, kanefa tsy miova Andriamanitra sy ny didiny ary ireo fitahiana nampanantenainy. Efa tapaka sy tsy miova izy ireo. Mahazo ny fahafahany misafidy toy ny fanomezana avy amin'Andriamanitra ny olona, saingy ny fahafahan'izy ireo, ary vokatry izany, ny fahasambaran'izy ireo mandrakizay dia azo avy amin'ny fankatoavana ny lalàn'ny. Araka ny nananaran'i Almà an'i Kôriantôna zanany lahy nania hoe: “Ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana” (Almà 41:10).

Nampahafantarin'ny Tompo antsika indray amin'izao fotoan'ny famerenana tamin'ny laoniny ny fahafanoan'ny filazantsara izao ireo fitahiana nampanantenaina antsika noho ny fankatoavana ny didiny.

Ahitantsika ny toy izao ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavana 130 hoe:

“Misy lalàna navoaka tsy azo novana tany an-danitra, talohan'ny fanorenana izao tontolo izao, izay ifotoran'ny fitahiana rehetra—

“Ary rehefa mahazo fitahiana avy amin'Andriamanitra isika, izany dia noho ny fankatoavana ny lalàna izay ifotorany” (F&F 130:20–21).

Azo antoka fa tsy nisy fotopampianarana mafonja nambara tamin-kery kokoa ao amin'ny soratra masina mihoatra ny didin'ny Tompo izay tsy miova sy ny fifandraisan'izy ireo amin'ny fahasambarantsika sy zava-mahasoa ny tenantsika manokana sy ny fianakaviansika ary ny fiaraha-monina. Misy ireo fitsipi-pitondrantena. Manaisotra foana ireo fitahian'Andriamanitra antsika ny tsy fankatoavana. Tsy miova ireo zavatra ireo.

Tsy hihozongozona mihitsy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny ary toy izany koa ny tsatòka sy ny paroasy, ny fianakaviana, na ireo mpikambana tsirairay ao anatin'ny tontolo izay mampangozohozo ny torolalana ara-pitondrantena. Tsy tokony hifidy ny didy heverintsika ho manan-danja mba hotandremana isika fa tokony hanaiky ny didin'Andriamanitra rehetra. Tokony ho mafy orina tsy ho azo hozongozonina isika, ary matoky tanteraka ny tsy fiovaovan'ny Tompo sy ny fitokisana feno amin'ny fampanantenany.

Enga anie isika ka ho fahazavana eo an-tampon-tendrombohitra mandrakariva, ohatra amin'ny fitandremana ireo didy izay tsy mbola niova toy ny namporisihan'ity boky kely ity ireo miaramila Olomasin'ny Andro Farany mba hijoro ho matanjaka amin'ny fahadiovam-pitondrantena nandritra ny ady, dia enga koa anie isika, amin'izao adin'ny andro farany izao ho loharanom-pahazavana sy fitaomampanahy ho an'ny tany rehetra, indrindra fa ho an'ny zanak'Andriamanitra izay mikatsaka ireo fitahian'ny Tompo. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fiadidiana Voalohany ao amin'ny *Principles of the Gospel* (1943), i.
2. *Principles of the Gospel*, v, vii, viii.
3. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Harold B. Lee* (2000), 4.
4. Stephen L Richards, ao amin'ny *Principles of the Gospel*, 141.
5. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Mitondra Fitahiana ny Fankatoavana

*Tonga eo amintsika ny fahalalana ny fahamarinana sy ny valin'ireo fanontaniana lehibe ananantsika rehefa mankatò ny didin'Andriamanitra isika.*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala, feno fankasitrahana aho miaraka aminareo amin'izao maraina izao. Mangataka ny finoanareo sy ny vavakareo aho eto am-pamaliako ny fanomezana ahy tombontsoa manokana hiresaka aminareo.

Nikatsaka fahalalana sy fahatakarana nandritra ny taona maro mikasika ity fiainana an-tany ity sy ny anjara toerana misy azy ary ny tanjon'izy ireo ao anatin'izany ny lehilahy sy ny vehivavy, anisan'izany koa ny fikatsahana ny lalana ahazoana fiadanana sy fahasambarana. Isika tsirairay avy dia samy mikatsaka ireo zavatra ireo.

Afaka mahazo io fahalalana sy fahatakarana io avokoa ny olondrehetra. Voarakitra ao amin'ireo fahamarinana mandrakizay izy ireo. Hitantsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 1, andininy 39 ny hoe: “Fa indro, ary jereo, ny Tompo no Andriamanitra, ary ny Fanahy dia vavolombelona manambara, ary marina ny fanambary, ary ny fahamarinana dia mitoetra mandrakizay.”

Nanoratra toy izao ny mpahaitononkalo malaza iray:

*Na dia manjavona aza ny lanitra ary mitroatra ireo loharano eo amin'ny tany,*

*Ny fahamarinana, izay antom-pisiana, dia handresy ny ratsy indrindra mety hitranga,*

*Tsy manam-piafarana, tsy miova, mandrakizay.<sup>1</sup>*

Mety hanontany ny sasany hoe: “Aiza no ahitana ny fahamarinana toy izany, ary amin'ny fomba ahoana no hamantarantsika izany?” Tao anatin'ny fanambarana izay nomena tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith tao Kirtland, Ohio, tamin'ny Mey 1833, dia nanambara ny Tompo hoe:

“Ary ny fahamarinana dia fahalalana ny zavatra araka ny maha-izy azy, sy araka naha-izy azy ary araka ny haha-izy azy. . . .

“Ny Fanahin'ny Fahamarinana dia avy amin'Andriamanitra. . . .

“Ary tsy nisy olona nandray ny fahafenoana, raha tsy mitandrina ny didiny izy.

“Izay mitandrina ny didin'Andriamanitra] dia mandray fahamarinana sy fahazavana ambarapahatonga azy hankalazaina ao

amin'ny fahamarinana sy hahafantatra ny zava-drehetra.”<sup>2</sup>

Fampanantenana lehibe tokoa izany. “Izay mitandrina ny didin'Andriamanitra] dia mandray fahamarinana sy fahazavana ambarapahatonga azy hankalazaina ao amin'ny fahamarinana sy hahafantatra ny zava-drehetra.”

Tsy ilaintsika sy ianao amin'izao andro ananana fahalalana betsaka izao, rehefa naverina tamin'ny laoniny ny fahafenoan'ny filazantsara, ny mikaroka ny fahamarinana amin'ny fomba sarotra sy tsy mbola nisy nanao mihitsy teo aloha. Nanoritra ny lalantsika sy nanome mpitarika mahatoky—dia ny *fankatoavana* ny Ray any an-danitra be fitiavana. Tonga eo amintsika ny fahalalana ny fahamarinana sy ny valin'ireo fanontaniana lehibe ananantsika rehefa mankatò ny didin'Andriamanitra isika.

Mianatra mankatò mandritra ny fiainantsika isika. Ireo tompo'andraikitra tamin'ny fikarakarana antsika, nanomboka tamin'ny fiandohan'ny fahazantsika, dia nametraka torolalana sy fitsipika mba hiarovana antsika. Ho tsotra kokoa ny fiainantsika rehetra raha hankatò tanteraka ny fitsipika toy izany isika. Maro amintsika anefa no mianatra amin'ny alalan'ny zavatra iainana izany hoe, fahendrena ny mankatò.

Rehefa nihalehibe aho dia nipe-traka tao amin'ny trano fialan-tsasatray tany Vivian Park ao Provo Canyon ao Utah izahay isaky ny fahavaratra manomboka ny fiandohan'ny volana Jolay ka hatramin'ny Septambra.

Ny iray tamin'ireo namako akaiky indrindra nandritra ireo andro fialan-tsasatra ireo tany amin'ilay faritra ahitana haram-bato mijoalajoala dia i Danny Larsen, ary nanana trano fialan-tsasatra tao Vivian Park koa ny fianakaviany. Nandehandeha tao amin'io paradisa ho an'ny zazalahy io izaho sy izy isan'andro, nanjono tany amin'ny koriandrano sy renirano, nanangona vato sy zava-tsarobidy hafa, nanao dia an-tongotra lavitra, nihanika tendrom-bohitra ary nankafy tsotra izao ny minitra tsirairay isan'ora isan'andro.

Indray maraina izaho sy i Danny dia nanapa-kevitra fa te hanao

afon-dasy ny harivan'io andro io miaraka amin'ireo namanay rehetra tany amin'ilay faritra misy haram-bato mijoalajoala. Faritra nanakaiky ilay saha izay nahafahanay rehetra nivondrona fotsiny no nila nodiovinay. Ny ahitry ny volana Jona izay nandrakotra ilay saha dia lasa maina sy feno tsilo, ka nahatonga ilay saha ho tsy nety tamin'ny tanjonay. Nanomboka nanala ireo ahitra lava izahay, nanao drafitra ny hanadio faritra lehibe boribory. Nisintona sy nanongotra tamin'ny herinay manontolo izahay, fa ny hany azonay dia eran'ny tanana kely tamin'ilay ahi-dratsy sarotra ongotana. Fantatray fa handany ny andro iray manontolo io asa io, ary efa nihena dia nihena ny tanjakay sy ny fahavononany.

Ary avy eo dia tonga tao amin'ilay sain-jaza valo taona nananako ilay noheveriko fa ho vahaolana tonga lafatra. Hoy aho tamin'i Danny hoe: "Ny hany ilaintsika dia ny mandoro ireo ahi-dratsy ireo. Faribolana iray fotsiny no *hodorantsika* ao anatin'ireo ahi-dratsy!" Avy hatrany izy dia nanaiky ary nihazakazaka tany amin'ny trano fialan-tsasatray aho mba haka afokasoka vitsivitsy.

Mba tsy hieritretanareo fa nomena lalana hampiasa afokasoka izahay teo amin'ny fahavalo taonanay dia tiako ny hanazava fa samy norarana tamin'ny fampiasana izany izahay sy i Danny raha tsy nisy olon-dehibe nanara-maso. Samy nampitandremana matetika izahay ny amin'ny loza ateraky ny afo. Kanefa dia fantatro ny toerana nitehirizan'ny fianakaviako ireo afokasoka, ary nila nanadio ilay saha izahay. Alohan'ny hahatongavan'ny hevitra iray hafa tao an-tsaiko dia nihazakazaka tany amin'ny trano fialan-tsasatray aho ary naka voan'afokasoka vitsivitsy, ary nanara-maso sao nisy nijery ahy. Nafeniko haingana tao amin'ny iray tamin'ireo paosiko izany.

Niverina nihazakazaka nankany amin'i Danny aho, falifaly tokoa fa nananako tao am-paosiko ny vahaolana ho an'ilay olana nanananay. Tsaroako fa nieritritra aho hoe tsy ho tody afa-tsy hatreny amin'ny faritra tianay hirehitra ihany ilay afo ary avy

eo dia ho faty ho azy amin'ny fomba mahagaga.

Nakasoko mafy tamin'ny vato ny afokasoka iray ary nampirehetiko ilay ahitra mainan'ny volana Jona. Niredareda toy ny hoe notondrahana lasantsy izany. Tamin'ny voalohany dia faly ery izaho sy i Danny rehefa nijery ireo ahi-dratsy nanjavona, kanefa afaka fotoana fohy dia hita niharihary fa tsy ho faty amin'izao ilay afo. Raiki-tahotra izahay rehefa nahafantatra fa tsy nisy na inona na inona azonay natao mba hampijanonana izany. Nanomboka nandoro ireo ahi-dratsy nananika ny sisin'ny tendrombohitra ireo lelafo nampitahotra, izay nanamban-doza ireo hazo kesika sy ny zavatra rehetra teny amin'ny lalan'izy ireo.

Tamin'ny farany dia tsy nanantsafidy afa-tsy ny nihazakazaka nitady fanampiana izahay. Vetivety teo dia nivezivezy nihazakazaka nandroso sy niverina niaraka tamin'ny lasaka mando vita tamin'ny lamba ireo lehilahy sy vehivavy afaka nanao izany, nikapoka ireo afo mba hamonoana izany. Ora maro taty aoriana dia maty ireo vainafo sisa tavela. Avotra ireo hazo kesika efa antitra, ary toy izany koa ireo trano izay mety ho tratran'ilay afo.

Nianatra lesona sarotra maro kanefa manan-danja izaho sy i Danny tamin'izay andro izay—ampahany lehibe tamin'izany ny maha zava-dehibe ny fankatoavana.

Misy ireo fitsipika sy lalàna entina hiarovana ny tenantsika. Sahala amin'izany koa, dia nanome torolalana sy didy ny Tompo hiarovana antsika arapanahy mba hahafahantsika mandeha amim-pahombiazana ao anatin'ity fiainana ety an-tany izay matetika no mamitaka ity, ary hiverina any amin'ny Raintsika any an-danitra amin'ny farany.

Taonjato maro lasa izay, dia niteny tamim-pahasahiana tamin'ny taranaka nomena fampianarana nirona tanteraka tamin'ny fanaovana sorona biby i Samoela manao hoe: "Ny manaraka no tsara noho ny fanatitra, ary ny mihaino no tsara noho ny saboran'ondrilahy."<sup>3</sup>

Tao anatin'ity fotoampitantanana ity dia nanambara tamin'ny Mpaminany

Joseph Smith ny Tompo fa Izy dia mitaky "ny fo sy ny saina marisika . . . ; ary ny marisika sy ny mpankatò no hihinana ny soa amin'ny tanin'i Ziona amin'izao andro farany izao."<sup>4</sup>

Ny mpaminany rehetra, na fahiny na maoderina, dia mahalala fa ilaina amin'ny famonjena antsika ny fankatoavana. Nanambara i Nefia hoe: "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo."<sup>5</sup> Na dia nihozongozona tamin'ny finoany sy ny fankatoavany aza ny maro hafa, dia tsy mbola nandiso fanantenana tamin'izay nasain'ny Tompo nataony mihitsy i Nefia. Taranaka maro tsy voatanisa no nahazo fitahiana vokatr'izany.

Tantara iray manentana ny fanahy momba ny fankatoavana ny tantaran'i Abrahama sy i Isaka. Tsy maintsy sarotra sy mafy tamin'i Abrahama ny nankatò ny didin'Andriamanitra, dia ny hitondra an'i Isaka malalany ho any amin'ny tanin'i Moria mba hanolotra azy ho sorona. Azontsika sary an-tsaina ve ny havesaran'ny fon'i Abrahama rehefa nanao dia lavitra ho any amin'ilay toerana voatondro izy? Tsy hisalasalana fa nampijaly mafy ny vatany sy ny sainy ny fahoriana rehefa namatotra an'i Isaka, nampatory azy teo amin'ny alitara, ary nandray antsy hamono azy izy. Nankatò ny didin'ny Tompo tamin'ny finoana tsy voahozongozona sy fahatokiana feno ny Tompo izy. Nahatalanjona tokoa ilay fanambarana, ary tsy maintsy ho tena faly i Abrahama rehefa tonga izany nanao hoe: "Aza maninjitra ny tananao amin'ny zazalahy, ary aza maninona azy akory hianao; fa hitako izao fa matahotra an'Andriamanitra hianao, ka tsy narovanao tamiko ny zanakao, dia ny lahitokanao."<sup>6</sup>

Notsapaina sy nosedraina i Abrahama, ary nomen'ny Tompo fampianantenana lehibe izy noho ny fahatokiany sy ny fankatoavany manao hoe: "Ary amin'ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany; satria nanaiky ny teniko hianao."<sup>7</sup>

Na dia tsy angatahana mba hanaporofa ny fankatoavantsika amin'ny fomba mampivarahontsana sy mandrotika ny fo toy izany aza

isika dia takiana amintsika koa ny fankatoavana.

Nanambara ny Filoha Joseph F. Smith tamin'ny Ôktôbra 1873 hoe: “Ny fankatoavana no lalàna voalohany any an-danitra.”<sup>8</sup>


Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: “Ny fankatoavana ny torohevitr’Andriamanitra dia ilaina amin’ny fahasambaran’ny Olomasin’ny Andro Farany, ny fiadanan’ny Olomasin’ny Andro Farany, ny fivoaran’ny Olomasin’ny Andro Farany, ny firoboroboan’ny Olomasin’ny Andro Farany, ary ny famonjena mandrakizay sy ny fanandratana ny olony.”<sup>9</sup>

Toetra niavahan’ireo mpaminany ny fankatoavana, nanome hery sy fahalalana azy ireo tao anatin’ny tantara izany. Zava-dehibe ho antsika ny mahafantatra fa isika koa dia manana zo hahazo izany loharanon’ny tanjaka sy fahalalana izany. Tsy sarotra ho an’ny tsirairay amintsika amin’izao fotoana izao ny hahazo izany rehefa mitandrana ny didin’Andriamanitra isika.

Nahafantatra olona tsy tambo isaina izay tena nahatoky sy nankatò tokoa aho tao anatin’ny taona maro. Nahazo fitahiana sy fitaomam-panahy tamin’ny alalan’izy ireo aho. Tiako ny hizara aminareo ny tantaran’ny roa amin’ireo olona ireo.

Mpikambana mahatoky tao amin’ny Fiangonana i Walter Krause, izay nipe-traka niaraka tamin’ny fianakaviany tao amin’ny toerana izay lasa fantatra amin’ny hoe Alemàna Atsinanana taorian’ny Ady Lehibe Faharoa. Na dia teo aza ireo zava-tsarotra natrehiny noho ny tsy fisian’ny fahalalahana tao amin’izany faritra izany tamin’izany fotoana izany dia lehilahy tia sy nanompo ny Tompo Rahalahy Krause. Nanatanteraka tamim-pahatokiana sy hatramin’ny farany ny asa rehetra nampanaovina azy izy.

Ilay lehilahy iray hafa, i Johann Denndorfer, tera-tany Hongroa, dia lasa mpikamban’ny Fiangonana tao Alemàna ary vita batisa tao tamin’ny taona 1911 teo amin’ny faha 17 taonany. Tsy ela akory taorian’izay dia niverina tany Hongria izy. Taorian’ny Ady Lehibe Faharoa dia lasa toy ny gadra mihitsy tao amin’ny tany



nahaterahany izy, tao amin’ny tanànan’i Debrecen. Nesorina tamin’ny vahoaka tao Hongria ihany koa ny fahalalahana.

Rahalahy Walter Krause, izay tsy nahafantatra an-drahalahy Denndorfer, dia voantso ho mpampianatra azy isan-tokantrano sy hamangy azy tsy tapaka. Niantso ny mpiara-mamangy aminy Rahalahy Krause ary hoy izy taminy hoe: “Nahazo andraikitra ny hamangy an-drahalahy Johann Denndorfer isika. Afaka miaraka amiko ve ianao amin’ity herinandro ity mba hijery azy sy hanolotra hafatry ny filazantsara ho azy?” Ary avy eo dia nampiany hoe: “Mipe-traka any Hongria Rahalahy Denndorfer.”

Nanontany ilay namany izay gaga hoe: “Rahoviana isika no hanainga?”

“Rahampitso,” hoy Rahalahy Krause namaly azy.

“Rahoviana isika no hody?” hoy ilay namany.

Izao no navalin-drahalahy Krause hoe: “Angamba eo amin’ny herinandro eo—raha tafaverina isika.”

Lasa ireo mpiara-mamangy isan-tokantrano roa namangy an-drahalahy Denndorfer, nandeha fiaran-dalamby sy fiara fitateram-bahoaka avy ao amin’ny faritra avaratra atsinanan’i Alemàna nankany Debrecen, Hongria—izay dia lavitra tokoa. Tsy nanana mpampianatra isan-tokantrano hatramin’ny fiandohan’ny ady Rahalahy Denndorfer. Ankehitriny, rehefa nahita ireo mpanompon’ny Tompo ireo izy dia feno fankasitrahana fa tonga izy ireo. Tamin’ny voalohany dia tsy nanaiky ny handray ny tanan’izy ireo izy. Naleony kosa nandeha tany amin’ny efitrano fatoriany ary naka tao amin’ny lalimoara kely iray ny boaty iray misy ny fahafolonkareny izay notehiriziny nandritra ny taona maro. Natolony an’ireo mpampianatra azy isan-tokantrano ilay fahafolonkareny ary hoy izy hoe: “Nandoa ny fahafolonkareko tamin’ny Tompo aho izay. Ankehitriny aho dia mahatsapa ho mendrika ny handray ny tanan’ny mpanompon’ny Tompo!” Nilaza tamiko Rahalahy Krause taty aoriana fa tsy nisy teny azo nilazana



ny fihetseham-pony tamin'ny fieritretana fa ity rahalahy mahatoky ity, izay tsy nanana fifandraisana tamin'ny Fiangonana tao anatin'ny taona maro dia naka tamim-pankatoavana sy tamim-pahatokiana ny folo isan-jatony tamin'ilay vola kely dia kely azony mba handoavana ny fahafolonkareny. Nitahirizany izy tao anatin'ny tsy fahafantarana hoe rahoviana izy no hanana fahafahana manokana handoa izany na mety hanana izany fahafahana izany ve izy.

Nodimandry sivy taona lasa izay Rahalahy Walter Krause teo amin'ny faha 94 taonany. Nanompo tamim-pahatokiana sy tamim-pankatoavana nandritra ny fiainany izy ary nanazava ny fo amam-panahiko sy ny an'ireo rehetra nahafantatra azy izy. Rehefa nangatahana mba hanao asa izy dia tsy nametra-panontaniana, tsy nimonomonona, ary tsy nitady fialan-tsiny.

Ry rahalahiko sy anabaviko, ny fankatoavana no fizahan-toetra lehibe indrindra eto amin'ity fiainana ity. "Dia hosedraintsika amin'izany izy ireo," hoy ny Tompo, "hahitana raha toa izy ireo ka hanao ny zava-drehetra handidian'ny Tompo Andriamaniny azy ireo."<sup>10</sup>

Nanambara ny Tompo hoe: "Fa izay rehetra te hahazo fitahiana eo an-tanako dia handray ny lalàna

izay voatendry ho an'izany fitahiana izany sy ireo fepetrany izay najoro talohan'ny fanorenana izao tontolo izao."<sup>11</sup>

Tsy misy ohatra lehibe kokoa mikasika ny fankatoavana noho ny an'ny Mpamonjintsika. Hoy i Paoly mikasika Azy hoe:

"Dia nianatra fanarahana tamin'izay fahoriana nentiny Izy, na dia Zanaka aza;

"Ary rehefa natao tanteraka Izy, dia tonga loharanon'ny famonjena mandrakizay ho an'izay rehetra manaraka Azy."<sup>12</sup>

Naneho ny fitiavana marin'Andriamanitra ny Mpamonjy tamin'ny alalan'ilay fiainany tonga lafatra, tamin'ny alalan'ny fanajana ny iraka masina nampanaovina Azy. Tsy mbola niavonavona mihitsy izy. Tsy mbola voatelina tao amin'ny fiavonavonany mihitsy izy. Tsy mbola nanao ny tsy rariny Izy. Nanetry tena foana Izy. Nahitsy fo foana Izy. Nankatò foana.

Na dia naka fanahy azy aza ilay tompon'ny famitahana, dia ny devoly izany, na dia nihaosa ara-batana noho ny fifadian-kanina nandritra ny 40 andro sy 40 alina aza izy ary mosarena, ary koa rehefa nanaovany tolotra tena mahasarika sy mampitsiriritra aza i Jesoa dia nanome antsika ohatra masina

momba ny fankatoavana Izy tamin'ny fandavana tsy hiala amin'ilay lalana amin'izay fantany fa marina.<sup>13</sup>

Rehefa niatrika ny fahoriana tao Getsemane Izy, izay nizakany fanaintainana toy izany ka "ny dininy dia tahaka ny ra nipotrapotraka tamin'ny tany,"<sup>14</sup> dia nasehony tamin'ny alalan'ny ohatra ny fankatoavan'ny Zanaka tamin'ny fitenenana hoe: "Raiko ô, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao."<sup>15</sup>

Toy ny fomba nampianaran'ny Mpamonjy ireo Apôstôliny voalohany ihany no ampianarany ahy sy ianao koa manao hoe: "Manaraha Ahy hianao."<sup>16</sup> Vonona ny hankatò ve isika?

Ny fahalalana katsahintsika, ny valinteny izay tadiavintsika, ary ny hery izay iriantsika hananana mba hiatrehana ireo fanamby eo amin'izao tontolo izao izay manahirana sy miovaova dia afaka ny ho azontsika rehefa mankatò amim-pahavononana ny didin'ny Tompo isika. Averiko lazaina indray ny tenin'ny Tompo manao hoe: "Izay mitandrina ny didi[n'Andriamanitra] dia mandray fahamarinana sy fahazavana ambara-pahatonga azy hankalazaina ao amin'ny fahamarinana sy hahafantatra ny zava-drehetra."<sup>17</sup>

Mivavaka amim-panetren-tena aho mba hahazoantsika ireo valisoa maro be nampanantenaina ireo mpankatò. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, Tompo sy Mpamonjy antsika, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. "O toi, vérité" *Cantiques*, no. 175.
2. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 93:24, 26–28.
3. 1 Samoela 15:22.
4. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 64:34.
5. 1 Nefia 3:7.
6. Genesisy 22:12.
7. Genesisy 22:18.
8. Joseph F. Smith, "Discourse," *Deseret News*, Nov. 12, 1873, 644.
9. Gordon B. Hinckley, "If Ye Be Willing and Obedient," *Ensign*, Des. 1971, 125.
10. Abrahama 3:25.
11. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 132:5.
12. Hebreo 5:8–9.
13. Jereo ny Matio 4:1–11.
14. Lioka 22:44.
15. Lioka 22:42.
16. Jaona 21:22.
17. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 93:28.



**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## “Tompo ô, Mino Aho”

*Ekeo amin-kitsim-po ireo fanontaniana anananao sy ireo olanao fa hatanjaho mandrakizay aloha ilay afon'ny finoana efa anananao, satria ny zavatra rehetra dia hain'ny mino.*

Indray mandeha i Jesoa Kristy dia nanatona andian'olona izay niady hevitra tamim-pahatezerana tamin'ireo Mpianany. Rehefa nanontany mikasika ny anton'izany fifandirana izany i Jesoa dia nandroso ny rain'ny ankizy marary iray ary nilaza fa nanatona ireo mpianatr'i Jesoa izy mba hitsofana rano ny zanany, saingy tsy afaka nanao izany izy ireo. Raha mbola nikatro-nify ilay zazalahy, sady nivoaka faroratra ny vavany ary nihinjitsinjitra teo amin'ny tany teo anoloan'izy ireo, dia nanontany an'i Jesoa ilay raim-pianakaviana, tamin'ny feo tsy maintsy nifono alanenina farany, nanao hoe:

“Fa raha mba misy hainao,” hoy izy, “dia mamindrà fo aminay, ka vonjeo izahay.”

“Fa hoy Jesoa taminy: Hainao hoe? Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino.

“Ary niaraka tamin'izay dia niantso [sady nandrotsa-dranomaso] ny rain-drazazalahy ka nanao hoe: Mino aho; vonjeo aho ho afaka amin'ny tsy finoako.”<sup>1</sup>

Ny finoan'io lehilahy io tany am-boalohany, araka ny fiaikiny, dia voafetra ihany. Saingy nanana faniriana maika sy lalina izy, noho ilay lahito-kany. Voalaza fa efa ampy izany ho

fanombohana. “Na dia tsy afa-manao mihoatra noho ny *maniry ny hino* aza ianareo,” hoy i Almà, “dia avelao izany faniriana izany hiasa ao aminareo, ambara-pinoanareo.”<sup>2</sup> Rehefa tsy nanana fanantenana hafa intsony ity raim-pianakaviana ity, dia naneho ny finoana nananany izy ka nitalaho tamin'ny Mpamonjy an'izao tontolo izao hoe: “Raha *mba misy* hai *nao* dia mamindrà fo ami *nay*, ka vonjeo *izahay*.”<sup>3</sup> Sarotra amiko ny hamaky ireo teny ireo ka tsy hitomany. Ilay solon'ananana hoe *izahay* dia mazava fa niniana nam-piasaina. Raha ny marina, dia milaza ity lehilahy ity hoe: “Mitalaho daholo

izahay mianakavy. Tsy misy fijanonany mihitsy ny fahasahiranany. Reraka izahay. Sasatry ny mianjera ao anaty rano ny zanakay. Mianjera anaty afo. Toa tandindomi-doza hatrany izy ary tsy afa-tahotra mihitsy izahay. Tsy mahita olon-kafa azo hitodihana izahay. Afaka manampy anay ve *Ianao*? Ho velompankasitrahana izahay *na inona na inona* mitranga eo—sombim-pitahiana kely, fanantenana kely fotsiny, fana-maivanana kely ny enta-mavesatra zakain'ny renin'ity zaza ity isan'andro eo amin'ny flainany.”

Ilay hoe “Raha *mba misy* hainao” voalazan'ilay raim-pianakaviana dia niverina taminy ihany, izay lasa hoe “Raha mba *mino ianao*,” izay voalazan'ny Tompo.<sup>4</sup>

“Niaraka tamin'izay” hoy ny soratra masina—tsy medameda na feno fisalasalana na feno fanahiana fa “niaraka tamin'izay”—dia niantso tamin-dranomaso ilay raim-pianakaviana, naneho tamin-kitsim-po ny fahoriany hoe: “[Tompo ô, mino aho; vonjeo aho ho afaka amin'ny tsy finoako.” Ho valin'ny finoana vao sy mbola ampahany dia nositrarin'i Jesoa ilay zazalahy, saika efa ho nanangana azy tamin'ny maty ara-bakiteny mihitsy araka ny fitantaran'i Marka.<sup>5</sup>

Raha mandinika io tantara mampihetsi-po io aho dia te hire-saka mivantana amin'ireo tanoran'ny Fiangonana—tanora amin'ny taonany, na tanora amin'ny naharetan'ny naha mpikambana azy, na tanora amin'ny finoany. Saika isika rehetra no voaray ao amin'izany na manao ahoana na manao ahoana.



Ny tsara ho marihana voalohany mikasika io tantara io dia rehefa teo anatrehan'ny fanamby tokony hanehoana finoana, dia nanamarina ny tantany aloha ilay raim-pianakaviana, avy eo vao niaiky ny tsy fahatanterahany. Ny fanambarany voalohany dia marina ary tsy nisy fisalasalana: “[Tompo ô], mino aho.” Te hiteny amin'ireo rehetra izay maniry hanana finoana kokoa aho hoe tsarovy io lehilahy io! Amin'ny fotoan'ny tahotra na ny ahiahy na ny tebiteby dia hazony ilay finoana izay efa anananao, na dia voafetra ihany aza izany. Ao anatin'ilay fitomboana izay tsy maintsy holalovantsika rehetra mandritra ny fiainana an-tany dia hitranga amintsika ny zavatra mitovy hevitra ara-panahy amin'ny aretin'io zazalahy io na ny fahorian'ity raim-pianakaviana ity. Rehefa tonga ireny fotoana ireny ka mitranga ny olana dia tsy ho tonga avy hatrany ny vahao-lana, *hazony mafy izay efa fantatrao ary mahatanjaha hatrany mandrapahazoanao fahalalana misimisy kokoa*. Izany zava-nitranga izany indrindra, izany fahagagana manokana izany, no nahatonga an'i Jesoa nilaza hoe: “Raha manana finoana hoatra ny voan-tsinapy iray aza hianareo ka hiteny amin'io tendrombohitra io hoe: Mifindrà ery, dia hifindra izy; ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao.”<sup>6</sup> Tsy ny halehiben'ny finoanao na ny halalin'ny fahalalanao no zava-dehibe—fa ny fahamarinan-toetra asehonao mikasika ny finoana anananao sy ny fahamari-nana izay efa fantatrao.

Ny tsara ho marihana faharoa dia misy fiovana kely amin'ilay voalohany. Rehefa tonga ny olana ka mipetraka ny fanontaniana, rehefa mikatsaka finoana ianao dia aza atomboka amin'ny hoe hatraiza ny *tsy* fanananao finoana, aza atomboka amin'ny “tsy finoanao.” Izany dia toy ny mampiletra zavatra betsaka ny vorontsilozza avy any amin'ny vavany! Aoka aloha hazava tsara ity zavatra iray ity: Tsy mangataka anareo aho hilaza ho manana ny finoana izay tsy ananana-reo. Ny *tena* angatahiko aminareo dia ny hiorim-paka amin'ny finoana izay *tena* ananana-reo. Indraindray isika dia manao toy ny hoe ny fanambarana

amin-kitsimpo ny tsy finoana no maneho herim-po ara-môraly lehibe kokoa toy izay ny fanambarana amin-kitsimpo ny finoana. Tsy izany mihitsy! Koa aoka isika rehetra hahatsiaro ny hafatra mazava ao amin'ity tantara ao amin'ny soratra masina ity: Aoka ianao ho marina araka izay ilaina momba ny ahiahinao; rakotra azy ireny ny fiainana ary manana karazana ahiahy foana isika rehetra. Saingy raha te ho sitranina ianao sy ny fianakavianao dia aza avela hanembantsembana ny finoana ireo ahiahy ireo ka tsy hahafahany miteraka fahagagana.

Mihoatra noho izany, manana finoana mihoatra noho izay heverinao ianao, noho ilay antsoin'ny Bokin'i Môrmôna hoe “halehiben'ireo porofo.”<sup>7</sup> “Ny voany no hahafantarana-reo azy,” hoy i Jesoa,<sup>8</sup> ary ny vokatra azo noho ny fiainana ny filazantsara dia hita mazava eo amin'ny fiainan'ireo Olomasin'ny Andro Farany na aiza na aiza. Toy izay nolazain'i Petera sy Jaona indray mandeha tamin'ireo nanatrika azy ireo fahiny, dia miteny aminao aho ankehitriny hoe: “Fa izahay tsy maintsy milaza izay zavatra efa hitanay sy renay,” ary ny zavatra efa hitanay sy renay dia hoe: “faman-tarana malaza tokoa [no efa natao]” teo amin'ny fiainan'ny mpikambana an-tapitrisany ato amin'ity Fiangonana ity. Tsy azo lavina izany.<sup>9</sup>

Ry rahalahy sy anabavy isany, asan'Andriamanitra eo an-dalam-pahatanterahana izy ity ary ny fisehony sy ny fitahiana maro avy amin'izany dia hita na aiza na aiza, koa miangavy anareo aho, aza diso sahiran-tsaina loatra raha toa ka misy olana mitranga indraindray, izay tokony ho dinihina sy ho takarina ary ho vahana. Hitranga tokoa izany ary tsy maintsy atao izany. *Ato amin'ity Fiangonana ity, ny zavatra izay fantatsika dia hanan-danja kokoa hatrany noho izay mety ho zavatra tsy fantatsika. Ary tsarovy fa eto amin'ity izao tontolo izao ity dia tokony hiaina amin'ny finoana daholo isika rehetra.*

Koa manehoa hatsaram-panahy amin'ny fahalemen'olombelona—ny anao sy ny an'ireo izay miaramanombo aminao ao amin'ny

Fiangonana, izay tarihan'ny lehilahy sy vehivavy tsara sitrapo sy mety maty. Ankoatran'ilay hany Zanany Lahitokana tonga lafatra, dia olona tsy tanteraka avokoa no niarahan'Andriamanitra niasa. Tsy maintsy ho nandiso fanantenana be Azy izany, saingy tsy mampaninona Azy. Tokony ho toy izany koa isika. Ary rehefa mahita tsy fahatanterahana ianao, dia tsarovy fa ny tsy fahatanterahana dia *tsy* eo amin'ny maha an'Andriamanitra an'ilay asa. Araka ny filazan'ny mpanoratra manan-talenta iray hoe: Rehefa mirotsaka ny fahafenoana tsy misy fetra, dia tsy hadisoan'ilay menaka raha toa ka misy very, satria tsy tena omby manontolo ao anaty fitoerana voafetra izany.<sup>10</sup> Ireo fitoerana voafetra ireo dia izaho sy ianao, koa mananà faharetana sy hatsaram-panahy ary mamelà heloka.

Zavatra iray farany tsara ho marihana: rehefa tonga ny ahiahy na ny olana, dia aza matahotra mangataka fanampiana. Raha mila izany isika, ka feno fanetren-tena sy hitsimpo tahaka an'ity ray ity, dia afaka mahazo izany. Izany faniriana lehibe izany dia fari-tan'ny soratra masina hoe “omban'ny fikasana marina,” atao “amin'ny finivan'ny fo . . . manontolo, tsy manao amin'ny fihatsarambelatsihy sady tsy misy fitaka eo anoloan'Andriamanitra.”<sup>11</sup> Ijoroako ho vavolombelona fa ho valin'io karazana fitalahoana io dia handefa fanampiana avy amin'ireo andaniny roa amin'ny voaly Andriamanitra mba hanatanjahana ny finoantsika.

Nilaza aho teo hoe niresaka tamin'ireo tanora aho. Mbola manao izany aho hatramin'izao. Vao tsy ela no nisy zazalahy 14 taona iray nilaza tamiko sady somary nisalasala hoe: “Rahalahy Holland, mbola tsy afaka miteny aho hoe mahafantatra fa marina ny Fiangonana, saingy inoako izany.” Nofihiniko mafy io zazalahy io mandra-pivontiriky ny voamasony. Nolazaiko azy tamin'ny hafanam-po rehetra nananako fa ny hoe *mino* dia teny sarobidy, fihetsika iray mbola sarobidy kokoa aza ary tsy mila miala tsiny velively izy hoe “mino fotsiny ihany.” Nolazaiko azy fa i Kristy mihitsy no niteny hoe: “Aza matahotra,



minoa fotsiny ihany,”<sup>12</sup> izay teny nanampy an’i Gordon B. Hinckley fony izy mbola tanora tany amin’ny sahan’ny misiona.<sup>13</sup> Nolazaiko tamin’io zazalahy io fa ny finoana hatrany no dingana voalohany mankany amin’ny faharesen-dahatra ary ireo fanekempinoana izay mamaritra ny finoana iraisantsika dia manantitrantitra mafy ny hoe “Mino isika fa.”<sup>14</sup> Ary nolazaiko azy hoe tena reharehako izy noho ny hitsim-pony eo am-pikatsahany ny fahamarinan’ny Fiangonana.

Ankehitriny, noho ny tombony ananako rehefa avy niaina sy nianatra nandritra ny 60 taona taorian’ny naha zazalahy 14 taona ahy izay nino fotsiny, dia manambara ny zavatra fantatro amin’izao fotoana izao aho. Fantatro fa Andriamanitra dia Raintsika any An-danitra be fitiavana sy mamela heloka, amin’ny fotoana rehetra sy amin’ny fomba rehetra ary

amin’ny toe-javatra rehetra. Fantatro fa i Jesoa no hany Zanany tonga lafatra, izay sitrapon’ny Ray sy ny Zanaka no nanolorany ny ainy mba ho fanavotana antsika rehetra izay tsy tateraka. Fantatro fa nitsangana tamin’ny maty Izy mba hiaina indray ary satria nitsangan-ko velona Izy dia ho toy izany koa izaho sy ianao. Fantatro fa i Joseph Smith, izay niaiky fa tsy tanteraka,<sup>15</sup> no fitaovana nofinidy teo am-pelatanan’Andriamanitra namerenana tamin’ny laoniny ny filazantsara mandrakizay teto an-tany. Fantatro koa fa ny fanaovany izany—indrindra indrindra tamin’ny nandikany ny Bokin’i Môrmôna—dia nampianatra ahy bebe kokoa mikasika ny fitiavan’Andriamanitra, sy ny maha Andriamanitra an’i Kristy, ary ny herin’ny fisoronana mihoatra noho izay mpaminany hafa rehetra efa novakiako na fantatro na henoko ny momba azy hatrizay,

nandritra ny androm-piainana nikatsahana. Fantatro fa ny Filoha Thomas S. Monson, izay feno fanoloran-tena sy herim-po raha manakaiky ny faha 50 taona nanendrena azy ho Apôstôlin’ny Tompo, no mpandimby ara-dalàna eo amin’izany antso maha-mpaminany izany ankehitriny. Nahita io fahefana maha-mpaminany izay entiny io indray isika nandritra ity fihaonambe ity. Fantatro fa lehilahy 14 hafa izay tohananareo ho mpaminany sy mpanahita ary mpanambara no manohana azy amin’ny tanany sy ny fony ary ny fanalahidy apôstôlika izay hazonin’izy ireo manokana.

Ireo zavatra ireo no ambarako aminareo amin’ny alalan’ily finoana izay nantsoin’i Petera hoe “teny faminiana atao mafy orina kokoa.”<sup>16</sup> Ilay masomboly kelin’ny finoana teo aloha ho ahy dia nitombo lasa hazon’aina, koa raha somary voasedra kely ny finoanao amin’izao fotoana izao na amin’ny fotoana hafa dia manasa anao aho hiantehitra amin’ny finoako. Fantatro fa fahamarinan’Andriamanitra ity asa ity, ary fantatro fa ho loza ho antsika ihany ny famelana ny ahiahy na ny devoly hanakana antsika tsy hiaina ireo fitsipika sy fampianarana ao aminy. Manàna fanantenana hatrany. Tohizo ny dia. Ekeo amin-kitsimpo ireo fanontaniana anananao sy ireo olanao fa hatanjaho mandrakizay aloha ilay afon’ny finoana efa anananao, satria ny zavatra rehetra dia hain’ny mino. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Marka 9:22–24; jereo ihany koa ny andininy 14–21.
2. Almà 32:27; nampiana fanamafisana.
3. Marka 9:22; nampiana fanamafisana.
4. Marka 9:22, 23; nampiana fanamafisana.
5. Jereo ny Marka 9:24–27.
6. Matio 17:20.
7. Helamàna 5:50.
8. Matio 7:16.
9. Jereo ny Asan’ny Apôstôly 4:16, 20.
10. Nalaina avy tao amin’ny Alfred Edersheim, *The Life and Times of Jesus the Messiah*, boky 2 (1883), 2:108.
11. 2 Nefia 31:13.
12. Marka 5:36.
13. Jereo ny Gordon B. Hinckley, ao amin’ny Conference Report, Ôkt. 1969, 114.
14. Jereo ny Fanekempinoana 1:1–13.
15. Jereo ny *Enseignement des Présidents de l’Eglise: Joseph Smith* (2007), 522.
16. 2 Petera 1:19.





**Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ireo Mpanara-dia an'i Kristy

*Ny fanarahana an'i Kristy dia tsy zavatra ataotao fahatany na atao tsindraindray, fa fanoloran-tena tsy tapaka sy fomba fiainana izay mihatra amin'ny fotoana rehetra sy any amin'ny toerana rehetra.*

**M**anomboka amin'izao teny izao ny iray amin'ireo fihirantsika izay tiantsika indrindra, ary nirain'ny Amboarampeon'ny Tabernakely aninkeheo maraina:

*“Avia re hanarak’Ahy,”  
Hoy ‘Iay Mpamonjy arahana.  
‘Zay no ahafahantsik’ ho iray,  
Am’ ilay Zanaky ny Ray.<sup>1</sup>*

Ireo tonony ireo, izay nalaina avy tamin'ny fanasana voalohany nataon'ny Mpamonjy tamin'ireo mpianany (jereo ny Matio 4:19), dia nosoratan'i John Nicholson, olona niova fo Ecossais iray. Toy ny ankamaroan'ireo mpitarika antsika tato amin'ny Fiangonana tany am-boalohany dia tsy dia nandia fi-narana firy izy saingy nanana fitiavana lalina ho an'ny Mpamonjy sy ny drafitry ny famonjena.<sup>2</sup>

Ireo hafatra rehetra nandritra ity fi-haonambe ity dia manampy antsika hanaraka ny dian'ny Mpamonjintsika, izay ny ohatra nasehony sy ny fampianarany no mamaritra ny lalana hizoran'ireo mpanara-dia an'i Jesoa Kristy rehetra.

Toa an'ireo Kristianina hafa rehetra dia mandalina ny fiainan'ny Mpamonjintsika ireo mpikamban' Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, araka izay voarakitra ao amin'ireo bokin'i Matio sy Marka sy Lioka ary Jaona, ao amin'ny Testamenta Vaovao. Hijery ohatra sy fampianarana ao amin'ireo boky efatra ao amin'ny Baiboly Masina ireo aho ary hanasa antsika tsirairay sy ireo Kristianina hafa rehetra handinika ny fomba ahafahana'ity Fiangonana naverina tamin'ny laoniny ity sy isika tsirairay ho antsoina hoe mpanara-dia an'i Kristy.

Nampianarin'i Jesoa fa ny batisa dia nilaina mba hahafahana miditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra (jereo ny Jaona 3:5). Nanomboka ny asa fanompoany Izy tamin'ny nanaovana batisa Azy (jereo ny Marka 1:9), ary nanao batisa olon-kafa maro Izy sy ireo mpanara-dia Azy (jereo ny Jaona 3:22–26). Torak'izany koa no ataontsika.

Nanomboka ny fitoriany tamin'ny alalan'ny fanasana ireo mpihaino Azy mba hibebaka i Jesoa (jereo ny Matio

4:17). Mbola izany ihany no hafatr'ireo mpanompony ho an'izao tontolo izao.

Nandritra ny asa fanompoany manontolo i Jesoa dia nanome didy. Ary nampianatra Izy hoe: “Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko.” (Jaona 14:15; jereo koa ny andininy 21, 23). Nilaza Izy fa ny fitandremana ny Didiny dia mitaky amin'ireo mpanara-dia Azy ny mba hamoizana'izy ireo ilay nantsoiny hoe “izay zavatra heverin'ny olona ho ambony” (Lioka 16:15) sy ireo “fanaon'ny olona” (Marka 7:8; jereo ihany koa ny andininy 13). Nampitandrina ihany koa Izy hoe: “Raha naman'izao tontolo izao ianareo dia ho tia ny azy izao tontolo izao; fa satria tsy naman'izao tontolo izao ianareo, fa Izaho efa nifidy anareo tamin'izao tontolo izao, dia halan'izao tontolo izao ianareo” (Jaona 15:19). Araka ny nolazain'i Petera Apôstôly taty aoriana, ireo mpanara-dia an'i Jesoa dia tokony ho “olona miavaka” (1 Petera 2:9 dikanten'ny arabakitenin'ny Baiboly King James).

Takatr'ireo Olomasin'ny Andro Farany fa tsy tokony ho “naman'izao tontolo izao” isika na koa hifikitra amin'ny “fanaon'ny olona,” saingy toy ireo mpanara-dia hafa an'i Kristy, dia mahita isika indraindray fa sarotra ny mihataka amin'izao tontolo izao sy ny fombany. Ny sasany dia miaina araka ny fomban'izao tontolo izao satria, araka izay nolazain'i Jesoa mikasika ireo olona sasany izay nampianariny, “tia ny voninahitra avy amin'ny olona izy ireo, fa tsy ny voninahitra avy amin'Andriamanitra” (Jaona 12:43). Ireo tsy fahombiazana eo amin'ny fanarahana an'i Kristy ireo dia maro loatra sy saro-pady loatra ka tsy ary ho voatanisa eto. Ahitana ny karazany rehetra izany, manomboka amin'ny fomba fanao arak'izao tontolo izao toy ny hoe fanarahana ilay fiheverana hoe tsy tokony hatao na ho lazaina ny zavatra izay mety hanafintohina ny vondron'olona sasany, ny fomba fitafy sy bika aman'endrika mivaona, ka hatramin'ny fialana amin'ireo soatoavina fototra toy ny maha-mandrakizay ny toetoetra sy ny fiasan'ny fianakaviana.

Tsy natao ho ara-kevitra fotsiny ireo fampianaran'i Jesoa. Natao hampiharina hatrany izy ireny.

Nampianatra i Jesoa hoe: “Na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin’ny lehilahy manan-tsaina izy” (Matio 7:24; jereo ihany koa ny Lioka 11:28) ary “Sambatra izany mpanompo izany, raha avy ny tompony ka mahita azy manao izany” (Matio 24:46). Ao amin’ny fihirana iray tiantsika koa no hihirantsika hoe:

*Tompo ô, ampio aho hahay  
hitia anao,*

*Ary handeha amin’ny lalana  
nasehonao, . . .*

*Tompo ô, ampio aho hahay hitia  
anao—*

*Tompo ô, hanara-dia anao aho.<sup>3</sup>*

Araka ny nampianarin’i Jesoa, ireo izay tia Azy dia hitandrina ny Didiny. Ho mpankatò izy ireo, araka ny nampianarin’ny Filoha Thomas S. Monson aninkeheo maraina. Ny fanarahana an’i Kristy dia tsy zavatra ataotao fahatany na atao tsindraindray, fa fanoloran-tena tsy tapaka sy fomba fiainana izay mihatra amin’ny fotoana rehetra sy any amin’ny toerana rehetra. Nampianatra izany fitsipika izany ny Mpamonjy sy ny fomba tokony hampahatsiahivana sy hankaherezana antsika mba hanaraka izany, tamin’ny fotoana name-trahany ny ôrdônansin’ny fanasan’ny Tompo (kômonio, na koa fandraisana araka ny fiantson’ny hafa azy). Fantsika tamin’ny alalan’ny fanambarana maoderina fa nandidy ireo mpanara-dia Azy Izy handray ireo tandindona ho fahatsiarovana Azy (jereo ny Torolalana ho an’ny Soratra Masina, Dikantenin’i Joseph Smith, Matio 26:22; Dikantenin’i Joseph Smith, Marka 14:21–24). Manaraka io didy io isan-kerinandro ireo mpikambana ao amin’ Ny Fianganon’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany amin’ny alalan’ny fanatrehana fanompoam-pivavahana iray izay andraisantsika ny mofo sy ny rano ary anaovantsika fanekempihavanana fa hahatsiaro Azy mandrakariva isika ary hitandrina ny didiny.

Nampianarin’i Jesoa fa “tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva [ny olona]” (Lioka 18:1). Nametraka izany ohatra izany koa Izy, toy ny tamin’ Izy

“naharitra nivavaka tamin’Andriamanitra nandritra ny alina” (Lioka 6:12) talohan’ny niantsoany ireo Apôstôliny Roambinifolo. Toa an’ireo Kristianina hafa, dia mivavaka isika mandritra ireo fanompoam-pivavahana rehetra ataontsika. Mivavaka ihany koa isika mba hahazo fitarihana, ary nampianatra fa tokony hanao vavaky ny tena manokana matetika sy vavaka mandohalika isan’andro iraisan’ny mpianakavy. Toa an’i Jesoa dia mivavaka amin’ny Ray any An-danitra koa isika, ary amin’ny anarana masin’i Jesoa Kristy no hanaovantsika izany.

Niantso Apôstôly Roambinifolo ny Mpamonjy mba hanampy ao amin’ny Fianganany ary nomeny fanalahidy sy fahefana izy ireo hanohy ny Asany aorian’ny fahafatesany (jereo ny Matio 16:18–19; Marka 3:14–15; 6:7; Lioka 6:13). Ny Fianganon’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany, amin’ny maha Fianganon’i Jesoa Kristy naverina tamin’ny laoniny azy, dia manaraka io ohatra io eo amin’ny firafiny sy ny fanomezana fanalahidy sy fahefana amin’ireo Apôstôly.

Ny sasany tamin’ireo izay nantsoin’i Jesoa hanaraka Azy dia tsy tonga dia namaly avy hatrany fa nikatsaka fanemoram-potoana mba hiatrehana adidy tao an-tokantrano. Namaly i Jesoa hoe: “Tsy misy olona mitana fangady tarihina ary miherika ka mendrika ho ao amin’ny fanjakan’Andriamanitra” (Lioka 9:62). Olomasin’ny Andro Farany maro no mampihatra io laharam-pahamehana nampianarin’i Jesoa io. Anisan’izany ny ohatra mahafinaritra asehon’ireo misiônera zokiolona sy ny maro hafa izay nandao zanaka sy zafikely mba hanatanterahana ireo adidy amin’ny maha misiônera izay niantsoana azy ireo.

Nampianatra i Jesoa fa noharian’Andriamanitra ny lahy sy ny vavy, ary ny *lehilahy* iray dia tokony handao ny ray aman-dreniny ary hikambana amin’ny *vadiny* (jereo ny Marka 10:6–8). Fanta-daza ny fanolorantenantsika amin’io fampianarana io.

Ao amin’ily fanoharana fantatra tsara mikasika ilay ondry very, dia nampianatra i Jesoa fa tokony hanao izay rehetra vitantsika isika hitadiavana

izay ondry nivoaka ny vala (jereo ny Matio 18:11–14; Lioka 15:3–7). Araka ny fantatsika dia nanantitrantitra mafy mikasika izany ny Filoha Thomas S. Monson tao amin’ny ohatra sy fampianarana tsy hay hohadinoina nomeny mikasika ny fanavotana ireo lehilahy sy vehivavy namantsika.<sup>4</sup>

Eo amin’ny ezaka ataontsika mba hanavotana ireo very sy hanompoana dia arahintsika ny ohatra tsy manampaharoa an’ny Mpamonjintsika sy ireo fampianarana feno hatsaram-panahy momba ny fitiavana: “Tiava ny nama-nao tahaka ny tenanao” (Matio 22:39). Nodidiany mihitsy aza isika hitia ireo fahavalontsika (jereo ny Lioka 6:27–28). Ary tao amin’ny fampianarana lehibe nataony tany amin’ny fiakaran’ny asa fanompoana nataony nandritra ny fiainana an-tany, dia nilaza Izy hoe:

“Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa.

“Izany no hahafantaran’ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia” (Jaona 13:34–35).

Ao anatin’izany fifankatiavana izany, dia nampianatra i Jesoa fa raha misy manao ratsy antsika dia tokony hamela ny helok’izy ireny isika (jereo ny Matio 18:21–35; Marka 11:25–26; Lioka 6:37). Raha maro no sahirana amin’io didy sarotra io dia isika rehetra samy mahafantatra ohatra manentana ny fanahy asehon’ireo Olomasin’ny Andro Farany izay nanolotra famelana feno fitiavana, eny na dia teo anatrehan’ny fahadisoana tena goavana indrindra aza. Ohatra, niantehitra tamin’ny finoany an’i Jesoa Kristy i Chris Williams mba hamelàna ilay mpamily fiarakodia mamo izay nahafaty ny vadiny sy ny roa tamin’ireo zanany. Roa andro monja taorian’ily fahoriana ary raha mbola tena ory iny ity lehilahy namela ity, izay eveka tato amintsika tamin’izany fotoana izany, dia nilaza hoe “Amin’ny maha mpiantat’i Jesoa Kristy ahy, dia tsy nanana safidy hafa aho.”<sup>5</sup>

Ny ankamaroan’ireo Kristianina dia manome ny mahantra sy ny sahirana, araka ny nampianarin’i Jesoa (jereo ny Matio 25:31–46; Marka 14:7). Mamiratra



ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany sy ireo mpikambana ao aminy eo amin'ny fanarahana io fampianaran'ny Mpamonjintsika io. Manome anjara biriky amim-palalahan-tanana ireo mpikambana ao amintsika ho an'ireo fikambana mpanampy olona ary manolotra asa fanompoana ataon'ny tena manokana sy fanomezana hafa ho an'ireo mahantra sy ireo sahirana. Ankoatr'izany dia mifady hanina mandritra ny fisakafoanana in-droa izy ireo isambolana ary manatitra farafahakeliny ny vidin'ireo sakafo ireo mba ho fanatitra fifadian-kanina, izay ampiasan'ireo eveka sy ireo filohan'ny sampana mba hanampiana ireo mpikambana sahirana. Ny fifadiantsika hanina hanampiana ireo noana dia fihetsika mifono fiantrana, ary raha atao amin-kitsimpo dia tena fivokisana ara-panahy.

Tsy dia fanta-daza loatra ny asa fanampiana olona maneran-tany ataon'ny Fiangonantsika. Mampiasa vola atolotr'ireo mpikambana malalantanana Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ka mandefa sakafo sy fitafy ary fitaovana fototra ilaina hafa hanamaivanana ny fijalian'ireo olon-dehibe sy ankizy maneran-tany. Ireo fanomezana hanampiana olona ireo, izay mitentina an-jatony tapitrisa dôlara maromaro nandritra ny folo taona farany lasa teo, dia atao tsy hijerena antokompinoana, na foko, na firenena.

Ny ezaka lehibe hanampiana olona nataontsika taorian'ny horohoron-tany sy tsunami tany Japana tamin'ny taona

2011 dia nahafahana nanolotra lelavola sy fitaovana fanampiana mitentina 13 tapitrisa dôlara. Ankoatr'izany dia mpilatsaka an-tsitrabo maherin'ny 31.000 avy amin'ny Fiangonana no nanolotra asa fanompoana mitentina ora 600.000 mahery. Ny fanampiana olona nataontsika ho an'ireo tra-boina tamin'ny rivo-doza Sandy tany atsinanan'i Etazonia dia nahitana fanomezana betsaka samihafa karazany, miampy asa fanompoana sahabo ho ora 300.000 latsaka kely nanaovana ezaka fanadiovana notanterahan'ny mpikamban'ny Fiangonana teo amin'ny 28.000 teo ho eo. Tao anatin'ireo ohatra maro tamin'ny taon-dasa, dia nanolotra akanjo fitafy sy kiraro milanja 136 taonina mahery isika ho an'ireo mpitsoaponenana tany amin'ny firenena Tchad any Afrika. Nandritra ny dimby amby roapolo taona farany lasa teo isika dia nanampy teo amin'ny olona 30 tapitrisa teo ho eo tany amin'ny firenena 179.<sup>6</sup> Marina tokoa fa hain'ny vahoaka antsoina hoe "Môrmôna" ny manome ny mahantra sy ny sahirana.

Tao anatin'ny fampianarana farany nataon'ny Mpamonjy tao amin'ny Baiboly dia nanoro lalana ireo mpanaradia Azy Izy hitondra ny fampianarany ho any amin'ny firenena sy voary reheotra. Hatrany am-piandohan'ny famerenana tamin'ny laoniny dia nikatsaka ny hanaraka io fampianarana io Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Na dia tamin'ny fotoana naha fiangonana vaovao sy nahantra ary niady mafy antsika aza, izay tsy nanana afa-tsy mpikambana

an'arivony vitsivitsy fotsiny, dia nandefa misiônera niampita ireo rano-masimbe, tany atsinanana sy tany andrefana, ireo mpitarika antsika tany am-boalohany. Tamin'ny naha vahoaka antsika dia nanohy nampianatra ilay hafatra Kristianina hatramin'izao andro ankehitriny izao isika izay ahitana fa ny fandaharan'asantsika tsy manampaharoa entina hitoriana filazantsara dia manana misiônera amin'ny fotoana feno mihoatra ny 60.000, miampy an'arivony fanampiny izay manompo amin'ny ampaham-potoanany. Manana misiônera isika any amin'ny firenena sy tany maherin'ny 150, maneran-tany.

Tao anatin' ilay Toriteny teny Antendrombohitra nataony dia nampianatra i Jesoa hoe "Koa amin'izany aoka ho tanteraka ianareo toy ny fahatanterahan'ny Rainareo Izay any an-danitra" (Matio 5:48). Ny anton'io fampianarana io sy ny antony hanarahana ny Mpamonjintsika dia ny hankanesana any amin'ny Ray, izay nantsoin'ny Mpamonjy hoe "ny Raiko sy ny Rainareo . . . Andriamanitro sy Andriamanitrareo" (Jaona 20:17).

Avy amin'ny fanambarana maoderina, izay tsy hita afa-tsy ao amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, no ahafantarantsika fa ilay didy hoe mikatsaka fahatanterahana dia ampahany amin'ny drafitr'Andriamanitra Ray ho famonjena ireo Zanany. Ao anatin'io drafitra io isika dia *mpandova* ny ray aman-drenintsika any an-danitra avokoa. Zanak'Andriamanitra isika," hoy ny Apôstôly Paoly nampianatra, "ary raha zanaka, dia mpandova; eny sady mpandova an'Andriamanitra no mpiray lova amin'i Kristy koa" (Romana 8:16–17). Midika izany, araka ny lazaina amintsika ao amin'ny Testamenta Vaovao, fa "mpandova . . . ny fiainana mandrakizay" isika (Titosy 3:7) raha manatona ny Ray isika, dia tokony "handova ny zava-drehetra" (Apôkalypsy 21:7 fandikana arabakiteny ny Baiboly King James)—izay rehetra Ananany—hevitra iray izay sarotra takarina ho an'ny santsika olombelona mety maty. Saingy farafaharatsiny dia azontsika takarina fa ny fahatratrarana io anjara farany io any amin'ny mandrakizay dia tsy ho

azontsika tanterahana raha tsy manaraka an'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika isika, izay nampianatra hoe “tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako” (Jaona 14:6). Mikatsaka ny hanara-dia Azy isika sy ny ho tonga tahaka Azy bebe kokoa, eto sy any ankoatra. Izany tokoa no izy, hany ka hiraintsika ao amin'ireo andininy farany amin'ilay fihiranantsika hoe “Avia re hanarak'Ahy” ny hoe:

*Ampy ve raha eto an-tany ihany  
Isika no manarak' hatrany?  
Tsia, tsy ampy re izany,  
Fa mitohy any ankoatra any. . .*

*Hery sy voninahitra be,  
No efa miandry anao sy ahy,  
Raha toa voahaja 'lay teny hoe:  
“Avia, Manaraha Ahy.”<sup>7</sup>*

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, izay ny fampianarany sy ny ohatra nasehony no ezahantsika arahana. Manasa ny rehetra izay mavesatra entana Izy mba hanatona Azy sy hianatra Aminy ary hanaraka Azy, mba hahitan-tsika fitsaharana ho an'ny fanahintsika (jereo ny Matio 4:19; 11:28). Ijoroako ho vavolombelona ny fahamarinan'ny hafatra nomeny sy ny iraka sy fahefana masina nomena ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. “Avia re hanarak' Ahy,” (notsorina) *Liahona*, Apr. 2010.
2. Jereo ny Karen Lynn Davidson, *Our Latter-day Hymns: The Stories and the Messages* (1988), 142–43, 419.
3. “Seigneur, je te suivrai,” *Cantiques*, no. 141.
4. Jereo, ohatra, ny Heidi S. Swinton, *To the Rescue: The Biography of Thomas S. Monson* (2010), 149–61; Thomas S. Monson, “To the Rescue,” *Liahona*, Jolay 2001, 57–60.
5. Chris Williams, ao amin'ny Jessica Henrie, “Father Relies on Faith to Forgive Intoxicated Teen Driver,” *Deseret News*, 1 Aog. 2012, [deseretnews.com/article/865559847/Let-It-Go-Chris-Williams-shares-his-story-of-tragedy-and-forgiveness.html](http://deseretnews.com/article/865559847/Let-It-Go-Chris-Williams-shares-his-story-of-tragedy-and-forgiveness.html); jereo koa ny Chris Williams, *Let It Go: A True Story of Tragedy and Forgiveness* (2012).
6. Jereo ny “Emergency Response: Church Assists Worldwide,” *Church News*, 9 Mar. 2013, 9; Welfare Services Emergency Response, “2012 Year in Review,” 8.
7. “Avia re hanarak' Ahy,” (notsorina) *Liahona*, Apr. 2010.



**Natoon'ny Loholona Christoffel Golden Jr.**  
Ao amin'ny Fitopololahy

## Ny Ray sy ny Zanaka

*Ivon'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny fahefana mamonjy avy amin'izany ny fahatakarana marina mikasika ny Ray sy ny Zanaka.*

Feno fankasitrahana aho miresaka aminareo ry rahalahiko sy anabaviko malala isany amin'ity tola-kandro ity mandritra izao fihaonambe mitaona fanahy izao!

Eto am-piresahana momba ny lohahevitra iray izay heveriko fa masina indrindra dia iriako aloha ny hisaotra amim-pankasitrahana ny fahafoizantenan'ireo Kristianina maro teo amin'ny tantara, anisan'izany ireo razambeko Frantsay izay Prôtestanta, sy Irlandey izay Katôlika. Noho ny finoan'izy ireo sy ny fiderany an'Andriamanitra, dia

maro tamin'izy ireo no nanao sorona ny asany, sy ny fananany, ary ny ain'izy ireo mihitsy aza mba ho fiarovana ny Andriamaniny sy ny fivavahany.<sup>1</sup>

Amin'ny maha Olomasin'ny Andro Farany sy amin'ny maha Kristianina antsika, isika ihany koa dia manana finoana mafy sy lalina an'ilay Andriamanitra Ray Mandrakizay sy an'i Jesoa Kristy Zanany. Ny fahafoizan-tena ho an'Andriamanitra dia raharaha masina sy an'ny tena manokana mandrakariva eo amintsika tsirairay sy ny Mpahary antsika.



Ny fikarohantsika ny fiainana mandrakizay dia tsy inona akory fa fikarohana mba hahatakatra hoe iza moa Andriamanitra sy mba hiverenantsika hiara-hiaina Aminy. Nivavaka tamin'ny Rainy ny Mpamonjy hoe: “Ary izao no fiainana mandrakizay dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy izay efa nirahinao.”<sup>2</sup>

Na dia eo aza ny fahatakarana ity fanambarana ity izay ny Mpamonjy antsika mihitsy no nanao azy, ny fomba fijery mahazatra mikasika ny toetoetran'ny Ray sy ny Zanaka nandritra ny taonjato maro sy teo anivon'ny ankamaroan'ny zanak'olombelona dia hita mazava fa tsy mifanaraka amin'ny zavatra ampianarin'ny soratra masina.

Arosontsika amim-panajana fa ivon'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny fahefana mamonjy avy amin'izany ny fahatakarana marina mikasika ny Ray sy ny Zanaka.<sup>3</sup>

Ny lanjan'ity fitsipika fototra indrindran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ity dia namafisin'ny Fahitana Voalohan'i Joseph Smith tamin'ny 1820. Nanoratra ny Mpaminany hoe: “Nahita olona roa aho izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famirapiratany sy ny voninahiny, nijoro nitsingevaheva teo amboniko. Niteny tamiko ny anankiray Taminy, niantso ahy tamin'ny anarako sady nanondro ilay anankiray no nanao tamiko hoe—*Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!*”<sup>4</sup>

Ity zavatra niainan'ny zazalahy Joseph ity, izay narahan'ny fahitana sy fanambarana maro dia manambara fa tena misy Andriamanitra; ny Ray sy ny Zanany Lahy, Jesoa Kristy, dia olona roa misaraka sy miavaka tsara; ny olona dia nohariana araka ny endrik'Andriamanitra; ny Raintsika any An-danitra dia Rain'i Jesoa Kristy arabakiteny; Andriamanitra dia manohy manambara ny momba Azy amin'ny olona; Andriamanitra dia akaiky sy liana ny amintsika hatrany; ary mamaly ny vavaka ataontsika Izy.

Na dia tsy dia matetika loatra aza ny fisehoan'ny Ray sy ny Zanany tahaka izany ao amin'ny soratra masina, ny zavatra mampiavaka io Fahitana

Voalohany io dia izy mifanaraka tsara amin'ireo zava-mitranga hafa voarakitra ao amin'ireo soratra masina.

Ao amin'ny Testamenta Vaovao ohatra dia vakiantsika ny fijoroana ho vavolombelona farany nataon'i Stefana tamin'ny naha-martiora azy. Hoy izy hoe: “Indro, hitako ny lanitra misokatra ary ny Zanak'olona mitsangana eo an-kavanan'Andriamanitra.”<sup>5</sup>

Nandritra ny fahitana tsy hay tohaina tao amin'ny nosy Patmôsy ny Apôstôly Jaona dia nahita an' “Andriamanitra Tsitoha”<sup>6</sup> sy ny Zanakondrin'Andriamanitra ihany koa, izay “nanavotra antsika . . . tamin'ny ra[ny].”<sup>7</sup>

Ny fotopampianarana mikasika ny Ray sy ny Zanaka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia mijoro ho vavolombelona amim-boninahitra eo anilan'ny Baiboly Masina. Ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra ny fitsidihan'ny Mpamonjintsika an'ireo Nefita, izay nandre-sana ny feon'ny Ray nampahafantatra an'i Kristy nitsangana tamin'ny maty, teo anatrehan'ireo Nefita niisa 2.500 nanao hoe: “Indro ny Zanako Malalako, izay ao Aminy no tena ifaliako, izay tao Aminy no efa nankalazako ny anarako—henoinareo Izy.”<sup>8</sup>

Ao anatin'ireo Filazantsara efatra, dia i Kristy mihitsy no miresaka momba ny Rainy any An-danitra in-160, ary nandritra ny fanompoana fohy nataony teo anivon'ny Nefita nandritra ny telo andro, araka ny voarakitra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia in-122 Izy no niresaka mikasika ny Rainy.

Ao amin'ny Matio ohatra dia niteny Jesoa hoe: “Tsy izay rehetra manao amiko hoe Tompoko, Tompoko no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny *Raiko* izay any an-danitra.”<sup>9</sup>



Mijoro ho vavolombelona Izy ao amin'ny Jaona manao hoe: “Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa tsy izay hitany ataon'ny Ray.”<sup>10</sup>

Ary ao amin'ny Lioka dia nilaza Izy hoe: “*Raiko ô*, eo an-tananao no atolotro ny fanahiko.”<sup>11</sup>

Isaky ny miresaka mikasika ny Rainy any An-danitra ny Tompontsika dia amin'ny fanajana sy ny fanoavana lehibe indrindra no hanaovany izany.

Raha miteny izany aho dia antenaiko fa tsy hisy ny ho diso fandrany. I Jesoa Kristy no ilay Jehovah lehibe, ilay Andriamanitr'i Isiraely, ilay Mesia nampanantenaina ary noho ny Sorompanavotana tsy manam-petra nataony dia Mpamonjy antsika sy Mpanavotra izao tontolo izao Izy. Toy izao no nambaran'i Paoly Apôstôly momba Azy: “Dia avy ny farany, ka amin'izay dia hatolo[tr'i Kristy] ho an'Andriamanitra Ray ny fanjakana, rehefa nofoanan[ri Kristy] ny fanapahana rehetra sy ny fahefana rehetra ary ny hery rehetra.”<sup>12</sup>

Ny alina talohan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, dia nanolotra ny Vavaka nataony ho an'ny mpianany tamin'ny Rainy Izy. Nivavaka Izy hoe:

“Nefa tsy ho an'ireto ihany [izany hoe ireo Apôstôliny] no angatahako, fa ho an'izay mino Ahy koa noho ny teniny;

“Mba ho *iray ihany* izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao Aminao, mba ho [*iray*]ao *amintsika* koa izy: mba hinoan'izao tontolo izao fa Ianao no naniraka Ahy.

“Ary nomeko azy ny voninahitra izay nomenao Ahy; mba ho *iray izy*, tahaka ny mahiray antsika.”<sup>13</sup>

Ny Ray sy ny Zanaka dia olona samy hafa sady miavaka, kanefa Izy Ireo dia miray tanteraka ary iray amin'ny hery sy ny tanjona. Ny firaisan-kinan' Izy Ireo dia tsy natokana ho Azy Ireo irery ihany, fa nirian' Izy Ireo izany firaisan-kina izany mba ho amin'ireo rehetra izay hanaraka sy hankato ny didin'Izy Ireo amin'ny fahafoizan-tena.

Ahoana no fomba ahafahan'ireo mpikatsaka amim-pamatorana an'Andriamanitra hifankazatra amin'ny Ray



sy ny Zanaka? Nampanantena ny Mpanonjy antsika hoe: “Fa ny mpananatra dia ny Fanahy Masina, . . . hampianatra anareo ny zavatra rehetra.”<sup>14</sup>

Ao amin’ny Bokin’i Môrmôna i Nefia, raha niresaka mikasika ny fotopampianaran’i Kristy, dia nanambara fa ny Fanahy Masina dia “mijoro vavolombelona [ny] amin’ny Ray sy ny Zanaka.”<sup>15</sup>

Marina fa ny hery na ny fitarihan’ny Fanahy Masina dia mety ho tsapan’ny olona tsindraindray, araka ny sitrapon’ny Tompo, na inona na inona fivavahana maharesy lahatra izany olona izany. Kanefa ny Fanahy Masina amin’ny endrika feno na ny fanomezana ny Fanahy Masina dia tsy tonga raha tsy amin’ny alalan’ny fandraisan’ny olona iray amin’ny “fo torotoro sy fanahy manenina,”<sup>16</sup> ny ôrdônansin’ny batisa sy ny Fanomezana ny Fanahy Masina<sup>17</sup> amin’ny alalan’ny fametrahana-tanana. Ireo ôrdônansy masina ireo sy ny hafa koa, dia tsy azo tanterahana raha tsy eo ambanin’ny fitarihana sy ny herin’ny fisoronan’Andriamanitra. Nampianarina isika mahakasika izany hoe:

“Ary ity Fisoronana ambony ity dia mitantana ny filazantsara sy miha-zona ny fanalahidin’ny misterin’ny fanjakana, dia ny fanalahidin’ny

fahalalana an’Andriamanitra.

“Koa miharihary ao amin’ny ôrdônansiny ny herin’ny toetra araka an’Andriamanitra.”<sup>18</sup>

Araka izany fahatakarana izany, ny fotopampianaran’ny Ray sy ny Zanaka dia ny fotopampianaran’ny fianakaviana mandrakizay. Ny olombelona rehetra dia efa nisy tany aloha tany tamin’ny naha zanaka fanahin’ireo ray aman-dreny tany an-danitra,<sup>19</sup> niaraka tamin’i Kristy, ilay Voalohan-teraky ny Ray ao anatin’ity fianakaviana any an-danitra ity.<sup>20</sup>

Toy izany koa ny momba antsika rehetra. Isika dia zanaky ny Raintsika any An-danitra.

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nilaza tamin’ny teny faminaniana hoe: “Tsy hisy zavatra hanaitra antsika kokoa, rehefa hiampita ny voaly isika ho any ankoatra, mihoatra noho ny fahitantsika fa fantatsika tsara ny Raintsika [any an-danitra] sy ny hoe, tsy vaovao amintsika ny endriny.”<sup>21</sup>

Fantatro fa tsy azo atao ny mam-pita amin’ny fitenin’ny olombelona ireo zavatra izay tsy nampahafantarina raha tsy tamin’ny alalan’ny Fanahy Masina sy ny herin’Andriamanitra. Ao anatin’ny fahalalako izany no ijo-roako ho vavolombelona ny amin’ny fisian’ny Raintsika any an-danitra sy

ny Zananilahy masina, Jesoa Kristy, ny maha akaiky azy ireo ary ny hatsaram-panahiny. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Kenneth Scott Latourette, *A History of Christianity, Volume 1: Beginnings to 1500*, rev. ed. (1975) sy ny *A History of Christianity, Volume 2: Reformation to the Present*, rev. ed. (1975); jereo koa ny Diarmaid MacCulloch, *The Reformation* (2003).
2. Jaona 17:3.
3. Jereo ny *Lectures on Faith* (1985), 38–44.
4. Joseph Smith—Tantara 1:17.
5. Asan’ny Apôstôly 7:56.
6. Apôkalypsy 4:8.
7. Apôkalypsy 5:9.
8. 3 Nefia 11:7.
9. Matio 7:21; nampiana fanamafisana.
10. Jaona 5:19; nampiana fanamafisana.
11. Lioka 23:46; nampiana fanamafisana.
12. 1 Korintiana 15:24. Raha te hahazo fahalalana bebe kokoa mikasika ny Mpanonjy sy ny Iraka nampanaovina Azy dia jereo ny “Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon’ireo Apôstôly,” *Liahona*, Apr. 2000, 2–3.
13. Jaona 17:20–22; nampiana fanamafisana.
14. Jaona 14:26.
15. 2 Nefia 31:18.
16. 3 Nefia 9:20; Môrmôna 6:2.
17. Jereo ny Jaona 3:5; 3 Nefia 11:31–38.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–20.
19. Jereo “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
20. Jereo ny Kôlôsiana 1:15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:21.
21. Ezra Taft Benson, “Jesus Christ—Gifts and Expectations,” ao amin’ny *Speeches of the Year, 1974* (1975), 313; jereo koa ny “Jesus Christ—Gifts and Expectations,” *Tambuli*, Mey 1977, 24.



**Nataon'i Loholona Enrique R. Falabella**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny Tokantrano: Ny Sekolin'ny Fiainana

*Lesona [. . .] no ianarana ao an-tokantrano— ilay toerana izay afaka ny ho lasa sombin-danitra ety an-tany.*

Mitady fialan-tsiny ho an'ny tenany amin'ireo fahadisoana nataony tao an-tokantrano ny ray aman-dreny sasany, izay milaza fa ny tsy fisian'ny sekoly hahafahana ho tonga ray aman-dreny tsara no anton'izany.

Raha ny marina dia misy ny sekoly toy izany ary afaka ny ho ilay tsara indrindra izany. Antsoina hoe *tokantrano* izany sekoly izany.

Rehefa nanao jery todika ny lasa aho dia nahatsiaro ireo fotoana mamy niainako niaraka tamin'ny vadiko. Rehefa mizara ireo fahatsiarovana ireo aminareo aho dia mety hahatsiaro ny zavatra niainanareo manokana ianareo—na mahafaly na mampalahelo dia mianatra avy amin'izy rehetra ireo isika.

## 1. Ny Tempoly no Ilay Toerana

Rehefa niverina avy any amin'ny asa fitoriana nataoko aho dia nifankahafantatra tamin'ny zatovovavy iray tsara tarehy, nanana volo mainty lava hatreny am-balahany. Nanana maso baribary miloko toy ny ranon-tantely sy fitsiky nisarika ny hafa hitsiky izy. Nanintona ahy hatramin'ny fotoana voalohany nahitako azy izy.

Nametraka tanjona ny hanambady any amin'ny tempoly ny vadiko na dia nitaky fanaovana dia lavitra tokony ho 6.400 km ny tempoly akaiky indrindra, tamin'izany fotoana izany.

Ny fanatanterahana ny fanambadianay ara-panjakana dia sady nahafaly no nampalahelo satria lasa mpivady tao anatin'ny fotoana voafetra izahay. Nilaza ireto teny ireto ilay tompon'andraikitra hoe: "Izao aho dia manambara fa mpivady ianareo," saingy taorian'izay avy hatrany dia nilaza izy hoe: "Faty no hisarahanareo."

Noho izany dia nanangom-bola tamin'ny alalan'ny fihafiana izahay mba hividianana tapakila ho an'ny dia mandroso nankany amin'ny Tempolin'i Mesa Arizona.

Tao amin'ny tempoly, rehefa nandohalika teo amin'ny alitara izahay, dia nanambara ireo teny efa niriako ho re ny mpanompo iray nahazo lalana, izay nanambara fa mpivady amin'izao fotoana izao sy ho mandrakizay izahay.

Nisy namana iray nitondra anay hanatrika Sekoly Alahady. Nitsangana izy tao anatin'ilay fivoriana ary nampahafantatra anay tamin'ny olona rehetra tao an-dakilasy. Rehefa nifarana ilay fivoriana dia nanatona ahy ny rahalahy

iray ary nifandray tanana tamiko sady namela 20 dôlara tao an-tanako. Fotoana fohy taorian'izay dia nana-tona ahy ihany koa ny rahalahy iray ary nahagaga ahy fa namela vola tao an-tanako koa izy. Nitady ny vadiko haingana aho, izay teny amin'ny lafiny ilany tao amin'ilay efitrano ary niantso mafy hoe: "Blanquy al Mifandraisa tanana amin'ny olona rehetra!"

Nahangona vola ampy hiverenana tany Guatemala izahay fotoana fohy taorian'izay.

"Ao amin'ny voninahitra selestialy dia misy lanitra telo na ambaratonga;

"Ary mba hahazoana ny avo indrindra, ny olona dia tsy maintsy miditra ao amin'ity lamin'ny fisoronana ity."<sup>1</sup>

## 2. Mila Olona Roa Ianao Vao Afaka Miady

Iray amin'ireo tarigetran'ny vadiko ny hoe: "Raha misy ny fifamaliana dia mila olona roa izany, ary tsy ho iray amin'izy ireo na oviana na oviana aho."

Namaritra mazava tsara ireo toetra tokony hitarika ireo fifandraisantsika amin'ny olona hafa ny Tompo. Ireo toetra ireo dia ny fandresen-dahatra, ny faharim-po, ny hatsaram-panahy, ny hamoram-po, ary ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy.<sup>2</sup>

Ny herisetra ara-batana eo anivon'ny fianakaviana dia fomba fanao izay tsy dia mateti-pitranga eo amin'ny fiarahamonina sasantsasany, ary mahafaly antsika izany. Kanefa dia mbola lavitra ny ezaka ataontsika amin'ny fanafoanana ny fanararaotana ara-pihetseham-po. Ny voka-dratsy aterak'ity karazana fanararaotana ity dia mitoetra ao amin'ny fahatsiarovantsika, manimba ny maha isika antsika, mamafy fankahalana ao am-pontsika, mampihena ny fankamiantsika ny tenantsika, ary mameno antsika amin'ny tahotra.

Tsy ampy ny fandraisana anjara amin'ny fombafomba fanaovana ny fanambadiana mandrakizay. Tsy maintsy miaina fiainana selestialy koa isika.

## 3. Zaza Faly ny Zaza Mihira

Tarigetra iray hafa ambaran'ny vadiko matetika ity.

Nahatakatra ny maha zava-dehibe ny hira masina ny Mpamonjy. Rehefa



avy nihinana ny Paska niaraka tamin'ireo mpianany Izy dia hoy ny soratra masina hoe: "Rehefa nihira fiderana izy, dia lasa nankany antendrombohitra Oliva."<sup>3</sup>

Ary hoy izy rehefa niteny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Fa finaritra amin'ny hiran'ny fo ny fanahiko; eny, ny hiran'ny marina dia vavaka ho ahy ary hovaliana amin'ny fitahiana eo ambony lohany izany."<sup>4</sup>

Mahakasika ny fo tokoa ny mandre ny hiran'ny zaza iray izay nampianarin'ireo ray aman-dreniny hihira ny "Zanaky ny Ray Aho."<sup>5</sup>

#### 4. Mila Anao Mamihina Ahy Aho

Ireo teny hoe: "Tiako Ianao," "Misaotra betsaka," ary "Mamela ahy" dia toy ny balsama manasitrana ny fanahy. Mamadika ny ranomaso ho fifaliana izy ireo. Mitondra fitoniana ho an'ireo fanahy mitebiteby izy ireo, ary manamafy ny fahatsapana feno fitiavana ao am-pontsika. Toy ny zavamaniry izay malazo noho ny tsy fahampian'ny rano sarobidy, dia mihaosa sy maty ny fitiavantsika rehefa tsy milaza ireo teny sy maneho fitiavana isika.

Tadidiko ireo fotoana nahazatra antsika nandefa taratasim-pitiavana tamin'ny alalan'ny paositra na ny fomba nanangonantsika vola madinika vitsivitsy hiantsoana ireo olon-tiantsika avy eo amin'ny cabine téléphonique na ny fomba nanatsoahana sy nanoratana tononkalom-pitiavana tamin'ny taratasy tsy nisy na inona na inona.

Ankehitriny dia toy ny zavatra fametraka any amin'ny tranom-bakoka ireo rehetra ireo!

Mamela antsika hanao zava-mahagaga ny teknôlojia amin'izao vaninandro izao. Mora ery ny mandefa hafatra an-tsoratra mitory fitia sy fankasitrahana! Manao izany foana ny tanora. Manontany tena aho raha mbola mitohy izany sy ireo fomba fanao hafa mahafinaritra rehefa voaorina ny tokantranontsika. Mivaky toy izao ny iray amin'ireo hafatra an-tsoratra voaraike vao haingana avy amin'ny vadiko hoe: "Fihina toy ny lanitra, oroka toy ny masoandro, ary takariva toy ny volana. Mirary andro feno fifaliana, tiako ianao."

Tsy haiko ny tsy hahatsapa ho toy ny any an-danitra rehefa mahazo hafatra toy izany aho.

Ohatra tonga lafatra amin'ny fanehoana fitiavana ny Raintsika any an-danitra. Rehefa nampahafantatra ny Zanany Lahy Izy dia nampiasa ireto teny ireto hoe: "Inty no Zanako malalako izay sitrako."<sup>6</sup>

#### 5. Tiako ny Bokin'i Môrmôna sy ny Mpamonjiko, Jesoa Kristy

Feno fiontanam-po aho rehefa mahita ny vadiko mamaky ny Bokin'i Môrmôna isan'andro. Rehefa manao izany izy dia afaka mahatsapa ny fijo-roany ho vavolombelona aho amin'ny fahitana fotsiny ny haravoana eo amin'ny endriny rehefa mamaky ireo andinin-tsoratra masina izay mijoro ho vavolombelona momba ny iraka nampanaovina ny Mpamonjy izy.

Endrey ny fahendren'ny tenin'ny Mpamonjintsika manao hoe: "Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireny no manambara ahy."<sup>7</sup>

Rehefa nahazo fitaomam-panahy avy amin'izany aho dia nanontany an'i Raquel zafikeliko, izay vao avy nianatra namaky teny, nanao hoe: "Maninona tokoa moa raha mametraka tanjona hamaky ny Bokin'i Môrmôna ianao?"

Izao no navaliny hoe: "Ka sarotra be anie ilay izy ry Dadabe e! Ngeza be ilay boky."

Avy eo dia nasaiko namaky pejy iray ho ahy izy. Naka famantaranandro fandrefesam-potoana aho ary nanisa ny fotoana namakiany izany. Hoy aho hoe: "Telo minitra fotsiny no laninao teo, ary misy 642 pejy ilay Bokin'i Môrmôna amin'ny teny Espaniôla, noho izany dia mila 1926 minitra ianao."

Mety mbola nampatahotra azy bebe kokoa izany ka noho izany dia nozaraiko 60 minitra ilay isa ary nola-zaiko azy fa adiny 32 fotsiny no ilainy hamakiana izany—latsaky ny iray andro sy tapany!

Avy eo dia hoy izy tamiko hoe: "Mora be izy izany ry Dadabe."

Tamin'ny farany dia nandany fotoana bebe kokoa noho izany i Raquel sy i Esteban anadahiny ary



ireo zafikelinay hafa satria boky mila vakiana amim-bavaka sy amim-pandinihana io boky io.

Rehefa mandeha ny fotoana, rehefa mianatra ny ho finaritra amin'ny soratra masina izahay dia hihiaka toy ilay Mpanao Salamo manao hoe: "Endrey ny hamamin'ny teninao raha andra-mako! Mihoatra noho ny tantely ato am-bavako aza!"<sup>8</sup>

#### 6. Tsy Ampy ny Mahafantatra ny Soratra Masina; Tsy Mainty Miaina izany Isika

Tsaroako fony aho misiônera niverina avy amin'ny asa fanompoana, ary avy nandalina ny soratra masina tamim-pahazotoana, dia nihevitra aho fa haiko daholo izy rehetra. Nandalina ny soratra masina niaraka izahay sy i Blanquy nandritra ny fotoana nampiarahanay. Nampiasa ireo zavatra noraketiko an-tsoratra sy andinin-tsoratra masina aho mba hizara taminy ny fahalalako momba ny filazantsara. Fantatro tamin'ny fomba azo antoka taorian'ny fanambadianay rehefa nianatra lesona lehibe avy aminy aho fa: Mety niezaka *nampianatra* azy ny filazantsara aho saingy nampianatra ahy ny fomba *ianana* izany izy.

Nanome ity torohevitra ity ny Mpa-monjy rehefa namarana ilay Toriteny teo An-tendrombohitra nanao hoe: “Koa amin’izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin’ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin’ny vatolampy.”<sup>9</sup>

Mampionona ny olona mijaly ireo izay miaina ireo fitsipiky ny lanitra hita ao amin’ny soratra masina. Mitondra fifaliana ho an’ireo izay rera-tsaina amam-panahy izy ireo, fitarihana ho an’ireo very, fahatoniana ho an’ireo mikorontan-tsaina, ary fitarihana azo antoka ho an’ireo izay mikatsaka ny fahamarinana.

Ho Famintinana:

1. Ny Tempoly no ilay toerana.
2. Mila olona roa ianao vao afaka miady, ary tsy ho iray amin’izy ireo na oviana na oviana aho.
3. Zaza faly ny zaza mihira.
4. Mila anao mamihina ahy aho.
5. Tiako ny Bokin’i Môrmôna sy ny Mpa-monjiko, Jesoa Kristy.
6. Tsy ampy ny mahafantatra ny soratra masina; tsy maintsy miaina izany isika.

Ireo zavatra ireo sy lesona maro hafa no ianarana ao an-tokantrano— ilay toerana izay afaka ny ho lasa sombin-danitra ety an-tany.<sup>10</sup> Mijoro ho vavolombelona aho fa manome fitarihana azo antoka eto amin’ity fiainana ity sy ny fampanantenana ny fiainana mandrakizay ny filazantsaran’i Jesoa Kristy sy ny drafitry ny Raintsika any an-danitra, amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–2.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41.
3. Marka 14:26.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:12.
5. “Zanaky ny Ray Aho,” *Fihirana*, lah. 113.
6. Matio 3:17; jereo koa ny Marka 1:11; 3 Nefia 11:7.
7. Jaona 5:39.
8. Salamo 119:103.
9. Matio 7:24.
10. Jereo ny *Enseignements des Présidents de l’Eglise: David O. McKay* (2003), 43, 150.



**Nataon’ny Loholona Erich W. Kopischke**  
Ao amin’ny Fitopololahy

# Ankasitrahan’ny Tompo

*Ny fikatsahana sy fahazoana ny fankasitrahana avy amin’ny Tompo dia hitarika antsika amin’ny fahalalana fa nofinidiny sy tahiany isika.*

Tadidiko, fony mbola zazalahy aho, ny nitondran’ny raiko ahy indraindray hanao asa miaraka aminy. Nanao zaridaina kely izahay kilaometatra vitsivitsy niala ny toerana nipetrahanay, ary betsaka hatrany ny zavatra natao tao isaky ny vaninandro. Nanamboatra ilay trano falafa izahay, na nanangana na nanamboatra fefy. Araka ny fitadidiako dia isaky ny mangatsiaka be, oram-panala be, na orana mikija foana no nanaovana izany asa izany. Tiako anefa izany. Nampianarin’ny raiko aho hanao zavatra amim-paharetana sy amim-pankasitrahana.

Indray andro dia niantso ahy hanamafy visy izy ary nampitandrina ahy hoe: “Tadidio fa raha hidinao mafy loatra izany dia ho tapaka izany.” Tiako naseho taminy tamim-pieboeboana ny zavatra vitako. Nidiko tamin’ny heriko iray manontolo ilay visy, ary mazava ho azy fa tapaka. Nanao fanamarihana somary nampihomehy izy ary naverinay hatramin’ny voalohany indray izany. Tsapako hatrany ny fitiavany sy ny fitokiany ahy na dia tamin’ny fotoana “nanaova[ko] hadisoana” aza. Nodimandry efa folo taona mahery lasa izy izao. Mbola reko hatrany anefa ny feony, tsapako ny fitiavany, ankafiziko ny fankahere-zany, ary tsapako ny fankasitrahany.

Filàna fototra amin’ny maha olona ny fahatsapana fa ankanamiamian’ny olona izay tiantsika isika. Mandrisika antsika ny fankasitrahana asehon’ny olona tsara. Mampitombo ny lanjan’ny tena sy ny fahatokian-tena ananantsika izany. Matetika no mikatsaka izany any amin’ny toeran-kafa ireo izay tsy mahazo fankasitrahana avy amin’ireo loharano irina ahazoana izany. Mety hitodika any amin’ireo izay tsy liana amin’ny maha tsara azy izy ireo. Mety hiaraka amin’ny namana tsy tena izy izy ireo na hanaonao foana mba hiezahana hahazo izany fankasitrahana katsahiny izany. Mety hikatsaka ny fankasitrahana amin’ny alalan’ny fanaovana karazana fitafy manokana izy ireo mba hamoronana fahatsapana ho toy ny ao anatina vondrona iray, na toeram-boninahitra eo amin’ny fiarahamonina. Ho an’ny sasany dia mety ho fomba iray hikatsahana fankasitrahana ihany koa ny fiezahana hahazo anjara andraikitra na toerana manan-danja iray. Mety ho faritan’izy ireo amin’ny toerana hazoniny na ny toeram-boninahitra ananany ny lanjan’izy ireo.

Tsy voatery ho afaka amin’ity fomba fihevitra ity isika na dia ato anatin’ny Fiangonana aza. Mametraka antsika amin’ny lalana tandindomindoza iray—lalana izay hitarika antsika

hivaona na hatrany amin'ny fahasimbana aza ny fikatsahana fankasitrahana avy amin'ny loharano tsy izy na ho antony antony diso. Hahatsapa ho tavela irery sy ambany isika any aoriana raha toa ka tokony hahatsapa ho tiana sy matoky tena.

Nanoro hevitra ny zanany Helamana i Almà hoe: “Ezaho izay hijerena an'Andriamanitra ka ho velona.”<sup>1</sup> Avy amin'ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy ny loharano fanomezana hery sy fankasitrahana faratampony indrindra. Fantatr'izy ireo isika. Tian'izy ireo isika. Tsy noho ny anarana na ny toerantsika no haneken'izy ireo antsika. Tsy mijery ny voninahitsika izy ireo. Mijery ny ao am-pontsika izy ireo. Manaiiky antsika amin'ny maha isika antsika izy ireo sy amin'izay ezahantsika hahatongavana. Hanandratra sy hankahery antsika hatrany ny fikatsahana sy fandraisana fanekena avy amin'izy ireo.

Hizara lamina tsotra iray aho, izay raha ampiharina, dia afaka hanampy antsika rehetra hahatsapa ny fankasitrahana faratampony indrindra. Nomen'ny Tompo tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith ity lamina ity: “Lazaiko aminareo marina tokoa, ireo eo anivon'izy ireo izay mahafantatra fa mahitsy ny fony sady torotoro, ary manenina ny fanahiny ary vonona ny hitandrina ny fanekempihavanany amin'ny alalan'ny fahafoizan-tena—eny, ny fahafoizan-tena rehetra izay handidiako Izaho Tompo—ireo no ekeko.”<sup>2</sup>

Ity lamina ity dia mizara dingana tsotra telo:

1. Mahafantatra fa mahitsy sady torotoro ny fontsika,
2. Mahafantatra fa manenina ny fanahintsika, ary
3. Vonona ny hitandrina ny fanekempihavanantsika amin'ny alalan'ny fahafoizan-tena araka ny nandidian'ny Tompo.

Voalohany, mila mahafantatra isika fa mahitsy sady torotoro ny fontsika. Ahoana no ahafantarantsika izany? Atombotsika amin'ny alalan'ny firosahana amin'ny fandinihan-tena matotra izany. Ivon'ny fahatsapantsika



rehetra ny fo. Manao tombantombana ny amin'ny tenantsika isika rehefa mijery ny ao am-pontsika. Tena fantatsika izay tsy hain'ny manodidina antsika. Fantatsika ny tanjontsika sy ny fanirantsika. Tsy manome vahana na mandiso fanantenana ny tenantsika isika rehefa mirotsaka amin'ny fandinihan-tena matotra sy marina.

Misy ihany koa fomba iray hitsaran-tsika raha toa ka torotoro ny fontsika. Fo malefaka, misokatra ary mora mandray ny fo torotoro. Rehefa maheno ny Mpamonjy aho miteny hoe: “Indro, efa mitsangana eo am-baravarana aho ka mandòndòna,”<sup>3</sup> dia henoko Izy mandòndòna eo am-baravarany foko. Raha mamoha ity varavarana ity ho Azy aho, dia faingana kokoa aho manaiiky ireo fanasan'ny Fanahy, ary manaiiky bebe kokoa ny sitrapon'Andriamanitra.

Hampianarin'ny Fanahy Masina isika rehefa mandalina amimpahamatorana sy amim-bavaka ny amin'ny maha mahitsy sady torotoro ny fontsika. Hahazo fanamafisana mahafinaritra na fanitsiana malefaka isika, izay manasa antsika hanao asa.

Faharoa, mila mahafantatra isika fa manenina ny fanahintsika. Ny teny hoe *manenina* ao anatin'ny rakibolana Oxford dia voafaritra ho “fahatsapana na fanehoana fanenenana rehefa miaiky fa nanao ratsy ny olona iray.”<sup>4</sup> Miaiky ny fahotantsika sy ny fahadisoantsika isika rehefa manana fo manenina. Mora ampianarina “mikasika ny fahamarinana [rehetra] isika”<sup>5</sup> Mahatsapa alahelo araka an'Andriamanitra isika ary vonona ny hibebaka. Ny fanahy manenina dia vonona hihaino “ny fitaoman'ny Fanahy Masina.”<sup>6</sup>

Miseho amin'ny alalan'ny fahavononantsika sy ny finiavantsika hanao asa ny fanahy manenina. Vonona ny hanetry ny tenantsika isika eo anatrehan'Andriamanitra, vonona ny hibebaka, vonona ny hianatra, ary vonona ny hiova. Vonona ny hivavaka isika, “Tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao.”<sup>7</sup>

Ny dingana fahatelo mba hankasitrahana ny Tompo antsika dia fanapahan-kevitra matotra hitandrina ny fanekempihavanantsika amin'ny alalan'ny fahafoizan-tena, “eny, ny fahafoizan-tena rehetra izay handidiako





**Nataon'ny Loholona Bruce D. Porter**  
Ao amin'ny Fitopololahy

## Ireo Maraina Kanto

*Tsy ilaintsika ny matahotra ny amin'ny ho avy, na hisalasala amin'ny fanantenantsika sy ny fahatokiantsika, satria miaraka amintsika Andriamanitra.*

Tamin'ny alin'ny Alakamisy tao Jerosalema, dia nihaona tao amin'ny efitrano iray ambony rihana i Jesoa sy ireo mpianany mba hihinana ny Paska. Ireo lehilahy izay niaraka taminy dia tsy nahafantatra fa io sakafo io no ho antsoina indray andro any hoe Fanasana Farany. Raha nahafantatra izany sy ny hevitr'izany izy ireo, dia ho nitomany.

Ny Mpampianatra azy ireo, anefa, dia nahafantatra tsara fa ny fisedrana ao Getsemane sy ao Golgota dia hanomboka tsy ho ela. Tena akaiky ireo fotoana faran'izay sarotra indrindra ao amin'ny tantaran'izao tontolo izao; na izany aza, dia nilaza tamin'izy ireo i Jesoa hoe “Atỳ amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana: nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao” (Jaona 16:33).

Amin'izao fotoana izao isika dia miaina amin'ny vanim-potoana feno fisafotofotoana sy tsy azo antoka, vanim-potoana izay nolazain'ny Tompo tamin'i Enoka tamin'ny faminaniana fa ho voamarika amin'ny “andron'ny faharatsiana sy ny famaliana” (Mosesy 7:60). Ireo fahoriana sy ny fotoan-tsarotra dia mety miandry antsika amin'ny ho avy, kanefa isika koa dia manana antony hananana fahatokiana sy fifaliana, satria miaina amin'ny fotoampitantanana

farany isika, izay namerenan'Andriamanitra ny Fiangonana sy ny fanjakany ety an-tany mba hanomanana ny fivere-nan'ny Zanany.

Indray andro ny Filoha Boyd K. Packer dia niresaka momba ireo zafikeliny sy ny tontolo izay mihafeno korontana iainan'izy ireo. Hoy izy: “Hahita trangan-javatra maro hiseho izy ireo mandritra ny androm-piainany. Ny sasany amin'izy ireny dia mila mampitanjaka ny herim-pony sy mampitombo ny finoany. Saingy raha toa izy ireo mi-katsaka ombam-bavaka ny fanampiana sy ny fitarihana, dia homena azy ireo ny hery handresena ny zava-tsarotra.”

Ary nanampy izao izy taty aoriana: “Ny soatoavina ara-pitondrantena izay tokony hianteheran'ny fiarahamonina iray dia miharatsy amin'ny hafainganam-pandeha izay mitombo hatrany. Na izany aza anefa, tsy manahy ny amin'ny ho avy aho” (“Do Not Fear,” *Liahona*, Mey 2004, 77, 78).

Ry rahalahy sy anabavy, tsy ilaintsika ny matahotra ny amin'ny ho avy, na hisalasala amin'ny fanantenantsika sy ny fahatokiantsika, satria miaraka amintsika Andriamanitra. Anisan'ny teny fanoroan-kevitra voalohany izay voarakitra nataon'i Jesoa tamin'ireo mpianany izay vao nantsoiny ireto teny roa fitaomana ireto: “Aza

matahotra” (Lioka 5:10). Mbola name-rina izany torohevitra izany matetika izy nandritra ny asa fanompoany. Ho an'ireo Olomasiny amin'izao androntsika izao dia hoy ny Mpamonjy, “Koa mahereza, ary aza matahotra, fa Izaho Tompo dia momba anareo, ka hijoro eo anilanareo” (F&F 68:6).

Hijoro eo anilan'ny Fiangonany sy ny vahoakany ny Tompo ary hiaro azy ireo mandra-pahatongany. Hisy fandriampahalemana ao Ziona sy ao amin'ireo tsatòkany, satria Izy dia efa niteny hoe: “mba hahatonga ny fiaraha-mivondrona eo amin'ny tanin'i Ziona sy eo amin'ny tsatòkany ho fiarovana, sy ho fialofana amin'ny tafio-drivotra, sy amin'ny fisafoahana rehefa haidina tsy misy fangarony amin'ny tany manontolo izany” (F&F 115:6).

Ny Fiangonana dia toy ny rindrina fiarovana ho an'ireo mpikambana ao aminy. Na dia manorisory aza ny toe-javatra misy eo amin'izao tontolo izao rehefa mandroso ny fotoana, ireo Olomasin'ny Andro Farany mahatoky dia hahita toerana fialofana ao amin'ny tsatòkan'i Ziona. Ny Tompo dia efa nanambara fa ilay vato izay nendahina hiala tamin'ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana dia hikodiadia ambara-pamenoany ny tany manontolo (jereo ny Daniela 2:31–45; F&F 65:2). Ary tsy misy herin'olombelona afaka misakana azy, satria Andriamanitra no tompon'ity asa ity ary i Jesoa Kristy no fehezoro indrindra.

Nahita tamin'ny fahitana ny mpaminany Nefia fa amin'ny andro farany ny herin'ny Zanakondrin'Andriamanitra dia hidina amin'ny Olomasina “sy [amin'ny] vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo, izay [haely] patrana [amin'ny] lafiny rehetra tamin'ny tany” ary “[hampirongoana] azy ho fiadiany ny fahamarinana sy ny herin'Andriamanitra [amim-boninahitra] lehibe” (1 Nefia 14:14).

Ny tsirairay amintsika, sy ny fianakaviansika, dia afaka mirongo ho fiadiana ny herin'Andriamanitra ho fiarovana raha toa isika mijanona ho mahatoky amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ary mamela ny Fanahy Masina ho mpitarika antsika. Mety ho tonga



ireo fitsapana, mety tsy ho takatsika ny zavatra rehetra izay mitranga amin-tsika na manodidina antsika. Kanefa ireo Olomasina izay mahatoky ny Tompo amim-panetren-tena sy ampahanginana dia hahazo fitarihana sy hery manoloana ireo fanamby rehetra izay atrehantsika. Rehefa ny hahafaly Azy no hany fanirantsika, dia hotahiana amin'ny fiadanam-po lalina any anatintsika isika.

Tamin'ny vanim-potoana voalohan'ny Famerenana amin'ny laoniny, dia niatrika fisedrana mahery vaika ireo mpikamban'ny Fiangonana. Nilaza izao teny izao momba izany fanenjenahana taloha izany ny Filoha Brigham Young: “Rehefa voahodidin'ireo mpihetraketraka, manoloana ny fahafatesana sy fandravana izay manambana manodidina ahy, dia tsaroako fa nahatsapa ho faly [sy] tony am-panahy, tahaka ahy amin'izao aho. Mety ho manana endrika manjombona ny ho avy, kanefa tsy nahita fotoana amin'ity Filazantsara ity mihitsy aho izay tsy nahafantarako fa ny vokatra ho azo dia hitondra soa ho an'ny fahamarinana” (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Brigham Young* [1997], 357).

I Paul, izay misiônera niara-niasa tamiko, dia olona izay feno fifaliana hatrany. Fony izy raim-pianakaviana vao herotreronny, dia voan'ny aretina antsoina hoe “sclérose en plaques” izy. Kanefa na dia teo aza ny fotoantsarotra izay naterak'izany, dia mbola nanohy nanompo ny hafa am-pifaliana sy am-pivazivaziana ihany izy. Indray andro izy dia niditra tao amin'ny toeram-piasako teo ambonin'ny seza misy kodiarana ary niteny hoe: “Ny fiainam-baovao dia manomboka

miaraka amin'ny seza misy kodiarana mandeha môtéra!” Tsy ho afaka ato an-tsaiko mihitsy izy, taona vitsivitsy talohan'ny nahafatesany, mitondra ilay afon'ny Lalao olympika sady mandeha amin'ilay seza misy kodiarana no amporisihan'ny olona an-jatony maro. Toy ilay afo mirehitra lalandava, dia tsy lefin'ny tafiotran'ny fiainana mihitsy ny finoan'i Paul.

Fony aho mpianatra tany amin'ny Oniversiten'i Brigham Young, dia nipetraka tao amin'ny trano iray niaraka tamin'ny tovolahy avy nanao asa fitoriana maromaro aho. I Bruce, izay mpiray efitrano tamiko, no olona faran'izay manana fomba fijery tsara indrindra amin'ireo olona fantatro. Tsy mbola nahare azy nilaza zavatra ratsy momba ny olona iray na toe-javatra iray mihitsy izahay na indray mande aza, ary tsy maintsy mahazo hery foana ianao rehefa eo izy. Ny fahatokiany dia avy amin'ny finoany ny Mpamonjy sy ny Filazantsarany.

Indray marainan'ny ririnina mangatsiaka izay, nisy namako iray hafa, Tom no anarany, nihazakazaka namakivaky ny oniversite. Vao tamin'ny 7 maraina tamin'izay, ary mbola tsy nisy olona sady maizina teny amin'ny oniversite. Nirotsaka matevina ny ranomandry, sady nisy rivotra nitsoka mahery. “Haratsin'izay andro izany,” hoy i Tom an'eritreritra. Raha nandeha tao anatin'ny haizina sy ny ranomandry izy, dia nahare olona iray nihira.

Araka ny nampoizina, tao anatin'ny tafiotra maherin'ny ranomandry no nipoitra ilay namanay izay mahita lafitsaran-javatra hatrany, dia i Bruce izany. Sady nitsotra nankany amin'ny lanitra ny sandriny, no nihira hira avy amin'ilay comédie musicale vokarin'i Broadway antsoina hoe: *Oklahoma* izy: “Endrey, kanto ery ny maraina! Endrey, kanto ery ny andro! Tsara ny fahatsapana ananako, ho tsara daholo ny zavatra rehetra androany” (Richard Rodgers sy Oscar Hammerstein II, “Oh, What a Beautiful Mornin'” [1943]).

Nanomboka tamin'izay, dia tonga ho mariky ny finoana sy fanantenana ho ahy ilay feo feno fifaliana izay nihira tao anatin'ny tafiotra mahery. Na dia ao anatin'ny tontolo izay miharatsy

hatrany aza isika, amin'ny maha Olomasin'ny Andro Farany antsika, dia afaka mihira am-pifaliana, satria fantatsika fa ny herin'ny lanitra dia miaraka amin'ny vahoakan'ny Fiangonan'Andriamanitra. Afaka mifaly isika amin'ny fahazoana antoka fa maraina kanto no miandry antsika—ny fiantombohan'ny andron'ny arivotaona, izay hiavian'ny Zanak'Andriamanitra avy any atsinanana sy hanjakany izy tenany ety ambonin'ny tany.

Mieritreritra ihany koa aho momba ny maraina kanto anankiroa ao amin'ny tantaran'izao tontolo izao. Tamin'ny lohataona 1820, tamin'ny marainan'ny andro kanto sy mazava tao Palmyra, New York, dia nisy zatovolahy iray antsoina hoe Joseph Smith izay nankao amin'ny alakely ka nandohalika nivavaka mba hanontany hoe iza amin'ireo fiangonana no tokony hidirany. Ny valin'izany vavaka izany sy ny fisehoan'ny Ray sy ny Zanaka no niatombohan'ny fotoampitantanana ny fahafenoan'ny fotoana sy ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ety an-tany.

Ary nisy maraina kanto iray koa izay nipoaka, teo ho eo amin'ny 2.000 taona lasa izay teo ivelan'ny tambohon'ny tanànan'i Jerosalema. Azo antoka fa namirapiratra tamin'ny fomba niavaka ny masoandro tamin'izany marainan'ny Paska izany. Nisy vondrom-behivavy vitsivitsy tonga hamangy ny fasana, nanantena ny hanosotra diloilo ny vatan'ny Tompony izay nohomboana tamin'ny hazo fijaliana. Nisy anjely roa nifanena tamin'izy ireo ary nilaza hoe: “Nahoana no ato amin'ny maty no itadiavanareo ny velona? Tsy ato Izy, fa efa nitsangana” (Lioka 24:5–6).

Mijoro ho vavolombelona mikasika ny fandresen'i Jesoa Kristy ny ota sy ny fahafatesana aho. Mijoro ho vavolombelona momba ny drafitra feno famindrampo nataon'ny Rain-tsika Mandrakizay sy ny fitiavany tsy manam-pahataperana aho. Rehefa mifoha isika isa-maraina, enga anie hitraka any amin'ny lanitra am-pinoana ka hiteny hoe: “Endrey, kanto ny maraina,” izay no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fanavotana

*Arakaraka ny hanarahantsika an'i Kristy no mahatonga antsika handray anjara sy hitondra fanampiana ao amin'ny asa fanavotana ataony.*

Nisy fitadiavana mpiasa be dia be tokoa tany Amerika tamin'ny andron'ny fanjanahana. Nandritra ny taonjato faha 18 sy tany ampiandohan'ny taonjato faha 19 dia nisy ny fakana mpiasa vonona ny hifindra monina avy any Angletera, Alemana sy avy any amin'ireo firenena Eorôpeana hafa, saingy maro tamin'ireo naniry ny handeha no tsy nanam-bola handoavana ny saran'ny dia. Ny mitranga matetika ho azy ireo dia ny fanaovana ilay dia miaraka amin'ny fifanarahana fa mampanantena ny hiasa mandritra ny fotoana voafetra nefa tsy mandray karama izy ireo rehefa tonga mba handoavana ilay dian'izy ireo. Ny hafa dia tonga miaraka amin'ny fampanantenana fa hisy fianakaviana izay efa mipetraka any Amerika handoa ny saran'ny dia rehefa tonga izy ireo, saingy raha tsy mitranga izany, dia voatery tsy maintsy aloan'ireo olona vao tonga ny saran'izany amin'ny alalan'ny fanaovana asa tsy handraisan-karama. Ny voambolana hamaritana ireo mpifindra monina miasa tsy mandray karama ireo dia hoe “mpanavotra.” Tsy maintsy manefa ny saran'ny dia nataony izy ireo, na hoe mividy ny fahafahany amin'ny alalan'ny asa ataony.<sup>1</sup>


Tao anatin'ireo anarana faran'izay manan-danja niantsoana an'i Jesoa

Kristy ny hoe Mpanavotra. Araka ny voalaza ao amin'ilay tantara fohy nola-zaiko mikasika ireo mpifindra monina “mpanavotra,” ny teny hoe *manavotra* dia midika hoe manefa adidy iray na mandoa trosa. Ny hoe *manavotra* koa dia mety midika hoe mamonjy na manafaka, ohatra hoe amin'ny alalan'ny fandoavana onitra. Raha toa misy olona nanao fahadisoana ka manitsy na manonitra izany dia lazaintsika fa nanavotra ny tenany izy.

Ireo dikany tsirairay ireo dia maneho ny lafin-javatra samihafa tao anatin'ilay Famonjena lehibe notanterahan'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany, izay ahitana araka ny teny ao anatin'ny rakibolana ny hoe: “manavotra amin'ny fahotana sy ny sazy avy amin'izany, amin'ny alalan'ny fanaovana sorona ho an'ilay mpanota.”<sup>2</sup>

Misy lafiny roa ny Fanavotan'ny Mpamonjy. Voalohany, manonitra ny fandikan-dalàn'i Adama izany sy ny vokatry ny Fahalavoan'ny olona amin'ny alalan'ny fandresena ilay azo antsoina hoe ny vokatry mivantana nateraky ny Fahalavoana—fahafatesan'ny vatana sy fahafatesana ara-panahy. Takatra tsara ny fahatesan'ny vatana; ny fahafatesana ara-panahy dia ny fisarahan'ny olona amin'Andriamanitra. Hoy ny tenin'i Paoly hoe: “Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahaveloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy” (1 Korintiana 15:22). Izany fanavotana amin'ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesana ara-panahy izany dia samy ho an'ny olona rehetra ary tsy misy fepetra.<sup>3</sup>

Ny lafiny faharoa ao amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia ny fanavotana amin'ny azo lazaina hoe vokatry ankolaka nateraky ny Fahalavoana—ny fahotantsika manokana fa tsy ny fandikan-dalàn'i Adama. Nate-raka tao anatin'ny tontolon'ny fiainana





an-tany isika noho ny Fahalavoana, ka ny fahotana—izay fandikàna ny lalàna masina napetraka dia—mibahan-toerana ao. Hoy ny Tompo raha niresaka momba antsika:

“Dia torontoronina ao am-pony toy izany koa ny fahotana rehefa manomboka mitombo izy, ary dia andramany ny mangidy mba hahazany mankamamy ny tsara.

“Ary omena azy ny hanavaka ny tsara amin’ny ratsy; koa manao araka izay safidiny izy” (Mosesy 6:55–56).

Noho isika tompon’andraikitra ary manao ny safidy dia misy fepetra ny fanavotana antsika amin’ny fahotantsika—miankina amin’ny fibabohantsika sy ny fanalavirantsika ny fahotana izany ary fananana fiainana feno fahamasi-nana, na amin’ny teny hafa dia miankina amin’ny fibebahana izany (jereo ny F&F 58:43). “Koa,” hoy ny Tompo nandidy, “ampianaro ny zanakao izao fa ny olona rehetra, na aiza na aiza, dia tsy maintsy mibebaka, fa raha tsy izany dia tsy afaka mandova mihitsy ny fanjakan’Andriamanitra izy, fa tsy misy zavatra tsy madio afaka mitoetra ao na mitoetra eo anatrehany” (Mosesy 6:57).

Manavotra antsika amin’ny fahotana ny fijalian’ny Mpamonjy tao Getsemane sy ny fialany aina teo amin’ny hazo fijaliana amin’ny alalan’ny fanefana ny fitakian’ny fahamarinana amintsika. Maneho famindram-po sy mamela heloka ireo izay mibebaka

Izy. Ny Sorompanavotana koa dia manefa ny trosa ananantsika amin’ny fahamarinana amin’ny alalan’ny fanasitranana sy ny fanarenana antsika tamin’izay fijaliana nozakaintsika tamim-pahatsoram-po. “Fa indro miaritra ny fijalian’ny olon-drehetra Izy, eny, ny fijalian’ny manan’aina tsirairay, na lehilahy na vehivavy na ankizy, izay isan’ny fianakavian’i Adama” (2 Nefia 9:21; jereo koa ny Almà 7:11–12).<sup>4</sup>

Arakaraka ny hanarahantsika an’i Kristy no mahatonga antsika handray anjara sy hitondra fanampiana ao amin’ny asa fanavotana ataony. Ny asa fanompoana lehibe indrindra azontsika atao amin’ny hafa eo amin’ity fiainana ity izay manomboka amin’ireo ao anatin’ny fianakaviansika manokana, dia ny mitondra azy ireo eo amin’i Kristy amin’ny alalan’ny finoana sy ny fibebahana mba hahafahan’izy ireo miaina ilay Fanavotana—fiadanana sy fifaliana ankehitriny ary tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay any amin’ny fiainana ho avy. Fanehoana mahatalanjona ny fitiavan’ny Tompo mifono fanavotana ny asa ataon’ireo misiônerantsika. Noho izy ireo mpitondra hafatra nomena fahefana dia manolotra fitahiana tsy manam-paharoa avy amin’ny finoana an’i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ny batisa ary ny fanomezana ny Fanahy Masina izy ireo izay manokatra ny lalana mankany amin’ny fahaterahana ara-panahy indray sy ny fanavotana.

Afaka manampy amin’ny fanavotany ny Tompo ireo izay nodimandry koa isika. “Ireo loholona mahatoky amin’ity fotoampitantanana ity, rehefa miala amin’ny toetry ny mety maty; dia manohy ny asany amin’ny fitoriana ny filazantsaran’ny fibebahana sy ny fanavotana, amin’ny alalan’ny sorona nataon’ny Zanaka Lahitokan’Andriamanitra, eo anivon’ireo izay ao amin’ny haizina sy ao amin’ny famatoran’ny fahotana ao amin’ny tontolo lehiben’ny fanahin’ny maty” (F&F 138:57). Amin’ny alalan’ny fahafahana manatanteraka ôrdônansy isoaloana tena izay ataontsika ho azy ireo any amin’ny tempolin’Andriamanitra, dia afaka mahazo fahafahana na ny maty voagejan’ny fahotana aza.<sup>5</sup>

Na dia mifandray amin’ny fibebahana sy famelan-keloka aza ireo lafiny manan-danja indrindra ao amin’ny fanavotana dia misy lafiny tena manan-danja ara-nofy ihany koa izany. Nolazaina fa nandehandeha nanao soa i Jesoa (jereo ny Asan’ny Apôstôly 10:38), izay ahitana ny fanasitranana ny marary sy ny kilemaina, ny fanomezana sakafo ireo olona marobe noana ary fampianarana ny lalana tsara indrindra. “Ny Zanak’olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro” (Matio 20: ). Noho izany enga anie isika, amin’ny alalan’ny fitarihan’ny Fanahy, handehandeha hanao soa araka ilay rafi-panavotan’ny Tompo.

Miompana amin’ny fanampiana ny olona amin’ny olany io karazana asa fanavotana io. Izany dia midika hoe minamana amin’ny mahantra sy ny osa, manamaivana ny fijaliana, manitsy ny tsy rariny, miaro ny fahamarinana, mampatanjaka ny taranaka vao misondrotra ary manao izay hisian’ny filaminana sy ny fifaliana ao an-tokantrano. Ny fanampiana ny hafa hivoatra sy hanatanteraka ireo fanantenany sy faniriany izay ara-drariny no mibahana ao anatin’ny asa fanavotana ataontsika.

Misy ohatra iray avy ao amin’ny tantara noforonin’i Victor Hugo *Les Misérables*, na dia noforonin’ny eritreritra aza, manohina sy manentana ny fanahiko foana. Tany amin’ny voalohan-dohan’ny tantara dia nomen’ny Eveka



Bienvenu sakafo sy toerana ipetrahana indray alina i Jean Valjean izay olona tsy manan-kialofana vao nivoaka ny fonja raha nigadra nandritra ny 19 taona noho ny fangalarany mofa iray mba hamahanany ireo zanaky ny anabaviny izay matin'ny hanoanana. Noho i Valjean lasa mafy fo sy masiaka dia ny fangalarana ireo fitaovam-pihinanana volafotsin'ny Eveka Bienvenu no nentiny nisaorana ny hatsaram-panahiny. Taty aoriana rehefa notazonin'ny mpitantandro filaminana izay nanana ahiahy i Valjean dia nandainga fa fanomezana nomena azy ireo zavatra volafotsy. Rehefa notaritaritin'ireo mpitantandro filaminana niverina tany amin'ny tranon'ilay eveka izy dia hatairana ny an'i Valjean satria namarinin'ny Eveka Bienvenu ny tantarany ary mba handresena lahatra bebe kokoa dia nilaza izy hoe: "Oadray! Nomeko anao koa anie ireo fitoeran-dabozia izay volafotsy toy ireny namany ireny ary ahazoana 200 francs raha hamidy e! Koa naninona no tsy nentinao niaraka tamin'ireo lovia-nao izy ireo?" . . .

Nanatona azy ilay eveka ary niteny moramora taminy hoe:

'Aza adino, aza adino velively fa nampanantena ahy ianao fa hampiasa ireo zavatra volafotsy ireo mba ho lasa olona marin-toetra.'

Nitsangana tao anatin'ny fisafotofotoan-tsaina i Jean Valjean izay tsy nahatsiaro ho nanao izany fampantantenana izany mihitsy. Notohizan'ilay eveka tamin'ny feo mafy izany hoe:

'Ry Jean Valjean, rahalahiko: Tsy manara-dia ny ratsy intsony ianao fa ny tsara. Vidiako ho anao ny fanahinao. Esoriko hiala ao anatin'ny eritreritra maizina sy ny fahaverezana mandrakizay izany ary omeko an'Andriamanitra!'

Tena lasa lehilahy vaovao sy marin-toetra i Jean Valjean ary nanampy olona maro. Notazoniny nandritra ny fiainany ireo fitoeran-dabozia volafotsy roa mba hampahatsiahy azy fa navotana ho an'Andriamanitra ny fiainany.<sup>6</sup>

Ny karazana fanavotana sasany dia miseho amin'ny alalan'ny fiarahamiasa. Iray amin'ireo antony nanorenan'ny Mpamonjy ny fiangonana izany. Noho isika narindra ho ao amin'ny

kôlejy sy vondrona fanampiny ary ho ao amin'ny tsatoka sy paroasy ary sampana, dia tsy hoe afaka mifampianatra sy mifankahery fotsiny isika ao amin'ny filazantsara fa afaka koa mangataka ny fanampian'ny hafa sy loharano hafa hiatrehana ireo zavatra ilaina eo amin'ny fiainana. Ny olona manao zavatra irery na mivondrona noho ny antony iray manokana dia tsy afaka foana hanome fanampiana ampy hiatrehana olana lehibe kokoa. Amin'ny maha mpanara-dia an'i Jesoa Kristy antsika dia vondrona irain'ny Olomasina isika izay narafitra mba hanampy amin'ny fanomezana izay ilain'ireo Olomasina namantsika ary ireo maro hafa koa izay azontsika ampiana manerana ny tany.

Noho ireo asa fanampiana olona nataontsika izay nambaran'ny Loholona Dallin H. Oaks, indrindra fa tamin'ny taona lasa dia olona 890.000 no nahazo rano madio tany amin'ny firenena 36. Olona 70.000 tany amin'ny firenena 57 no nahazo seza misy kodiarana. Olona 75.000 tany amin'ny firenena 25 no lasa nahita tsara ary olona tany amin'ny firenena 52 no nahazo fanampiana tena ilaina taorian'ireo loza voajanahary. Tao anatin'ny fiarahany miasa tamin'ny hafa, ny Fiangonana dia nanao vaksiny tena ilaina hiarovana amin'ny aretina ho an'ny zaza eo amin'ny 18 tapitrisa eo ary nanampy ireo Syriana tany amin'ireo tobin'ny mpitsoa-ponenana tany Turkie, Liban ary Jordanie tamin'ny fanomezana ireo kojakoja ilaina eo amin'ny fiainana. Tao anatin'izay fotoana izay ihany koa dia nahazo an-tapitrisany dólara Amerikana tamin'ny fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina sy fanomezan-tanana hafa ao anatin'ny fifanampiana ireo mpikamban'ny Fiangonana sahirana nandritra ny taona 2012. Misaotra noho ny fahalalahan-tananareo.

Tsy mbola voaisa ao anatin'ireo akory aza ny fihetsika feno hatsarampanahy sy fanohanana nataon'olona manokana—fanomezana sakafo, akanjo, vola, fikarakarana, ary ireo fomba maro hafa nentina hanehoana fankaherezana sy fangorahana izay ahafahantsika mandray anjara ao anatin'ilay asa fanavotana tahaka ny nataon'i Kristy. Nahita maso ny zavatra

nataon'ny reniko aho fony mbola zazalahy mba hanavotana vehivavy sahirana iray. Taona maro lasa izay raha mbola kely ny zanany dia nandalo fandidiana sarotra ny reniko izay saika nanaisotra ny ainy ary tsy afa-nihetsika teo am-pandriana izy ny ankamaroan'ny fotoana tao anatin'ny herintaona latsaka. Nandritra izany fotoana izany dia nampian'ny fianakaviana sy ireo mpi-kambana tao amin'ny paroasy i Neny sy ny fianakavianay. Mba hitondrana fanampiana bebe kokoa dia nanoro hevitra ny ray aman-dreniko Rahavavy Abraham, filohan'ny Fikambanana Ifanampian'ny paroasy, mba hampiasa vehivavy iray ao amin'ny paroasy izay mitady asa mafy. Hampiasa anarana hafa hoe Sara sy Annie aho mba hiantsoana io vehivavy io sy ny zanany vavy raha hitantara ity tantara ity. Toy izao ny fitantaran'ny reniko izany:

"Tadidiko tsara mihitsy toy ny hoe vao omaly ny zava-niseho. Nandry teo am-pandriana aho raha indro Rahavavy Abraham nitondra an'i Sara teo amin'ny varavaran'ny efitrano fandriana. Tena kivy aho. Indro nijoro teo ity olona faran'izay ratsy bika aman'endrika hitako hatramin'izay—tena nahia kely; naloto, nikorontam-bolo, lamosina vokoka ary niondrika nijery ny tany ny lohany. Nanao akanjolava fitondra ao an-trano izay lehibe loatra taminy izy. Tsy sahy nitraka izy ary niteny malefaka loatra ka tsy henoko. Nisy ankizivavy kely teo amin'ny telo taona teo ho eo niafina tao aoriany. Inona re no hataoko an'ity olona ity e? Rehefa nandao ilay efitrano izy ireo dia nigogogogo nitomany aho. Fanampiana no nilaiko fa tsy olona bebe kokoa. Nijanona kely niaraka tamin'i Sara Rahavavy Abraham ka tonga dia nanadio ny trano sy nanomana sakafo tsara izy ireo. Nangataka ahy mba hijery ny fandehan-javatra mandritra ny andro vitsivitsy Rahavavy Abraham, [ary nilaza] fa tena nianjadian'ny zava-tsarotra io vehivavy io ary nila fanampiana.

"Ny ampitson'izany dia nasaiko nanakaiky ny fandriana izy tamin'ny farany mba hahafahako maheno azy. Nanontaniany ahy izay zavatra tiako hataony. Nolazaiko azy izany dia niteny aho avy eo hoe: 'Fa ny tena zava-dehibe



indrindra dia ireo zanako lahy. Manokàna fotoana iarahana amin'izy ireo ary amakio boky izy ireo—manan-danja bebe kokoa noho ny trano izy ireo.' Mpahandro mahay izy ary voadiony ny trano, voasasany ny lamba ary tsara fanahy tamin'ireo ankizilahy izy.

“Rehefa nandeha ny herinandro maromaro dia nahafantatra ny tantaran'i Sara aho. [Noho izy tsy maheno tsara dia tsy dia nahay izy tany am-pianarana ary nanajanona izany tamin'ny farany. Nanambady lehilahy mamomava izy raha mbola tovovavy vao herotreronny. Teraka i Annie ary lasa loharanom-pifaliana ho an'i Sara. Indray alin'ny ririnina, tonga tao an-trano efa mamomava ity vadiny ka nanery an'i Sara sy Annie hiditra tao anaty fiara niaraka tamin'ny akanjomandry teny an-kodin'izy ireo ary dia navoakany teny amin'ny sisin'ny lalambe roa zotra izy ireo. Tsy nahita azy intsony izy ireo avy eo. Nandeha an-tongotra an-kilaometatra maro nankany an-tranon-dreniny sady tsy nanao kiraro no matin'ny hatsiaka i Sara sy Annie. Nanaiky ny hijanonan'izy ireo ny reniny saingy ho tambin'izany dia mila manao ny raharaha ao an-trano rehetra izy sy mila mahandro sakafo sy mikarakara ny rahavaviny sy ny anadahiny izay mianatra any amin'ny lisea.

“Nentinay tany amin'ny dokotera mpitsabo sofina i Sara ary nahazo fitaovana fanampiana ny fahenoana izy. . . . Nasainay nanatrika fampianarana ho an'ny olon-dehibe izy ary nahazo ny mari-pahaizany tao amin'ny

lisea. Nianatra tany amin'ny sekoly manao fampianarana hariva izy ary nahazo mari-pahaizana tany amin'ny oniversite dia nampianatra mikasika ny fampianarana manokana. Nividy trano kely iray izy. Nanambady tany amin'ny tempoly i Annie ary nanan-janaka roa. Natao fandidiana tamin'ny farany ny sofin'i Sara ary afaka naheno tsara ihany nony farany. Nisotro ronono izy taona maro taty aoriana ary nandeha nanao asa fitoriana. . . . Nisaotra anay matetika i Sara ary nilaza fa nianatra zavatra maro avy amiko, indrindra rehefa nolazaiko izy fa ny zanako lahy no manan-danja kokoa noho ny trano. Nilaza izy fa izany dia nampianatra azy hanana fisainana toy izany eo anatrehan'i Annie. . . . Vehivavy tena miavaka i Sara.”

Amin'ny maha mpianatr'i Jesoa Kristy antsika dia mila manao izay vitantsika isika mba hanavotana ny hafa amin'ny fijaliana sy ny enta-mavesatra. Na dia izany aza ny asa fanavotana lehibe indrindra ataontsika dia ny mitarika azy ireo hanatona an'i Kristy. Raha tsy nisy ilay Fanavotana amin'ny fahafatesana sy ny fahotana izay nataony dia tsy ho nanana afa-tsy filazantsaran'ny fahamarinana ara-tsôsialy isika. Mety hitondra fanampiana vitsivitsy sy fihavanana izany amin'izao fotoana izao saingy tsy manana hery ampy hampidinana avy any an-danitra ilay fahamarinana tonga lafatra sy famindram-po tsy manam-petra. Ao amin'i Jesoa Kristy ary ao Aminy irery ny fanavotana faratampony. Manaiky azy amimpanetrentena sy amim-pankasitrahana ho ilay Mpanavotra aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny *Merriam-Webster's Collegiate Dictionary*, edisiona faha 10 (1993), “redemptioner.”
2. *Webster's New World College Dictionary*, boky nivoaka faha 3 (1988), “redeem.”
3. “Ny Zanak'Andriamanitra dia efa nanonitra ny fahotana fototra ka ny fahotan'ny ray aman-dreny dia tsy azo valiana eo ambonin'ny lohan'ireo zanaka, fa madio ireo hatry ny fanorenana izao tontolo izao” (Mosesy 6:54). Handresy ny fahafatesana ny rehetra ary hitsangana ka tsy ho mety maty amin'ny alalan'ny Fanavotan'i Kristy. Ankoatra izany dia handresy ny fahafatesan'ny vatana ny rehetra amin'ny alalan'ny fitondrana azy ireo miverina eo anatrehan'Andriamanitra mba hotsaraina. Hoy i Jesoa hoe: “Toy ny efa nanandran'ny olona Ahy [teo amin'ny

hazofijaliana] dia toy izany koa no hanandran'ny Ray ny olona hijoro eo anoloako mba hotsaraina amin'ny asany” (3 Nefia 27:14). Ireo izay nodiovina tamin'ny fahotana dia hitoetra hiaraka amin'Andriamanitra any amin'ny fanjakan'ny lanitra, saingy ireo izay tsy nibekaka sy maloto dia tsy afaka ny hiaraka hipetraka amin'ny Andriamanitra masina iray ary tsy maintsy mandeha izy ireo aorian'ny fitsarana ka hianjadian'ny fahafatesana ara-panahy indray. Lazaina ho toy ny fahafatesana faharoa izany na hoe ianjadian'ny fahafatesana ara-panahy fanindroany. (Jereo ny Helamàna 14:15–18.)

4. Raha mikasika ny fahotantsika manokana dia milaza ny soratra masina fa misy olona sasany tsy afaka mahazo ny famonjena: “Koa ny ratsy dia mijanona ho toy ny tsy nisy fanavotana efa natao, afa-tsy ny famahana ny famatoran'ny fahafatesana” (Almà 11:41). “Fa izay tsy mampihatra finoana ho amin'ny fibebahana kosa dia mankahatra ny lalàna manontolon'ny fitakian'ny fahamarinana; koa amin'izay manana finoana ho amin'ny fibebahana ihany no tanterahina ny drafitry ny famonjena lehibe sy mandrakizay” (Almà 34:16). Raha manda ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ny olona iray dia tsy maintsy manefa ny trosa takian'ny fahamarinana ny tenany manokana. Hoy i Jesoa hoe: “Fa indro Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin'ireo zavatra rehetra ireo ho an'ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibekaka. Nefa raha tsy mety mibekaka izy ireo dia tsy maintsy mijaly tahaka Ahy” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16–17). Fantatra amin'ny hoe helo ny fijalian'ny olona iray vokatry ny fahotana izay tsy nahazo fanavotana. Izany dia midika hoe eo ambanin'ny ziozan'ny devoly ary faritana ao anatin'ireo fanoharana ara-tsoratra masina ho toy ny voafatotra amin'ny rojo vy na farihy afo sy solifara. Nitalaho tamin'ireo zanany lahy i Lehia mba hisafidy ny Fanavotan'i Kristy “Ary tsy hifidiananareo ny fahafatesana mandrakizay araka ny sitrapon'ny nofo sy ilay ratsy izay ao anatiny, izay manome fahefana ny fanahin'ny devoly mba hambabo sy hitondra anareo midina any amin'ny helo hahazoany manapaka aminareo ao amin'ny fanjakana ihany” (2 Nefia 2:29). Na dia izany aza, noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia misy farany ny helo ary ireo izay voatery handalo izany dia “havotana amin'ny devoly [amin'ny] fitsanganana amin'ny maty farany” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:85). Ireo heverina hoe “zanaky ny fahaverezana” vitsivitsy no “hany hananan'ny fahafatesana faharoa hery [farany]; eny marina tokoa, ireo no hany tsy voavotra amin'ny fotoana mahamety izany amin'ny Tompo, aorian'ny fiaretana ny fisafoahany” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:32, 37–38).
5. Tamim-pifaliana no nilazan'ny Mpaminany Joseph Smith hoe: “Aoka ny maty hiventy antsam-piderana mandrakizay ho an'i Imanoela Mpanjaka, izay efa nanokana talohan'ny nisian'izao tontolo izao ny fomba hahafahantsika manavotra azy ireo hiala avy ao amin'ny fonjan'izy ireo; fa handeha malalaka ny voafonja” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:22).
6. Jereo ny Victor Hugo, *Les Misérables* (1992), 91–92.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Mandra-pihaonantsika indray

*Mivavaka aho mba hitahy sy hiaro anareo ny Tompo ry rahalahy sy anabavy. Ho aminareo anie ny fiadanana nampanantenainy anio ary ho mandrakizay.*

Ry rahalahy sy anabavy, fihao-nambe nanetriketrika tokoa no avy natrehantsika. Fantatro fa hiaraka hanaiky amiko ianareo fa nantana ny fanahy tokoa ireo hafatra. Nahatsapa zavatra tao am-pontsika isika ary lasa natanjaka ny fijoroantsika ho vavolombelona mikasika ity asa masina ity rehefa nahatsapa ny Fanahin'ny Tompo isika. Enga anie hotsaroantsika ny zavatra rentsika nandritra izay roa andro izay. Mamporisika anareo aho handalina bebe kokoa ireo hafatra rehefa havoaka ao anatin'ireo laharan'ny *Ensign* na *Liahona* izay ho avy atsy ho atsy izany.

Maneho ny fankasitrahana ireo olona tsirairay nandaha-teny tamin-tsika izahay ary ireo izay nanolotra vavaka ihany koa. Ankoatra izany, dia nanome hery sy nantana ny fanahy tokoa ny hira. Tiantsika ity Amboarampeon'ny Tabernakely mahatalanjona ity ary misaotra ireo rehetra izay nandray anjara tamin'ny hira isika.

Miara-maneho fankasitrahana ny fiadidiana sy filankevi-pitantanan'ny Zatovovavy maneran-tany isika izay nisaorana omaly. Nahatalanjona tokoa

ny asa fanompoan'izy ireo ary ny fanoloran-tena feno no nasehony.

Isika dia nanohana, tamin'ny fananganan-tanana, ireo rahalahy sy rahavavy izay vao nantsoina handray

andraikitra vaovao nandritra ity fihao-nambe ity. Tianay ho fantatr'izy rehetra ireo fa tsy andrinay izay hiarahana hiasa amin'izy ireo ao anatin'ity asan'ny Tompo ity.

Fiangonana manenika izao tontolo izao isika ry rahalahy sy anabavy. Misy mpikamban'ny Fiangonantsika manerana izao tontolo izao. Miangavy anareo aho mba ho olom-pirenena vanona any amin'ny firenena izay ipetrahanareo sy ho mpifanolobodirindrina fakan-tahaka eo amin'ny fiarahamonina misy anareo, manolo-tanana ireo olona hafa finoana sy ireo olona ao anatin'ny finoantsika koa. Enga anie isika ho feno fandeferana sy ho tsara fanahy ary haneho fitiavana amin'ireo izay tsy ao amin'ny finoantsika sy tsy miaina ny fitsipika ijoroantsika. Nitondra hafatra mifono fitiavana sy hatsaram-panahy teto amin'ity tany ity ho an'ny lehilahy sy vehivavy rehetra ny Mpamonjy. Enga anie isika ka hanaaraka foana ny ohatra nasehony.

Mivavaka aho mba hahafantatra ny zavatra ilain'ireo manodidina antsika isika. Misy olona sasantsasany, indrindra eo anivon'ny tanora, no tafalatsaka mafy ao anatin'ny zavamahadomelina, fahavetavetana, pôrnôgrafia sy ny sisa. Ao ireo olona irery





izay ahitana lehilahy na vehivavy maty vady, izay maniry ny mba hanana namana sy hokarakarain'ny hafa. Enga anie isika ka hanolotra tanana vonona hanampy azy ireo sy fo feno fitiavana.

Miaina ao anatin'ny vanim-potoana iray eo amin'ny tantaran'izao tontolo izao izay ahitana olana sarotra maro isika kanefa koa ahitana zava-mahasoa maro sy zavatra mitondra fifaliana. Marina fa ao ireo fotoana izay iatrehantsika fahadisoam-panantenana, ratram-po sy loza mihitsy aza eo amin'ny fiainantsika. Na izany aza, raha mametraka ny fitokiantsika amin'ny Tompo isika dia hanampy antsika mandritra ny fotoan-tsarotra lalovantsika Izy, na manao ahoana izany na manao ahoana. Nanome toky toy izao ny Mpanao Salamo hoe: “Misy fitomaniana tonga hivahiny miloaka alina; Fa nony maraina kosa dia misy fihobiana.”<sup>1</sup>

Ry rahalahy sy anabavy, tiako ho fantatrareo fa feno fankasitrahana

amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy aho, izay naverina tamin'ny laoniny amin'izao andro farany izao tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Izany no fanalahidin'ny fahasambarantsika. Enga anie isika ka hanetry tena sy hivavaka lalandava, ary hanana ilay finoana fa afaka hitarika sy hitahy antsika eo amin'ny fiainantsika ny Raintsika any an-danitra.

Zaraiko aminareo ny fijoroako ho vavolombelona manokana fa velona Andriamanitra, maheno ny vavak'ireo fo manetry tena Izy. Miresaka amin-tsika tsirairay ny Zanany, ilay Mpanonjy sy Mpanavotra antsika: “Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho.”<sup>2</sup> Enga anie isika hino ireo teny ireo ary hanararotra izany fampanantenana izany.

Raha hifarana izao ity fihaonambe ity dia mangataka ireo tsodranon'ny

lanitra aho hirotsaka eo aminareo tsirairay avy. Enga anie ny tokantrano-nareo ho feno fiadanana, filaminana, fanajana ary fitiavana. Enga anie ho heniky ny Fanahin'ny Tompo izany. Enga anie ianareo hikolokolo ny fijoroanareo ho vavolombelona mikasika ny filazantsara, ka ho fiarovana anareo amin'ny fanafihan'i Satana izany.

Mandra-pihaonantsika indray afaka enim-bolana dia mivavaka aho mba hitahy sy hiaro anareo ny Tompo ry rahalahy sy anabavy. Ho aminareo anie ny fiadanana nampanantenainy anio ary ho mandrakizay. Misaotra anareo amin'ny vavaka ataonareo ho ahy sy ho an'ireo Manampahefana Ambony rehetra. Mankasitraka lalina anareo izahay. Amin'ny anaran'ilay Mpanonjy sy Mpanavotra antsika, izay tompointsika, dia i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Salamo 30:5.
2. Apokalypsy 3:20.



**Nataon'i Ann M. Dibb**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny  
Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany

## Ny Toerana Masinareo

*Na toerana any amin'ny faritra samihafa izy ireo na toe-javatra niseho teo amin'ny fiainana, dia samy manana ny hasiny ary tena manana fahafahana mitondra hery mahagaga.*



Ny tarigetra ifampizarantsika amin'ity taona 2013 ity dia notsongaina avy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavana fizarana faha 87. Ity torolalana ity dia hita ao amin'ny fizarana anankitelo samihafa; hita mazava fa manan-danja ilay toromarika. Manazava ny fomba hahazoantsika fiarovana, hery, ary fiadanana amin'ny fotoana mikorontandrotana izany. Ilay torolalana tena tsara dia manao hoe: “Koa mitsangana eo amin'ny toerana masina ianareo, ary aoka tsy hoesorina.”<sup>1</sup>

Rehefa nisaintsaina mikasika izany tarigetra izany aho dia tsy afaka ny tsy hanontany tena hoe: “Inona ary ireo ‘toerana masina’ izay lazain’ny Ray any an-danitra ireo?” Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nanoro hevitra hoe: “Anisan’ny toerana masina ny tempo-lintsika, ny toeram-pivoriantika aty am-piangonana, ny tokantranontsika, ary ireo tsatòkan’i Ziona, izay natao . . . ‘ho fiarovana, sy ho fialofana.’”<sup>2</sup> Ankoatra ireo, dia mino aho fa afaka mahita fitoerana hafa maro isika tsirairay. Azontsika raisina ho toy ny tontolo azo tsapain-tanana na faritra iray ny teny hoe: *toerana* amin'ny voalohany. Na izany aza anefa, ny *toerana* dia mety ho “toe-tena mazava tsara, fihevitra, na toe-panahy.”<sup>3</sup> Izany dia midika hoe tafiditra ao anatin’ireo hoe toerana masina koa ireo *fotoana hitranganjavatra eo amin'ny fiainana*—ireo fotoana nijoroan’ny Fanahy Masina ho vavolombelona tamintsika, ireo fotoana nahatsapantsika ny fitiavan’ny Ray any an-danitra, na ireo fotoana izay nandraisantsika ny valin’ny vavaka nataontsika. Ankoatra izany dia mino aho fa manorina toerana masina ianao isaky ny sahy mijoro amin’ny marina, indrindra rehefa tsy misy olon-kafa vonona ny hanao izany.

Nandritra ny fiainan’i Joseph Smith izay fohy kanefa mahatalanjona, dia tena “[nitsangana teo] amin’ny toerana masina” izy ary tsy noesorina. Fony izy zatovolaha, dia sahiran-tsaina tamin’ny fisavorovoroana ara-pivavahana izay nisy tao amin’ny fiaraha-monina nisy azy izy ary naniry ny hahafantatra hoe iza amin’ireo fiangonana rehetra ireo no marina. Ilay ala kely teo akaikin’ny

tranony dia lasa toerana masina rehefa nandohalika teo anivon'ireo hazo izy ka nanao ny vavaka voalohany nataony tamin'ny feo avo. Voavaly ilay vavaka nataony, ary ankehitriny dia antsoin'ireo Olomasin'ny Andro Farany hoe Ala Kely Masina ilay ala kely.

Ny Zatovovavy dia mitsangana eo amin'ny toerana masina eny anivon'ny zava-boahary any amin'ny lasin'ny Zatovovavy. Nisy mpitarika iray nitantara tamiko ny zavatra niainan'ny zatovovavy iray. Mpikambana mangatsiaka io zatovovavy io, ary tsy nino loatra ny mety hahazoana traikefa ara-panahy any anaty ala. Taorian'ny andro voalohany, dia nanao tatitra tamin'ny mpitarika izy hoe: "Mahafinaritra be ilay izy, fa afaka manajanona ilay resaka mahakasika ny Fanahy ve isika? Hilasy, hankafy ny zava-boahary, hiaraka amin'ireo namako, ary hiala voly no alehako aty!" Tamin'ny famaranana ny fivoriana fijoroana ho vavolombelona anefa dia niaiky tamim-pitomaniana io zazavavy io hoe: "Tsy te hody aho. Ahoana no ahafahako manana mandrakariva ny fahatsapana ananako amin'izao fotoana izao, dia ny Fanahy izany?" Nahita toerana masina iray izy.

Ny efitrano fandrian'i Joseph Smith koa dia toerana masina iray teo amin'ny fiainany. Mety ho sarotra inoana izany, satria, tahaka ny maro aminareo, dia nifampizara ny efitrano fandriany amin'ireo iray tampo aminy izy. Lasa toerana masina izany rehefa nivavaka tamim-pinoana sy tamim-panetrentena ary tamin'ny filana lehibe izy. Nanazava izy hoe: "Rehefa namonjy ny fandriako aho nony alina, dia rafitra nivavaka sy nitalaho tamin'Andriamanitra Tsitoha ho famelana ny fahotako sy ny hadalako rehetra."<sup>4</sup> Tsy mora ireo taona telo nolalovan'i Joseph taorian'ilay fahitany tao amin'ilay Ala kely Masina. Niaritra fandraboriana tsy misy farany i Joseph tamin'ny faha fito ambin'ny folo taonany, nihomehezana izy, ary nampijaliana. Saingy tamin'io alina io tao amin'ny efitrano fandriany, dia niseho ny anjely Môrônia ho valin'ny fitalahoany. Naharay fahalalana sy fampiononana i Joseph. Tamin'io alina io dia lasa toerana masina ny efitrano fandrian'i Joseph.

Raha nijery ny Message Mormon ho an'ny Tanora aho dia nahita efitrano fandriana iray hafa izay lasa toerana masina. Mampiseho an'i Ingrid Delgado, zatovovavy avy any El Salvador, mizara ny fahatsapany momba ny tempoly ilay horonan-tsarimihetsika. Hoy izy hoe: "Tsara ny mahafantatra fa manana toerana izay ahafahantsika miala amin'ny zavatr'izao tontolo izao ary mandray ireo ôrdônansy masina sy manampy ireo izay tsy afaka nandray izany nandritra ity fiainana ity isika." Teo am-pitenenana dia naneho an'i Ingrid mamaky ny soratra masiny ilay horonan-tsarimihetsika, voahodidin'ireo Mormonade maro, teny notsongaina, boky Mon Progrès Personnel, sarin'ny fianakaviany sy ny tempoly, eny fa hatramin'ny kilalao tiany indrindra koa.<sup>5</sup> Angamba mety tsy ho tsapany fa nanorina ny toerana masina ho azy izy izay lavitra ireo zavatr'izao tontolo izao. Manontany tena aho hoe impiry no namaky ny soratra masina i Ingrid, impiry izy no nahatsapa ny Fanahy sy nahazo valim-bavaka tao amin'io toerana masina izay azy io.

Misy ihany koa anefa toerana iray tsy ampoizina ho toerana masina teo amin'ny fiainan'i Joseph Smith dia ny Fonjan'i Liberty izany. Hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: "Tsy nisy fotoana hafa mavesatra kokoa noho ity fampidirana am-ponja tsy misy antra sy tsy ara-dalàna ary tsy rariny ity teo amin'ny fiainan'i Joseph." Notohizan'ny Loholona Holland ny fanazavany fa ny Fonjan'i Liberty dia nantsoina hoe "fonja tempoly" noho ny traikefa masina nananan'ny Mpaminany Joseph Smith tao.<sup>6</sup>

Mety miaina ao anatin'ny Fonjan'i Liberty anareo manokana ny sasany aminareo zatovovavy, toerana iray izay iatrehanareo fanambaniana, toerana izay tsy ahatsapanareo fitiavana feno hatsaram-panahy, toerana izay hane-soana anareo, hampijaliana anareo, na hikasihan-tanana anareo mihitsy aza. Atolotro ho anareo zatovovavy ny tenin'ny Loholona Holland manao hoe: "Afaka miaina toe-javatra masina, mifono fanambarana ary tena mitondra fampianarana ianareo miaraka amin'ny Tompo *ao anatin'ny*

*toe-javatra faran'izay mampalahelo indrindra eo amin'ny fiainanareo . . .*, rehefa miaritra ny tsy rariny faran'izay maharary, rehefa miatrika ny sedra faran'izay sarotra resena mihoatra noho izay efa natrehanareo."<sup>7</sup> Izany hoe, tahaka ny Mpaminany Joseph Smith, *ianao* koa dia afaka manorina sy mitsangana ao amin'ny toerana masina, na dia mandritra ireo fotoana faran'izay sarotra indrindra nolalovanareo hatramin'izay aza.

Nisy zatovovavy iray antsoina hoe Kirsten nitantara tamiko ny iray amin'ireo zavatra niainany naharary indrindra. Fonjan'i Liberty ho azy ny lisea. Soa ihany fa—nanome fitoniana ho azy ilay efitrano famerenan'ireo mpitendry mozika. Hoy izy hoe: "Rehefa niditra tao amin'io efitrano io aho, dia toy ny niditra tao amin'ny toerana azo antoka. Tsy nisy fanambanibambiana tao na teny manaraby, tsy nisy teny ratsy tao. Ny heno tao kosa dia teny feno famporisihana sy fitiavana. Nifaneho hatsaram-panahy izahay. Toerana feno fifaliana izany. Feno ny Fanahy ilay efitrano fanaovanay famerenana rehefa nitendry mozika tao izahay. Ny antony lehibe indrindra nahatonga ilay efitrano ho toy izany dia noho ilay mpampianatra mozika anay. Lehilahy Kristianina mahafatrapo izy. Rehefa manao jery todika aho dia mahita fa toerana namolavola ahy ara-panahy io lisea io. Tena sarotra izany, kanefa nianatra niatrika olana tamim-pahasahiana aho. Ho feno fankasitrahana lalandava aho noho ny fialofako, ny toerako masina, ilay efitrano fanaovanay famerenana."<sup>8</sup>

Izao takariva izao, moa ve ianareo nieritreritra mikasika ny toerana masinareo? Nanasa zatovovavy anjatony maro aho hizara tamiko ny "toerana masin[izy ireo]." Na toerana any amin'ny faritra samihafa izy ireo na toe-javatra niseho teo amin'ny fiainana, dia samy manana ny hasiny ary tena manana fahafahana mitondra hery mahagaga. Ireto misy valinteny mampihetsi-po sivy nomen'izy ireo:

- Voalohany: "Tany amin'ny hôpitaly aho, nitrotro ny zandriko lahy vao teraka."

- Faharoa: “Isaky ny mamaky ny tsodranon’ny Patriarika aho dia tsapako hoe fantatry ny Raiko any an-danitra aho ary tiany.”
- Fahatelo: “Nanaingo ny varavarako tamin’ny sary fo vita tamin’ny taratasy ny zatovovavy tao amin’ny paroasy tamin’ny andro nahafeno 12 taona ahy.<sup>9</sup> Nahatsapa ho tiana, noraisina tsara, ary faly aho!”
- Fahafatra: “Rehefa namaky ny soratra masina aho indray andro, dia nisy fehezanteny iray nisongadina. Nahita ny valin’ny vavaka nataoko aho.”
- Fahadimy: “Namonjy fety aho izay sady nisotro toaka ny olona no nandray anjara tamin’ny fialamboly mamohetrana hafa. Nasain’ny Fanahy niverin-dalana sy nody aho. Nataoko izany, ary tena nisy vokany teo amin’ny fifandraisako tamin’ny hafa. Na izany aza dia nanome ahy ilay fahatokiana nilaiko izay fotoana izay mba hahafantarana fa afaka miaina ny filazantsara aho.”
- Fahaeina: “Nandritra ny fivorian’ny fanasan’ny Tompo dia nieritritra momba ny Sorompanavotana aho. Fantatro fa tokony hamela ny heloky ny olona izay nahatezitra ahy aho. Ny safidiko hamela ny helony dia fihetsika tsara izay afaka hitondra ny Sorompanavotana ao amin’ny fiainako andavanandro.”
- Fahafito: “Rehefa avy nanatrika ny “Reentrée des Jeunes Filles” niaraka tamin’ny reniko aho, dia nanoroka ahy teo amin’ny takolako izy, ary nilaza tamiko fa tiany aho. Izay no fotoana voalohany nahatsiarovako hoe nanao izany izy.”
- Fahavalo: “Tamin’ny fanomezantoky nataon’ny evekako dia fantatro fa marina ilay fampanantenana nomena ao amin’ny soratra masina manao hoe: ‘Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny orampanala.’<sup>10</sup> Nahatsapa fanantenana aho ary fantatro fa afaka nanomboka ny dingana lavan’ny fibebahako aho.”
- Farany: “Indray hariva, dia nanganiko ny herim-poko rehetra mba hahasahiako mizara ny fahatsapakomikasika ny filazantsara sy ny

Bokin’i Môrmôna amin’ny namako akaiky ahy indrindra. Taty aoriana, dia tombontsoa ho ahy ny nanatrika ny batisany. Amin’izao dia miaraka mankany am-piangonana izahay.”

Afaka mizara aminareo ny iray amin’ireo toerako masiko ve aho? Indray andro dia nahatsapa ho sahiran-tsaina, sarotahotra ary irery tanteraka aho. Nivavaka mangina aho hoe: “Ry Ray any an-danitra, tsy fantatro hoe ahoana no hiatrehana izao zavatra izao. Mba ampio aho raha sitrakao!” Vetivety foana taorian’izay dia nisy olona tsy nampozina nanatona, nametraka tanana teo an-tsoroko, ary nanao vavaka tamin-kitsimpo sy feno teny fankaherezana. Tamin’izay fotoana izay dia nahatsapa fiadanana aho. Nahatsapa aho fa tsy navela ho irery. Niova ny zavatra rehetra. Tonga tao an-tsaiko ny tenin’ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: “Mahita antsika tokoa Andriamanitra, ary miahy antsika Izy. Saingy matetika amin’ny alalan’ny olona hafa no hanomezany ny zavatra ilaintsika.”<sup>11</sup> Ho ahy izany fotoana izany, izany toerana izany dia lasa toerana masina.

Ry zatovovavy malala, maro ireo toerana masina hafa izay mbola tiako hifampizarantsika. Rehefa mody any an-trano ianareo anio alina, dia mamporisika anareo aho mba hanoratra ao amin’ny diarinareo ireo toerana izay fantatrareo na tsaroanareo. Fantatro tsara fa an’arivony maro *aminareo* no mijoro eo amin’ny toerana masina. Mitondra fiarovana, tanjaka, ary fiadanana ao anatin’ny fotoan-tsarotra

ireo toerana ireo. Lasa matanjaka ny fijoroanareo ho vavolombelona satria mijoro amin’ny marina sy ny fahamarinana ianareo amin’ny fomba *mendri-piderana*.

Amiko dia ianareo, izay tanora mendri-kaja ato amin’ny Fiangonana, no maherifoko. Tiako ianareo. Tsapako ny fitiavana mahagagan’ny Ray any an-danitra ho anareo ary mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa marina ny filazantsaran’i Jesoa Kristy. Miandry izy, vonona ny hanampy anareo raha toa ianareo ka “[mitsanganana] . . . eo amin’ny toerana masina ary tsy hoesorina.” Tiako ary tohanako ny Filoha Thomas S. Monson, izay mpaminantsika marina sy manome famporisihana antsika. Izany dia ambarako amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 87:8; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 45:32; 101:22.
2. Ezra Taft Benson, “Prepare Yourself for the Great Day of the Lord,” *New Era*, Mey 1982, 50; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 115:6.
3. Merriam-Webster Online, “place,” [merriam-webster.com/dictionary/place](http://merriam-webster.com/dictionary/place).
4. Joseph Smith—Tantara 1:29.
5. Jereo ny “Practice, Celebration, Dedication: Temple Blessings in El Salvador,” [lds.org/youth/video](http://lds.org/youth/video).
6. Jeffrey R. Holland, “Lessons from Liberty Jail,” *Ensign*, Sept. 2009, 26, 28.
7. Jeffrey R. Holland, “Lessons from Liberty Jail,” 28.
8. Resadresaka manokana natao tamin’ny mpanoratra.
9. Indraindray dia antsoina hoe: “heart attack” any Etazonia.
10. Isaia 1:18.
11. Spencer W. Kimball, “The Abundant Life,” *Ensign*, Joly 1978, 4; *Tambuli*, Jona 1979, 3.



San Salvador, El Salvador



**Nataon'i Mary N. Cook**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatoovavy Maneran-tany

# Mamonjy taranaka maro ianao rehefa mamonjy zazavavy iray

*Ny fiainanareo am-pahamarinan-toetra dia hitahy ny razambenareo, ny fianakavianareo ankehitriny, ary ireo olona ao amin'ny fianakavianareo izay mbola ho avy.*

Voninahitra lehibe ho ahy ny miresaka amin'ny zatovovavy marifon'ny Fiangonana. Hitanay ny fanajanareo ny fanekempihavanana nataonareo eo am-pandrosoanareo ao amin'ny fiainanareo, ary mahafantatra izahay fa ny fiainanareo am-pahamarinan-toetra dia hitahy ny razambenareo, ny fianakavianareo ankehitriny, ary ireo olona ao amin'ny fianakavianareo izay mbola ho avy, araka ny nambaran'ny Filoha Gordon B. Hinckley nanao hoe: “Mamonjy taranaka maro ianao rehefa mamonjy zazavavy iray.”<sup>1</sup>

Nanomboka tamin'ny fotoana nahavitan'ny batisanareo sy nandraisanareo ny fanomezana ny Fanahy Masina ny lalan'ny fanekempihavananareo. Mitohy isan-kerinandro ao amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo izany, toerana masina iray izay hanavaozanareo ny fanekempihavananareo tamin'ny batisa. Ankehitriny ny fotoana hiomananareo hanao fanekempihavanan'ny tempoly. Ireo

“ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin'ny tempoly no mahatonga izany ho azo tanterahina ho [antsika] mba hiverenan[tsika] eo anatrehan'Andriamanitra sy ahafahan'ny fianakavian[tsika] ho iray mandrakizay.”<sup>2</sup>

Mitoera amin'ny toerana masina ho an'ireo razambenareo. “Ny olombelona rehetra izay tonga eto amin'ity tany eto ity dia vokatry ny taranaky ny ray aman-dreny maro. Manana faniriana ara-boajanahary ny hifandray amin'ny razambentsika isika.”<sup>3</sup> Mampifandray akaiky ny fiainanareo amin'ny fiainan'ireo razambenareo ianareo rehefa mandray anjara amin'ny tantaram-pianakaviana sy ny asan'ny tempoly amin'ny fanatanterahana ireo ôrdônansin'ny famonjena ho azy ireo.

Mitoera amin'ny toerana masina ho an'ny tenanareo sy ny ankehonanareo. Ho loharanom-pifaliana lehibe ny ohatra marina izay asehonareo na inona trangan-javatra eo amin'ny

fianakavianareo. Hahamendrika anareo hanatanteraka sy hanaja fanekempihavanana masina izay hamatotra ny fianakavianareo hiaraka mandrakizay ireo safidy marina ataonareo.

Mitoera amin'ny toerana masina ho an'ny fianakavianareo ho avy. Manolotra tena ny hofehazina amin'ny vadinareo amin'ny alalan'ny fisoronana masina any amin'ny tempoly rehefa hanomboka vondrom-pianakaviana mandrakizay iray ianareo. Hotahiana amin'ny fahamarinana ny zanakareo rehefa mandray ny ohatra feno fahamarinan-toetra sy ny fijoroana ho vavolombelona tsy voahozongozona anananareo amin'ny fiainan'izy ireo ianareo ary mampiseho azy ireo ny lalana mankany amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

Hitako naseho tany amin'ny Fifaninanana ara-javakanto Eran-tany ho an'ny Tanora vao tsy ela akory izay ireto fitsipika mandrakizay ireto. Namorona sary iray i Megan Warner Taylor, izay maneho fomba fijery maoderina ny fanoharan'i Kristy ny amin'ireo virijiny folo.<sup>4</sup> Nihaona tamin'i Megan aho, ary nazavainy ny dikan'ilay virijiny fahafolo, izay nofariparitany ho zatovovavy iray marin-toetra sy manam-pinoana, vonona ny hanatanteraka sy hanaja ireo fanekempihavanana masin'ny tempoly. Tahaka ireo virijiny hendry rehetra, ny fiomanany manokana dia tonga raha nampiany solika, indray mitete tsikelikely, ny fanalany, tamin'ny alalan'ny fiainana am-pahitsiana tsy tapaka. Tsikaritro ny randrana tsara tarehy teo amin'ny volony. Nanazava i Megan fa izany randrana izany dia maneho ny rariny fiainana feno fahamarinan-toetra an'ity zatovovavy ity mankany amin'ny taranaka tsy voatanisa. Naneho ny rariny fitiavany sy fanajany ny razambeny ny fehim-bolo voalohany, rariny ohatra am-pahamarinana eo amin'ny fianakaviany ankehitriny ny faharoa, ary ny fehim-bolo fahatelo dia rariny fiainany voamana ho amin'ny fiainan'ireo taranaka ho avy.

Nihaona tamin'ny tovovavy iray hafa aho izay nandray fiainana feno





**Queen Creek, Arizona, Etazonia**

fahamarinana nankany amin'ny taranaka maro tamin'ny fiomanany ara-panahy aloha be.

Tamin'ny takarivan'ny Septambra mahafinaritra iray, dia tao amin'ny tempoly izahay sy vadiko, niandry fahafahana handray anjara tamin'ny ôrdônansin'ny tempoly. Niditra ny efitrano i Chris, namanay iray. Tena nahafinaritra ny nahita ity tovolahy ity, izay vao niverina avy nanao asa fitoriana tany Rosia.

Raha kely sisa dia hanomboka ny fivoriana, dia nisy tovovavy mahafatifaty iray nipetraka teo akaikiko. Namirapiratra izy, nitsikitsiky, ary feno hazavana. Te hahafantatra azy aho ka nampahafantatra taminy ny tenako moramora. Nibitsibitsika ny fanampin'any izy hoe Kate, ary tadidiko ny anaran'ny fianakaviany izay fianakaviana iray nipetraka tany Michigan, toerana izay nipetrahan'ny fianakaviako taloha. Efa lehibe i Kate izay zanak'izy ireo vavy, ary vao niverina avy nanao asa fitoriana tany Alemana dimy herinandro talohan'io.

Nandritra ny fivoriana dia niverimberina tao an-tsaiko ny hoe: “Ampahafantaro an'i Chris i Kate.” Najanoko tany izany eritreritra izany nanao hoe: “Rahoviana, aiza, ahoana?” Raha niomana ny handeha iny izahay dia nanatona mba hanao veloma i Chris ka nararaotiko izany. Nosintoniko i Kate ka hoy aho nibitsibitsika hoe: “Olona marin-toetra roa mila mifankafantatra ianareo.” Afa-po aho nivoaka ny tempoly fa nanatanteraka ny bitsika tao amiko.

Niresaka ireo fitadidianay ny fise-drana izay nitranga tamin'ny fianakavian'i Kate izaho sy ny vadiko teny an-dalam-podiana. Fantatro bebe kokoa i Kate nanomboka tamin'izay, ary nanampy ahy izy hahatakatra ny anton'ny endrika feno hafaliana tsikariko tamin'iny andro tao amin'ny tempoly.

Niezaka hatrany ny hijanona amin'ny lalan'ny fanekempihavanany i Kate tamin'ny alalan'ny fikatsahana toerana masina. Nobeazina tao amin'ny tokantrano izay tonga

toerana masina noho ny fanaovana takarivan'ny mpianakavy, vavaka miaraka, sy fandalinana ny sora-tratra masina izy. Nianatra momba ny tempoly izy tamin'ny fahazazany, ary ilay hira “Oh j'aime voir le temple” no anisan'ny ankafizina indrindra amin'ny takarivan'ny mpianakavy.<sup>5</sup> Fony zazavavy kely izy dia nijery ireo ray aman-dreniny naneho ohatra amin'ny fikatsahana toerana masina rehefa nandeha tany amin'ny tempoly izy ireo tamin'ny takariva faran'ny herinandro raha tokony nijery sarimihetsika na nivoaka nisakafo.

Tena tiany ny rainy, ary nampiasa ny fahefan'ny fisoronany izy hanampiana azy tamin'ny fanatanterahana ny fanekempihavanan'ny batisany voalohany. Avy eo nametrahan-tànana izy ary nandray ny Fanahy Masina. Hoy i Kate hoe: “Tena tsindrin-daona aho handray ny Fanahy Masina, ary fantatro fa hanampy ahy hijanona amin'ny lâlana mankany amin'ny fiainana mandrakizay izany.”

Nitohy tamin'ny fomba feno fitahiana sy fahasambarana ny fiainan'i Kate. Nanomboka ny ambaratonga faharoa izy tamin'izy 14 taona ary nankamamy ny seminera, toerana masina iray hafa hianarana momba ny filazantsara. Nanomboka niresaka momba ny fisedrana ny mpampianatra azy indray andro ary nampanantena fa tsy maintsy hiatrika izany isika rehetra. Hoy izy tamin'ny tenany hoe: "Tsy te hisehoan'ny fisedrana aho; tsy te hihaino izany aho."

Herinandro vitsivitsy taorian'izay dia narary mafy ny rainy teo ampifohazana indray Alahadin'ny Paska. Hoy i Kate hoe: "Tena olona salama be ny raiko; mpihazakazaka izy. Niahiahy tamin'ny aretin'ny raiko ny reniko ka nitondra azy tany amin'ny hôpitaly. Niharan'ny fahatapanan'ny lalan-drà henjana tokoa izay nampalemby efa ho ny vatany iray manontolo izy 36 ora taty aoriana. Afaka nipi-maso izy, kanefa tsy afa-nihetsika intsony ny vatany sisa. Tadidiko aho nahita azy ka nieritritra hoe: "Andray, tonga ity ilay izy. Marina ny voalazan'ilay mpampianatra seminerako. Mandalo fisedrana aho izao." Nodimandry ny rain'i Kate andro vitsivitsy taty aoriana.

Hoy Kate nanohy izany: "Sarotra izany. Tsy te hamoy ilay maherifo eo amin'ny fiainanao ianao. Fantatro fa afaka nanao izany toe-javatra izany ho toy ny fahafahana hivoatra aho na hanao izany ho toy ny sakana. Tsy tiako handrava ny fiainako anefa izany satria vao 14 taona monja aho. Niezaka ny ho akaikin'ny Tompo araka izay tratrako aho. Namaky im-betsaka ny soratra masina aho. Nankahery ahy ny Almà toko faha 40 izay milaza fa tena misy ny fitsangana amin'ny maty ary afaka hiaraka amin'ny raiko indray aho amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy. Nivavaka im-betsaka aho. Nanoratra araka izay vitako tao anatin'ny diariko aho. Nanamafy orina ny fijoroako ho vavolombelona ny fanoratana izany. Nandeha tany am-piangonana sy tany amin'ny Zatovovavy aho isan-kerinandro. Naka namana tsara aho. Nanampy hatrany ireo havana aho,

indrindra ny reniko, izay loharanonkery ho an'ny fianakavianay. Nikatsaka ireo fitahiana avy amin'ny fisoronana tamin'ny raibeko sy ireo mpihazona fisoronana hafa aho."

Ireny safidy nitohitohy ireny, tahaka ny an'ireo virijiny hendry, dia nanampy ny solika tao amin'ny fanalan'i Kate. Ny faniriany hiaraka amin'ny rainy indray no nandrisika azy. Fantatr'i Kate fa hain'ny rainy tsara ny safidiny ary tsy te handiso fanantenana azy izy. Te hanana fifandraisana mandrakizay miaraka aminy izy, ary takany fa hihazona ny fiainany ho voarary mafy amin'ny an'ny rainy ny fijanonany eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

Tsy nijanona teo anefa ny fisedrana. Rehefa nametraka ny taratasy fangatahany hirotsaka ho misiônnera i Kate tamin'ny faha 21 taonany, dia fantatra fa voan'ny homamiadana ny reniny. Nila nandray fanapahan-kevitra lehibe teo amin'ny fiainany i Kate. Hijanona ve izy ka hanampy ny reniny sa handeha hanao ny asa fitoriana? Nahazo tsodrano avy amin'ny fisoronana ny reniny izay nampanantena fa handresy ilay aretina izy. Nandroso tamimpinoana i Kate rehefa naheno izany tsodrano izany ka nanohy ny drafiny hanao asa fitoriana.

Hoy i Kate nanao hoe: "Nanao dingana tao anatin'ny haizina aho, kanefa raha mbola tany am-panaovana asa fitoriana aho dia nisinda ilay haizina rehefa nahazo vaovao avy tamin'ny reniko aho fa tanteraka ilay tsodranony. Tena faly be aho fa tsy nane-motra ny fanompoako ny Tompo. Eritretetiko fa mora ny tsy mivoatra sy tsy te handroso rehefa tonga ireo zava-tsarotra, kanefa raha mametraka ny Tompo lohalaharana ianao dia mitondra any amin'ny fitahiana mahafinaritra ireo fisedrana. Afaka mahita ny Tànany ianao ary manatri-maso fahagagana." Niaina mivantana ny tenin'ny Thomas S. Monson i Kate, izay nanao hoe: "Ao anatin'ireo fotoan'ny fahasarotana lehibe indrindra no ananantsika fahafahana hanao zava-tsoa manandanja indrindra."<sup>6</sup>

Nanana ity karazana finoana ity i Kate satria takany ny drafitry

ny famonjena. Fantany fa niaina isika taloha, fa ny tany dia fotoampitsapana, ary hiaina indray isika. Nanana finoana izy fa ho voatahy ny reniny, kanefa noho ny zavatra niainany tamin'ny rainy dia fantany fa raha tokony hodimandry ny reniny dia tsy ho nampaninona izany. Hoy izy: "Somary kivy aho tamin'ny nahafatesan'ny raiko ary nanefy ny maha izy ahy anefa izany ary raha toa ka maty ny reniko dia ho toy izany ihany ny zavatra hiseho. Ho nandrary fijoroana ho vavolombelona lehibe kokoa teo amin'ny fiainako izany."<sup>7</sup>

Nikatsaka toerana masina i Kate tamin'iny alina nihaonako taminy tao amin'ny tempoly iny. Nanaraka ny lamina napetrak'ireo ray aman-dreniny ny amin'ny fanatrehana matetika ny tempoly izy noho ny faniriany handrany mafy ireo fifandraisany mandrakizay amin'ny alalan'ny fanompoana any amin'ny tempoly.

Tsy dia nisy zava-nitranga maro tamin'iny alina nampahafantarako an'i Kate tamin'i Chris iny, kanefa tamin'ny fikatsahana toerana masina iray hafa ny Alahady taorian'izany dia nahita an'i Chris teo anivon'ny tanora token-tena an-jatony, nandritra ny Fivoriana Fampaherezam-panahin'ny Institiota, i Kate. Nanasa azy hijery fihaonamben'ny Fiangonana niaraka taminy i Chris herinandro vitsivitsy taty aoriana. Nanohy nikatsaka ireo toerana izay manasa ny Fanahy izy ireo nandritra ny fotoana nisakaizany ary taty aoriana vita famehezana tany amin'ny tempoly, ilay toerana masina nifankahafantaran'izy ireo. Samy manatanteraka ny andraikiny masina amin'ny maha ray aman-dreny izy roa ankehitriny, mandrany ny fijoroana ho vavolombelon'izy ireo momba ny drafitry ny famonjena amin'ny fiainan'ireo zanakalahy telo kelin'izy ireo, mampiseho azy ireo ny lalana mankany amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

"Mamonjy taranaka maro ianao rehefa mamonjy zazavavy iray." Ny fanapahan-kevitr'i Kate, tamin'izy 14 taona, hijanona amin'ilay lalana, dia nanampy solika hatrany tao amin'ny fanalany, ary *namonjy sy hamonjy*

taranaka maro ny fijanonana amin'ny toerana masina. Ny fikarohana ireo razambeny sy ny fanompoana ao amin'ny tempoly dia nandrany ny fony tamin'ny fon'izy ireo. Handrany miaraka ny fonareo tahaka izany ihany koa ny fandraisana anjara amin'ny tantaram-pianakaviana sy hanome tombontsoa ho an'ny razambenareo hahazo fiainana mandrakizay.

Hanampy solika ao amin'ny fanalanareo ihany koa ny fiainana ny filazantsara ao an-tokantranonareo sy handrany tanjaka ara-panahy ao amin'ny tokantranonareo ankehitriny ary hitahy ny fianakavianareo ho avy amin'ny fomba maro tsy voatanisa izany. Ary koa, araka ny nambaran'ny Loholona Robert D. Hales hoe: "Raha toa ka ratsy ny ohatra noraisintsika tamin'ny ray aman-drenintsika dia adidintsika ny manatsahatra izany. . . sy mampianatra fombafomba marina ho an'ny taranaka mandimby."<sup>8</sup>

Manapaha hevitra anio ny hanao izay rehetra vitanao hamenoana ny fanalanao, ary mba ho voarary amin'ny fiainan'ny taranaka marobe, efa lasa, ankehitriny, sy ho avy ny fijoroana ho vavolombelona sy ohatra matanjaka anananao. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fiainanao feno fahamarinan-toetra dia tsy hamonjy taranaka maro fotsiny ihany, fa kosa hamonjy ny fiaina *nao* mandrakizay, fa izay no lalana tokana hiverenana any amin'ny Raintsika any an-danitra sy ahitana fifaliana marina ankehitriny sy mandrakizay. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Gordon B. Hinckley, "Standing Strong and Immovable," *Worldwide Leadership Training Meeting*, 10 Jan. 2004, 20; jereo ihany koa ny Gordon B. Hinckley, "Our Responsibility to Our Young Women," *Ensign*, Sept. 1988, 10.
2. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao," *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
3. Russell M. Nelson, "Taranaka Mifandray amin'ny alalan'ny Fitiavana," *Liahona*, Mey 2010, 92.
4. Jereo ny Matio 25:1-13.
5. Jereo ny "Oh j'aime voir le temple," *Chants pour les enfants*, 95.
6. Thomas S. Monson, "Meeting Your Goliath," *New Era*, Jona 2008, 7.
7. Tafatafa manokana tamin'ny mpanoratra, 2013.
8. Robert D. Hales, "How Will Our Children Remember Us?" *Ensign*, Nôv. 1993, 10.



**Nataon'i Elaine S. Dalton**

Filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany

## Aza Miala!

*Miorena mafy. Aoka ianareo tsy ho azo hozongozonina. "Mijoroa amin'ny fahamarinana." Mijoroa ho toy ny vavolombelona. Aoka ianareo ho fanevan'izao tontolo izao. Mitsangàna amin'ny toerana masina.*

**M**ijoro eto amin'ny toerana masina aho androany hariva raha mijoro eto amin'ity polpitra ity eo anatrehan'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara ary ireo zanakavavin'Andriamanitra mendri-kaja izay tiako ity. Fotoana tena tsara hahaton-gavana eto an-tany izao ary fotoana tena tsara amin'ny maha-zatovovavy. Zanakavavin'ny Raintsika any an-danitra nofinidy ianareo. Manantena aho fa takatrareo ny maha izy anareo ary akory ny fitiavan'ny Raintsika any an-danitra anareo. Tia anareo tsirairay izy, ary toy izany koa aho.

Izaho dia manana sary sokitra ala-tahaka vita amin'ny halimo izay

mampiseho zatovovavy iray antsoina hoe Kristina. Ilay sary sokitra any ifotony izay tena mitovy habe amin'i Kristina dia mitsangana eo amin'ny fefilohan-tseranana iray any Copenhagen, Danemark, ary napetraka teo izy mba hijereny ny ranomasina mankany Ziona. Tsy mora ny fanapahan-keviny ho lasa mpikamban'ny Fiangonana sy handao ny fonenany ary hitanareo fa ilay rivotra manohitra dia mifofofofy mafy mankany aminy. Nijoro ho mafy orina izy teo am-panaovana zavatra tena sarotra iray izay fantany anefa fa marina. Napetrak'ireo taranany teo amin'io fefilohan-tseranana izany sary sokitra izany ho mari-panajana an'i Kristina satria ilay fanapahan-keviny tamin'izay andro izay dia nisy lanjany mandrakizay ho an'ireo taranaka maro.

Maneho anareo tsirairay io sary sokitr'i Kristina io ho ahy. Ianareo dia miatrika fanapahan-kevitra manandanja maro toa an'i Kristina sy manao safidy isan'andro izay sarotra ny sasany, ary tsy hoe hamaritra fotsiny ny hoavinareo fa ny hoavin'ny taranaka maro koa. Ianareo koa dia miatrika ireo rivotra mahery vaikan'ny fanoherana, ny fitsapana, ny fanerena ataon'ny mitovy taona amin'ny tena



ary ny fahalotoana ara-pitondrantena. Kanefa mbola mijoro tsy voahozongozona ianareo ary miaina ny filazantsara eo anatrehan'ireo fitsapana tsy tapaka ao anatin'ny fiarahamonintsika. Tarihin'ny Fanahy Masina toa an'i Kristina ianareo. Mandray fanapahan-kevitra tsara ianareo. Mahatoky sy mendri-kaja ianareo.

Izaho dia tsy afaka mieritreritra torohevitra manan-danja kokoa avy amin'ny Ray any an-danitra be fitiavana iray noho ilay fangatahany antsika tsirairay mba "hitsangana . . . eo amin'ny toerana masina, ary tsy hoesorina."<sup>1</sup> Hoy Izy hoe: Mio-rena mafy. Aoka ianareo tsy ho azo hozongozonina.<sup>2</sup> "Mijoroa amin'ny fahamarinana."<sup>3</sup> Mijoroa ho toy ny vavolombelona.<sup>4</sup> Aoka ianareo ho fanevan'izao tontolo izao. Mitsangàna amin'ny toerana masina. Noho izany dia zavatra tsotra iray no hafatro ho anareo tsirairay:—"Aza miala."

*Voalohany, aza miala amin'ny fisafidianana ny tsara.* Tsy misy fanapahan-kevitra kely ao anatin'izao andro farany izao. Tena manan-danja lehibe ny safidy ataonareo amin'izao fotoana izao. Ny fahafahana misafidy

no fanomezana lehibe indrindra nomen'Andriamanitra ny zanany. Tafiditra ao anatin'ilay drafitry ny fahasambarana izay nosafidiansika sy ianao ary narovantsika sy ianao izany tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Manàna fiainana izay ahafahana mihaino sy maheno ny Fanahy Masina ary dia hanampy anareo handray fanapahan-kevitra tsara izy. Raha ny marina dia hilaza aminareo "ny zava-drehetra tokony hataonareo" Izy."<sup>5</sup>

Herinandro maromaro lasa izay dia izay indray aho vao nandeha niverina tany amin'ny lisea nianarako taloha tao anatin'ny taona maro. Nanatrika fihao-namben'ny tsatòka izay notanterahana tao amin'ny efitranoben'ny sekoly aho. Rehefa nidina niditra ny lalan-tsara aho dia nisy fahatsiarovana maro nanomboka nirotsaka tato an-tsaiko. Nitovy tsara ny zavatra tsapako tamin'izay sy ny zavatra tsapako rehefa handeha hianatra tao fony zatovovavy aho—nitebiteby, tsy natoky ny tena, sarkenatra ary tena naniry ny hahay hiray tanteraka amin'ny hafa. Niditra ilay efitranobe aho. Nisy fahatsiarovan-javatra maro indray nirotsaka tao an-tsaiko. Fantatro tsara ny antsipirian-javatra

rehetra tao amin'io efitranobe io. Ny hany niova dia—izaho.

Tamin'io andro io aho dia nanana fahafahana nijoro teny an-dampihazo toy ny nataoko im-betsaka tao amin'ny lisea tamin'ny naha solontenan'ny mpianatra ahy. Hitako tao anatin'ny mpanatrika tao aza ny sasany tamin'ireo mpiara-mianatra amiko taloha—ny sasany tamin'ireo olona niarahako! Saingy tamin'ity fotoana ity dia tsy nitarika fivoriana aho fa nanana fahafahana—tao amin'io efitranoben'ny liseako io—"hijoro ho vavolombelona"<sup>6</sup> sy hizara ny fijoroako ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy Mpamonjy.

Ry zatovovavy aoka ny fifandraisana amin'ny hafa ho toy ny tamin'ny 40 taona lasa toy izany ary tsy miova hatramin'izao, dia tsy ho menatra ianareo. Tsy mendrika ny hanaovana marimaritra iraisana ny fanerena mafy ataon'ny tanora mitovy taona amin'ny tena, na ny fahafahana miditra amin'ny vondrona iray, na ny fahazoana laza. Ny fitarihana amin'ny tsara asehona-areo amin'ny zatovolahy dia hanampy azy ireo hitoetra ho mendrika ny hanana ny herin'ny fisoronany sy hanao fanekempihavanana any amin'ny tempoly ary hanao asa fitoriana. Ary iza no mahalala? Rehefa efapolo taona any aoriana any dia mety hisy iray amin'izy ireo hanatona anao mihitsy ao amin'ilay efitranoben'ny liseanao ary hisaotra anao noho ny fanampiana azy hitoetra ho mendrika mba hanatanterahany ny andraikiny ao amin'ny fisoronana mba hanaovany asa fitoriana amim-pahamendrehana. Ary iza no mahafantatra? Mety hahazo taratasy iray avy amin'ny iray amin'ny vadin'ireo zatovolahy ireo ianao, izay misaotra *anao* izy noho ny fitarihana amin'ny tsara nentinao teo amin'ny vadiny sy ny fianakaviana ho aorin'izy ireo tamin'ny fotoana nianaranao tany amin'ny lisea. Tena manan-danja ny safidy ataonareo. Tsy hoe hisy fiantraikany aminareo fotsiny ihany ny safidy ataonareo fa hisy fiantraikany amin'ny hafa koa. Manan-danja mandrakizay izy ireo. Aza miala!

*Faharoa, aza miala amin'ny fanirianareo sy fanoloran-tenanareo*



*hitoetra ho tsara toetra sy hadio ara-pitondrantena.* Kolokoloy ny hatsaran-toetra. Ny fahadiovanareo manokana no iray amin'ireo loharanon-kery lehibe indrindra. Rehefa tonga teto antany ianareo dia nomena ny fanomezana sarobidin'ny vatana. Fehezin'ny sainao ny vatanao ary fanomezana masina izay entina hampiharana ny fahafahana misafidy izany. Fanomezana tsy azon'i Satana izany. Ary noho izany dia saika afantony any amin'ny vatanao daholo ny fanafihany rehetra. Tiany ianao hanambany sy hanimba ary hanararaotra ny vatanao. Ny tsy fahamaotinanana, ny pôrnôgrafia, ny fahavetavetana, ny tombokavatsa sy ny tevika, ny fidrohana zavamahadomelina ary ny fiankinan-doha amin'ny karazan-javatra maro no ezaka lehibe atao mba hakana io fanomezana sarobidy io ary hanakanana anao tsy hampihatra ny fahafahanao misafidy. Nanontany i Paoly hoe, "Tsy fantatrarao va fa tempolin'Andriamanitra hianareo, ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao anatinareo?"<sup>7</sup>

Tempoly ny vatanao. Nahoana? Satria tsy hoe manana hery hampitoetra ao aminy ny fanahinao mandrakizay fotsiny izany fa ireo fanahy mandrakizain'ny hafa koa izay ho tafiditra ao anatin'ny fianakavianao mandrakizay. Nampianatra ny Loholona Dallin H. Oaks hoe: "Ny hery hanamboarana aina iray dia hery tena ambony."<sup>8</sup> Asa tena ambony ilay asa nomena anareo. Nomen'Andriamanitra fitokisana masina ianareo! Miomana ny ho renin'ireo taranaka ho avy ianareo atsy ho atsy. Aoka ianareo ho madio sy mendrika, ary hiambina ilay zavatra izay "soa sy sarobidy indrindra ambonin'ny zava-drehetra"—ny fahadiovanareo sy ny hasinareo.<sup>9</sup> Ny torohevitra feno fahendrena omen'ny Ray any andanitra anareo zanakavavy nofinidiny manokana dia ny hoe "mandeha . . . amin'ny lalan'ny hatsaran-toetra."<sup>10</sup>

Tena zava-dehibe ho an'ny tempoly ny hatsaran-toetra. *Noho izany, fahatelo, aza miala amin'ny fahamendrehana hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina.* Ny fanekempihavanana nataonareo tamin'ny batisa dia hampijanona anareo



eo amin'ny lalan'ny hatsaran-toetra sy hanome fifaliana anareo rehefa manavao izany isan-kerinandro ianareo amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo. Rehefa mitandrina ny fanekempihavanana nataonareo tamin'ny batisa ianareo dia hiova ianareo, hiova ny fomba fiakanjona-ary ary tsy hitovy amin'ny an'izao tontolo izao ny fihetsikareo. Hanome fahafahana anareo mba hotarihan'ny Fanahy Masina ny fitandremana izany fanekempihavanana izany. Mitsangàna amin'ireo toerana masina, ary aza manakaiky tontolo na koa mozika, fampitam-baovao na ireo fikambanana izay mety hahatonga anao tsy hanana ny finamanan'ny Fanahy Masina.<sup>11</sup> Ary rehefa mitandrina ny fanekempihavananareo ianareo dia hijanona mendrika sy ho vonona ny hiditra ny tempoly masin'ny Tompo.

*Farany, aza miala amin'ilay fahalalanareo ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.* Ho anao sy ho ahy ny Sorompanavotana. Hery manome fahafahana manao zavatra sy manavotra izany. Raha toa ianareo ka mahatsapa ho tsy mendrika ny hitsangana eo amin'ny toerana masina dia aza lanjaina iray andro fanampiny intsony izany vesatra izany. Manao fahadisoana daholo isika rehetra eto antany. Matokia fa tena tia anareo ny Mpamonjy ka nataony izay ahafahanareo miova sy mibebaka raha manao fahadisoana ianareo. Tsy tian'i Satana ianareo hieritritra hoe afaka miova.<sup>12</sup> Hiezaka ny handresy lahatra anareo izy fa tsy misy fanantenana intsony. Lainga izany. Afaka miverina ianareo. Afaka mibebaka ianareo. Afaka ny ho madio sy

masina ianareo noho ilay Sorompanavotan'ny Mpamonjy tsy manam-petra.

Mamela ahy ianareo hamarana amin'ny alalan'ny iray amin'ireo tantaram-pitiavana tsara indrindra nontaraina hatramin'izay. Mety hanontany ianareo hoe: "Inona no idiran'ny tantaram-pitiavana amin'ny fitsanganana eo amin'ny toerana masina?" Tena misy idiran'ny fitsanganana eo amin'ny toerana masina tokoa izany. Tantaran'ny zatovovavy iray antsoina hoe Rebeka izy ity.<sup>13</sup>

Araka ity tantara ity dia nasain'i Abrahama nitady tovovavy mendrika ho vadin'i Isaka zanany lahy ny mpanompony. Tsy maintsy ho olona iray izay mendrika ny hanao fanekempihavanan'ny fanambadiana izy—tsara toetra sy madio ary mendrika. Noho izany dia nandefa ny mpanompony hanao dia lavitra sy nampidi-doza tany amin'ny toerana iray nantsoina hoe Harana izy. Ny antony nandehany tany dia mazava—mila mitady vehivavy masina ny lehilahy masina mba hitoetra eo anilan'izy ireo. Rehefa nanakaiky ilay tanànan'i Nahora ilay mpanompo dia nijanona teo amin'ny fantsakana iray izy mba hampisotro rano ny ramevany ary hivavaka mba ho voatarika any amin'ilay tovovavy mahafeno ny fepetra ary mba ho fantany fa izay manolo-tena ny haka rano ho azy sy ny ramevany 10 no izy. Efa nitaingina rameva aho izao ary ity no tena fantatro—misotro rano *be dia be* ny rameva!

Hitantsika ao amin'ny Genesisy fa tsy hoe nankeo amin'ny fantsakana fotsiny izy dia naka rano fa nanao izany "faingana,"<sup>14</sup> na hoe mailamailaka



**Brasília, Brésil**

nanatanteraka ilay asa. Dia nampanovan'ily mpanompo an'i Rebeka ireo fehin-tanana sy firavaka ary nanontany izy raha toa ka misy toerana azony ipetrahana ao amin'ny tranon-drainy. Azoko antoka fa nandaitra tokoa ny fanomezana ireo firavaka! Hoy ny soratra masina hoe: "Dia lasa nihazakazaka razazavavy ka nanambara araka izany teny izany tamin'ny tao an-tranon'ny reniny."<sup>15</sup> Tena mahery mihazakazaka mihitsy angamba i Rebeka!

Nolazain'ily mpanompo tamin'ny fianakavian'i Rebeka ny tanjon'ily dia lavitra nataony, dia nanaiky ny ho vadin'i Isaka i Rebeka. Naniry ny handeha hiaraka amin'i Rebeka ny ampitson'izany avy hatrany ilay mpanompo saingy niangavy azy ny fianakaviany mba hijanona hiaraka amin'izy ireo mandritra ny 10 andro aloha i Rebeka farafahakeliny. Avy eo dia nanontanian'izy ireo i Rebeka hoe inona no hataony dia tsotra ny valinteniny hoe "Handeha aho."<sup>16</sup> Moa ve tsy valinteny efa faheno izany ho an'ireo an'arivorivony izay namaly tamim-pahavononana hoe "handeha aho ary hanao"<sup>17</sup> rehefa nanambara ny mpaminanintsika, Thomas S. Monson fa ny zatovolahy sy ny zatovovavy ankehitriny dia afaka manana fahafahana

hanao asa fitoriana ao anatin'ny taona latsaka kely noho ny teo aloha?

Toy izao ny lesona tsara avy amin'izany tantara izany sy ny fiafarany: voamana ary mendrika mba hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina ary ho lasa vadin'i Isaka ao anatin'ny fanekempihavanana i Rebeka. Tsy nila niandry sy nanomantena izy. Talohan'ny nandaozany ny fianakaviany dia nomena tsodrano izy, ary nampihetsi-po ahy ny teny tao anatin'izany satria nampanantenaina izy fa ho lasa "renin'olona alinalina."<sup>18</sup> Saingy ny ampahany tena tsara ao anatin'ity tantaram-pitiavana ity dia ny fotoana nahitan'i Rebeka voalohany an'i Isaka sy ny fotoana nahitan'i Isaka voalohany an'i Rebeka. Tsy voalaza ao anatin'ny Baiboly izany saingy miteritritra aho fa tonga dia raiki-pitia izy ireo! Satria "ny hatsaran-toetra tia hatsaran-toetra; [ary] ny fahazavana miraikitra amin'ny fahazavana."<sup>19</sup> Rehefa nivoaka hitsena an-dry zareo nanao dia lavitra i Isaka dia "nidina faingana niala tamin'ny rameva[ny] [i Rebeka]."<sup>20</sup> Nilaza izany avy eo hoe, "Ary tia azy izy."<sup>21</sup> Eto aho vao misento!

Ho an'i Kristina sy Rebeka dia tsy mora ny fitsanganana teo amin'ny toerana masina. Tsy mora ny hoe

tsy miala. Nifofofoko mafy ny rivotra, navesatra ny rano avy ao amin'ny fansakana ary tena tsy mora ny nandao ny fonenany sy ny fiainany teo aloha izay nahazatra azy ireo. Saingy nanao safidy tsara izy ireo. Notarihan'ny Fanahy Masina izy ireo. Tsara toetra izy ireo, ary nanomana ny tenany mba hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina. Taranak'i Rebeka ny Mpamonjy. Moa ve fantany tamin'izany fa hitranga izany? Tsia! Moa ve manan-danja ny safidy ataonao ankehitriny? Eny!

Ry zatovovy, miankin-doha amin'ny safidy ataonareo, ny fahadiovanareo, ary ny fiainana mendrika anareo ny taranaka maro. Aza miala. Manana hoavy lehibe ianareo eo anoloanareo. Iza no fotoanareo! Tena mino aho fa afaka manova an'izao tontolo izao ny zatovovavy tsara toetra iray tarihin'ny Fanahy!

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona ny Mpamonjy! Hiaraka aminareo Izy. Hanome anareo fahafahana hanao zavatra Izy. Ary "hanodidina anareo ny anjeli[ny] mba hanohana anareo"<sup>22</sup> amin'ny fotoan-tsarotra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 87:8.
2. Jereo ny Môsîà 5:15.
3. Teny fanevan'ny Zatovovavy, ao amin'ny *Mon Progrès Personnel des Jeunes Filles* (boky kely 2009), 2.
4. Jereo ny Môsîà 18:9.
5. 2 Nefia 32:5.
6. Jereo ny Môsîà 18:9.
7. 1 Korintiana 3:16.
8. Dallin H. Oaks, "The Great Plan of Happiness," *Ensign*, Nôv. 1993, 74.
9. Môrônia 9:9.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:2.
11. Jereo ny 1 Korintiana 6:9; 1 Tesaloniana 5:22; 2 Timoty 2:22; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:13.
12. Jereo ny *Jeunes, Soyez forts* (boky kely, 2011), 28-29.
13. Jereo ny Genesisy 24.
14. Genesisy 24:20.
15. Genesisy 24:28.
16. Genesisy 24:58.
17. Jereo ny 1 Nefia 3:7.
18. Genesisy 24:60.
19. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:40.
20. Genesisy 24:64.
21. Genesisy 24:67.
22. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ilay Dianao Mahafinaritra Mody any An-trano

*Rehefa mampiasa amim-pifaliana ilay sarintany nomen'ny Ray be fitiavana ho an'ny dia ataonareo ianareo dia hamoaka ilay hery avy any ambony anananareo ianareo.*

Voninahitra ho antsika androany hariva ny fanatrehan'ny Filoha Thomas S. Monson eto, izay mpaminany malalantsika. Ry Filoha, mivavaka ho anao foana izahay.

Ry anabavy malala, misaotra tamin'ny hira sy teny voalahatra. Tena manentana ny fanahy tokoa ny zavadrehetra ary mety ho an'izao fotoan'ny Paska izao, ilay fotoana masina izay ankalazaintsika amin'ity faran'ny herinandro ity.

Fifaliana tokoa ny miaraka aminareo ry tanora rahavavy sarobidy, miaraka amin'ireo reny sy ireo mpitarika anareo mahafinaritra. Manana fanahy mamirapiratra sy tsikitsiky mamindra ianareo. Azo antoka fa miahy anareo ny Tompo ary mitsinjo am-pitiavana anareo avy any an-danitra any.

Tany Zwickau no nahalehibe ahy, izay tao Alemama Atsinanana fahiny. Fony aho 11 taona dia nianjadian'ny fitsikilovana tsy nisy fiafarany ny raiko tamin'ny naha mpiendaka tamin'ny vondrona ara-pôlitika azy,

ary nahatsapa ny ray aman-dreniko fa ny hany safidy tsara ho an'ny fianakavianay dia ny mitsoaka any Alemama Andrefana. Tapaka ny hevitra fa ny drafitra azo antoka indrindra dia ny fitsoahana amin'ny fotoana samihafa ary amin'ny fandehanana amin'ny lalana tsy mitovy izay miankandrefana, ka havela ny fananana rehetra.

Nisafidy ny lalana haingana

indrindra nankany Berlin ny raiko noho izy tena notandindomin-doza. Nianavaratra kosa ny lalan'ireo zokiko lahy, ary samy nikaroka ny lalany manokana nitondra niankandrefana. Ny anabaviko—izay mety ho nitovy taona amin'ny maro aminareo eto ankehitriny—niaraka tamin'i Helga Fassmann, mpampianatra azy tao amin'ny Zatovovavy sy olona sasany hafa dia nandray fiarandalamby izay nandalo kely tany Alemama Andrefana. Nomen'izy ireo vola ilay mpamoha varavarana mba hamoha ny iray amin'ireo varavarana ka rehefa nandia ny sisin-tanin'i Alemama Andrefana ilay fiarandalamby dia nitsambikina teny am-pandehanana izy ireo mba hahazoany fahafahana. Tena nidera ny herimpon'ny anabaviko aho.

Izaho kosa no faralahy ka nanapakevitra ny reniko fa hamakivaky ireo tendrombohitra mitomandavana izay manasaraka ireo firenena roa ireo izaho sy izy. Tsaroako izy nanomana sakafo atoandro toy ireny hoe handeha hihanika na hitsangatsangana any an-tendrombohitra ireny izahay.

Nandeha fiarandalamby araka izay faran'ny lavitra vitanay izahay ary avy eo nandeha an-tongotra nandritra ny ora maro, nihanananatona hatrany ny sisin-tanin'i Alemama Andrefana. Voara-maso tanteraka ireo sisin-tany ireo kanefa nanana sarintany izahay ary fantatray ny fotoana sy ny toerana tsara hiampitana. Tsapako ny fitaintainan'ny reniko. Dinihiny tsara ilay faritra mba hijerena sao dia nisy nanaraka izahay. Toa nihanalemy ny



**Sobral, Brésil**



tongony sy ny lohaliny isaky ny nanao dingana iray. Nampiaiko izy nilanja ilay harona feno sakafo, antontan-taratasy manan-danja ary sarim-pianakaviana teo am-pihanihana ilay havoana farany sady avo. Tena nieritreritra izy fa efa dify ny sisin-tany kosa izahay teo. Rehefa tsapany fa tsy misy zavatra atahorana dia nipetraka izahay ary nanomboka nihinana ny sakafom-pitsangantsanganany. Azoko antoka fa izay izy vao mba nahazo aina kely tao anatin'izay andro izay.

Teo nefa vao tsikaritrany ilay takela-by famantarana ny sisin-tany. Mbola tena lavitra anay izany! Tany amin'ny faritra tsy izy izahay no nanao ilay fitsangantsaganana. Mbola tany Alemana Atsinanana izahay!

Mety hipoitra amin'ny fotoana tsy ampoizina ireo mpiambina ny sisin-tany!

Nangonin'ny reniko tamim-pahamehana ny sakafonay ary nihanika haingana ilay havoana araka izay vitanay izahay. Tamin'ity indray mitoraka ity dia tsy sahy nijanonjana intsony izahay raha tsy efa fantatray tsara fa tonga tany amin'ny faritra ilan'ny sisin-tany izahay.

Na dia samy nandray lalana samihafa aza ny olona tao amin'ny fianakavianay sy tojo fahasahiranana samihafa teny an-dalana dia samy nahavita izany dia izany ihany izahay. Tafaraka toy ny fianakaviana iray indray izahay tamin'ny farany. Tena andro iray lehibe izany!

### Tantaran'ireo dia

Ny zavatra vao notantaraiko taminareo teo dia zavatra niainana izay mifono dia tena sarobidy ho ahy. Afaka manao jery todika ny fiainako aho ankehitriny ary mahita karazana “dia” maro toy izany nataoko teo amin'ny fiainana rehefa nandeha ny fotoana. Tsy nahitana famakivakiana tendrom-bohitra na fanalavirana ara-pôlitika daholo akory izy ireo fa ny sasany misy ifandraisany bebe kokoa amin'ny fiatrehana fitsapana na fivoarana eo amin'ny fiainam-panahy. Fa azo antsoina hoe dia daholo izy rehetra. Izaho dia mino fa ny fiainana tsirairay dia fitambaran'ireo “tantaran'ny dia” nataon'ny tena manokana.

Azoko antoka fa fantatrareo hoe ny fomba amam-panao ara-kolotsaina dia manan-karena tantara momba ireo dia. Ohatra, mety ho fantatrareo ny dian'i Dorothy sy ilay alikany, Toto, ao amin'ny *Le Magicien d'Oz*. No-faohin'ny tafio-drivotra i Dorothy sy i Toto ka nentin'izany tany amin'ny Tanin'i Oz. Nahita lalana miavaka vita tamin'ny biriky mena i Dorothy tao, izay namaritra ny lalan'ny dia iray izay nitondra azy nody tany an-tranony tamin'ny farany.

Ary nisy koa i Ebenezer Scrooge an'i Charles Dickens, izay nanao dia tsy nitondra azy tany amin'ny toerana samihafa fa tany amin'ny vanim-potoana samihafa. Dia iray niseho mivantana tao am-pony izany izay nanampy azy hahatakatra ny antony nahatonga azy ho toy ny nahitana azy tamin'izay sy hahita ny zavatra hitranga raha toa ka mbola manohy mandeha amin'ny lalan'ny fitiavan-tena sy tsy fanehoam-pankasitrahana izy.<sup>1</sup>

Ny iray amin'ireo tantara noforonina izay malaza ao amin'ny literatiora Sinoa dia ilay hoe: *Ny Dia Miankandrefana*. Nosoratana tamin'ny taonjato faha 16 izany ary mitantara amin'ny fomba mahatalanjona ny tantaran'ny dia kisendrasendra sy fifindra-monin'ny religiozy mpitokamonina iray izay nampian'ny olona tsara fanahy efatra nanao dia nan-kany amin'ny fahazoana fahalalana ara-panahy.

Ary tsy adino koa i Bilbo Baggins, ilay olona kely sy tsotra izay naniry mafy ny hijanona fotsiny ao an-tranony sy hihinana lasopy foana, kanefa taorian'ny fandondonana ny varavarany dia nanaraka ny antson'ilay olon-tsy fantatra izy ary nandeha nan-kany amin'izao tontolo izao niaraka tamin'ny majisiana iray sy ireo andian'olona fohy kely mba hanatontosa iraka feno loza manambana saingy tena manan-danja.<sup>2</sup>

### Tantara iray hain'ny rehetra

Moa tsy tiantsika tokoa ireny tantaran'ny dia ireny satria toa afaka maka ny anjara toeran'ireo mpanao ny dia ireny isika? Afaka manampy antsika hahita ny lalana horaisintsika mandritra ny fiainana ny fahombiazany sy ny tsy fahombiazana. Ilay horonan-tsary vao nojerentsika minitra vitsy lasa teo dia nitantara dia iray nahafinaritra. Angamba mety mampahatsiahy antsika koa ny tantaran'ny dia iray izay tokony ho fantatry ny rehetra ireo tantara ireo—tantaran'ny dia iray izay hiazonantsika tsirairay avy anjara toerana manan-danja.

Efa nanomboka taloha ela be izany tantara izany, talohan'ny nanombohan'ny tany nihodidina teo amin'ny soridala-manodidiny, talohan'ny nanombohan'ny masoandro nampivelatra ny hafanany nankany amin'ny hatsiakan'ny tontolo ary talohan'ny namenoan'ireo zava-boahary lehibe sy kely ny planetantsika. Any amin'ny fiantombohan'ity tantara ity dia nipe-traka tany amin'ny toerana tsara tarehy tany lavitra tany ianareo.

Tsy mahafantatra ny antsipiriany betsaka mikasika ny fiainana tany amin'izany tontolo talohan'ny nahaterahana izany isika saingy mahafantatra zavatra vitsivitsy kosa. Nambaran'ny Raintsika any an-danitra hoe iza Izy, iza isika ary mety ho lasa tahakan'iza.

Raha iverenana ny tany amin'ny toetra voalohany dia nahafantatra tamim-pahatokiana tanteraka ianareo fa misy Andriamanitra satria nahita sy nandre Azy ianareo. Nahafantatra an'i Jesoa Kristy ianareo, izay ho tonga Zanakondrin'Andriamanitra.





**Copenhagen, Danemark**

Nino Azy ianareo. Ary fantatrareo fa tsy ny hitoetra ao anatin'ilay fonenana talohan'ny nahaterahana misy fandriampahalemana ny hoavinareo. Na dia tianareo tokoa aza izany tontolo mandrakizay izany dia fantatrareo sy nilainareo ny firotsahana amin'ny dia iray. Hiala eo anatrehan'ny Rainareo ianareo, hiampita ny voalin'ny fanadinoana, handray vatana mety maty ary hianatra sy hiaina zavatra izay antenaina fa hanampy anareo hivoatra ho tonga bebe kokoa tahaka ny Rainareo any an-danitra ary hiverina eo anatrehan'ny.

Tany amin'izany toerana masina izany, rehefa nohodidinin'ireo olompantatrareo sy olon-tianareo ianareo dia mety tsy maintsy izao ny fanontaniana teo amin'ny molotrareo sy tao am-ponareo: "Moa ve ho tafaverina soa aman-tsara aty amin'ny tranoko aty an-danitra aho?"

Maro ireo zavatra izay tsy ho voafehinareo. Ho mafy ny fiainana an-tany indraindray, ary ho feno toe-javatra ampoizina: aretina, ratram-po, loza, fifandirana.

Raha tsy manana fahatsiarovana ny fisianareo talohan'ny nahaterahana ianareo—raha tsy manana

fahatsiarovana fa niara-nandeha tamin'ny Rainareo any an-danitra ianareo taloha—Moa ve mbola hahafantatra ny feony ianareo eo anivon'ireo tabataba sy fandrebireben'ny fiainana an-tany?

Toa ho lava sy hampisalasa ny dia holoalovana—feno zavatra mampidi-doza.

Tsy ho mora izany, kanefa fantatrao fa mendrika ny hanaovana ezaka lehibe izany.

Indro ianareo mitsangana eo amin'ny moron'ny mandrakizay, miandrindra amim-pientanentanana sy amim-panantenana fatratra—ary azoko sary an-tsaina koa hoe manana ahiahy sy tahotra ihany.

Fantatrareo fa haneho ny rariny Andriamanitra amin'ny farany—ka handresy ny hatsaram-panahiny. Nandray anjara tamin'ny filankevitra lehiben'ny lanitra ianareo ary fantatrareo fa hanome lalana ho anareo mba hanadiovana anareo amin'ny ota sy hanavotana anareo amin'ny fahafatesan'ny vatana ny Mpamonjy anareo. Nanam-pinoana ianareo fa amin'ny farany dia hifaly sy hanandratra ny feonareo miaraka amin'ny amboarampeon'ny lanitra ianareo ka

hihiaka fiderana ho an'ny Anarany masina.

Ka dia naka bahana tsara ianareo . . .

Ary nanao dingana lehibe . . .

Ka dia indreto ianareo!

Nirotsaka nanao ilay dia mahafinaritra hiverenana any amin'ny tranonareo any an-danitra ianareo tsirairay avy!

### **Ny Sarintaninareo**

Ankehitriny eto an-tany ianareo, ataoko fa fahendrena ny manontany ny tenanareo mikasika ny fandehan'ny dianareo. Moa manaraka ny lalana marina ve ianareo? Moa mihatonga tahaka ilay olona nieritretana anareo ve ianareo na tahaka ilay olona irianareo? Moa manao safidy izay hanampy anareo hiverina any amin'ny Rainareo any an-danitra ve ianareo?

Tsy nalefany hanao ity dia ity ianareo mba hirenireny samirery eny tsy misy tanjona. Tiany hiverina any an-tranony ianareo. Nomeny ray aman-dreny be fitiavana sy mpitarika ny Fiangonana mahatoky ianareo miaraka amin'ny sarintany izay mamaritra ny lalana sy mampiseho ireo zavatra mampidi-doza. Mampiseho anareo ny

fomba habitana fiadanana sy fahasambarana izany ary hanampy anareo handrafitra ny lalana miverina any an-trano indray.

Aiza no ahitana io sarintany io?

- Ao amin'ny soratra masina.
- Ao anatin'ny tenin'ireo mpaminany sy apôstôly.
- Ary amin'ny alalan'ny fanambarana ho an'ny tena manokana avy amin'ny Fanahy Masina.

Izany sarintany izany dia ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ilay vaovao mahafaly ary ilay lalana mahafinaritra arahan'ny mpanara-dia an'i Kristy izany. Didy sy ohatra nomen'ny Mpi-solovava sy Mpiahy antsika izany, izay mahafantatra ny lalana satria *Izy* no lalana.<sup>3</sup>

Mazava ho azy fa tsy hitondra soa ho anao ny fananana sarintany raha tsy halalininao izany—raha tsy ampiasainao izany mba hamakivakiana ny fiainana. Manasa anareo aho mba hanao ho lohalaharana ny fandalinana sy fampiharana ny tenin'Andriamanitra. Sokafy amin'ny Fanahy Masina ny fonareo mba hahafahany mitarika anareo mandritra ny dianareo ao anatin'ny fiainana.

Feno hafatra mifono fankaherezana sy torolalana avy amin'ny Rainareo any

an-danitra sy ny Zanany lahy Jesoa Kristy ny sarintaninareo. Te hizara aminareo ny telo amin'ireo hafatra ireo aho androany izay hanampy anareo hahita fahombiazana ao anatin'ny dianareo mitodi-doha any an-trano.

**Ny hafatra voalohany dia hoe: “Aza matahotra, fa Izaho Tompo dia momba anareo.”<sup>4</sup>**

Tsy irery ianareo eo amin'ity dia ity. Mahafantatra anareo ny Rainareo any an-danitra. Mandre anareo Izy na dia tsy misy olon-kafa maheno anareo aza. Rehefa mifaly am-pahamarinana ianareo dia mifaly miaraka aminareo Izy. Ory miaraka aminareo Izy rehefa tototry ny fitsapana ianareo.

Tsy miankina amin'ny harena na hatsaran-tarehy na fahasalamana na faharanitan-tsaina ananareo ny fitiavan'ny Ray an-danitra anareo. Tsy mitovy amin'ny fahitan'izao tontolo izao anareo ny fahitany anareo. Hitany amin'ilay tena maha izy azy anareo ianareo. Mijery ny ao am-ponareo Izy.<sup>5</sup> Ary tiany ianareo<sup>6</sup> satria zanany.

Ranabavy, katsaho amin'ny fonareo rehetra Izy dia hahita Azy ianareo.<sup>7</sup>

Mampanantena anareo aho fa tsy irery ianareo.

Makà fotoana kely ankehitriny ary jereo ireo olona manodidina anareo. Mety ho mpitarika anareo

na namanareo na olona ao amin'ny fianakavianareo izy ireo. Ny hafa mety mbola tsy nihaona taminareo hatramin'izay. Na izany aza, ny olona rehetra izay hitanareo manodidina anareo—ato amin'ity fivoriana ity na any amin'ny toerana hafa, androany na amin'ny fotoana hafa—dia olona mahery fo tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Mety ho iray tamin'ireo fanahy lehibe izay tianareo sy nankafizinareo tany amin'ny tontolon'ny fanahy io olona manetry tena sy tsotra mipetraka eo akaikinareo io. Mety ho ianareo mihitsy aza no ohatra alain-tahaka toy izany!

Fa ny zavatra iray azo antoka dia: ny olona tsirairay izay hitanareo—na manao ahoana na manao ahoana ny fihodirany, ny finoany, ny fironany ara-pôlitika, ny vatany na ny bika aman'endrina—dia fianakaviana. Ilay Ray any an-danitrao dia Ray any an-danitra'ilay zatovovavy izay jerenao io, ary nandao ilay fiarahana mamy taminy toy anao koa izy, fa nazoto ny ho tonga eto amin'ity tany ity ary miaina amim-pahamendrehana mba hahafahany indray andro any miverina any Aminy indray.

Mety hahatsiaro ho irery anefa izy, tahaka ny mahazo anareo indraindray. Mety ho hadinony mihitsy aza ny tanjon'ny dia ataony indraindray. Mba hampahatsiahivo izy amin'ny teny lazainareo sy fihetsika asehonareo fa tsy irery. Natao hifanampy isika eto.

Sarotra ny fiainana ary mety tena hanamafy ny fo izany ka hahatonga ny olona sasany ho toy ny tsy azo iresahana intsony. Mety ho feno hatezerana ny sasany. Mety hanaraby sy hanaratsiratsy ireo izay mino an'Andriamanitra be fitiavana ny hafa. Kanefa tsarovy izao: na dia tsy mahatsiaro aza izy ireo dia nisy fotoana nanam-paniriana ny hiverina any amin'ny Rain'izy ireo any an-danitra koa izy ireo.

Tsy andraikitrareo ny manova fo ny hafa. Asan'ny Fanahy Masina izany. Ny andraikitrareo dia ny mizara ny finoanareo ary tsy matahotra. Meteza ho naman'ny olon-drehetra, saingy aza ampandeferina ny fitsipika



**Sydney, Australie**

iananareo. Hazony mafy ny zavatra ijoroanareo sy ny finoanareo. Mio-rena mafy satria zanakavavin'Andriamanitra ianareo ary mijoro miaraka aminareo Izy!

**Ny hafatra faharoa dia hoe: “[Mifankatiava ianareo] tahaka ny nitiavako anareo.”<sup>8</sup>**

Efa mba nanontany tena ve ianareo hoe fiteny inona no nam-piasaintsika fony isika niaina teo anatrehan'Andriamanitra? Mieritreritra aho hoe teny Alemana izany, na dia fantatro aza fa tsy misy mahalala ny marina. Kanefa fantatro fa tany amin'ny fiainantsika talohan'ny nahaterahana dia nianatra mivantana fiteny hain'ny rehetra avy amin'ny Rain'ny fanahintsika isika—fiteny iray manana hery hihoarana ireo sakantsakana ara-pihetseham-po, ara-batana ary ara-panahy.

Ny fitiavana madion'i Jesoa Kristy izany fiteny izany.

Izany no fiteny mahery vaika in-drindra eto amin'izao tontolo izao.

Tsy fitiavana mihatsaravelatsihy ny fitiavan'i Kristy. Tsy fitiavana aseho ao anaty karatra fiarahabana sy firarian-tsoa izany. Tsy toy ilay karazam-pitiavana izay dradradraina ao anatin'ireo hira sy sarimihetsika malaza.

Mitondra fiovan-toetra marina izany fitiavana izany. Afaka manafoana ny fankahalana sy mampisava ny fitsiriritana izany. Afaka manasitrana ny lolom-po izany ary mamono ny afon'ny fahatezerana izany. Afaka mitondra fahagagana izany.

Nandray ny “lesona voalohany”<sup>9</sup> mikasika ity fiteny maneho fitiavana ity isika fony fanahy teo anatrehan'Andriamanitra ary eto an-tany isika dia manana fahafahana hampihatra izany sy hahafehy izany. Afaka mahafantatra ianareo raha mampihatra izany fiteny maneho fitiavana izany na tsia amin'ny alalan'ny fijerena ny zavatra manenika ny eritreritrary sy manosika ny fihetsikareo.

Raha mifantoka amin'ny zavatra izay mitondra tombontsoa ho anareo ny eritreritrary voalohany dia mety ho fitiavan-tena sy zavatra ankosotra no antony manosika anareo hanao

izany. Tsy izany no fiteny tianareo hianarana.

Saingy raha toa ka mifantoka amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny hafa ny eritreritrary sy fihetsikareo voalohany—rehefa tena maniry ny hitahy sy hampitraka ireo manodidina anareo ianareo—dia afaka miasa ao am-ponareo sy eo amin'ny fiainanareo ny herin'ny fitiavana madion'i Kristy. Izany no fiteny tianareo hianarana.

Rehefa voafehinareo ity fiteny ity sy ampiasainareo amin'ny fifandraisanareo amin'ny hafa dia hahita zavatra avy ao aminareo izy ireo izay hamoha ilay fahatsapan'izy ireo niafina ela tany mba hitady ny lalana marina hiverenana any amin'ilay tranony any an-danitra. Raha ny marina izany ilay fiteny maneho fitiavana no tena fitenin-drazany koa.

Izany hery mitarika lalina sy maharitra izany dia fiteny izay mahakasika ny anaty fanahy. Fiteny maneho fahatakarana-tsaina izany, maneho fanompoana, maneho fankaherezana sy fifaliana ary fanohanana.

Mianara mampiasa ny fiteny maneho ny fitiavan'i Kristy izay hain'ny rehetra.

**Ary ny hafatra fahatelo dia hoe: “Matokia.”<sup>10</sup>**

Indraindray dia lasa tsy manampaharetana isika eo amin'ny diantsika, sa tsy izany? Raha 12 taona ianareo dia mety maniry ny ho 14 taona. Rehefa 14 taona ianareo dia mety te ho 18 taona. Ary rehefa 18 taona dia indraindray maniry ny ho 12 taona indray ary hamerina ny zava-drehetra indray.

Hisy foana ireo zavatra mampitaraina—zavatra izay toa tsy mandeha araka ny tokony ho izy. Azonareo laniana amin'ny fahatsapana alahelo, fahatsapana ho irery, na fahatsapana ho tsy takatry ny hafa na tsy ilain'ny hafa ny andronareo. Kanefa tsy izany no dia nantenainareo ary tsy izany no dia nasain'ny Ray any an-danitra hataonareo. Tsarovy fa tena zanakavavin'Andriamanitra ianareo!

Miaraka amin'izany ao an-tsaina no hanasako anareo handeha amim-pahatokiana sy amim-pifaliana.

Marina fa mikitoatoana sy mivilivily be ny lalana ary misy mampidi-doza mihitsy aza. Aza mifantoka amin'izany. Mitodiha amin'ny fahasambarana izay nomanin'ny Rainareo any an-danitra ho anareo ao anatin'ny dingana tsirairay ataonareo. Fahasambarana no tanjona fa izay koa ilay lalana. Ny fampanantenana nomeny dia hoe “Fiadanana eo amin' ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin' ny tontolo ho avy.”<sup>11</sup> Izany no antony handidiany antsika mba “hahatoky.”

Rehefa mampiasa amim-pifaliana ilay sarintany nomen'ny Ray be fitiavana ho an'ny dia ataonareo ianareo dia hamoaka ilay hery avy any am-bony anananareo ianareo. Ho lasa ilay zanakavavin'Andriamanitra izay nantenainareo hahatongavanareo ianareo.

Ry anabavy malala, zatovovavin'ny Fiangonana sy zandry malala, mitsodrano anareo aho amin'ny maha Apôstôlin'ny Tompo ahy mba hahitanareo ny lalanareo eo amin'ity dia mankany an-trano ity ary mba ho hery manentana ny fanahin'ireo namana iray lalana aminareo ianareo. Ny fampanantenako sy vavaka ataoko ho anareo koa dia hoe rehefa manaja sy miaina am-pahamarinana ireo fanekempihavanana, ireo fitsipika ary ireo soatoavin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianareo dia ho eo ny Rainareo any an-danitra amin'ny faran'ny dianareo. Hamihina anareo Izy ary ho takatrareo amin'izany fa tonga soa aman-tsara any an-trano ianareo. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Charles Dickens, *A Christmas Carol*.
2. Jereo ny J. R. R. Tolkien, *The Hobbit*.
3. Jereo ny Jaona 14:6.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:6; jereo koa ny Isaia 41:10; Jaona 14:18.
5. Jereo ny 1 Samoela 16:7.
6. Jereo ny 1 Petera 5:6-7.
7. Jereo ny Jeremia 29:13.
8. Jaona 15:12; jereo koa ny Jaona 13:34; Môrônia 7:45-48.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:56.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:18; jereo koa ny Jaona 16:33; 3 Nefia 1:13.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.

# Manome Anjara Toerana ny Fihaonamben'ny Fiangonana eo amin'ny Fiainantsika

*Ampiasao ny sasany amin'ireto asa atao sy fanontaniana ireto mba hanombohana ny fifanakalozan-kevitra ny mpianakavy na ny fandinihana ataon'ny tena manokana.*

**M**anondro ny pejy voalohan'ny lahateny ireo laharan'ny pejy voatanisa miaraka amin'ny hevitra.

## Ho an'ny ankizy

- Niresaka mikasika ny maha zavadehibe ny fankatoavana sy ny fitarahan'ny tsy fankatoavana voka-dratsy mandrakariva ny Filoha Thomas S. Monson (pejy 89). Mieritrereta fotoana iray nankatoavanao ireo fitsipi-pifehezan'ny mpianakavy. Azonao lazaina ve ny mikasika ny fotoana iray nankatoavanao ireo lalàn'Andriamanitra? Inona no tsapanao rehefa nankatò?
- Nitantara mikasika ny zazavavy kely iray izay namboly voatabia avy amin'ny voa bitika iray ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo (pejy 18). Vakio na avereno tantaraina io tantara io rehefa miresaka momba ny zavatra ampianarin'izany mikasika ny fomba hahafahanao ho tonga tahaka ny Ray any an-danitra ny fianakaviana. Afaka mametraka tanjona hanao zavatra iray hampanakaiky bebe

kokoa ny Ray any An-danitra ianao.

- Niresaka mikasika ny zavatra mahatonga ny fianakaviana ho matanjaka ny Loholona Enrique R. Falabella ao amin'ny Fitopololahy (pejy 102). Nampianatra izy fa ny sasany amin'ireto teny manandanja ampiasaina ao amin'ny fianakavianao dia ny hoe “tiako ianao,” “Misaotra betsaka,” ary “Mamela ahy.” Nanoro hevitra Rahavavy Rosemary M. Wixom, filohan'ny Kilonga manerantany mba hitenenana hoe “Tiako daholo ny momba anao rehetra.” (pejy 81). Jereo ny zavatra miseho rehefa mampiasa ireo teny ireo ao amin'ny fianakavianao ianao. Mahafaly azy ireo ve izany? Inona no tsapanao?

## Ho an'ny Tanora

- Nampianatra fitsipika efatra ny Filoha Thomas S. Monson mba hiomanana hanao asa fitoriana—tsy amin'ny maha-misiônera amin'ny fotoana feno ihany fa amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana koa (pejy 66). Afaka

mandalina ny lahateny amin'ny fametrahana ao an-tsaina ity fanontaniana ity ianao manao hoe: Inona no azoko atao mba hahatonga ahy ho misiônera tsara kokoa amin'izao fotoana izao?

- Nampianatra ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa tsy maninona ny manana ahiahy sy fanontaniana, fa nampianatra koa izy hoe : “Hazony mafy izay efa fantatrao ary mahatanjaha hatrany mandra-pahazoanao fahalalana misimisy kokoa. . . . [Aoka ianareo] hiorim-paka amin'ny finoana izay tena anananareo” (pejy 93). Soraty ao amin'ny diarinao ny zavatra inoanao, ny fijoroanao ho vavolombelona, ary ireo traikefa ara-panahy niainanao. Soraty ihany koa ireo fanontaniana anananao ary tehirizo izy ireo mba hahafahanao mitady valiny rehefa mamaky ny soratra masina sy ity lahateny ity.
- Maro tamin'ireo mpandahateny no niresaka mikasika ny fankatoavana sy ny fitahiana avy amin'izany. Ny Filoha Monson ohatra dia nampianatra hoe: “Tonga eo amintsika ny fahalalana ny fahamarinana sy ny valin'ireo fanontaniana lehibe ananantsika rehefa mankatò ny didin'Andriamanitra isika” (pejy 89). Halalino ity lahateny ity mba hani-pihana na hanoratana ireo fitahiana maro noho ny fankatoavana. Ny



fahitana ireo fitahiana ireo dia afaka mitaona ny fanahinao hanohy hiaina amin-pahamarinana.

- Maro tamin'ireo mpandahateny no nampianatra fa afaka manompo amin'ny fotoana rehetra ianao, fa tsy mandritra ireo tetik'asa fanaovana asa fanompoana ihany. Nampianatra hoe “Manompoa isan'andro” Rahalahy David L. Beck, filohan'ny Zatovolaha maneran-tany. “Feno zavatra atao manodidina anareo.” Afaka mamaky ohatra vitsivitsy mikasika ny tanora manompo ny hafa ianao ao amin'ny lahatenin'ny Rahalahy Beck (pejy 55).

**Ho an'ny Olon-dehibe**

- Maro tamin'ireo mpandahateny no nijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy. Inona no azonao ianarana mikasika ny toetrany amin'ny maha-Andriamanitra Azy, ny iraka nampianaovina Azy, ary ny asa fanompoany ao amin'ireo lahateny ao amin'ny pejy 22, 70, 96, 99, ary 109?
- Mikasika ireo mpaminany sy ny fanambarana ny lohahevitry ny fandaharam-pianarana ho an'ny zatovo ho an'ny volana Mey. Raha mampianatra zatovo ao amin'ny Fiangonana ianao na manana zanaka zatovo, dia afaka mifanakalo hevitra miaraka amin'izy ireo



momba ny fandaharam-pianarana sy ity fanontaniana ity: Nahoana no zava-dehibe ny mihaino sy manaraka ireo mpaminany velona? Halalino ity lahateny ity mba hitadiavana ireo faminiana sy fampitandremana izay, raha henoina, dia hanampy antsika ao anatin'ny fotoan-tsarotra.

- Mpandahateny maro no nifantoka tamin'ny fampatanjahana ny fianakaviana. Ny Loholona Richard G.

Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ohatra dia nampianatra hoe “Misy ny fiadanana sy fahatoniana rehefa [ny Mpamonjy] no ivon'ny tokantranonao” (pejy 29). Mitadiava fomba maro hanoomezana toerana ny Mpamonjy ho ivon'ny tokantranonao rehefa mandalina ny lahatenin'ny Loholona Scott ianao, torak'izany koa ireo lahateny ao amin'ny pejy 6, 81, 83, ary 102. ■



**FAMPIANARANA AVY AMIN'NY SORATRA MASINA**

**H**alalino ireto soratra masina ireto, izay nolazaina na noresahana matetika nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana:

1 Samoela 16:7\*  
 Matio 7:24; 28:19  
 Jaona 13:34–35; 14:6; 16:33  
 Môsià 3:19\*; 18:8–9  
 Helamàna 5:12\*  
 3 Nefia 11:7  
 Môrônia 9:9

Fotopampianarana sy  
 Fanekehampihanana  
 42:22; 59:23; 64:34;  
 84:88; 87:8; 115:6  
 Joseph Smith—Tantara 1:17\*

\* Andinin-tsoratra masina fehezina ao amin'ny Seminera

## Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe

Ity lisitra manaraka ity izay ahitana ireo zavatra niainana nofantenina avy tao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia azo ampiasaina amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fampianarana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.

| MPANDAHATENY                           | TANTARA   |
|--|---|
| <b>Loholona Neil L. Andersen</b>       | (77) Manaraka ny Mpamonjy fa tsy ny fomban-drazany ireo mpivady ao Mozambika..  |
| <b>Loholona M. Russell Ballard</b>     | (18) Mamelon'aina indray ny voatabia nalazo ny zafikelivavy fito taona iray.  |
| <b>David L. Beck</b>                   | (55) Naka ho namana ny zatovovavy iray niatrika fampijaliana ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna.<br>Nanampy tamin'ny famerenana ireo zatovolohy malaina rehetra ho ao amin'ny Fiangonana ny diakona iray tao Bangalore any Inde.  |
| <b>Loholona Tad R. Callister</b>       | (52) Nianatra mikasika ny herin'ny fisoronana i George F. Richards, izay fito ambin'ny folo taona, tamin'ny alalan'ny fitsofany rano ny reniny.   |
| <b>Loholona D. Todd Christofferson</b> | (109) Nanampy zatovovavy iray nila fanampiana hahatratra izay hery anaty hanaovan-javatra tokony hananany ny renin'i D. Todd Christofferson.  |
| <b>Mary N. Cook</b>                    | (118) Niatrika ny fahafatesan'ny rainy sy ny fiadian'ny reniny tamin'ny homamiadana tamin'ny fanehoana finoana ny zatovovavy iray.  |
| <b>Loholona Quentin L. Cook</b>        | (32) Nahatsapa fiadanana ny vehivavy Indoa iray nandritra ny varavarana misokatra tao amin'ny Tempolin'i Suva Fiji.   |
| <b>Eveka Dean M. Davies</b>            | (9) Nanamafy tao an-tsaina sy tao am-pon'i Dean M. Davies ny maha zava-dehibe ny fanore-nana ny fiainantsika eo amin'ny fototra mafy orina ilay horohoron-tany tamin'ny taona 1989 tao Loma Prieta, Californie, ao Etazonia.  |
| <b>Ann M. Dibb</b>                     | (115) Nahatsapa ny Fanahy ny zatovovavy malaina iray nandritra ny lasin'ny Zatovovavy.  |
| <b>Filoha Henry B. Eyring</b>          | (62) Lasa mpikambana voalohany tao amin'ny Fiangonana tao amin'ny tanàna iray nisy mponina 130.000 ny zazalahy kamboty iray.<br>Nahita ny tanan'Andriamanitra tamin'ny fananganany ny fanjakany i Henry B. Eyring rehefa nanompo tao Nouveau Mexique ao Etazonia sy tao Nouvelle-Angleterre.  |
| <b>Loholona Enrique R. Falabella</b>   | (102) Nanome vola an'i Enrique R. Falabella sy ny vadiny ireo mpikamban'ny Fiangonana tao Arizona, ao Etazonia mba hahafahan'izy ireo miverina any Guatemala taorian'ny fanambadian'izy ireo tao amin'ny tempoly.   |
| <b>Loholona Jeffrey R. Holland</b>     | (93) Nilaza tamin'ny zazalahy iray 14 taona i Jeffrey R. Holland hoe tsy mila miala tsiny velively izy noho izy "mino fotsiny ihany."   |
| <b>Filoha Thomas S. Monson</b>         | (66) Lasa naman'ny Fiangonana ary avy eo dia lasa mpikamban'ny Fiangonana ny lehilahy iray tao Kanada taorian'ny nijoroan'ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno ho vavolombelona tamin'ny fomba mahery vaika ny amin'ny Mpaminany Joseph Smith.<br>Nahatonga ny rainy ho lasa mpikamban'ny Fiangonana ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno iray tamin'ny alalan'ny fanehoany fitiavana tao anatin'ireo taratasy fandefany isan-kerinandro.<br>(89) Nianatra ny fankatoavana i Thomas S. Monson fony izy valo taona, taorian'ny nandro-roany saha iray.<br>Nitahiry ny fahafolonkareny nandritra ny taona maro ny mpikambana mahatoky iray tao Hon-gria mandra-pahafahany nanome izany tamin'ireo mpampianatra azy isan-tokantrano. |
| <b>Loholona Richard G. Scott</b>       | (29) Tian'ilay misiônera amin'ny fotoana feno iray ho tahaka ny fianakavian'ny filohan'ny misionany ny fianakaviany amin'ny hoavy.  |
| <b>Filoha Dieter F. Uchtdorf</b>       | (70) Nanomboka nanao hira tao amin'ny fihirana ireo Olomasina tao Afrika Andrefana taorian'ny fahatapanan'ny herinaratra tao amin'ny trano fivavahan'izy ireo.<br>Nanampy zatovovavy iray handresy ny haizina avy amin'ny fitaizana feno herisetra ny filazantsara.<br>(125) Nitsoaka avy any Alemama Atsinanana i Dieter F. Uchtdorf sy ireo olona ao amin'ny fianakaviany.  |

# Ny Fampianarana ho an'izao Androntsika izao

Ny lesona amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana amin'ny Alahady Fahefatra dia hifantoka amin'ny "Fampianarana Ho an'izao Androntsika izao." Ny lesona tsirairay dia azo omamaina avy amin'ny lahateny iray na maromaro tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana farany indrindra (jereo ny tabilao etsy ambany). Afaka misafidy izay lahateny tokony ho ampiasaina ny filohan'ny tsatòka sy ny distrika, na manome izany andraikitra izany ho an'ireo eveka sy filohan'ny sampana. Tokony hoantitranterin'ireo mpitarika ny maha zava-dehibe ny fandalinan'ny rahalahy ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana lahateny mitovy amin'ny Alahady iny.

Ireo izay manatrika ny lesona atao ny Alahady fahefatra dia amporisihana handalina sy hitondra mandritra ny fotoam-pianarana ny laharana farany amin'ny gazetiboky izay ahitana ny fihaonamben'ny Fiangonana.

## Torohevitra Enti-manomana ny Lesona avy amin'ireo Lahateny

Mivavaha mba hananananao ny Fanahy Masina hiaraka aminao eo am-pandalinana sy fampianarana ny lahateny. Mety ho te-hanomana

ny lesona amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana hafa ianao kanefa ny lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana no fandaharam-pampianarana nahazoana lalana. Ny andraikitrao dia ny manampy ny hafa hianatra sy hiaina ny filazantsara araky ny nampianarana azy nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana farany indrindra.

Avereno jerena ireo lahateny, ary tadiavo ireo fitsipika sy fotopampianarana izay hamaly ny hetahetan'ny mpianatra ao an-dakilasy. Tadiavo koa ireo tantara, andinin-tsoratra masina sy teny nambaran'ny olona iray ao amin'ireo lahateny izay mety hanampy anao hampianatra ireo fahamarinana ireo.

Manaova rindran-damina amin'ny fomba hampianarana ireo fitsipika sy fotopampianarana. Ampidiro ao ireo fanontaniana izay hanampy ireo mpianatra ao an-dakilasy:

- Hitady ireo fitsipika sy fotopampianarana ao amin'ny (ireo) lahateny.
- Hisaintsaina ny dikan'izy ireny.
- Hizara ny fahatakarany, ny heviny sy ny zavatra niainany ary ny fijoroany ho vavolombelona.
- Hampihatra eo amin'ny fiainan'izy ireo izany fitsipika sy fotopampianarana izany. ■

### VOLANA HAMPIANARANA IREO LESONA

Aprily 2013–Ôktôbra 2013

### FITAOVANA AMPIASAINA HO AN'NY FAMPIANARANA ISAKY NY ALAHADY FAHEFATRA

Lahateny nozaraina nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana volana Aprily 2013 \*

Ôktôbra 2013–Aprily 2014

Lahateny nozaraina nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana volana Ôktôbra 2013 \*


\* Raha mikasika ireo lesona ho an'ny Alahady fahaefatra amin'ny volana Aprily sy Ôktôbra dia azo fidiana avy ao amin'ny fihaonambe talohan'ny farany na izay farany indrindra ireo lahateny. Hita amin'ny fiteny maro ao amin'ny conference.lds.org ireo lahateny ireo.

## Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny Maneran-tany


### FIKAMBANANA IFANAMPIANA



Carole M. Stephens  
Mpanolotsaina Voalohany



Linda K. Burton  
Filoha



Linda S. Reeves  
Mpanolotsaina Faharoa


### ZATOVOVAVY



Carol F. McConkie  
Mpanolotsaina Voalohany



Bonnie L. Oscarson  
Filoha




Neill F. Marriott  
Mpanolotsaina Faharoa


### KILONGA



Jean A. Stevens  
Mpanolotsaina Voalohany



Rosemary M. Wixom  
Filoha



Cheryl A. Esplin  
Mpanolotsaina Faharoa

### ZATOVOLAHY



Larry M. Gibson  
Mpanolotsaina Voalohany



David L. Beck  
Filoha

### SEKOLY ALAHADY



David M. McConkie  
Mpanolotsaina Voalohany



Russell T. Osguthorpe  
Filoha



Matthew O. Richardson  
Mpanolotsaina Faharoa

# Ny Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isan-taona faha-183 dia Nahitana ny Fanohanana ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany Vaovao



**N**ahatsapa zavatra tao am-pontsika isika,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fivoriana famaranana ny Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao Isan-taona faha-183 tamin'ny 7 Aprily 2013, “ary lasa natanjaka ny fijoroantsika ho vavolombelona mikasika ity asa masina ity rehefa nahatsapa ny Fanahin'ny Tompo isika. Enga anie hotsaroantsika maharitra ny zavatra rentsika nandritra izay roa andro izay.”

Olona mihoatra ny 100.000 no nanatrika ireo fivoriana dimin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tao amin'ny Foiben'ny Fihaonambe ao Salt Lake City, Utah, États-Unis, ny 6 sy 7 Aprily. Olona an-tapitrisany maro maneran-tany no nijery sy nihaino izany tamin'ny alalan'ny fampitana izany tamin'ny fahitalavitra, zanabolana, radiô ary internet. Afaka nahazo ny fihaonambe tamin'ny fiteny 95 ny mpikambana tao anatin'ireo fampitana mivantana sy ireo horonan-tsary sy horonam-peo ary lahatsoratra ny fihaonambe tao amin'ny internet ao amin'ny LDS.org.

Nosokafan'ny Filoha Monson tamin'ny fanambarana ny fikasana hanorina tempoly any Cedar City, Utah, États-Unis sy Rio de Janeiro, Brésil ny fihaonambe isan-taona—izay mahatonga ny fitambaran'ny isan'ny tempoly nambara na eo an-dalan-pitsanganana ho 29. Tempoly 141 amin'izao fotoana izao no miasa.

Nisy ny fanovana maro teo amin'ny mpitarika ny Fiangonana nandritra ny fivoriana Sabotsy tolakandro. Nisaorana ny olona rehetra tao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany ary

nisaorana tamin'ny naha mpikambana azy tao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy ny Loholona Walter F. González. Fitopololahin'ny Vondrom-paritra iraika amby dimampolo koa no nisaorana.

Notohanana ho mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy ny Loholona Ulisses Soares tao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy.

Notohanana ho fiadidiana vao-vaon'ny Zatovovavy maneran-tany i Bonnie Lee Green Oscarson, filoha; Carol Foley McConkie, mpanolotsaina voalohany; ary Neill Foote Marriott, mpanolotsaina faharoa.

Notohanana koa ireo mpikambana telo vaovao ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy: Loholona Edward Dube avy any Zimbabwe; Loholona S. Gifford Nielsen

avy any Sugar Land, Texas, États-Unis ary Loholona Arnulfo Valenzuela avy any Queretaro, Mexique. Notohanana koa ireo mpikambana dimy vaovao ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy.

I Elaine S. Dalton, izay filohan'ny Zatovovavy maneran-tany teo aloha dia nanompo nandritra ny 11 taona tao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany, na tamin'ny naha mpanolotsaina na naha filoha azy izany, talohan'ny nisaorana azy tamin'ny volana Aprily.

Jereo ao amin'ny pejy 26 ny lisitra feno ahitana ireo fanohanana sy fisaorana.

Jereo ny tantaram-piainan'ireo mpitarika vaovao nantsoina ireo manomboka ao amin'ny pejy 139. ■

## AFAKA MANAMPY IANAO

**S**amy namporisika ny mpikambana ny Filoha Thomas S. Monson sy ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mba hitondra ny anjara biriky ao amin'ny Tahirim-bola ho an'ny Asa Fitoriana Maneran-tany. Tamin'ny 4 Aprily 2013 dia misiônera amin'ny fotoana feno miisa 65.634 no nanompo, ary nampian'ireo 20.000 mahery izay nahazo antso izany.

Hoy ny Filoha Monson nandritra ny fivoriana fanokafana ny fihaonamben'ny Fiangonana: “Mba hanohanana ity hery mitambatra ny asa fitoriana ity, ary satria avy amin'ny sarangam-piainana

tsotsotra ny ankamaroan'ireo misiônerantsika dia manasa anareo aho, mba hitondra anjara biriky amim-palalahan-tanana araka izay vitanareo ao amin'ny Tahirim-bola ho an'ny Asa Fitoriana Maneran-tany an'ny Fiangonana.”

Afaka manolotra fanomezana amin'ny alalan'ny taratasy fandoavana fahafolonkarena ny mpikambana ka manoratra ny vola tian'izy ireo harotsaka eo amin'ilay faritra misy hoe Tahirim-bola ho an'ny Asa Fitoriana Maneran-tany. Afaka manolotra fanomezana amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny [ldsphilanthropies.org](http://ldsphilanthropies.org) koa ny mpikambana. ■



# Mila ny Fahamatorana sy ny Traikefa Ananan'ireo Mpivady Zokiolona ny Fiangonana

Miaraka amin'ny fitomboan'ny isan'ireo misiônera tanora noho ny fampidinana ny taonan'ny misiônera dia tena ilaina koa any amin'ny misiona manerana an'izao tontolo izao ny mpivady zokiolona. Noho ny famoronana vao haingana misiona 58 vaovao dia ilaina ny hananana mpivady zokiolona bebe kokoa mba hitondra traikefa eo amin'ny lafin'ny fitarihana sy fanohanana hafa tena manan-danja hampahomby ny misiona iray.

Niresaka mikasika ny fitomboana haingan'ny isan'ny misiônera ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fihaonambe volana Aprily 2013 ary naneho ny fitiavany tamin'ireo izay vonona ny hanompo ny Tompo any amin'ny sahan'ny misiona (jereo ny pejy 4, 66). Namporisika manokana ireo mpivady zokiolona ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mba hanompo. "Ianareo ry mpivady

zokiolona, miomàna amin'ny fotoana ahafahanareo mandeha manao asa fitoriana. Ho velom-pankasitrahana indrindra izahay noho ny fanompoanareo," hoy izy (jereo ny pejy 45).

Hoy ny Filoha Monson nandritra ny fotoam-panokafana ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra 2012 hoe: "Mbola mila mpivady zokiolona fanampiny ihany isika. Raha mamela izany ny toe-javatra iainanareo, raha efa afaka misotro ronono ianareo, ary raha mamela izany ny toe-pahasalamanareo, dia mamporisika anareo aho mba hanolotena ho amin'ny asa fanompoana amin'ny fotoana feno. Samy hahazo fifaliana lehibe kokoa ireo mpivady eo am-piarahan'izy ireo manompo ireo zanaky ny Raintsika." ("Tongasofo eto amin'ny Fihaonambe," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2012, 5).

Efa tao anatin'ny taona maro izay no namporisihan'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ireo mpivady

zokiolona mba hanompo. Hoy ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Mila mpivady zokiolona bebe kokoa ny misiona na aiza na aiza. Ny fahamatorany sy ny traikefany dia mahatonga azy ireo ho anisan'ireo misiônera tena tsara ananantsika. Ny fahaiza-manaony manokana . . . dia manome fahafahana azy ireo hanofana amim-pahombiazana mpitarika eo an-toerana, hampatanjaka sy hampavitrika mpikambana ary hitondra olona tsy mpikambana eo amin'i Kristy" ("Missionary Couples—Trading Something Good for Something Better," *Ensign*, Jona 1988, 9, 11).

Entanina ireo mpivady mendrika izay maniry ny ho misiônera mba hampahafantatra ny evekany na ny filohan'ny sampany ny fanirian'izy ireo hanompo. Mety eo amin'ny 6 ka hatramin'ny 23 volana eo ny faharetan'ny fanompoana.

Ireo izay manana fanontaniana mikasika ny fanaovan'ny olona zokin-jokiny asa fitoriana dia afaka miantso ny 1-800-453-3860, ext. 2-6741 (na 1-801-240-6741), na mandefa email [SeniorMissionaryServices@ldschurch.org](mailto:SeniorMissionaryServices@ldschurch.org) mba hahazoana valiny mikasika ireo fanontaniana manokana. ■

**Ny fahaiza-manao sy traikefa manokana ananan'ireo mpivady zokiolona dia manome fahafahana azy ireo hanofana mpitarika eo an-toerana, hampatanjaka ireo mpikambana ary hitondra olona tsy mpikambana eo amin'i Kristy.**



# Misy Fitaovana Vaovao Iray ao amin'ny Internet izay Manampy amin'ny Fitehirizana sy Fizarana Sarim-pianakaviana sy Fahatsiarovana

**H**ahatsikaritra fiovana vitsivitsy manan-danja FamilySearch.org ny mpitsidika amin'ity Aprily 2013 ity. Misy sary vaovao, amin'ny endrika maro loko mazava, ary mahasarika sy tolotra vaovao maro izay manome fahafahana hiaina zavatra isan-karazany mihoatra ny fikarohana. Na dia ho toerana tsara halehan'ireo mpanao tetiarana sy mpanao fikarohana aza ilay tranonkala dia hahasarika andiam-pitsidika maro hafa kokoa.

Ireo tolotra vaovao ireo dia manampy amin'ny fitondrana ny tantaram-pianakaviana hihoatra ny fanaovana fikarohana fotsiny ary miantso ireo mpanao tantaram-pianakaviana vao miana-mandeha maro kokoa na tanora izany na lehibe.



Ny mpitsidika amin'izao fotoana izao dia afaka manao ny tetiarany en ligne amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa ary mitahiry sy mizara sarim-pianakaviana sy tantara momba ny fianakaviana—ka tsy andoavam-bola izany rehetra izany.

Mamelona indray ireo razambe ireo sarim-pianakaviana sy ireo tantara momba ny fianakaviana. Ireo olona tena misy ao ambadik'ireo daty ireo dia afaka mampianatra antsika fitsipika toy ny maha zava-dehibe ny asa mafy, ny fomba fiatrehana ireo olan'ny fiainana ary ny fiantraikan'ireo safidy atao eo amin'ny fiainantsika.

Manampy antsika hifandray amin'ny lasantsika ary hanorina lova ho an'ny hoavy ny fanamorana ny firaketana sy ny fitehirizana ireo tantaram-pianakaviana.

## Tolotra Vaovao ao amin'ny FamilySearch.org

*FamilySearch Family Tree.* (Tetiarana ao amin'ny FamilySearch) Vao voalohany izao ao amin'ny FamilySearch.org, no ahafahan'ny olona tsirairay manomboka manao ny tetiarany amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa, izay zaraina en ligne, ka atombony amin'ny fampidirana ny mombamomba azy ireo manokana izany ary avy eo miitatra any amin'ireo taranaka tany aloha.

Ireo tolotra manan-danja ao anatin'ny Family Tree (Tetiarana):

- Tadiavo ao anatin'ny FamilySearch.org izany eo ambanin'ny faritra misy ny “Family Tree” (Tetiarana).
- Efa feno anaran'olona manokana miisa 900 tapitrisa mahery ilay tetiarana izay nampidirin'ireo mpitsidika.
- Tsy andoavam-bola izany.

- Izany dia manome fahafahana ny olona tsirairay hiara-hiasa mba hanao sy handrindra ary hizara ny tantaram-pianakaviana iray manontolo en ligne.
- Afaka mahita ny zavatra mety efa hitan'ny hafa mikasika ny tantaram-pianakaviana ireo mpampiasa.
- Afaka mampiditra sary sy tantara mora fotsiny ny mpampiasa ary mampifandray ireo loharano.
- Afaka mitahiry amin'ny fotoana maharitra ny tetiarana nozarainy ireo mpampiasa ho an'ny taranaka ho avy.
- Ilay tolotra hoe “grab and pull” (tazonny dia sintony) dia manome fahafahana ireo mpampiasa hampiakatra na hampidina mora kokoa ny tetiarany.
- Ireo mpampiasa dia afaka ny hahita firaketana mamaim-poana an-tapitrisany maro ao amin'ny FamilySearch.org mba hanampiana amin'ny famenoana ireo rantsana banga ao amin'ny Tetiaran'izy ireo.

*Photos.* (Sary) Afaka mitahiry ireo sary tena tiany ahitana ireo razambeny ny mpampiasa ary mametaka izany ao anatin'ny toerana ahitana ny famariparitana ny momba azy ireo ao amin'ny FamilySearch Family Tree, ary mizara azy ireo amin'ny alalan'ny fampitambaovao eo amin'ny fiaraha-monina. Sary eo amin'ny 200.000 mahery eo no efa tafiditra sy voatahiry ary nozaraina.

*Stories.* (Tantara) Afaka manoratra tantara tiana mikasika ny razambe iray manokana ny mpampiasa ao anatin'ny FamilySearch Family Tree. Io sokajy iray io dia manome fahafahana ny fianakaviana hanangona sy hizara ary hitahiry maharitra ny tantaram-pianakavian'izy ireo.

*Interactive Fan Chart.* (Tabilao miendrika Fikopahana Ahitana Fifamilianasa) Tamin'ny 2012, ny Family Search dia nanandrana tolotra iray izay nanome fahafahana ny olona tsirairay hahita ny tenany sy ny razambeny ao anatin'ny tabilao miendrika fikopahana milokoloko iray. Efa natsaraina io tolotra io ankehitriny ary hita ao amin'ny FamilySearch.org.



*Family Tree Wizard.* (Zavatra Mahafinaritra ao amin'ny Tetiarana) Ireo izay vaovao eo amin'ny fanaovana ny tetiarany dia hahita fa tena ilaina ity fitaovana ity. Amin'ny alalan'ny endrika fakana am-bavany izay mahasarika no hametrahany ilay fitaovana fanontaniana mikasika ireo havanao mbola velona sy ireo razambenao, dia mandrafitra ireo fifandraisana ireo ao anatin'ny tetiarana izy mba hahafahanao manomboka.

*Live Help.* (Fanampiana Mivan-tana) Mitombo ny fahalianana hanao tantaram-pianakaviana maneran-tany. Nanorina vondrona iray mifandray maneran-tany en ligne ny Family Search izay manome zavatra entina hanampiana maimaim-poana sy fanampiana eo amin'ny fanaovana fikarohana manokana amin'ny alalan'ny antso an-tariby sy firesahana amin'ny tranonkala 24 ora ao anatin'ny andro iray—ary misy amin'ny fiteny 10 ankehitriny.

*Languages.* (Fiteny) Ireo tolotra vaovao sy fanampiana rehetra ireo dia hisy amin'ny fiteny 10. Misy andiana horonan-tsary manome fanampiana sy loharano en ligne hafa ho an'ny tolotra rehetra. Tsindrio fotsiny eo amin'ilay bokotra hoe Help (Fanampiana) mba hahazoana zavatra amin'ny antsipiriany. ■

## Manova Fo ny Tantaram-pianakaviana

**Nataon'i R. Scott Lloyd**

*Vaovaom-piangonana*

**N**y ankamaroan'ny foiben'ny tantaram-pianakaviana amin'ny hoavy dia ho any an-tokantrano araka ny faminanian'ny Loholona Bradley D. Foster ao amin'ny Fitololahy tao anatin'ny lahateny nataony tamin'ny 23 Martsa natao nandritra ny Fivoriana nantsoina hoe RootsTech 2013 Family History and Technology Conference tao Salt Lake City, Utah, États-Unis.

Nilaza ny Loholona Foster, izay Tale Mpanatanteraka Mpanampy ao amin'ny Departemantan'ny Tantaram-pianakaviana hoe, hisy olona sivy arivo tapitrisa atsy ho atsy eto an-tany ary nanomana teknôlôjia ny Tompo mba hana-tanterahana ny "famehezana sy ny fampifandraisana ireo fianakaviana rehetra ireo miaraka."

Nanamafy ny lanjan'ny fanaovana tantaram-pianakaviana izy sy ny famantarana ireo tantaran'ny razambentsika—fa tsy manao tetiarana

sy mitady anarany sy daty fotsiny. Ahitana anarana iray, daty nahaterahana, dia tsipika kely ary daty nahafatesana ireo vatompasana rehetran'izay mety ho fasana eto amin'izao tontolo izao, hoy izy. "Toa tena kely sy tsy manan-danja ilay tsipika kely eo anelanelan'ilay daty nahaterahana sy nahafatesana nefa mitoetra ao anatin'izay ny tantaran-tsika rehetra," hoy ny fanamarihany. "Noho izany raha mifantoka amin'ny fitadiavana ireo daty ireo foana isika matetika, dia hipoitra avy amin'ny famantarana ilay tsipika kely kosa ny fitiavantsika ireo razambentsika—ilay fitodihan'ny fonsika any amin'ireo raintsika."

Mampiray antsika ny tantaram-pianakaviana rehefa mizara tantara sy miara-miasa isika, hoy ny fana-zavana. "Noho izany dia manova ny tabilaontsika ny tetiarana ary manova ny fonsika ny tantaram-pianakaviana." ■

# Nodimandry tamin'ny faha 106 taonany ny Loholona Eldred G. Smith

## Nataon'i Sarah Jane Weaver

Vaovaom-piangonana

**N**odimandry tao an-tranony tamin'ny 4 Aprily 2013 ny Loholona Eldred G. Smith, izay Patriarikan'ny Fiangonana nanomboka tamin'ny 1947 ka hatramin'ny 1979. 106 taona izy.

Ny Loholona Smith dia ninoana fa lehilahy be taona indrindra tao Utah ary niaina ela indrindra noho izay mety ho Manampahefana Ambony teo aloha.

Novangian'i Thomas S. Monson Filohan'ny Fiangonana ny Loholona Smith tamin'ny tsingerintaona farany nahaterahany tamin'ny 9 Janoary 2013. "Namako akaiky i Eldred Smith," hoy ny Filoha Monson. "Niaraka nanao dia ankilaometatra maro izahay. Tiako sy hajaiko io lehilahy io."

Nantsoin'i George Albert Smith izay Filohan'ny Fiangonana tamin'izany ho Patriarika ny Fiangonana i Eldred G. Smith tamin'ny 10 Aprily 1947, ary izy no olona farany nihazona io toerana io. Nomena ny toerana amin'ny maha olona manam-boninahitra azy izy tamin'ny 1979. Io anjara fanompoana io dia niantomboka tamin'ny 1833 rehefa nantsoina hihazona izany i Joseph Smith Sr., rain'ny Mpaminany Joseph Smith. Ny Loholona Smith dia zafindohalik'i Hyrum rahalahin'ny Mpaminany.

Nandritra ny asa fanompoany tamin'ny naha Patriarikan'ny Fiangonana azy, dia nitety faritra maro



**Novangian'ny Filoha Thomas S. Monson, eo an-kavanana, ny Loholona Eldred G. Smith, izay Patriarikan'ny Fiangonana nanomboka tamin'ny 1947 hatramin'ny 1979, tamin'ny tsingerintaona faha 106 taona nahaterahany tamin'ny 09 Janoary 2013. Nodimandry tao an-tranony tamin'ny 4 Aprily ny Loholona Smith.**

teto amin'izao tontolo izao ny Loholona Smith ary nanome tsodranon'ny patriarika maro tany amin'ireo faritra izay tsy nisy patriarika. Tamin'ny 1966 dia niaraka nanao dia tamin'ny Loholona Monson izy izay mbola Loholona tamin'izany, nankany Australie sy Samoa mba hanome tsodranon'ny patriarika an'ireo mpikambana tany. Izay vao nisy patriarika mpiahy nitsidika an'i Samoa. Manana patriarika mipetraka ao anatin'ny tsatòka ny ankamaroan'ny tsatòka ankehitriny.

Samy nandray fitenenana nandritra ny fandevenana ny Loholona Smith ny Filoha Monson sy ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Namaky taratasy fitsapana alahelo ho an'ny fianakaviana avy amin'ny Fiadidiana Voalohany ny Filoha Monson ary nanampy izao izy avy eo: "Namoy namana vetivety fotsiny aho."

Niresaka momba ny anjara biriky nentin'ny Loholona Smith teo amin'ny famelombelomana ny

tantaran'ny fianakaviany ny Loholona Ballard izay zafindohalik'i Hyrum Smith koa. "Mankalaza azy amin'ny maha Patriarikan'ny Fiangonana sy amin'ny maha patriarikan'ny fianakaviambenay azy isika," hoy izy. Fantany koa hoy izy raha nanohy, fa tsapan'ny Loholona Smith fa ny fianakaviany no zava-bitany lehibe indrindra.

Nanambady an'i Jeanne Audrey Ness i Eldred Smith tamin'ny 1932. Nanan-janaka dimy izy ireo. Taorian'ny nahafatesan'ny vadiny tamin'ny Jona 1977 dia nanambady an'i Hortense Child izy izay nanompo tao amin'ny fiadidian'ny Zatonovavy maneran-tany tamin'izany fotoana izany. Maty tamin'ny Mey 2012 izy.

Namela zanakalahy roa sy zanakavavy roa (misy zanany vavy iray efa maty) ny Loholona, ary zafikely 22 (misy roa hafa efa maty), zafiafy 63 ary zafindohalika 22. ■

*Nandray anjara tamin'ity lahatsoratra ity i Gerry Avant.*



## Loholona Ulisses Soares

*Ao amin'ny Fiadidian'ny  
Fitopololahy*

**N**y Loholona Ulisses Soares, izay nanomboka nanompo tao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy tamin'ny Janoary 2013 dia nijoro ho vavolombelona manokana mikasika ny fivoarana haingan'ny Fiangonana any amin'ny faritra maro eto amin'izao tontolo izao.

Teraka tany São Paulo, Brésil ny Loholona Soares tamin'ny Ôktôbra 1958. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ny ray aman-dreniny Aparecido sy Mercedes Soares fony izy dimy taona. Nanatrika ireo fivoriana tao amin'ny efitrano iray tao ambonin'ny fivarota-mofo iray izy ireo. Tsaroan'ny Loholona Soares ny fientanentanana tsapany tamin'izy valo taona rehefa naorina tao São Paulo ny tsatòka voalohany tany Amerika Atsimo tamin'ny 1966. Nitombo haingana ho tsatòka 50 ny Fiangonana tany Brésil tamin'ny 1990 ary nihoatra ny tsatòka 200 tamin'ny 2000.

Ny Loholona Soares dia nahazo ny mari-pahaizana licence momba ny haitoebola sy ny toekarena tao amin'ny Pontificia Catholic University ary mari-pahaizana MBA tao amin'ny National Institute of Postgraduate Study. Niasa tao amin'ny orinasa mpanao kodiarana izay iraisan'ny firenena maromaro izy tamin'izay rehefa notolorana asa tato amin'ny Fiangonana. Niasa tao amin'ny Departemanta misahana ny Fandraharaham-bola izy ary fotoana fohy taorian'izay dia lasa Tale misahana ny Raharaha Ara-nofo tao amin'ny biraon'ny vondrom-paritry ny fiangonana tao São Paulo, ka nanome fanohanana ny Fiadidian'ny Vondrom-paritra nandritra ny 10 taona. Efa filohan'ny tsatòka voalohany tao amin'ny Tsatòkan'i Cotia São Paulo Brésil koa izy.

Filohan'ny Misionan'i Porto Portugal izy nanomboka ny taona 2000 ka hatramin'ny 2003 ary nantsoina ho ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy tamin'ny Aprily 2005. Nanompo tao amin'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritr'i Brésil sy Afrika Atsimo Atsinanana izy.

“Ireo traikefako ireo dia nahatonga ahy hanana fomba fijery hoe azo aorina any amin'izay toerana ananantsika olona mahatoky ny Fiangonana,” hoy izy, “sy hitady ny zavatra tokony ho fantatro mba hanompoako tsara kokoa.”

Nivady tao amin'ny Tempolin'i São Paulo Brésil ny Loholona Soares sy ny vadiny, Rosana Fernandes Morgado tamin'ny Ôktôbra 1982. Manan-janaka telo izy ireo.

Nanao asa fitoriana tamin'ny fotoana feno tany amin'ny misionan'i Rio de Janeiro Brésil ny Loholona Soares. Izy koa dia efa filohan'ny kôlejin'ny loholona, mpanolotsaina tao amin'ny episkôpà, mpanolotsaina avo, mpitantsoratra mpanatanteraky ny tsatòka ary tompon'andraikitra misahana ny fifanampiana teo amin'ny faritra. ■



## Loholona Edward Dube

*Ao amin'ny Fitopololahy*

**N**y Loholona Edward Dube dia nampahafantariny mpampiasa iray tao amin'ny toerana niasany ny filazantsara tamin'ny 1981. Nomen'ilay lehilahy Bokin'i Môrmôna iray izy. Tsy novakiany izany raha tsy tamin'ny 1983 saingy tena talanjona tamin'ny fijoroan'i Joseph Smith ho vavolombelona mikasika ny fitsidihan'i Môrônia izy ka dia nanaiky ilay fanasana mba hanatrika ny fivoriana fifadian-kanina sy fijoroana ho vavolombelona tao amin'ny trano fivoriana iray tao Kwekwe, Zimbabwe.

Tsy nahazo aina izy tamin'ny voalohany noho ny fieritretany hoe toy ny mpiasa an-tranon'olona izy ho an'ny ankamaroan'ireo izay niangona tao.

“Saingy rehefa nijoro ho vavolombelona mikasika ny Bokin'i Môrmôna izy ireo, dia nahatsapa karazana fifandraisana tamin'ireo olona ireo aho,” hoy izy nitantara, “ary afaka nizara ny zavatra tsapako mikasika ny Bokin'i Môrmôna aho.”

Nandray ireo lesona ampianarin'ny misiônera izy taty aoriana dia natao batisa ary nanompo tany amin'ny Misiônan'i Harare Zimbabwe tamin'ny farany.

Nandritra izany fotoana izany dia nampianatra ny fianakavian'i Naume Keresiya Salazani izy, izay 16 taona tamin'izany. Nampivelatra ny fifankahalalany izy ireo taorian'ny asa fitoriany ary nivady tany Kwekwe ny 09 Desambra 1989. Nofehezina tao amin'ny Tempolin'i Johannesburg Afrika Atsimo izy ireo tamin'ny Mey 1992. Manan-janaka telo vavy sy lahy iray izy ireo.

Naterak'i Clement sy Rosemary Dube tao amin'ny tanànan'i Chirumanzu, Zimbabwe tamin'ny Mey 1962 ny Loholona Dube ary nahazo mari-pahaizana momba ny fampianarana tao amin'ny Zimbabwe D. E. College tamin'ny 1992. Avy eo niasa dia tao amin'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana izy ka nampiorina ny seminera sy institiota fianarana ny filazantsara tao Zimbabwe, Zambie ary Malawi. Nahazo fitahiana hahita ny maro tamin'ireo mpianatra izay notolorany mari-pankasitrahana tamin'ny fahavitan'ny fianarana lasa mpitarika ao amin'ny Fiangonana tao amin'ireo firenena ireo izy rehefa nivoatra ny Fiangonana.

Efa filohan'ny kôlejin'ny loholona izy, filohan'ny sampana, filohan'ny distrika, filohan'ny tsatòka, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny misiona, ary filohan'ny Misionan'i Harare Zimbabwe nanomboka tamin'ny 2009 ka hatramin'ny 2012. Talohan'ny niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy dia Fitopololahin'ny Vondrom-paritra izy. ■



## Loholona S. Gifford Nielsen

*Ao amin' ny Fitopololahy*

**N**y Loholona Stanley Gifford Nielsen dia mino fa ny filazantsara no fototra iorenan'ny fifaliana amin'izao fotoana izao sy any amin'ny mandrakizay.

Naterak'i Harry sy Lois Nielsen tamin'ny Ôktôbra 1954 izy ary nipetraka tao Provo, Utah, États-Unis mandrapahazony ny mari-pahazainy tany amin'ny oniversite. Nampianatra azy rafitra irain'ny soatoavina mifototra amin'ny filazantsara ny ray aman-dreniny izay nitarika ny fiainany.

Rehefa avy nianjadian'ny ratra mafy izay nampitsahatra ny fanaovany football amerikana tany amin'ny oniversite ny Loholona Nielsen dia nilaza fa izy dia nianatra hoe ny zavatra manan-danja indrindra eo amin'ny fiainana dia tsy ho voandaky ny ratra iray izany mihitsy.

Taorian'ny fahasitranany soa aman-tsara dia nilalao teo amin'ny toeran'ny quart-arrière izy tao amin'ny Ligy Nasiônalin'ny Football Amerikana, saingy tapitra izany filalaovany baolina izany telo taona taty aoriana. Nakoraina imasom-bahoaka izy. Fotoana tsy maintsy nandinihan-tena sy nitadiavana izay tena ninoany marina izany. "Nahafantatra aho fa tsy manary anao velively ny Mpamonjy na inona na inona mitranga," hoy ny Loholona Nielsen izay mipetraka any Sugar Land, Texas ankehitriny.

Raha misy ny soratra masina iray izay nentiny nandaminany ny fiainany dia ny Matio 5:14-16 izany manao hoe: "Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao. . . . Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra."

"Manokatra ny sandriny aminao ny Tompo," hoy ny Loholona Nielsen. "Tiavinao amin'ny alalan'ny fiainana ny filazantsara Izy."

Tamin'izy nianatra tany amin'ny oniversite no nihao-nany tamin'i Wendy Olson. Nivady tany amin'ny Tempolin'i Provo Utah izy ireo tamin'ny 23 Aprily 1975. Nahazo mari-pahaizana momba ny fifandraisana avy tao amin'ny Brigham Young University izy. Efa quart-arrière tao amin'ny Houston Oilers izy ary talen'ny fanatanjahantena tao amin'ny KHOU television talohan'ny nandraisany ilay antso hanompo amin'ny fotoana feno ao amin'ny Fiangonana.

Manan-janaka enina izy. Ny Loholona Nielsen dia efa mpampianatra seminera, filohan'ny Zatovolahy, filohan'ny kôlejin'ny loholona, eveka ary filohan'ny tsatòka. Fitopololahin'ny Vondrom-paritra izy tamin'ny fotoana niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy. ■



## Loholona Arnulfo Valenzuela

*Ao amin' ny Fitopololahy*

**L**ehibe tao amin'ny vondrom-piaraha-monina Môrmôna tany Chihuahua, Mexique ny Loholona Arnulfo Valenzuela ary nahazo mari-pahaizana tao amin'ny Sekoly Juárez izay an'ny Fiangonana.

Hanampy aza tsara eo amin'ny fanatanterahana ny andrain'ny amin'ny maha mpikambana iray ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy azy ireo lesona nianarany tany amin'izany toerana malaza any Amerika Latina izany.

"Mahatsapa ho tena voatahy aho amin'izao antso hanompo ny Tompo amin'ny fotoana feno izao," hoy izy.

Naterak'i Gilberto sy Rosa Valenzuela tamin'ny Mey 1959 izy ary mbola tanora dia efa nanompo tao amin'ny Fiangonana. Nanaiky ny antso hanompo tany amin'ny Misionan'i Veracruz Mexique izy tamin'ny faha 19 taonany. Tsapany tany amin'izany toerana mahafinaritra izany ilay fahafaham-po avy amin'ny fanaovana ny asa fitoriana ny filazantsara isan'andro sy ny fifaliana avy amin'ny fanasana ny hafa hanatona an'i Kristy.

Fotoana fohy taorian'ny asa fitoriany dia namangy fianakaviana iray nataony batisa izy izay nifindra tany Mexico City taorian'izany. Ny mpifanolobodirindrina tamin'ilay fianakaviana dia i Pilar Porras izay mpikambana mahatoky iray tao amin'ny Fiangonana. Lasa mpinamana i Arnulfo sy Pilar ary nanomboka niaraka fotoana fohy taorian'izay. Nivady tany amin'ny Tempolin'i Mesa Arizona izy ireo tamin'ny 6 Aprily 1982, tamin'ny fotoana mbola tsy nisian'ny tempoly tany an-tanindrazany.

Nahalehibe zanaka telo izy ireo ary nanohy nanompo tao amin'ny Fiangonana teo am-pijerena an'i Mexique lasa firenena feno tempoly maro. "Tsy noeritreretin'ny sainay mihitsy ny hanana tempoly 12 ao Mexique miampy iray izay eo andalam-pitsanganana," hoy izy.

Tao anatin'ny fotoana naha eveka azy, sy naha mpamolotsaina azy sady tao amin'ny tsatòka no tao amin'ny fiadidian'ny misiona ary tamin'ny naha Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy dia vavolombelon'ny fanoloran-tena miavaka nasehon'ireo mpikambana tsy tambo isaina avy ao Mexique ny Loholona Valenzuela izay vonona ny hanolotra izay ananany rehetra ho an'ny asan'ny Tompo.

Ny Loholona Valenzuela izay nahazo mari-pahaizana avy ao amin'ny University of Accounting and Administration Studies ao Mexico City dia nihazona toerana isan-karazany amin'ny maha mpitantana tany amin'ny orinasa iraisampirenena maro. ■



## Loholona Timothy J. Dyches

*Ao amin' ny Fitopololahy*

Ny iray amin'ireo anjara asa tian'ny Loholona Timothy John Dyches indrindra eo amin'ny fiainana dia ny hoe “ho vavolombelona” ary mijoro ho vavolombelona amin'ny hafa sy manampy azy ireo hanatona an'i Kristy. Na tamin'izy misiônera izany, na tao ao anatin'ny fifandraisany tamin'ny fianakaviany na tao anatin'ny fanatanterahany ny asany dia manaiky amim-pifaliana izany anjara asa sy andraikitra izany izy ary miezaka manampy ny hafa hanao torak'izany koa.

Naterak'i Milo Fredrick sy Mary Katherine Dyches tamin'ny Janoary 1951 tany Murray, Utah, États-Unis izy. Faharoa tamin'ireo zaza fito izy. Nifindra tany Elko, Nevada ny fianakaviany fony izy vao diakona izay toerana niasany tao amin'ny fivarotam-panafody an'ny dadany rehefa avy mianatra. Rehefa niara-niasa tao izy ireo dia nampianarin'ny rainy azy ny maha zava-dehibe ny fiasana mafy—zavatra izay nanampy azy koa rehefa lasa misiônera tanora tany amin'ny Misionan'i Alemana Atsimo izy nanomboka tamin'ny 1970 ka hatramin'ny 1972.

“Henjana ilay asa fitoriana tany saingy asa fitoriana tsara izany ho ahy,” hoy izy. “Nianatra ny maha zava-dehibe ny fiasana mafy aho ary ny fankatoavana sy ny tsy filavoana lefona.”

Taorian'ny asa fitoriany dia nitohy izany fahavononana miasa izany tao anatin'ny fianarany sy ny asany ary ny andraikiny tao amin'ny Fiangonana. Nahita an'i Jill Dudley izay ho vadiny rahatrizay ny Loholona Dyches tamin'izy nianatra tao amin'ny Brigham Young University. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Manti Utah izy ireo tamin'ny 26 Aprily 1974. Manan-janaka telo izy ireo.

Nahazo mari-pahaizana licence tao amin'ny Brigham Young University mikasika ny études universitaires ny Loholona Dyches ary nanohy nianatra ka nahazo mari-pahaizana momba ny fitsaboana tao amin'ny Washington University Medical School. Ny asa aman-draharahany dia niompana tamin'ny fandidiana sofina, orona, ary tenda tany amin'ny toeram-pitsaboana tsy miankina tany Reno, Nevada.

Tamin'ny fotoana niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy dia mpanolotsaina ny kôlejin'ny diakona tao amin'ny fikambanan'ny Zatovolahy ny Loholona Dyches. Nanompo tao anatin'ny antso maro koa izy ka tao anatin'izany ny naha Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy, filohan'ny Misionan'i Portland Oregon, filohan'ny tsatòka, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, mpanolotsaina avo, mpanatanteraka ôrdônansy ao amin'ny tempoly, filohan'ny Sekoly Alahady ary mpitambo-kin'ny paroasy. ■



## Loholona Randy D. Funk

*Ao amin' ny Fitopololahy*

Ny Loholona Randy Dennis Funk ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy dia nitantana ny fiainany tamin'ny alalan'ity fitsipika lehibe ity: “Mato- kina ny Tompo sy ny hatsarany.”

Nahazo ilay antso mba ho filohan'ny kôlejin'ny loholona izy nandritra ny taona fahatelo nianarany tao amin'ny sekolin'ny lalàna ary bevohoka ny zanany faharoa ny vadiny tamin'izay, ary mpiara-miasa tao anatin'ny famoahana ny lalàna nasiam-panovana izy. “Nanaiky ilay antso aho tao anatin'izany fotoana nanahirana izany ary nivavaka tamin'ny Ray any an-danitra mba hanampy ahy hanompo amim-pahombiazana,” hoy izy. “Nila fanampiana aho mba hanatanterahana ny antsoko sy hahavitako amim-pahombiazana ny fianarako ary hahitana asa sy hikarakarana ilay fianakaviako vao herotrerony. Nihoatra lavitra noho izay mendrika anay ireo fitahiana azonay. Izany zavatra niainako izany dia nanome ahy finoana lehibe ny hatsaran'ny Tompo sy ny fandrotsahany ireo fitahiana eo amin'ireo izay miezaka mafy manompo Azy.”

Naterak'i C. Dennis sy Rebecca Funk tamin'ny Aogôsitra 1952 izy ary lehibe tany Manti, Utah; Madison, Wisconsin; ary Smithfield, Utah, États-Unis. Nahita ny rainy nanompo tamim-pahatokiana tao amin'ny Fiangonana izy ary nampianarina ny maha zava-dehibe ny fanatanterahana ireo andraikitra ao amin'ny fisoronana.

Rehefa avy nanao asa fitoriana tany Indonésie izy dia nanambady an'i Andrea Clyde tamin'ny 29 Mey 1976, tany amin'ny Tempolin'i Logan Utah. Manan-janaka enina izy ireo. Ny Loholona Funk dia nahazo mari-pahaizana momba ny tantara avy tao amin'ny Utah State University ary doctro- rat momba ny lalàna tao amin'ny University of Utah. Mpi- kambana mpitantana orinasa iray misahana ny lalàna tany Denver, Colorado izy talohan'ny nanaovany asa fanom- poana mandritra ny fotoana feno tao amin'ny Fiangonana, izay nanomboka tamin'ny fiantsoana azy ho filohan'ny Misionan'i Bangalore Inde tamin'ny 2010.

“Rehefa nandeha tany Inde izahay dia nanana finoana tao anatin'ilay tenin'ny Mpamonjy hoe: ‘Ary ankoatra izany dia lazaiko aminareo fa na zovy na zovy no hirahinareo amin'ny anarako, amin'ny alalan'ny feon'ny rahalahinareo, ny Roambinifololahy, feperanareo sy nomenareo fahefana ara-dalàna, dia hanan-kery hanokatra ny varavaran'ny fanja- kako ho an'ny firenena rehetra izay hanirahanareo azy.’ (F&F 112:21).” Ny Loholona Funk dia efa filohan'ny kôle- jin'ny Loholona, filohan'ny Zatovolahy, eveka, filohan'ny tsatòka ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. ■



## Loholona Kevin S. Hamilton

*Ao amin' ny Fitopololahy*

**N**y Loholona Kevin Scott Hamilton dia mamaritra ny tenany ho toy ny “vokatra iray avy amin’ny fiovam-po sy famonjena.”

Ny fahaterahany tamin’ny Martsa 1955 tao Wenatchee, Washington, États-Unis dia nampametra-panontaniana ny reniny, Kay, mikasika ny dikan’ny fiainana. Niresaka tamin’ny namany Olomasin’ny Andro Farany iray izy dia i Richard Pratt izany izay nampihaona azy tamin’ny misiônera.

Nazavain’i Norman Russell Hamilton vadiny fa mpikamban’ny Fiangonana izy na dia lasa nangatsiaka aza nanomboka tamin’ny naha-zatovo azy. Lasa navitrika tao amin’ny Fiangonana anefa izy rehefa niditra ho mpikambana ny vadiny.

“Ny ray aman-dreniko no mpikambana mahafinaritra izay nanorina ny finoana izay anananay amin’izao fotoana izao,” hoy ny Loholona Hamilton.

Mijoro ho vavolombelona anefa izy fa ny asa fitoriana sy ny fanompoana nataony tany France sy Suisse dia tena nanova ny fiainany. “Nampisy faniriana mivaivay tao anatiko izay tsy nandao ahy velively izany,” hoy izy.

Nanambady an’i Claudia Keysor ilay silam-panahiny izy tamin’ny 27 Jolay 1978 tany amin’ny Tempolin’i Los Angeles. Rehefa nitaiza ireo zanany enina tany Californie izy ireo dia nanao ny tokantranony ho toy ny toerana azo vangian’ny mpitsidika.

“Nilaza izy ireo hoe afaka manao lahateny amimpahanginana ianao ao an-tokantranonao ary misy teny kely nindramina maro manerana ny tranonay,” hoy Rahavavy Hamilton. Ny lalantsaran’ny trano dia ahitana faritra feno Bokin’i Môrmôna sy bokikely *Jeunes Soyez Forts* ary boky hafa an’ny Fiangonana ka rehefa alain’ny mpitsidika izy ireo dia fenoina indray.

Ny fahavononan’ny Loholona Hamilton hanompo dia nanome fahafahana azy ho lasa eveka, filohan’ny tsatòka ary filohan’ny Misionan’i Belgique Bruxelles Pays-bas nanomboka tamin’ny 2003 ka hatramin’ny 2006. Talohan’ily antsony ho ao amin’ny Kôlejy Faharoa ao amin’ny Fitopololahy dia talen’ny Filankevitry ny Affaires Publiques an’ny Fiangonana tao Californie izy izay ahitana tsatòka 64 ao amin’ily Faritry ny Renivohitra Lehiben’i Los Angeles.

Nahazo mari-pahaizana licence tao amin’ny Brigham Young University izy sy maîtrise tao amin’ny University of Washington, izay samy momba ny fandraharahana daholo ary niasa tao amin’ny orisana misahana ny télécommunications izy ny ankamaroan’ny fotoana niasany ka tale mpanatanteraka no toerana nazoniny matetika. ■



## Loholona Adrián Ochoa

*Ao amin' ny Fitopololahy*

**T**amin’ny Loholona Adrián Ochoa Fitopololahin’ny Vondrom-paritra tany Mexique, dia nijanona roa andro tao amin’ny tanànan’i Chihuahua izy, dia nivory niaraka tamin’ny filohan’ny tsatòka sy olona hafa ary avy eo nandray fiaramanidina hody. Rehefa nipetraka tamin’ny sezany izy dia nahazo bitsika ara-panahy mahery vaika nilaza fa tsy mbola vita ny asany tany Chihuahua.

Nanomana ny fiaingana ny mpiara-miasa amin’ny fiaramanidina. “Saingy” hoy ny Loholona Ochoa hoe “Fantatro fa mila mivoaka ao amin’izany fiaramanidina izany aho.” Dia nidina izy. Nisy tafa sy dinika maro taorian’izany izay namoaka fampahalalana manan-danja izay namaha olana iray sy nahafahan’ny fianakaviana iray hivoatra ara-panahy.

Saingy mbola tsy vita ny asan’ny Loholona Ochoa tany Chihuahua. Ny Fanahy koa dia nitarika azy ho any amin’ny tokantrano mahantran’ny vehivavy havany iray izay tsy hitany nandritra ny taona maro. Hitany ity havany lavitra ity fa—lasa mpikambana mangatsiaka—ary sahirana arabolana ny fianakaviany. “Fantatro fa ny Fiangonana sy i Kristy no vahaolana ho azy ireo. Niangavy ilay havako aho mba hiverina any am-piangonana,” hoy izy.

Niverina navitrika ilay havany ary tafaverina tamin’ny laoniny ilay fifandraisana sarobidy teo amin’ny fianakaviana. Afaka namonjy olona maro tany Chihuahua ny Tompo satria nisy lehilahy iray nanaraka ny bitsiky ny Fanahy.

Nijoro ho vavolombelona ny Loholona Ochoa fa afaka mahazo izany bitsika ara-panahy hanovana fiainana izany ny olona rehetra. Efa nanana antso maro tao am-piangonana izy sady niasa teo amin’ny sehatry ny fanaovana dokam-barotra. Nitantana ny Misionan’i San Pedro Sula Honduras izy nanomboka tamin’ny 2004 ka hatramin’ny 2007 ary nanomboka tamin’ny 2009 mandrapahatongan’izao antsony ho ao amin’ny Kôlejy Faharoa ao amin’ny Fitopololahy izao dia mpanolotsaina faharoa tao amin’ny Fiadidian’ny Zatovolalahy izy.

Naterak’i Eduardo sy Consuelo Ochoa tamin’ny Martsa 1954 izy tao San Francisco, Californie, États-Unis, ary lehibe tany Californie sy Mexique. Fony izy tovolahy dia nantsoina mba hanatanteraka iraka manokana mikasika ny affaires publiques tany Mexique. Nofehezina tany amin’ny Tempolin’i Mexico City izy sy ny vadiny Nancy Villareal. Mananjanaka dimy izy ireo. ■





## Loholona Terence M. Vinson

*Ao amin' ny Fitopololahy*

Ny Loholona Terence M. Vinson, izay vao nantsoina ho ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy dia tsy mbola nahare velively ny teny hoe *Môrmôna* talohan'ny nihaonany tamin'i Kay Anne Carden tany amin'ny fiantombohan'ny taona 70 tany Sydney, Australie. Niresaka momba ny fivavahana izy roa ary nanao fifanekena tamin'ny farany. Isaky ny Alahady dia samy hiaraka hanatrika ny fiangonan'i Terence tamin'ny fahatanorany sy ny sampana kelin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izy ireo. Ilay vondrona iray dia nivory tao amin'ny tranobe malalaka sy tsara tarehy ary ilay iray hafa dia nivory tao anatin'ny toerana kely nofaina iray izay hany mba hitan'ireo Olomasin'ny Andro Farany vitsy an'isa.

Saingy rehefa nandeha ny fotoana dia “nahasanganehana ny fampitahana,” ary nanomboka nandray ireo lesona zarain'ny misiônera i Terence. Nanana fanontaniana maro izy. Saingy rehefa nanatrika fihaonamben'ny tsatôka iray izy dia naharay hafatra iray tao anatin'ny izay mazava toy ireny nolazaina am-bava taminy ireny. “Mila miditra mpikamban'ny Fiangonana aho mba hivoarako. Hisy valiny ireo fanontaniana rehetra ananako,” hoy izy.

Natao batisa izy herinandro taorian'izany.

Naterak'i John Laurence sy May Therese A. Vinson tany Sydney, Australie i Terence Michael Vinson tamin'ny Martsa 1951. Nihafy ny rainy izay mpamonjy trano may mba hahafahan'ny zanany fito mianatra.

Nahazo mari-pahaizana licence momba ny mathématique sy statistiques tao amin'ny Sydney University ny Loholona Vinson ary mari-pahaizana momba ny fampianarana tao amin'ny Sydney Teachers College. Nahazo mari-pahaizana momba ny planification financière tao amin'ny Deakin University izy sy mari-pahaizana maîtrise momba ny finance appliqué tao amin'ny Macquarie University. Tao anatin'ny asa aman-draharahany dia fantatra tsara tamin'ny naha mpampianatra mathématique azy sy naha profésora ary mpanolotsaina ara-bola azy izy ary tamin'ny nitantany ny orinasa iray manao fandaminana rafitr'asa ara-bola sy fampiasam-bola.

Nanambady an'i Kay Anne, ilay vehivavy nampahafantatra azy ny filazantsara, izy tamin'ny 2 Mey 1974, tany Sydney ary nofehezina tamin'ny 23 Aogôsitra 1975 tany amin'ny tempolin'i Hamilton Nouvelle Zélande izy mivady. Manan-janaka enina izy ireo. Nantsoina ho eveka ny Loholona Vinson telo taona taorian'ny nanaovana batisa azy. Nanompo tao amin'ny fiadidian'ny tsatôka maro izy ary efa solontenam-paritra sy Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. ■



## Bonnie L. Oscarson

*Filohan' ny Zatovovavy  
Maneran-tany*

Nandritra ny naha mpiasa azy tao amin'ny Tempolin'i Stockholm Suède nanomboka tamin'ny taona 2009 ka hatramin'ny 2012, dia hitan'i Bonnie Lee Green Oscarson ny fahafoizan-tena nasehon'ireo Olomasin'ny Andro Farany avy any Suède, Norvège ary Lettonie mba hivavahana any amin'ny tranon'ny Tompo.

Tsy fantany anefa tamin'izany fa ireo lesona izay nianarany avy tamin'ireo mpikambana “tena manetry tena sy faran'izay mavitrika sy manolo-tena” ireo dia hanampy azy hifantoka amin'ny maha filohan'ny Zatovovavy maneran-tany azy.

“Satria maro ireo zatovovavy izay misafidy ny hanao asa fitoriana sy hiditra ny tempoly ao anatin'ny tena fahatanorany ankehitriny dia manantena aho fa hanampy azy hahatakarta ny fomba hanampiana azy ireo hiomana ny traikefa azoko tamin'ny niasa tany amin'ny tempoly,” hoy izy.

I Bonnie Lee Green dia naterak'i Theo James sy Jean S. Green tamin'ny Ôktôbra 1950 tany Salt Lake City. Rehefa nanapa-kevitra ny ray aman-dreniny fa tian'izy ireo hahita ny Fiangonana any ivelan'i Utah ny zanany dia nifindra tany Oklahoma, États-Unis i Bonnie izay sivy taona sy ny fianakaviany. Nipetraka fotoana kely tany Colorado sy Tennessee koa ilay fianakaviana talohan'ny nifindrany tany Missouri, izay nahitan'i Bonnie an'i Paul Kent Oscarson tany amin'ny toerana misy ny tempoly tao Far West, Missouri—toerana tena manan-danja satria samy manana razambe niaina tao amin'ny faritr'i Far West izy ireo.

Rehefa avy nianatra tao amin'ny Brigham Young University izy ireo dia nivady tao amin'ny Tempolin' Salt Lake tamin'ny 19 Desambra 1969. Nisy zanaka fito tonga tao amin'ny fianakavian'izy ireo taty aoriana.

Vao 25 taona monja Rahavavy Oscarson tamin'ny fotoana niantsoana ny vadiny—izay nanao asa fitoriana tamin'ny fotoana feno tany amin'ny Misiônan'i Suède nanomboka tamin'ny 1965 ka hatramin'ny 1968—hitantana ny Misionan'i Göteborg Suède.

Rehefa niverina tany États-Unis ry Oscarson mianakavy dia nipetraka tany Missouri, New Jersey, Massachusetts, ary Texas izay niasan-drahalahy Oscarson tamin'ny naha filoha lefitry ny departemanta misahana ny famatsian'entana teo amin'ny faritra azy. Nahafaly an-drahavavy Oscarson toy ny ray aman-dreniny ny nipetraka tany amin'ny faritra izay vitsy ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana.

Rahavavy Oscarson dia efa filohan'ny Zatovovavy in-telo, mpampianatra seminera vao maraina nandritra ny sivy taona ary mpampianatra ny Fotopampianaran'ny Filazantsara. ■



## Carol F. McConkie

*Mpanolotsaina Voalohany  
ao amin' ny Fiadidian' ny  
Zatovovavy Maneran-tany*

Efa hatrany amin'ny fahakeliny i Carol Foley McConkie no “nanana faniriana ny handeha ho any amin'ny tempoly.” Nitantana ny zavatra nataony rehetra teo amin'ny fiainany izany tanjona izany.

Naterak'i Williams sy Joanne W. Foley tamin'ny Aprily 1952 tany Spokane, Washington, États-Unis izy. Mbola kely Rahavavy McConkie raha indro nandondona ny varavarany ny ray aman-dreniny tany Wilmington, Delaware ny misiônera ary nampahafantatra ny fianakaviany ny filazantsara. Nanaiky haingana ireo fampianarana ny ray aman-dreniny na dia teo aza ny fanoherana sy ny tsy maintsy nanovana ny fomba fiainana.

Mbola zaza izy rehefa nandeha fiarandalamby namakivaky ny firenena mba hofehезina any amin'ny Tempolin'i Manti Utah ny fianakaviany.

“Tena tsara izany zavatra niainana izany,” hoy izy. “Tsaroako ny nanaovako akanjo fotsy sy ny dikan'izany ho an'ny fianakaviako. Tena nahatalanjona ny zavatra niainana tamin'izany ary na dia tena mbola kely aza aho dia tsaroako ny zavatra tsapako sy ireo fotsifotsy tsinjoko ary ny hatsaran'izany andro izany. Izany zavatra niainako izany no nanome ahy ilay faniriako voalohany hihazona foana ny tempoly ao anatin'ny fiainako.”

Lasa fanilo mitondra fanantenana ny tempoly tao anatin'ireo fotoam-pitsapana sy tamin'ny fotoanana nananany ny fianakaviany manokana.

Nihaona tamin'ny vadiny Oscar Walter McConkie III izy tamin'izy ireo nianatra tany amin'ny Oniversite Arizona State. Nahazo mari-pahaizana momba ny fampianarana ny teny Anglisy Rahavavy McConkie. Nivady tamin'ny 22 Desambra 1973 tany amin'ny Tempolin'i Mesa Arizona izy ireo ary manan-janaka fito.

Tamin'ny fotoana niantsoana azy ho mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany dia nanompo tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Zatovovavy maneran-tany Rahavavy McConkie. Ireto ny ankamaroan'ny asa fanompoana efa nataony tao amin'ny Fiangonana: antso izay niompana tamin'ny fampianarana, filohan'ny Zatovovavin'ny paroasy, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampian'ny paroasy sy ny Kilongan'ny paroasy. Niara-nanompo tamin'ny vadiny izy rehefa nitantana ny Misionan'i San Jose Californie ny vadiny nanomboka tamin'ny 2005 ka hatramin'ny 2008. ■



## Neill F. Marriott

*Mpanolotsaina Voalohany  
ao amin' ny Fiadidian' ny  
Zatovovavy Maneran-tany*

Na talohan'ny naha mpikamban'ny Fiangonana azy aza dia nahafantatra i Neill Foote Marriott fony ankizivavy kely fa misy Andriamanitra ary tia azy Izy.

“Nanaraka ny ohatra nasehon'ny Raintsika any andanitra ny raiko,” hoy ilay mpanolotsaina faharoa vaovao ao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany. “Tsy nisy fetra ny fitiavana sy ny fandraisany ny hafa. Toy ny fampitana tsotra sy nandeha ho azy ilay fitiavana sy fahatokiana nananako ho an'ny raiko teto an-tany ny nahatokiako sy nitiavako ny Raiko any andanitra.”

Naterak'i George sy Antonia Foote tamin'ny Ôktobra 1947 tany Alexandria, Louisiana, États-Unis izy. Vavy tokana izy ary nanana anadahy zandriny enina. Taorian'ny nahazoany mari-pahaizana momba ny Literatiara Anglisy sy ny fampianarana ao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa tao amin'ny Southern Methodist University tany Dallas, Texas, dia nifindra tany Cambridge, Massachusetts izy ka niasa toy ny mpitantsoatra tao amin'ny Harvard University. Tany no nahitany an'i David Cannon Marriott, izay nilaza taminy hoe: “Manana namana izay tiako ho hitanao aho.” Nentiny fotoana fohy taorian'izay ireo misiônera mba hampianatra azy sy ireo olona niara-nipetraka taminy.

Nilaza izy fa rehefa nihaino ny misiônera dia “nofenoin'ireo lesona ireo ny zavatra banga tao anatin'ny fahatakarako ny filazantsara.” Nijanona ho mpinamana izy sy i David taorian'ny batisany tamin'ny Mey 1970. Herintaona taorian'izay dia nanomboka niaraka izy ireo ary nivady tany amin'ny Tempolin'i Salt Lake tamin'ny Jona 1971.

Niara-niasa izy mivady ka Rahavavy Marriott nijanona tany an-trano nikarakara ny zanak'izy ireo 11 ary ny vadiny kosa niasa teo amin'ny sehatry ny fandraharahana. Nanompo tao anatin'ny antso maro izy ireo. Niara-nanompo tamin'ny vadiny izy rehefa nitantana ny Misionan'i Interlagos São Paulo izy nanomboka tamin'ny 2002 ka hatramin'ny 2005, ary Rahavavy Marriott dia efa mpanatanteraka ôrdônansy tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake, filohan'ny Fikambanana Ifanampian'ny tsatôka sy paroasy, mpampianatra Fotopampianaran'ny Filazantsara ary mpanome torohevitra mikasika ny fitehirizan-tsakafo.

Ao anatin'ity asa vaovao nampandraiketana azy ity dia manantena Rahavavy Marriott fa hizara ny fijoroana ho vavolombelona izay azony fony izy tovovavy. Tiany ho fantatry ny zatovovavy fa “tian'ny Rainy any andanitra amin'ny fitiavana tena lalina sy lehibe izy ireo.” ■



© BRADY FAIRBANKS, TSY AZO ADIKA

*“Jamba aho teo aloha, fa mahiratra aho izao,” nataon’i Brady Fairbanks*

*“Ary raha nandalo Jesoa, dia nahita lehilahy jamba hatry ny fony vao teraka. . . .*

*“Rehefa nilaza izany i [Jesoa], dia nandrora tamin’ny tany ka nanao feta tamin’ny rora, dia nahosony ny mason’ilay jamba.*

*“Ary hoy Izy taminy: Andeha sasao ny masonao any amin’ny farihy Siloama. . . . Dia lasa izy ka nanasa, dia niverina nahiratra. . . .*

*“Fa izy namaly hoe, . . . Zavatra iray loha ihany no fantatro: jamba aho teo aloha, fa mahiratra aho izao” (Jaona 9:1, 6–7, 25).*



*“Miaina ao anatin’ny vanim-potoana iray eo amin’ny tantaran’izao tontolo izao izay ahitana olana sarotra maro isika kanefa koa ahitana zava-mahasoa maro sy zavatra mitondra fifa-liana,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fivoriana famaranana ny Fihaonamben’ny Fiangonana Fanao Isan-taona faha 183. “Marina fa ao ireo fotoana izay iatrehantsika fahadisoampantenana, ratram-po sy loza mihitsy aza eo amin’ny fiainantsika. Na izany aza, raha mame-traka ny fitokiantsika amin’ny Tompo isika dia hanampy antsika mandritra ny fotoan-tsarotra lalovantsika Izy, na manao ahoana izany na manao ahoana.”*

NY FIANGONAN' I  
**JESOA KRISTY**  
HO AN' NY OLOMASIN' NY  
ANDRO FARANY



MALAGASY